NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • NÔVAMBRA 2016

# Liahona



## Lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana



*“‘Ary izay mandray ny zava-drehetra amin’ny* fankasitrahana *dia hatao be voninahitra; ary ny zavatry ny tany dia hanampy ho azy, avo zato heny, eny, mihoatra aza’ [F&F 78:19; nampiana fanamafisana].*

*“Nahatsapa izany fiovana izany noho ny fitomboan’ny fankasitrahana ho an’ireo fitahiana sy ny fitiavan’Andriamanitra tsy mitsaha-mitombo manerana ny Fiangonana aho. Toa mihafaingana izany eo anivon’ireo mpikamban’ny Fiangonana mandritra ireo fotoana sy amin’ireo toerana izay isedrana ny finoan’izy ireo, ka ilan’izy ireo mitalaho fanampiana avy amin’ Andriamanitra mba hanohizan’izy ireo ny diany.”*

Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin’ny Fiadidiana Voalohany “Fankasitrahana amin’ny Andro Sabata,” *Liahona,* nôv. 2016, 101.

*Fa aiza ny sivy?* nataon’i Walter Rane

Jereo ny Lioka 17:11–19, izay nitantaran’i Jesoa fa taorian’ny nanasitranany ireo boka folo, dia iray ihany no niverina naneho fankasitrahana.

© WALTER RANE, TSY AZO ADIKA

# Votoatiny—Nôvambra 2016

Boky faha-16 • Laharana 4


## Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany

6 **Hoentiko ao an-tokantranoko ny fahazavan'ny filazantsara**
*Jean B. Bingham*

9 **Ilay Mpanasitrana lehibe**
*Carole M. Stephens*

12 **Mitsangàna amin-kery ry rahavavy ao Ziona**
*Bonnie L. Oscarson*

15 **Rihana fahefatra, varavarana farany**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

## Fivoriana Sabotsy Maraina

19 **Ô endrey ny halehiben'ny drafitry ny Andriamanitsika!**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

22 **"Avia, manaraha Ahy" amin'ny fanehoana fitiavana sy asa fanompoana amin'ny maha-Kristianina**
*Nataon'ny Loholona Robert D. Hales*

25 **Ny faniriana marin'ny fanahy**
*Carol F. McConkie*

27 **"Mpahita nofinidy iray no hatsangako"**
*Loholona Craig C. Christensen*

30 **Mampianatra antsika hivavaka i Jesoa Kristy Tompo**
*Loholona Juan A. Uceda*

32 **Manana fahatsarana ampy ve aho? Ho tonga any ve aho?**
*Loholona J. Devn Cornish*

35 **Vavolombelon' Andriamanitra**
*Loholona Neil L. Andersen*

## Fivoriana sabotsy tolakandro

39 **Fanohanana ireo mpiandraikitra ambony ato amin'ny Fiangonana**
*Filoha Henry B. Eyring*

40 **Maherifo amin'ny tenivavolombelon'i Jesoa**
*Loholona Quentin L. Cook*

44 **Jereo ilay boky, jereo ny Tompo**
*Loholona Gary E. Stevenson*

48 **"Hitoetra amin'ny Fitiavako"**
*Loholona D. Todd Christofferson*

52 **Ho an'ny fivoarantsika sy fianarantsika ara-panahy**
*Loholona W. Mark Bassett*

55 **Manàna zotom-po hiasa ho an'i Kristy**
*Loholona Kazuhiko Yamashita*

57 **Mizara ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny**
*Loholona Dallin H. Oaks*

## Fivoriamben'ny fisoronana maneran-tany

61 **Iraka avy amin'ny Fiangonana**
*Loholona Jeffrey R. Holland*

68 **Misy hery ao amin'ilay boky**
*Loholona LeGrand R. Curtis Jr.*

71 **Mianàra avy amin'i Almà sy i Amioleka**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

75 **Mba hahatonga azy ho matanjaka ihany koa**
*Filoha Henry B. Eyring*

78 **Fitsipika sy fampanantenana**
*Filoha Thomas S. Monson*

## Fivoriana alahady maraina

80 **Ilay lalana tonga lafatra mankany amin'ny fahasambarana**
*Filoha Thomas S. Monson*

81 **Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy**
*Loholona Russell M. Nelson*

85 **Afaka manampy antsika ho tonga masina ny fanasan'ny Tompo**
*Loholona Peter F. Meurs*

88 **Ny drafitra lehiben'ny fanavotana**
*Linda S. Reeves*

90 **Hankany amin'iza moa isika?**
*Loholona M. Russell Ballard*

93 **Ireo fitahiana entin'ny fitsaohana**
*Eveka Dean M. Davies*

96 **Ilay mpitsara marina**
*Loholona Lynn G. Robbins*

99 **Ny fankasitrahana amin'ny andro Sabata**
*Filoha Henry B. Eyring*

## Fivoriana alahady tolakandro

102 **"Raha nahafantatra Ahy hianareo"**
*Loholona David A. Bednar*

106 **Ny fotopampianaran'i Kristy**
*Brian K. Ashton*

110 **Manompoa**
*Loholona Carl B. Cook*

113 **Fandrao hadinoinao**
*Loholona Ronald A. Rasband*

116 **Andriamanitra hamafa ny ranomaso amin'ny tava rehetra**
*Loholona Evan A. Schmutz*

119 **Tsy misy fifaliana lehibe noho ny mahalala fa mahafantatra izy ireo**
*Loholona K. Brett Nattress*

121 **Ny fibebahana: Safidy mahafaly**
*Loholona Dale G. Renlund*

64 **Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany**

125 **Fanoroam-pejin'ireo tantara nandritra ny Fihaonambe**

126 **Vaovaom-piangonana**




# Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-186

**Sabotsy hariva, 24 septambra 2016, Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Linda K. Burton.
Vavaka fanokafana: Denise Lindberg.
Vavaka famaranana: Bonnie H. Cordon.
Hira nataon'ny amboarampeo irain'ny Zatovovavy avy amin'ny tsatòkan'i Ogden, Huntsville, sy ny tsatòkan'i Morgan, Utah; Cherilyn Worthen, mpitarika ny hira; Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "Arise, O Glorious Zion," *Hymns,* no. 40, narindran'i Warby, tsy navoaka; "Si j'écoute avec mon coeur," DeFord, narindran'i Warby, tsy navoaka; "Fototra mafy orina," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 12, narindran'i Kasen, navoakan'i Jackman; "Velona ilay Mpanavotra ahy," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 76.

**Fivoriana sabotsy maraina, 1 ôktôbra 2016, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.
Vavaka fanokafana: Joy D. Jones.
Vavaka famaranana: Loholona Marcus B. Nash. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny hira; Andrew Unsworth sy Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Tsara ny asa," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 25; "With Songs of Praise," *Hymns,* no. 71; "Misaotra Anao noho ny mpaminany," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 72; "Ry Mpanavotra," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 9; "Take Time to Be Holy," Longstaff, narindran'i Longhurst, navoakan'i Jackman; "If the Way Be Full of Trial, Weary Not," Sweney, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

**Fivoriana sabotsy tolakandro, 1 ôktôbra 2016, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.
Vavaka fanokafana: Loholona Daniel L. Johnson. Vavaka famaranana: Loholona Allen D. Haynie. Hira nataon'ny amboarampeo mitambatra avy ao amin'ny Ivontoerana fanofanana misiônera ao Provo; Ryan Eggett sy Elmo Keck, mpitarika ny hira; Linda Margetts sy Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "Vavaka voalohany nataon'i Joseph Smith," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 28, narindran'i Kasen, navoakan'i Jackman; "Baptême," *Chants pour les enfants,* 54, narindran'i Gates, navoakan'i Jackman; "Appelés à servir," *Cantiques,* no. 160; "Ny lalanao no lalako," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 92, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Ô vaillants guerriers d'Israël," *Cantiques,* no. 169, narindran'i Schank, tsy navoaka.

**Fivoriana sabotsy hariva, 1 ôktôbra 2016, Fivoriamben'ny fisoronana**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.
Vavaka fanokafana: Loholona Paul B. Pieper.
Vavaka famaranana: Loholona Bruce D. Porter. Hira nataon'ny amboarampeo irain'ny Fisoronana Melkizedeka avy amin'ny tsatòkan'i West Valley City sy ny tsatòkan'i Magna, Utah; Kenny Wiser, mpitarika ny hira; Richard Elliott, mpitendry ôrga: "Anciens d'Israël" (Lehilahy), *Cantiques,* no. 202, narindran'i Spiel, tsy navoaka; "Fitia ao an-tokantrano," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 88, narindran'i Manookin, navoakan'i Jackman; "Mifalia," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 64; "Tu éclaires le chemin," *Cantiques,* no. 145, narindran'i Zabriskie, navoakan'ny Holy Sheet Music.

**Fivoriana alahady maraina, 2 ôktôbra 2016, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.
Vavaka fanokafana: Loholona Christoffel Golden. Vavaka famaranana: Devin G. Durrant. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika ny hira; Clay Christiansen sy Richard Elliott, mpitendry ôrga: "Il vit, mon Rédempteur," *Cantiques,* no. 72; "In Hymns of Praise," *Hymns,* no. 75, narindran'i Wilberg; "On This Day of Joy and Gladness," *Hymns,* no. 64, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Zanaky ny Ray aho," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 113; "Mon Père céleste m'aime," *Chants pour les enfants,* 16, narindran'i Hofheins sy i Christiansen, tsy navoaka; "Vous, fidèles," *Cantiques,* no. 48, narindran'i Wilberg, navoakan'i Oxford.

**Fivoriana alahady tolakandro, 2 ôktôbra 2016, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.
Vavaka fanokafana: Loholona Enrique R. Falabella. Vavaka famaranana: Loholona Erich W. Kopischke. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny hira; Bonnie Goodliffe sy Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Lazao ny marina?" *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 61, narindran'i Longhurst, navoakan'i Jackman; "Brillante étoile, étoile du matin," *Cantiques,* no. 52, narindran'i Wilberg, navoakan'i Jackman; "An-tendrombohitra," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 59; "I'll Follow Him in Faith," Perry, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Ndao handroso hatrany," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 20, narindran'i Elliott.

**Fomba ahazoana ireo lahatenin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana**
Mba hahazoana ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny fiteny maro ao amin'ny Internet dia tsidiho ny conference.lds.org ary misafidiana fiteny iray. Hita amin'ny Application Gospel Library ihany koa ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana. Ireo zavatra mombamomba ny fihaonambe maneran-tany amin'ny endrika azo ampiasain'ireo mpikambana manana fahasembanana dia hita ao amin'ny disability.lds.org.

**Hafatra ho an'ny famangiana sy fampianarana isan-tokantrano**
Ho an'ny hafatra ho an'ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano, dia mba misafidiana lahateny iray izay tena mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo izay vangianao.

**Eo amin'ny fonony**
Eo anoloana: Sary nalain'i Ashlee Larsen.
Ao ambadika: Sary nalain'i Ale Borges.

**Sary nandritra ny Fihaonambe**
Ireo sary tao Salt Lake City dia nalain'i Cody Bell, Ale Borges, Randy Collier, Weston Colton, Nate Edwards, Ashlee Larsen, Leslie Nilsson, Matt Reier, ary Christina Smith; sarin'ny tranobe misy rihana maro tany Alemana, nalain'i Daniel G. Dornelles; sarin'ny fianakavian'i Harriet Uchtdorf sy ireo misiônera, nahazoana lalana tamin'ny fianakaviana Uchtdorf.



**NÔVAMBRA 2016 BOKY. 16 LAH. 4**
**LIAHONA 13291 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund

**Mpanomana ny fanontana:** Joseph W. Sitati
**Mpanampy amin'ny fanontana:** Randall K. Bennett, Carol F. McConkie
**Mpanorohevitra:** Brian K. Ashton, Jean B. Bingham, LeGrand R. Curtis Jr., Christoffel Golden, Douglas D. Holmes, Erich W. Kopischke, Larry R. Lawrence, Carole M. Stephens
**Tale mpitantana:** Peter F. Evans
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon
**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin'ny famoahana:** Cremilda Amaral
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Bethany Bartholomew, Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Ann Selu, Marissa Widdison
**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie M. Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, David S. Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Rachel Smith, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst
**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Glen Adair, Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty, Derek Richardson
**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris
**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis
**Talen'ny Fanapariahana:** Troy K. Vellinga

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est
Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2016 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny Liahona mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
November 2016 Vol. 16 No. 4. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.



## Lisitr'ireo mpandahateny manaraka ny abidia

Andersen, Neil L., 35
Ashton, Brian K., 106
Ballard, M. Russell, 90
Bassett, W. Mark, 52
Bednar, David A., 102
Bingham, Jean B., 6
Christensen, Craig C., 27
Christofferson, D. Todd, 48
Cook, Carl B., 110
Cook, Quentin L., 40
Cornish, J. Devn, 32
Curtis, LeGrand R., Jr., 68
Davies, Dean M., 93
Eyring, Henry B., 39, 75, 99
Hales, Robert D., 22
Holland, Jeffrey R., 61
McConkie, Carol F., 25
Meurs, Peter F., 85
Monson, Thomas S., 78, 80
Nattress, K. Brett, 119
Nelson, Russell M., 81
Oaks, Dallin H., 57
Oscarson, Bonnie L., 12
Rasband, Ronald A., 113
Reeves, Linda S., 88
Renlund, Dale G., 121
Robbins, Lynn G., 96
Schmutz, Evan A., 116
Stephens, Carole M., 9
Stevenson, Gary E., 44
Uceda, Juan A., 30
Uchtdorf, Dieter F., 15, 19, 71
Yamashita, Kazuhiko, 55

## Fanoroam-pejy araka ny Lohahevitra

Ahiahy, 90, 113
Antso ao amin'ny Fiangonana, 40, 99, 110
Apôstazia, 68
Asa fampahavitrihana, 71, 75
Asa fanompoana, 22, 55, 61, 71, 75, 99, 102, 110
Asa fitoriana, 15, 35, 55, 57, 80
Batisa, 106
Bokin'i Môrmôna, 27, 44, 52, 68, 71, 119
Drafitry ny famonjena, 12, 19, 80, 81, 88, 90
Fahafahana misafidy, 15
Fahafoizan-tena, 96
Faharetana, 15, 106, 116
Fahasembanana, 55
Fahatokiana, 15, 52, 90
Fahoriana, 6, 9, 12, 22, 40, 55, 68, 81, 99, 113, 116
Famerenana amin'ny laoniny, 12, 27, 35, 44
Faminaniana, 27
Fampianarana, 12, 22
Fampianarana isan-tokantrano, 61
Fanahy Masina, 9, 25, 27, 30, 44, 68, 85, 106
Fanambarana, 52
Fanantenana, 93, 116
Fanasan'ny Tompo, 85, 99, 106
Fanasitranana, 9
Fandalinana ny soratra masina, 52, 68, 119
Fanekempihavanana, 12, 99
Fankasitrahana, 19, 75, 99
Fankatoavana, 48, 57, 80
Fianakaviana, 119
Fiantrana, 6, 93
Fibebahana, 9, 32, 40, 48, 71, 88, 106, 121
Fifaliana, 55, 81, 88, 116, 121
Fijoroana ho vavolombelona, 27, 40, 44, 68, 113
Finoana, 9, 12, 15, 25, 27, 30, 52, 90, 93, 102, 106, 110, 113, 116
Fiomanana, 85
Fiovam-po, 35, 57, 68
Firaisan-kina, 110
Fisoronana, 61, 75
Fitahiana, 78, 110
Fitarihana, 71, 75
Fitiavana, 22, 48, 57, 61, 99, 113
Fitsanganana amin'ny maty, 19
Fitsaohana, 93
Fitsipi-pifehezana, 61, 96
Fivoriana Fanasan'ny Tompo, 85
Hatsaram-panahy, 6
Hira, 85
Jesoa Kristy, 6, 9, 12, 22, 25, 30, 32, 35, 40, 44, 48, 55, 80, 81, 85, 88, 90, 93, 96, 102, 106, 110, 113, 116, 119, 121
Joseph Smith, 12, 27, 35, 44, 93, 96, 99, 113
Lanjan'ny tena manokana, 32
Mandanjalanja, 6, 96
Mpaminany, 27
Mpianakavin'i Isiraely, 35
Ny maha-mpanaradia, 90, 93, 102, 116
Ny maha-ray aman-dreny, 22, 96, 119
Ny maha-reny, 119
Ray any An-danitra, 48, 102
Sabata, 93, 99
Sorompanavotana, 9, 19, 22, 32, 40, 48, 88, 96, 106, 116, 119, 121
Tempoly, 12
Tenin'ny Fahendrena, 78
Toetra araka an' Andriamanitra, 19, 48, 119
Vavaka, 25, 30, 35, 57
Vehivavy, 12





# Ireo zavatra nisongadina nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-186

Nizara hafatra roa tena mahitsy ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Nijoro ho vavolombelona mikasika ny drafitra lehiben'ny fahasambarana an' Andriamanitra ho an'ny olona rehetra izy ny alahady maraina. Nampianatra ny anjara toerana fototra hazonin'i Jesoa Kristy ao amin'ny drafitry ny famonjena izy ary ny anjara asantsika eo amin'ny fomba ahazoana ilay fahasambarana katsahin' Andriamanitra ho antsika. (Jereo ny pejy 80.) Nanamafy ireo fitahiana izay azo avy amin'ny fankatoavana ny didin'ny Tompo sy ny fanajana amimpahatokiana ny Tenin'ny Fahendrena ny Filoha Monson nandritra ny fivoriamben'ny fisoronana maneran-tany (jereo ny pejy 78).

Vehivavy sy zatovovavy ary ankizivavy vao any amin'ny fahavalo taonany an'arivony no nivory tao amin'ny Ivontoeran'ny Fihaonambe ary tany amin'ireo toerana manerana an'izao tontolo izao mba hanokatra ireo fivoriana enina ao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany.

Nandritra ny fivoriana sabotsy tolakandro dia nisy Fitopololahy Manampahefana Ambony efatra izay napetraka eo amin'ny toeran'ny Manampahefana Ambony nahavita ny asany tamimpahamendrehana, sy Fitopololahin'ny Vondrom-paritra anankiray nisaorana, ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra roa fanampiny nantsoina (jereo ny pejy 39). Ny Alahady, ny Loholona Dale G. Renlund ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanome voninahitra ny Loholona Per G. Malm, mpikambana iray tao amin'ny Fitopololahy, izay nodimandry ny 26 jolay 2016 (jereo ny pejy 121).

Atao isaky ny enim-bolana ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, izay ampitaina avy ao amin'ny Ivontoeran'ny Fihaonambe ao Salt Lake City, Utah, ahitana seza ho an'olona miisa 21.000 ary mankany amin'olona antapitrisany manerana an'izao tontolo izao. Nadika tamin'ny fiteny hafa ny fihaonambe, dia misy amin'ny fiteny mihoatra ny 80 ao amin'ny internet ary navoaka tao amin'ny gazetibokin'ny Fiangonana tamin'ny fiteny miisa 34. ■

*Mba hahitana sosokevitra mikasika ny fampiasana ity laharana ity dia jereo ny fanoroam-pewjin'ireo tantara nandritra ny fihaonambe ao amin'ny pejy 125.*


THE CHURCH OF JESUS CHRIST OF LATTER-DAY SAINTS CON
15
16
17
18
19





**Nataon'i Jean B. Bingham**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany

# Hoentiko ao an-tokantranoko ny fahazavan'ny filazantsara

*Afaka mitondra ny fahazavan'ny filazantsara any an-tokantranontsika sy any am-pianarantsika ary any amin'ny toeram-piasantsika isika raha mitady sy mizara ireo zavatra tsara momba ny hafa.*

Mba hamaliana ny fanasana nataon-drahavavy Linda K. Burton nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny aprily,[1] dia maro taminareo no nirotsaka tamin'ny fanaovana asa fiantrana feno fitiavana sy fahalalahantanana izay nifantoka tamin'ny fanomezana ireo zavatra ilain'ireo mpitsoa-ponenana tany amin'ny faritra misy anareo. Vokatry ny fitiavana ireo asa ireo, izay nanomboka tamin'ny fanaovana ezaka hanampiana olona iray dia tonga tany amin'ny fandaharan'asa lehibe teo amin'ny fiarahamonina. Rehefa nizara ny fotoanareo sy ny talentanareo ary izay nanananareo ianareo dia—nihamaivana ny fonareo—sy ny an'ireo mpitsoa-ponenana. Vokany tsy azo ihodivirana ateraky ny fiantrana marina ny fitsirin'ny fanantenana sy finoana ary fitiavana lehibe kokoa mihitsy aza eo amin'ny mpandray sy ny mpanome.

Nilaza tamintsika ny mpaminany Môrônia fa toetra tena ilain'ireo izay hiaraka honina amin'ny Ray any An-danitra any amin'ny fanjakana selestialy ny fiantrana. Nanoratra izy hoe: "Ary raha tsy manana fiantrana ianareo dia tsy azo vonjena mihitsy ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra."[2]

Mazava ho azy fa i Jesoa Kristy no ohatra tonga lafatra teo amin'ny fiantrana. Fanehoana faratampony ny fiantrana ny fanolorany ny tenany tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahany mba ho Mpamonjy, ireo fifandraisana narahan'asa nandritra ny fiainany teto an-tany, sy ilay fanomezana faratampony natolony dia ny Sorompanavotana ary ny ezaka tsy tapaka ataony mba hamerenana antsika any amin'ny Raintsika any An-danitra. Zavatra iray ihany no ifantohan'ny sainy rehefa miasa Izy: fitiavana ny Rainy izay aseho amin'ny alalan'ny fitiavany antsika tsirairay. Rehefa nanontaniana mikasika ny didy lehibe indrindra i Jesoa dia namaly hoe:

"Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra.

"Izany no didy lehibe sady voalohany.

"Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao."[3]

Ny iray amin'ireo fomba tena lehibe ahafahantsika mampitombo sy maneho fitiavana ny namantsika dia amin'ny alalan'ny fananana hatsarampanahy any an-tsaintsika sy amin'ny teny lazaintsika. Nilaza ny namana iray tena tiako, taona vitsy lasa izay, hoe: "Ny endrika tena tsara indrindran'ny fiantrana dia ny tsy fitsaratsarana ny hafa."[4] Mbola marina izany amin'izao fotoana izao.

Vao tsy ela izay, raha nijery horonantsary niaraka tamin'ny iray tampo aminy i Alyssa telo taona, dia nanamarika niaraka tamin'ny endrika sanganehana hoe: "Neny a! Hafahafa io akoho io izany!"

Nijery ilay efijery ny reniny ary namaly tamim-pitsikiana hoe: "Vorombola io ry malala a!"

Toa an'io zaza telo taona izay tsy ampy fahalalana io dia matetika isika no mijery ny hafa miaraka amin'ny fananana fahatakaran-javatra tsy ampy na tsy marina. Mety hifantoka amin'ireo fahasamihafana sy fahalemena hita eny amin'ireo olona manodidina antsika isika fa ny Raintsika any An-danitra kosa anefa dia mijery ny zanany izay nohariana araka ny endriny mandrakizay, ho manana hery anaty tena tsara dia tsara ary lehibe.

Tsaroana ny Filoha James E. Faust tamin'ny filazany hoe: "Arakaraka ny nitomboan'ny taonako no lasa nampihena ny fitsaratsarako."[5] Mampahatsiahy ahy ilay teny nambaran'ny Apôstôly Paoly izany:

"Fony mbola zaza aho, dia niteny toy ny zaza, nihevitra toy ny zaza, nisaina toy ny zaza; fa nony efa lehibe aho dia nariako ny fahazazana.

"Fa ankehitriny isika mizaha ao amin'ny fitaratra ka tsy mahita marina; fa rahatrizay dia mifanatrika; ankehitriny sombintsombiny no fantatro; fa rahatrizay dia ho fantatro tsara toy izay nahafantarana ahy."[6]

Rehefa hitantsika mazava tsara ireo kilemantsika dia mihena ny fironantsika

hijery ny hafa amin'ny alalan'ny "fitaratra, ka tsy mahita marina." Te hampiasa ny fahazavan'ny filazantsara isika mba hijerena ny hafa tahaka ny hijeren'ny Mpamonjy azy ireo—omban'ny fangorahana sy fanantenana ary fiantrana. Ho avy ny andro izay hahazoantsika fahatakarana feno ny ao am-pon'ny hafa ary ho feno fankasitrahana isika noho ny fanolorana famindram-po antsika—toy ny hanehoantsika fieritreretana sy teny feno fitiavana an'ireo olona hafa mandritra ity fiainana ity.

Nandeha lakan-kely niaraka tamin'ny andian-jatovovavy iray aho taona vitsy lasa izay. Nampitanàka ny hakanton'ny farihy miloko manga ranoray izay voahodidin'ny havoana rakotry ny ala sy hantsambato. Namirapiratra teny amin'ny fivoinay ny rano rehefa nalentikay tao anatin'ilay rano mangarangarana izany ary nibaliaka sy nitondra hafanana ny masoandro rehefa namakivaky miadana ilay farihy izahay.

Saingy vetivety dia rakotry ny rahona ny lanitra ary nisy rivotra mafy nanomboka nitsoka. Mba hahafahana mandroso na dia kely aza dia tsy maintsy nalentikay lalina tany anaty rano ny fivoinay ary nivoy tsy ankijanona izahay. Taorian'ny ora mafy vitsivitsy nanaovana asa nahatrotraka, dia tafahodina tany amin'ny faritra lehibe anankirain'ilay farihy izahay ary taitra sy faly satria nitsoka tany amin'ny lalana tianay haleha ny rivotra.

Nararaotinay haingana io fanomezana io. Namoaka labasy izahay dia nofatoranay teny amin'ireo tahon'ny fivoy ny lohany anankiroa ary nofatorana teny amin'ny tongotry ny vadiko ireo lohany roa hafa izay nohenjaniny hanatratra ireo sisin'ilay lakan-kely. Nabontsin'ny rivotra ilay lain-tsambo noforonina ary dia nisosa izahay.

Rehefa hitan'ireo zatovovavy tao anatin'ireo lakan-kely hafa ny fomba nahafahanay namakivaky ny rano tamim-pahamorana dia namorona haingana lain-tsambo ho azy ireo manokana izy ireo. Nitony ny fonay ka nihomehy sy nahatsapa fanamaivanana izahay ary feno fankasitrahana tamin'ny fialana sasatra taorian'ireo olana natrehana tamin'izany andro izany.



Tena afaka mitovy amin'izany rivotra mahafinaritra izany ny fiderana amin-kitsimpo ataon'ny namana iray, ny fiarahabana amim-pifaliana ataon'ny ray na reny iray, ny fanehoan'ny iray tampo anankiray ny fanekeny amin'ny alalan'ny fanetsehany ny lohany, na ny tsiky mitondra fanampiana avy amin'ny mpiara-miasa na mpiara-mianatra iray. Mitondra "rivotra [mamelombelona] eo amin'ny laintsika" ireo rehetra ireo eo am-piatrehantsika ny olan'ny fiainana! Toy izao no nilazan'ny Filoha Thomas S. Monson izany: "Tsy afaka mitarika ny rivotra isika fa afaka manitsy ny lain-tsambo. Enga anie isika *hifidy* ny hanana toetra mijery ny lafy tsaran-javatra mba hahazoana fifaliana sy fiadanana ary fahafahampo."[7]

Manana hery mahavariana ny teny. Sady afaka manamafy orina izany no afaka mampilofika. Isika rehetra angamba dia afaka mahatsiaro teny mandratra izay nampilofika antsika ary teny hafa nambara tamim-pitiavana izay namelombelona ny fanahintsika. Ny fisafidianana ny tsy hiteny afa-tsy zavatra tsara mikasika ny hafa—sy tsy hiteny afa-tsy zavatra mahasoa amin'ny hafa—dia mampitraka sy mampahatanjaka an'ireo olona manodidina antsika ary manampy ny hafa mba hanaraka araka ny fomban'ny Mpamponjy.

Fony aho ankizivavy tao amin'ny Kilonga dia niasa tamim-pahavitrihana aho nanao peta-kofehy ny fanambarana tsotra manao hoe: "Hitondra ny fahazavan'ny filazantsara any antokantranoko aho." Indray tolakandro, raha teo am-panjairana ny lamba izahay ankizivavy dia notantarain'ny mpampianatra anay ny tantaran'ny ankizivavy iray izay nipetraka teny amin'ny havoana iray teo amin'ny faritra ilan'ny lohasaha iray. Isaky ny any amin'ny faramparan'ny tolakandro dia mahita trano iray izay manana varavarankely volamena mamirapiratra izy, izay eny amin'ny havoana iray eny ampitan'ilay lohasaha. Kely sy ratsiratsy ny tranony ary nanonofy ny hipetraka ao amin'izany trano tsara tarehy misy varavarankely volamena izany io ankizivavy io.

Indray andro nahazo lalana hitaingina bisikileta eny ampitan'ilay lohasaha ilay ankizivavy. Nandeha mafy izy mandra-pahatongany teny amin'ilay trano nanana varavarankely volamena izay efa nankafiziny hatry ny ela. Saingy rehefa nidina ny bisikiletany izy dia nahita fa tsy nisy nipetraka sy ravarava ilay trano. Feno ahi-dratsy lava ny tokotany ary tsotra sy maloto ireo varavarankely. Nanodina ny lohany tany amin'ny tranony tamin'alahelo ilay ankizivavy. Taitra izy fa nahita trano iray manana varavarankely volamena mamirapiratra teny amin'ilay havoana teny ampitan'ilay lohasaha ary vetivety dia nahafantatra fa ny tranony ihany izany![8]

Indraindray isika mijery ny zavatra mety ananan'ny hafa na ny mety ho toetran'izy ireo tahaka io ankizivavy io,

dia mahatsapa ho ambanin'izy ireo raha ampitahaina. Lasa mifantoka amin'ny endriky ny fiainana aseho ao amin'ny Pinterest na Instagram isika na variana amin'ny fifantohan'ny sekolintsika na ny toeram-piasantsika amin'ny fifaninanana. Rehefa maka fotoana anefa isika "hanisana ireo fitahiana maro azontsika,"[9] dia mahita miaraka amin'ny fomba fijery marina kokoa ary mahatsapa ny hatsaram-panahin'Andriamanitra amin'ny zanany *rehetra*.

Na 8 taona isika na 108 taona dia afaka mitondra ny fahazavan'ny filazantsara any amin'ny tontolo misy antsika, na any anatin'ny efitrano fonenana iray ao amin'ny tranobe any Manhattan izany, na any anatin'ny trano miorina ambony tsatokazo any Malaisie, na any anatin'ny trano lay boribory any Mongolie. Afaka manapa-kevitra ny hijery ny tsara eo amin'ny hafa sy eo amin'ny toe-javatra manodidina antsika isika. Afaka maneho fiantrana ny vehivavy tanora sy ny efa lehibe isika rehefa misafidy ny hampiasa teny izay manorina fahatokian-tena sy finoana eo amin'ny hafa izany.

Ny Loholona Jeffrey R. Holland dia nitantara momba ny tovolahy iray izay niharan'ny fandrabirabiana avy amin'ny namany nandritra ireo taona nianarany tany an-tsekoly. Nandeha nifindra tany amin'ny toeran-kafa izy taona vitsy taty aoriana, dia nirotsaka ho miaramila, nandranto fianarana ary lasa navitrika tao amin'ny Fiangonana. Feno zavatra niainana nifono fahombiazana nahafinaritra io vanimpotoana teo amin'ny fiainany io.

Niverina tany amin'ilay tanàna nahalehibe azy izy taona maro taty aoriana. Ninia tsy nijery ny fahamatorany sy ny fivoarany anefa ny olona. Mbola ilay "olona" fahiny ihany izy ho azy ireo ary izay no nandraisan'izy ireo azy. Farany dia nanjavona tao anatin'ny aloky ny fahombiazan'ny tenany teo aloha io lehilahy mahafinaritra io ka tsy afaka nampiasa ireo talentany izay nivelatra tamin'ny fomba nampitolagaga mba hitahiana ireo izay nanaraby sy nandà azy indray mandeha indray.[10] Tena fatiantoka ho azy sy ilay fiarahamonina izany!

Nampianatra i Petera Apôstôly hoe: "Ary mihoatra ny zavatra rehetra, mifankatiava tsara: fa ny fitiavana manarona fahotana maro."[11] *Ny fitiavana* tsara, izay midika hoe "fitiavana amin-kitsimpo," dia aseho amin'ny alalan'ny fanadinoana ireo fahadisoana nataon'ny hafa toy izay hihazona lolompo na hampahatsiahy ny tenantsika sy ny hafa ireo kilema taloha.

Ny adidintsika sy ny tombontsoa ho antsika dia ny manaiky ny fivoarana eo amin'ny *olona rehetra* rehefa miezaka ny hitovy bebe kokoa amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika isika. Tena mampientanentana ny mahita hazavana eny amin'ny mason'ny olona iray izay lasa nahatakatra ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy manao fanovana marina eo amin'ny fiainany! Ny misiônera izay niaina ny fifaliana avy amin'ny fahitana olona niova fo iray niditra ny ranon'ny batisa ary avy eo niditra ny varavaran'ny tempoly dia vavolombelon'ny fitahiana avy amin'ny famelana—sy famporisihana—ny hafa mba hiova. Ny mpikambana izay mandray an'ireo olona niova fo izay noheverina ho tena tsy tokony hiditra ho mpikambana ao amin'ny fanjakana dia mahita fahafahampo lehibe eo amin'ny fanampiana azy ireo hahatsapa ny fitiavan'ny Tompo. Ny zavatra tena mahakanto ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia ny fisian'ny fivoarana mandrakizay—tsy hoe *afaka* miova ho tsaratsara kokoa fotsiny isika fa amporosihina koa ary *didiana* mihitsy aza mba hanohy ny fikatsahana fivoarana ary ny fahalavorariana any amin'ny farany.



Nanoro hevitra ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Amin'ny fomba tsotra an-jatony no hanehoanareo rehetra ny fiantrana. . . . Mba tsy hifampitsaratsarana [na] hifampitsikerana dia meteza isika hanana ny fitiavana madion'i Kristy ho an'ireo mpiara-dia amintsika eto amin'ity dia ity mandritra ny fiainana. Enga anie isika hiaiky fa samy efa manao izay tsara indrindra vitany ny tsirairay avy mba hiatrehana ny fanamby izay miseho eo amin'ny fiainany, ary enga anie isika hiezaka hanao izay tsara indrindra vitan*tsika* hanehoana fanampiana."[12]

Ny fiantrana raha faritana amin'ny teny mifono zavatra tsara dia manampaharetana, mora fanahy ary mahay miononа. Ny fiantrana dia mametraka ny hafa ho lohalaharana, manetry tena, mampihatra ny fifehezan-tena, mijery ny tsara eo amin'ny hafa ary mifaly rehefa mahita fahombiazana ny olona iray.[13]

Amin'ny maha-rahavavy (sy rahalahy) antsika ato Ziona dia hanolotena ve isika mba "hiara-hiasa *daholo* . . . hanao na inona na inona amim-pahalemem-panahy sy amim-piantrana mba hitondra fifaliana sy fitahiana

amin'ny anaran'ny [Mpamonjy]"?[14] Moa ve isika afaka mitady sy manaiky amim-pitiavana sy amim-panantenana lehibe ny hatsarana ao anatin'ny hafa, ka manome fahafahana sy mamporisika ny hisian'ny fivoarana? Moa ve isika afaka mifaly amin'ny zava-bitan'ny hafa eo am-panohizantsika ny asa ho an'ny fivoarantsika manokana?

Eny, *afaka* mitondra ny fahazavan'ny filazantsara any an-tokantranontsika sy any ampianarantsika ary any amin'ny toerampiasantsika isika raha mitady sy mizara ireo zavatra tsara momba ny hafa ary mamela ireo kilema hanjavona. Tena feno fankasitrahana ny foko rehefa mieritreritra ny fanomezan'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika ny fibebahana ho antsika rehetra izay samy nanota daholo teto amin'ity izao tontolo izao izay tsy lavorary sy indraindray manahirana ity!

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa manaraka ny ohatra tonga lafatra nasehony isika dia afaka mahazo ilay fananana fiantrana izay hitondra fifaliana lehibe ho antsika eto amin'ity fiainana ity ary ilay fitahiana nampanantenaina dia ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Raintsika any An-danitra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Linda K. Burton, "Mpivahiny aho," *Liahona,* mey 2016, 13–15.
2. Môrônia 10:21.
3. Matio 22:37–39.
4. Sandra Rogers, "Hearts Knit Together," ao amin'ny *Hearts Knit Together: Talks from the 1995 Women's Conference* (1996), 7.
5. James E. Faust, ao amin'ny Dallin H. Oaks, "'Judge Not' and Judging," *Ensign,* aog. 1999, 13.
6. 1 Korintiana 13:11–12.
7. Thomas S. Monson, "Living the Abundant Life," *Liahona,* jan. 2012, 4.
8. Laura E. Richards, *The Golden Windows: A Book of Fables for Young and Old* (1903), 1–6.
9. "Isao ireo fitahiana," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 16.
10. Jereo ny Jeffrey R. Holland, "The Best Is Yet to Be," *Liahona,* jan. 2010, 18–19.
11. 1 Petera 4:8.
12. Thomas S. Monson, "Ny fiantrana tsy ho levona mandrakizay," *Liahona,* nôv. 2010, 125.
13. Jereo ny 1 Korintiana 13:5–6.
14. "Nous soeurs de Sion," *Cantiques,* no. 201; nampiana fanamafisana.



**Nataon'i Carole M. Stephens**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

# Ilay Mpanasitrana lehibe

*Tsy voatery hiaina—samirery ny alahelo vokatry ny fahotana ianao, na ny fijaliana vokatry ny zavatra ratsy nataon'ny hafa, na ireo zava-misy ety an-tany izay mahory.*

Anisan'ny fahafahana nahitako soa indrindra ny fandehanana mitety tany—mianatra avy amin'ireo rahavaviko manerana izao tontolo izao. Tsy misy toa ny hoe manao soroka miara-milanja sy mifanatri-tava ary maneho firaisam-po miaraka aminareo.

Nandritra ny traikefa iray toy izany no nanontanian'ny mpitarika ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana iray hoe: "Misy zavatra iray manokana tokony ifantohan'ny vehivavy ve?"

Namaly aho hoe: "Eny!" rehefa tonga tao an-tsaiko ny lahateny nataon'ny Filoha Russell M. Nelson hoe "Fiangaviana ho an'ireo anabaviko". Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Mila vehivavy izay manana fahatakarana mafy orina ny fotopampianaran'i Kristy [. . .] isika."[1]

Toy izao no nilazalazan'i Nefia ny fotopampianaran'i Kristy:

"Satria ny vavahady izay tokony hidiranareo dia ny *fibebahana* sy ny *batisa* amin'ny rano; ary avy eo dia tonga ny famelana ny fahotanareo amin'ny alalan'ny afo sy ny *Fanahy Masina*. . . .

"Ary ankehitriny . . . mba te hanontany anareo aho raha toa ka efa vita ny zava-drehetra? Indro lazaiko anareo, Tsia; satria tsy ho tonga hatreo amin'izay isianareo ianareo, raha tsy noho ny tenin'i Kristy sy ny *finoanareo* Azy tsy voahozongozona ary ny fianteheranareo tanteraka amin'ny fahamendrehan' Ilay Mahery ka mahavonjy.

"Noho izany dia tsy maintsy mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy ianareo, amin'ny fananareo fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban'ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra. Koa raha mibosesika handroso ianareo ka mivoky amin'ny tenin'i Kristy ary *maharitra hatramin'ny farany,* dia indro, izao no lazain'ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo.

". . . Izany no lalana; ary tsy misy lalana na anarana hafa nomena ambanin'ny lanitra, izay hahazoana mamonjy ny olona ho amin'ny fanjakan' Andriamanitra. Ary ankehitriny, indro *izany no fotopampianaran'i Kristy.*"[2]

Nahoana isika no mila ny fahatakarana mafy orina an'ireo fitsipika ireo?

Matetika aho no mifanena amin'ny vehivavy Olomasin'ny Andro Farany izay tena mila fanampiana fatratra, kanefa tsy mitodika any amin'Ilay afaka manome fanampiana mandrakizay izy ireo. Matetika loatra izy ireo no mikatsaka ny hahazo fahatakarana amin'ny alalan'ny famakafakana momba "[ilay] trano lehibe sy malalaka."[3]



Rehefa mampitombo ny fahatakarantsika ny fotopampianaran'i Kristy isika, dia tsy ela dia hitantsika fa lasa manana fahatakarana lalina kokoa isika ny amin'ilay "drafitra lehiben'ny fahasambarana."[4] Mahafantatra koa isika fa i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika dia eo anivon'izany drafitra izany.

Rehefa mianatra ny fomba hampiharana ny fotopampianaran'i Kristy amin'ny toe-javatra misy antsika manokana isika, dia mitombo ny fitiavantsika ny Mpamonjy antsika. Ary dia hiaiky isika fa "na dia eo aza ireo fahasamihafana izay tsikaritra dia samy mila ilay Sorompanavotanana tsy misy fetra avokoa isika."[5] Hitantsika fa Izy no fototra iorenantsika—"ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, . . . fototra azo antoka . . . dia fototra izay tsy ahafahan[tsika] mianjera raha miorina eo amboniny [isika]."[6]

Ahoana no ahafahan'izany fotopampianarana izany mitahy antsika rehefa mikatsaka fiadanana sy fahatakarana isika ary miezaka ny maharitra amimpifaliana mandritra ireo zavatra tena miavaka izay diavintsika ety an-tany?

Te hanoro hevitra aho hoe araka ny nolazain'i Nefia dia atombotsika izany amin'ny "finoana [an'i Kristy] tsy voahozongozona [sy] ny fianteherana tanteraka amin'ny fahamendrehan'Ilay Mahery ka mahavonjy."[7] Ny finoantsika an'i Jesoa Kristy dia mahatonga antsika ho afaka hiatrika ny olana rehetra.

Raha ny marina dia matetika isika no mahita fa mihalalim-paka ny finoantsika ary mihatsara ny fifandraisantsika amin'ny Ray any An-danitra sy ny Zanany rehefa ao anatin'ny fahoriana. Mamelà ahy hizara ohatra anankitelo.

**Voalohany, ny Mpamonjy, ilay Mpanasitrana Lehibe, dia manana ny hery hanova ny fontsika sy hanamaivana antsika amin'ny alahelo nateraky ny fahotantsika.** Rehefa nampianatra ilay vehivavy Samaritana teo am-pantsakana ny Mpamonjy, dia nahafantatra ny amin'ireo fahotana goavan'ilay vehivavy Izy. Na izany aza, "Jehovah [dia] mijery ny fo,"[8] ary fantany ihany koa fa nanana fo manaiky ampianarina ilay vehivavy.

Rehefa nankeo amin'ny fantsakana ilay vehivavy, dia nilaza tsotra fotsiny i Jesoa—ilay fanehoana ny rano velona—hoe: "Omeo Aho hosotroiko." Hiteny amintsika toy izany amin'ny feo izay fantatsika ny Mpamonjy antsika rehefa manatona Azy isika—satria mahafantatra antsika Izy. Manatona antsika any amin'izay misy antsika Izy. Ary noho ilay maha-Izy Azy sy ny zavatra nataony ho antsika dia manana fahatakarana an-tsaina Izy. Noho Izy efa niaina ny fijaliantsika dia afaka manome antsika ny rano velona Izy rehefa mikatsaka izany isika. Nampianariny ilay vehivavy Samaritana izany rehefa nilaza Izy hoe: "Raha fantatrao ny fanomezan' Andriamanitra sy Izay miteny aminao hoe, omeo Aho hosotroiko, dia hianao no ho nangataka taminy, ka nomeny rano velona." Nahatakatra ilay vehivavy nony farany ka namaly tamim-pinoana sy nangataka hoe: "Tompoko, omeo izany rano izany aho, mba tsy hangetaheta."

Taorian'izany zavatra niainan'ilay vehivavy Samaritana niaraka tamin'ny Mpamonjy izany, dia "nandao ny sininy [izy] ary nankany an-tanàna ka nanao tamin'ny olona hoe:

"Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroa, Izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra; Izao angaha no Kristy?"

Nahazo tenivavolombelona izy—nanomboka nisotro tamin'ilay rano velona izy—ary naniry ny hijoro ho vavolombelona ny amin'ny maha-Andriamanitra Azy tamin'ny hafa izy.[9]

Rehefa manatona Azy amin'ny fo mietry sy manaiky ampianarina isika—eny fa na dia vesarin'ny hadisoana sy ny ota ary ny fandikan-dalàna aza ny fontsika—dia afaka ny hanova antsika Izy, "fa mahery Izy ka mahavonjy."[10] Ary rehefa niova ny fontsika, dia afaka mankany amin'ny tanànantsika—ao antokantranontsika, any am-pianarantsika, any amin'ny toeram-piasantsika—tahaka ilay vehivavy Samaritana mba hijoro ho vavolombelona ny Aminy.

**Faharoa, ilay Mpanasitrana Lehibe dia afaka mampionona sy mankahery antsika rehefa miaina fijaliana isika noho ny zavatra tsy rariny ataon'ny hafa.** Maro ny resadresaka nataoko tamin'ny vehivavy izay itambesaran'ny zioga mavesatra. Lasa lalan-tsarotra mankany amin'ny fanasitranana ny fitandreman'izy ireo ny fanekempihavanana tany amin'ny tempoly. Mijaly noho ny fanekempihavanana tsy notandremana sy ny fo torotoro ary ny fivadiham-pitokisan'ny hafa taminy izy ireo. Maro no niharan'ny fanitsakitsaham-bady sy ny fanararaotana ara-pitenenana sy ara-nofo ary ara-pihetsehampo, matetika vokatry ny fiankinan-dohan'ny olona hafa.

Ireny zavatra niainan'izy ireo ireny, na dia tsy hadisoany aza, dia nahatonga ny maro tamin'izy ireo hahatsapa tena ho meloka sy ho menatra. Maro tamin'izy ireo no tsy nahatakatra ny fomba hifehezana ny fihetseham-po mahery vaika tsapan'izy ireo ka niezaka ny tsy hiraharaha izany, niezaka nanadino ny momba izany.

Tsy ao anatin'ny haizina lalin'ny tsiambaratelo no ahitana ny fanantenana sy ny fahasitranana fa ao

anatin'ny fahazavana sy ny fitiavan'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika.[11] Nanoro hevitra ny Loholona Richard G. Scott hoe: "Raha toa ianao manokana ka tsy nahavita ota goavana, dia aza miaritra ny vokatry ny fahotan'ny hafa amin'ny tsy antony. . . . Afaka mahatsapa fangorahana ianao. . . . Kanefa tsy tokony horaisinao ho tompon'andraikitra amin'ireo zavatra ireo ny tenanao. . . . Rehefa nanao araka izay tokony ho izy ianao mba hanampiana ny olona iray tianao, dia apetraho eo an-tongotry ny Mpamonjy ny enta-mavesatra. . . . Rehefa manao izany ianao, dia tsy vitan'ny hoe hahita fiadanana fa hampiseho koa ny finoanao fa ny Mpamonjy dia manana ny hery hanaisotra ny ziogan'ny fahotana hiala amin'ny olona iray izay tianao amin'ny alalan'ny fibebahany sy ny fankatoavany."

Notohizany hoe: "Ny fahasitranana tanteraka dia ho tonga amin'ny alalan'ny finoanao an'i Jesoa Kristy sy ny heriny sy ny fahafahany manao zavatra, amin'ny alalan'ny Sorompanavotany, manasitrana ireo holatra navelan'izay zavatra rehetra tsy ara-drariny sy tsy mendrika anao."[12]

Raha ao anatin'izany toe-javatra izany ianareo ry rahavavy dia mety ho dingana lavitra ezaka ny fanasitranana. Izany dia hitaky ny hikatsahanao fitarihana sy fanampiana sahaza amim-bavaka, anisan'izany ny fakana torohevitra avy amin'ireo mpihazona ny fisoronana izay voatendry araka ny tokony ho izy. Rehefa mianatra misokatra amin'ny hafa ianao dia asio fetrany ny zavatra resahina, ary azonao atao koa angamba ny mitady torohevitra avy amin'ny manam-pahaizana manokana. Zava-dehibe ny mihazona tanjaka arapanahy mandritra ny dingana rehetra lalovana! Tsarovy fa masina ny mahaianao anao: zanakavavy malalan'ny Ray aman-dreny any An-danitra ianao. Matokia ny drafitra mandrakizain'ny Rainao ho anao. Tohizo isan'andro ny fampitomboana ny fahatakaranao ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy. Mampiasà finoana isan'andro mba hisotroana bebe kokoa ny rano velona avy amin'ny fantsakan'ny Mpamonjy. Miantehera amin'ny fanafiana hery izay afaka ny ho azontsika tsirairay amin'ny alalan'ny ôrdônansy sy ny fanekempihavanana. Ary avelao hiditra eo amin'ny fiainanao ilay hery manasitran'ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotany.



**Fahatelo, ilay Mpanasitrana Mahery dia afaka mankahery sy manohana antsika rehefa lalovantsika ireo "zava-misy amin'ny fiainana an-tany,"[13] izay mahory toy ny loza voajanahary, ny fahararian-tsaina, ny aretina, ny fanaintainana miverimberina ary ny fahafatesana.** Vao haingana aho no nifankahalala tamin'ny zatovovavy iray tena miavaka antsoina hoe Josie izay voan'ny désordre bipôlaire. Ampahany kely fotsiny ihany amin'ny dingana nolalovany mankany amin'ny fahasitranana ity nozarainy tamiko ity:

"Ny fotoana tena maizina indrindra dia rehefa tonga ilay antsoinay mianakavy hoe 'andro itsinkasinana amin'ny tany.' Izany dia manomboka amin'ny fahatsapana ho difotra sy fahatsapana ho mora handairan'izay mety ho feo na fifampisakohana na hazavana ary ny fanoherana mafy izany. Miteraka tebitebin-tsaina lehibe tokoa izany. Nisy andro iray manokana izay tsy hohadinoiko mihitsy.

"Vao nanomboka ny aretiko tamin'izay, hany ka tena nampatahotra ilay zavatra niainako. Tsaroako hoe nitomany aho, nikoriana teny amin'ny tavako ny ranomaso sady sempotsempotra be aho. Kanefa na dia izany fijaliana be izany aza dia kely raha oharina tamin'ny alaheloko taorian'izay rehefa nahita ny reniko nikoropaka aho, tena very hevitra izy tamin'ny fanampiana ahy.

"Nalahelo tokoa izy nahita ahy nijaly toy izany. Tsy nahatakatra feno anefa izahay hoe na dia teo aza ilay haizina lalina dia tsy ela izahay dia hiaina fahagagana mahery vaika.

"Nandritra ny ora iray tena naharitra, dia nibitsibitsika tamiko ombieny ombieny ny reniko hoe, 'Hataoko izay zavatra rehetra mba hanesorana izao aminao.'

"Nandritra izany fotoana izany dia nitombo ny haizina, ary rehefa resy lahatra aho fa tsy zakako intsony ilay izy, dia nisy zavatra nahatalanjona nitranga.

"Nisy hery mankahery sy mahagaga tonga tampoka tao amin'ny vatako. Avy eo, tamin'ny hery izay tsy an'ny tenako manokana,'[14] dia nolazaiko tamin'ny reniko tamin'ny faharesen-dahatra lehibe ireo teny vitsivitsy izay nanova fiainana ho valin'ny faniriany niverimberina mba hitondra ny fanaintainako. Hoy aho hoe, 'Tsy voatery hanao izany ianao; efa nisy Olona nanao izany.'"

Tao anatin'ilay haizina lalin'ny fahararian-tsaina mampidi-doza i Josie no nanangona ny heriny mba hijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany.

Tsy sitrana tanteraka izy tamin'izay andro izay, fa nandray ny fahazavan'ny fanantenana kosa izy tao anatin'ny fotoan'ny haizin-kitroka. Ary ankehitriny, noho izy ampian'ny fahatakarana mafy orina ny fotopampianaran'i Kristy sy ampaherezin'ny rano velon'ny Mpamonjy isan'andro dia manohy ny diany mankany amin'ny fahasitranana i Josie sady mampihatra finoana tsy voahozongozona ny amin'ilay Mpanasitrana Lehibe. Manampy ny hafa izy mandritra izany. Ary hoy izy hoe: "Rehefa toa tsy mitsahatra ny haizina, dia miantehitra amin'ny fahatsiarovana ireo famindrampony lehibe aho. Izy ireny no atao-ko jiro mitarika ahy rehefa mandalo fotoan-tsarotra aho."[15]

Ry rahavavy isany, mijoro ho vavolombelona aho fa—

Tsy voatery ianao hanohy hitondra—samirery ny enta-mavesatry ny alahelo vokatry ny fahotana.

Tsy voatery ianao hitondra—samirery ny alahelo vokatry ny zavatra ratsy nataon'ny hafa.

Tsy voatery ianao hiaina—samirery ireo zava-misy ety an-tany izay mahory.

Miangavy ny Mpamonjy hoe:

"Tsy mba te hiverina Amiko va ianareo sy hibebaka amin'ny fahotanareo, ary hiova fo hahazoako manasitrana anareo?

". . . Raha mankaty Amiko ianareo dia hanana ny fiainana mandrakizay. Indro, ny sandrin'ny famindram-poko dia mitsotra aminareo, ary na zovy na zovy no ho avy dia . . . horaisiko."[16]

"Hanao izay zavatra rehetra [Izy] mba hanesorana izao aminao." Raha ny marina dia "efa nanao izany [Izy]." Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, ilay Mpanasitrana Lehibe, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, "Fiangaviana ho an'ireo anabaviko," *Liahona,* nôv. 2015, 97.
2. 2 Nefia 31:17, 19–21; nampiana fanamafisana.
3. 1 Nefia 11:36.
4. Almà 42:8.
5. Dale G. Renlund, "Manohy miezaka ny Olomasin'ny Andro Farany," *Liahona,* mey 2015, 57–58.
6. Helamàna 5:12.
7. 2 Nefia 31:19.
8. 1 Samoela 16:7.
9. Jereo ny Jaona 4:5–30, 39–42.
10. Almà 34:18.
11. Mba hahazoana fanampiana bebe kokoa ho an'ny tsirairay sy ho an'ny mpivady sy ny fianakaviana ary ho an'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia jereo ny overcomingpornography.org sy ny mentalhealth.lds.org.
12. Richard G. Scott, "To Be Free of Heavy Burdens," *Liahona,* nôv. 2002, 88.
13. Jereo ny Paul B. Pieper, "Revealed Realities of Mortality," *Liahona,* jan. 2016, 44.
14. "Seigneur, je te suivrai," *Cantiques,* no. 141.
15. Mba hahalalana misimisy kokoa momba ny dian'i Josie mankany amin'ny fahasitranana dia jereo ny Morgan Jones, "Bipolar Disorder Can't Stop LDS Woman from Spreading Light, Joy through the 444 Project," *Deseret News,* 21 Mar. 2016, deseretnews.com.
16. 3 Nefia 9:13–14.



**Nataon'i Bonnie L. Oscarson**
Filohan'ny Zatovovavy Maneran-tany

# Mitsangàna amin-kery ry rahavavy ao Ziona

*Mba ho mpitandrina fanekempihavanana niova fo dia mila mandalina ireo fotopampianarana manan-danja ao amin'ny filazantsara isika ary manana fijoroana ho vavolombelona mafy orina ny amin'ny fahamarinan'izany.*

Faly tokoa aho tafavory miaraka amin'ny ankizivavy sy ny zatovovavy ary ny vehivavy lehibe ato amin'ny Fiangonana ato amin'ity Ivontoeran'ny Fihaonambe ity. Tena fantatray ihany koa fa misy vondrondrahavavy an'arivony mivory manerana izao tontolo izao mijery ireo fivoriana, ary feno fankasitrahana aho noho ny fahafahana sy ny fitaovana izay mamela antsika hiaraka amim-piraisan-kina sy hiray tanjona amin'ity takariva ity.

Tamin'ny ôktôbra 2006, ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nanao lahateny mitondra ny lohateny hoe "Mitsangàna ry lehilahin' Andriamanitra," ary notsoahina avy amin'ny fihirana iray nosoratana tamin'ny 1911 izany lohateny izany.[1] Fiantsoana ireo lehilahy tao amin'ny Fiangonana mba handray andraikitra ka hijoro sy hivoatra izany. Nitamberina tato an-tsaiko izany lahateny izany rehefa nivavaka mba hamantatra izay hozaraiko aminareo aho.

Ry rahavavy, miaina ao anatin'ny "andro mahory"[2] isika. Tsy tokony ho zavatra tsy ampoizina ho antsika ny toe-piainana amin'izao androntsika izao. Efa nambara mialoha an'arivo taonany mba ho fampitandremana sy toromarika izy ireo mba hahavonona antsika. Ny Môrmôna toko faha-8 dia manome famaritana marina tsara izay mahavery saina momba ireo toe-piainana amin'izao androntsika izao. Ao amin'io toko io i Môrônia dia milaza fa nahita ny androntsika, ary izany dia ahitana ady sy tabataban'ady, fahalotoana lehibe, vonoan'olona, fandrobana, ary olona hiteny amintsika fa tsy misy tsara na ratsy eo imason' Andriamanitra. Namariparitra ireo olona feno avonavona sy sahiran-tsaina tamin'ny fanaovana fitafiana lafo vidy ary nihomehy ny fivavahana izy. Naseho azy ireo olona izay mifantoka be loatra amin'ny zavatr'izao tontolo izao ka mamela "ny noana sy ny sahirana, ary ny mitanjaka, ary ny marary sy ny ory handalo"[3] azy ireo fotsiny amin'izao.

Nametraka fanontaniana mampandini-tena antsika i Môrônia—isika izay miaina amin'izao fotoana izao. Hoy izy: "Nahoana ianareo no menatra ny hitondra eo aminareo ny anaran'i Kristy?"[4] Ity tsikera ity dia mamaritra

tsara ny maha-ara-nofo hatrany hatrany ny tontolo misy antsika.

Ny Joseph Smith—Matio dia milaza fa amin'ny andro farany dia ho voafitaka na dia ireo "olom-boafidy araka ny fanekempihavanana"[5] aza. Ireo ao anatin'ny fanekempihavanana dia ireo zazavavy, zatovovavy, ary rahavavy ao amin'ny Fiangonana izay natao batisa sy nanao fanekempihavanana tamin'ny Rainy any An-danitra. Na *isika* izao aza dia mety ho voafitaky ny fampianarana sandoka.

Ry rahavavy, tsy mino aho fa hihatsara ny toe-piainana amin'ny ho avy. Raha fitaovana hoenti-mamantatra izany ny fironana misy amin'izao fotoana izao dia mila miomana amin'ireo oram-baratra miandry antsika isika. Ho mora ny milavo lefona, saingy amin'ny maha-vahoakan'ny fanekempihavanana antsika dia tsy tokony ho kivy velively isika. Araka ny nolazain'ny Loholona Gary E. Stevenson hoe: "Ny fanoneran'ny Ray any An-danitra malala-tanana ny fiainana ao anatin'ny andro mahory dia ny hoe miaina ao anatin'ny fahafenoan'ny fotoana ihany koa isika."[6] Tiako ny fampiononana entin'io teny nambara io.

Herintaona lasa izay dia nilaza tamintsika ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Hitombo ireo fanafihana ny Fiangonana sy ny fotopampianarany ary ny fomba fiainantsika. Noho izany dia mila vehivavy izay manana fahatakarana mafy orina ny fotopampianaran'i Kristy sy hampiasa izany fahatakarana izany mba hampianarana sy hanampiana amin'ny fanabeazana taranaka mahatohitra ny fahotana isika. Mila vehivavy izay afaka mamantatra ny fitaka amin'ny endriny rehetra isika. Mila vehivavy izay mahalala ny fomba hahazoana ny hery izay omen' Andriamanitra an'ireo mpitandrina fanekempihavanana sy maneho ny finoany amim-pahatokiana sy amim-pitiavana isika. Mila vehivavy izay manana ny risi-po sy ny fahitana nananan'i Eva renintsika isika."[7]

Io hafatra io dia manome toky ahy fa na dia eo aza ny toe-piainana misy amin'izao androntsika izao dia manana antony maro hifaliana sy hanantenana zavatra tsara isika. Mino amin'ny foko rehetra aho fa isika rahavavy dia manana hery anaty sy finoana izay hamela antsika handresy ireo olana amin'ny fiainana amin'ny andro farany. Rahavavy Sheri Dew dia nanoratra hoe: "Mino aho fa raha vantany vao mampiasa ny fitaomana feno ananan'ny vehivavy niova fo sy mitandrina fanekempihavanana isika dia hiova haingana tokoa ny fanjakan' Andriamanitra."[8]



Hitaky ezaka an-tsitrapo ny fiovampo sy ny fitandremana ny fanekempihavanantsika. Mba hanaovana izany dia tokony ho zazavavy sy vehivavy mandalina ireo fotopampianarana manandanja ao amin'ny filazantsara isika ary manana fijoroana ho vavolombelona mafy orina ny amin'ny fahamarinan'izany. Misy sehatra telo izay inoako fa ifotoran'ny fijoroana ho vavolombelona mafy orina ary heveriko fa tena ilaina hampitombo ny fahatakarantsika.

Voalohany, mila miaiky ny mahamanan-danja an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany amin'ny finoantsika sy ny famonjena antsika isika. Jesoa Kristy no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Mila mandalina sy mahatakatra ny Sorompanavotany sy ny fomba hampiharana izany isan'andro isika. Ny fibebahana dia iray amin'ireo fitahiana lehibe indrindra ananantsika mba hijanonantsika ao amin'ny lalan'ny fahamarinana. Mila mahita an'i Jesoa Kristy ho toy ny ohatra voalohany hotahafintsika sy ohatra maneho izay tokony hahatongavantsika isika. Mila mampianatra tsy tapaka ny fianakaviantsika sy ireo kilasintsika mikasika ny drafitra lehiben'ny famonjen'ny Raintsika isika, izay ahitana ny fotopampianaran'i Kristy.

Faharoa, mila mahatakatra ny ilàna ny famerenana amin'ny laoniny ny fotopampianarana sy ny rafitra ary ny fanalahidin'ny fahefana amin'izao andro farany izao isika. Mila manana fijoroana ho vavolombelona isika fa voafidin' Andriamanitra sy voatendrin'ny Tompo ny Mpaminany Joseph Smith mba hitondra ity famerenana amin'ny laoniny ity ary mila manaiky fa nandamina ny vehivavin'ny Fiangonana araka ny lamina izay efa nisy tao amin'ny Fiangonan'i Kristy fahiny izy.[9]

Ary fahatelo, mila mandalina sy mahatakatra ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny tempoly isika. Mitana toerana fototra ao anatin'ny zavatra sarobidy indrindra inoantsika ny tempoly, ary ny Tompo dia mangataka antsika mba hanatrika, hisaintsaina, handalina, ary hitady manokana ny lanjan'izany ho antsika manokana sy hampihatra izany. Ho lasa takatsika fa miseho eo amin'ny fiainantsika amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny tempoly ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra[10] ary noho ireo ôrdônansin'ny tempoly dia afaka ny ho ampirongoana ny herin' Andriamanitra isika ary ho eo amintsika ny Anarany, ny voninahiny hanodidina antsika, ary ny anjeliny hikarakara antsika.[11] Manontany tena aho raha miantehitra tanteraka amin'ny herin'ireo fampanantenana ireo isika.

Ry rahavavy, na ny zandriny indrindra amin'ireo izay manatrika eto aza dia afaka mitsangana amim-pinoana ka mitana anjara asa manan-danja amin'ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra. Manomboka mahazo fijoroana ho vavolombelona izay azy ireo manokana ny ankizy amin'ny alalan'ny famakiana sy ny fihainoana ny soratra masina, ny fivavahana isan'andro, ary ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo amin'ny fomba manan-danja. Afaka mamporisika ny hanaovana takarivan'ny mpianakavy sy mandray anjara feno ao anatin'izany ny ankizy rehetra sy ny zatovovavy. Afaka ho ianareo no mandohalika voalohany rehefa mivondrona mba hanao vavaky ny mpianakavy

ny fianakavianareo. Na dia tsy lavorary aza ny tokantranonareo dia afaka ny hisy akony eo amin'ny fiainan'ny fianakavianareo sy ny namanareo ny ohatra asehonareo amin'ny fiainana amimpahatokiana ny filazantsara.

Mila mahita ny tenany ho toy ny mpandray anjara manan-danja ao amin'ny asa famonjena tarihin'ny fisoronana ny zatovovavin'ny Fiangonana fa tsy ho toy ny mpitazana sy mpijery fotsiny ihany. Manana antso ianareo ary atokan'ireo izay mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana mba ho mpitarika manana hery sy fahefana ato amin'ity asa ity. Rehefa milofo amin'ny antsonareo ao amin'ny fiadidian'ny kilasy sy miomana ara-panahy ianareo, rehefa miara-mikaon-doha, manolo-tanana mba hanompo ireo olona ao amin'ny kilasinareo, ary mifampianatra ny filazantsara, dia mandray ny toeranareo ato amin'ity asa ity, ary samy hotahiana ianareo sy ireo namanareo.

Mila mahita ny tenany ho toy ny mpandray anjara manan-danja ao amin'ny asan'ny fisoronana ny vehivavy rehetra. Ny vehivavy ato amin'ity Fiangonana ity dia filoha, mpanolotsaina, mpampianatra, mpikambana ao amin'ny filankevitra, rahavavy ary reny, ary tsy afaka mandeha tsara ny fanjakan' Andriamanitra raha tsy mitsangana isika dia manatanteraka ny adidintsika amim-pinoana. Indraindray isika dia mila manana fahatakarana bebe kokoa noho izay azo heverina fotsiny.

Vao haingana aho no nihaona tamin'ny rahavavy iray tao Mexique izay mahatakatra ny dikan'ny hoe milofo amin'ny antso amim-pinoana. Voantso hampianatra kilasin'ny Sekoly Alahady i Marffissa Maldonado telo taona lasa izay. Nanana mpianatra 7 nanatrika izy tamin'ny fotoana niantsoana azy, fa amin'izao izy dia manana mpianatra 20 manatrika tsy tapaka. Nanontaniako azy tamimpahagagana ny zavatra nataony mba hahazoana fitomboan'isa toy izany. Nilaza tamim-panetrentena izy hoe: "Tsy izaho irery no nahatonga izany. Nanampy daholo ireo mpianatra tao an-dakilasy." Niara-nahita ny anaran'ireo malaindaina tao anaty rejisitra izy



ireo ka dia nanomboka niara-nandeha nivoaka sy nanasa azy ireo hiverina tao am-piangonana. Nahavita batisa olona iray ihany koa izy ireo noho ny ezaka nataony.

Rahavavy Maldonado dia nanokatra tranonkala amin'ny tambazotra ifaneraserana ho an'ireo mpianany fotsiny izay antsoina hoe "Zanaky ny Ray aho," ary mamoaka vatsim-panahy sy soratra masina mitaona fanahy imbetsaka ao izy isan-kerinandro. Mandefa hafatra ho an'ny mpianany tsy tapaka izay ahitana zavatra hatao sy fampaherezana ho an'ireo mpianany izy. Tsapany fa zavadehibe ny mifandray amin'ny fomba izay mifanaraka indrindra amin'izy ireo, dia mahomby ilay izy. Nilaza tamiko fotsiny izy hoe: "Tiako ny mpianatro." Afaka nahatsapa izany fitiavana izany aho rehefa nitantara tamiko ny ezaka nataon'izy ireo izy, ary ny ohatra nasehony dia nampahatsiahy ahy ny zavatra azon'ny olona iray manam-pinoana sy tia manao asa tontosaina ato anatin'ity asa ity miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo.

Mifanehitra amin'ny fanontaniana sarotra isan'andro ny zatovontsika, ary maro amintsika no manana havantiana izay sahirana mitady valimpanontaniana. Ny vaovao mahafaly *dia* misy valiny ireo fanontaniana napetraka. Henoy ireo hafatra vao haingana avy amin'ireo mpitarika antsika. Amporisihina isika mba handalina sy hahatakatra ny drafitry ny fahasambaran'ny Raintsika any An-danitra. Nampahatsiahivina antsika ireo fitsipika ao amin'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana.[12]

Amporisihina isika mba hampianatra sy hampiasa ireo loharano ireo ho fitaovam-pandrefesana mba hihazona antsika ao amin'ny lalana ety sy tery.

Tokony ho herintaona lasa izay dia niresaka tamin'ny renin'ny ankizy madinika iray aho izay nanapa-kevitra ny hampiasa fomba voasaina tsara mba hiarovana ny zanany amin'ny fitaoman-dratsy maro mananontanona azy ireo ao amin'ny internet sy any am-pianarana. Misafidy lohahevitra iray isan-kerinandro izy, matetika izany no zavatra iray izay miteraka resabe ao amin'ny internet, ary manomboka manao resadresaka tena manan-danja izy mandritra ilay herinandro izay fotoana ahafahan'ny zanany mametraka fanontaniana sy ahafahany maka antoka fa manana fomba fijery voalanjalanja sy ara-drariny amin'ny olana izay matetika saro-bahana izy ireo. Ataony toerana azo antoka mba hametrahana fanontaniana sy hanomezana fampianarana manan-danja ara-pilazantsara ny tokantranony.

Manahy aho fa miaina ao anatin'ny tontolo izay misoroka ny fanafintohinana toy izany isika ka indraindray dia tsy mampianatra tanteraka ireo fitsipika marina. Tsy mampianatra ireo tovovavintsika isika fa ny fiomanana ho reny dia manan-danja lehibe tokoa satria tsy te hanafintohina ireo izay tsy manambady isika, na ireo tsy afaka manan-janaka, na matahotra ny hoheverin'ny olona fa mametra ireo safidy azo atao amin'ny ho avy. Etsy an-kilan'izay dia tsy mahavita manamafy ny lanjan'ny fianarana ihany koa isika satria tsy te hampita hafatra hoe manan-danja noho ny fanambadiana izany. Tsy manambara isika fa ny Raintsika any An-danitra dia mamaritra ny fanambadiana hoe eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray satria tsy te hanafintohina ireo izay miaina fifanintonana eo amin'ny lehilahy samy lehilahy na vehivavy samy vehivavy isika. Ary mety ho mahasadaikatra amintsika ny miresaka olana mikasika ny maha-lahy na ny maha-vavy na ny resaka arapananahana izay mahasoa.

Azo antoka ry rahavavy fa mila mampiasa fahatakarana arapihetseham-po isika, kanefa aoka ihany

koa isika hampiasa ny fahaizantsika mandanjalanja tsara sy ny fahatakarantsika ny drafitry ny famonjena mba hanana fahasahiana sy tsy hiolakolaka rehefa hampianatra ny zanatsika sy ny zatovontsika ireo fitsipika manandanjan'ny filazantsara tokony ho takatr'izy ireo mba hiriariavany ao anatin'ny tontolo izay iainany. Raha tsy mampianatra fotopampianarana marina an'ireo ankizintsika sy ireo zatovontsika isika—sy tsy mampianatra izany mazava tsara—dia hampianatra azy ireo ny laingan'i Satana izao tontolo izao.

Tiako ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ary feno fankasitrahana mandrakizay aho noho ny fitarihana sy ny hery ary ny fanampiana isan'andro voaraiko noho izaho zanakavavin' Andriamanitra. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Tompo dia efa nanome antsika vehivavy izay miaina ao anatin'izao andro mahory izao ny hery sy ny fanomezam-pahasoavana ary ny tanjaka rehetra izay ilaintsika mba hanampiana sy hanomanana izao tontolo izao amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Tompo Fanindroany. Mivavaka aho mba hahita izay tena mety ho vitantsika isika rehetra sy hitsangana mba ho lasa vehivavin'ny finoana sy ny herimpo, izay tian'ny Raintsika any An-danitra hahatongavantsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny "Rise Up, O Men of God," *Hymns,* no. 324.
2. 2 Timoty 3:1.
3. Môrmôna 8:39; jereo koa ny andininy 26–38.
4. Môrmôna 8:38.
5. Joseph Smith—Matio 1:22.
6. Gary E. Stevenson, "Fahamarinana tsotra sy sarobidy," *Liahona,* nôv. 2015, 92.
7. Russell M. Nelson, "Fiangaviana ho an'ireo anabaviko," *Liahona,* nôv. 2015, 97.
8. Sheri Dew, *Women and the Priesthood: What One Mormon Woman Believes* (2013), 163.
9. Jereo ny *Filles dans mon royaume: L'histoire et l'œuvre de la Société de Secours* (2011), 7.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20.
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:22.
12. Jereo ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129.



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Rihana fahefatra, varavarana farany

*Andriamanitra dia "mamaly soa izay mitady Azy amin-kitsimpo," koa mila mandondòna hatrany isika. Aza Kivy. Katsaho amin'ny fonareo rehetra Andriamanitra.*

Ry anabaviko malala, ry namako malala, tena fitahiana ho antsika ny mivondrona indray amin'izao fihaonambe maneran-tany izao eo ambany fitondrana sy fitarihan'ny mpaminany sy Filoha malalantsika Thomas S. Monson. Ry Filoha, tianay ianao ary manohana anao izahay! Fantatray fa tianao ireo vehivavy ato amin'ny Fiangonana.

Tiako ny manatrika ity fivoriana mahafinaritra amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana natokana ho an'ny vehivavin'ny Fiangonana ity.

Ry rahavavy isany, isaky ny mahita anareo aho dia tsy haiko ny tsy hieritreritra ireo vehivavy izay nitondra fiantraikany be teo amin'ny fiainako: ny renibeko sy ny reniko, izay nanaiky voalohany ny fanasana ho tonga sy hijery ny mombamomba ny Fiangonana.[1] I Harriet, vadiko malala, izay naharaiki-pitia ahy tamin'ny fotoana voalohany nahitako azy. Ny renin'i Harriet, izay lasa mpikamban'ny Fiangonana fotoana fohy taorian'ny nandaozan'ny vadiny azy noho ny homamiadana. Ary ny anabaviko, ny zanako vavy, ny zafikeliko vavy sy ny zafiafiko vavy—ireo olona rehetra ireo dia nitondra fiantraikany tena tsara teo amiko. Tena nitondra hazavana marina teo amin'ny fiainako izy ireo. Nanentana ny fanahiko mba ho lasa lehilahy tsara kokoa sy ho mpitarika ao amin'ny Fiangonana mahay mihaino ny hafa kokoa izy ireo. Tsy ho toy izao ny fiainako raha tsy nisy azy ireo!

Angamba ny tena mampietry ahy indrindra dia ny fahafantarana fa izany fiantraikan'izy ireo tamiko izany dia miverimberina an-tapitrisany maro manerana ny Fiangonana amin'ny alalan'ny fahaiza-manao, ny talenta, ny faharanitan-tsaina, ary ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ireo vehivavy manam-pinoana tahaka anareo.

Ankehitriny ny sasany aminareo dia mety hahatsapa ho tsy mendrika izany dera lehibe izany. Mety hieritreritra ianareo hoe tsy misy dikany loatra ka tsy hitondra fiantraikany manan-danja amin'ny hafa. Mety tsy handray ny tenanareo ho "vehivavy manam-pinoana" mihitsy aza angamba ianareo satria sahirana noho ny fisalasalana sy ny tahotra indraindray.

Anio aho dia te hiresaka amin'izay efa nanana fahatsapana toy izany—ary mety ho tafiditra amin'izany daholo isika rehetra amin'ny fotoana iray na hafa. Te hiresaka momba ny finoana aho—ny hoe inona izany, inona no vitan'izany sy ny tsy vitan'izany, ary inona no azontsika atao mba hampiasana ny herin'ny finoana eo amin'ny fiainantsika.

#### Inona no atao hoe finoana

Ny finoana dia faharesena lahatra tanteraka amin'ny zavatra izay inoantsika—faharesena lahatra tena mafy izay manosika antsika hanao zavatra mety tsy ho nataontsika raha tsy nisy azy. "Ny finoana no fahatokiana ny amin' ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita."[2]

Na dia misy dikany aza izany ho an'ny olona mino dia matetika mampisafotofoto ny tsy mpino. Manifikifi-doha izy ireo sady manontany hoe: "Ahoana no ahafahan'ny olona mahazo antoka ny amin'ny zavatra izay tsy hitany?" Ho azy ireo izany dia porofon'ny maha-tsy mitombina ny fivavahana.

Ny zavatra tsy takatr'izy ireo dia ny hoe misy fomba hafa ahafahana mahita ankoatra ny masontsika, fomba hafa ahafahana mahatsapa ankoatra ny tanantsika, fomba hafa ahafahana maheno ankoatra ny sofintsika.

Izany dia ohatry ny zavatra niainan'ny zatovovavy iray izay nandehandeha niaraka tamin'ny renibeny. Nahafinaritra ilay ankizivavy ny feon'ireo vorona ary nampahafantariny ny renibeny izany isaky ny maneno izy ireo.

Tsy nitsahatra nanontany ilay ankizivavy hoe "Henonao ve izany?" Saingy somary marenina ny renibeny ka tsy afaka nandre ireo feo.

Nony farany dia niondrika ilay renibe sady niteny hoe: "Azafady ry malala. Tsy maheno tsara ange bebe e!"

Sosotra ilay ankizivavy sady nitazona ny tarehin'ny renibeny tao amin'ny tanany, dia nijery tsara ny masony, ary niteny hoe: "Bebe a! Mihainoa tsara!"

Misy lesona azo tsoahina avy amin'io tantara io izay sady ho an'ny tsy mpino no ho an'ny mpino. Tsy hoe rehefa tsy afaka maheno zavatra iray



isika dia midika izany fa tsy misy na inona na inona azo henoina. Afaka mahare hafatra mitovy na mamaky soratra masina mitovy ny olona anankiroa ka ny iray mety hahatsapa ny tenivavolombelon'ny Fanahy dia ilay iray hafa kosa mety tsy hahatsapa izany.

Etsy an-danin'izany, rehefa miezaka manampy ireo olona tiantsika hahafantatra ny feon'ny Fanahy sy ny hatsarana lehibe sy mandrakizay ary lalin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy isika, dia tsy ny milaza amin'izy ireo hoe "mihainoa tsara" no fomba tena manampy indrindra.

Ny torohevitra tsara kokoa angamba —ho an'izay te hampitombo finoana— dia ny mihaino *amin'ny fomba hafa*. I Paoly Apôstôly dia namporisika antsika mba hikatsaka ilay feo izay miteny amin'ny fanahintsika fa tsy amin'ny sofintsika ihany. Nampianatra izy hoe: "Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin' Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany."[3] Na, tokony dinihintsika angamba ny tenin'ilay Petit Prince nosoratan'i Saint-Exupéry, izay manao hoe: "Amin'ny alalan'ny fony ihany ny olona iray no afaka mahita mazava tsara. Izay rehetra manan-danja dia tsy hitan'ny maso."[4]

#### Ny hery sy ny fetran'ny finoana

Tsy mora indraindray ny mampitombo finoana amin'ny zavatra ara-panahy rehefa miaina ao anatin'ny tontolo ara-batana. Saingy tsy hanenenana ny fanaovana izany satria mety ho lalina ny herin'ny finoana eo amin'ny fiainantsika. Mampianatra antsika ny soratra masina fa tamin'ny alalan'ny finoana no namoronana izao tontolo izao, nanasarahana ny rano, nananganana ny maty ary namindrana ny renirano sy ny tendrombohitra avy tamin'ny toerany.[5]

Kanefa mety hanontany ny sasany hoe: "Raha mahery toy izany ny finoana, nahoana aho no tsy mahazo ny valin'ny vavaka izay nataoko tamin'ny fo tokoa? Tsy mila ranomasina misaraka na tendrombohitra mifindra aho. Ny aretiko fotsiny no mba tiako hiala na ny ray aman-dreniko mba hifamela na ny ho vadiko mandrakizay mba hiseho eo am-baravarako miaraka amin'ny fehezam-boninkazo eo amin'ny tanany iray ary peratra fampakarana eo amin'ny ilany. Nahoana ny finoako no tsy mahavita *izany*?"

Ny finoana *dia* mahery, ary matetika izany dia ahavitana fahagagana. Saingy na mafy toy ny inona aza ny finoantsika dia misy zavatra anankiroa tsy azon'ny finoana atao. Voalohany dia tsy afaka ny tsy hanaja ny fahafahana misafidin'ny olona iray hafa ny finoana.

Nivavaka nandritra ny taona maro ny vehivavy iray ny mba hiverenan'ny zanany vavy izay nania ao amin'ny valan'ondrin'i Kristy ary kivy izy fa toa tsy nivaly ireo vavaka nataony. Tena nankarary ny fony ny nandrenesany tantarana zanaka adala hafa izay nibebaka ka niverin-dalana.

Tsy hoe ny tsy fahampian'ny vavaka na ny tsy fahampian'ny finoana no olana. Fa nila nahatakatra fotsiny izy hoe na dia mampalahelo ny Ray any An-danitra aza izany dia tsy hanery an'iza na iza Izy mba hisafidy ny lalan'ny fahamarinana. Tsy nanery ny zanany hanaraka Azy tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana Andriamanitra. Koa mainka ve Izy hanery antsika raha amin'izao isika mamakivaky ny fiainana an-tany izao?

Hanasa sy handresy lahatra Andriamanitra. Tsy ho sasatry ny hanolo-tanana amim-pitiavana sy amim-panentanam-panahy ary

amim-pankaherezana Andriamanitra. Saingy tsy hanery na oviana na oviana Andriamanitra—hanimba ny drafiny lehibe ho an'ny fivoarantsika mandrakizay izany.

Ny zavatra faharoa tsy azon'ny finoana atao dia ny manery an' Andriamanitra hanatanteraka ny sitrapontsika. Tsy azontsika terena Andriamanitra hanaraka ny faniriantsika—na marina toy ny ahoana ny fieritreretantsika ny tenantsika na amin-kitsimpo toy ny ahoana ny vavaka ataontsika. Eritrereto ny zavatra niainan'i Paoly, izay nitalaho imbetsaka tamin'ny Tompo ny mba hanesorana aminy ny fisedrana manokana iray, izay nantsoiny hoe "tsilo tamin'ny nofo." Saingy tsy izany no sitrapon' Andriamanitra. Takatr'i Paoly nony farany fa fitahiana ny fisedrana nianjady taminy, ary nisaotra an' Andriamanitra izy noho ny tsy nivalian'ny vavaka nataony araka ny nantenainy.[6]

#### Fahatokiana sy finoana

Tsia, ny tanjon'ny finoana dia tsy ny *hanova* ny sitrapon' Andriamanitra fa ny hanome hery antsika mba *hanao zavatra araka ny* sitrapon' Andriamanitra. Ny finoana dia fahatokiana—fahatokiana fa Andriamanitra dia mahita ny zavatra tsy hitantsika, fa Izy dia mahafantatra ny zavatra izay tsy fantatsika.[7] Indraindray dia tsy ampy ny fahatokiana ny fomba fijerintsika sy ny fitsarantsika.

Nianarako izany tamin'ny nahampanamory fiaramanidina ny tenako, nandritra ireo andro izay tsy maintsy nisidinako tao amina zavona na rahona matevina ka tsy nahafahako nahita afatsy metatra vitsivitsy teo anoloako ihany. Tsy maintsy niantehitra tamin'ireo fitaovana izay nilaza tamiko ny toerana nisy ahy sy ny lalana nizorako aho. Tsy maintsy nihaino ny feon'ireo mpanaramaso ny fifamoivoizana amin'ny habakabaka aho. Tsy maintsy nanaraka ny fitondran'ny olona iray izay nanana fampahalalana marina kokoa noho izay nananako aho. Olona izay tsy afaka ny ho hitako, nefa nianatra ny natoky azy aho. Olona izay afaka nahita ny zavatra tsy hitako. Nila natoky sy nanao zavatra araka ny fitarihany aho mba ho tody soa aman-tsara any amin'ny toerana tokony halehako.

Ny finoana dia tsy midika hoe matoky an' Andriamanitra fotsiny fa matoky ny fitiavany ihany koa. Izany dia midika hoe matoky fa tia antsika tanteraka Andriamanitra, fa ny zavatra rehetra ataony—ny fitahiana rehetra izay omeny sy ny fitahiana rehetra izay tsy mbola omeny mandritra ny fotoana iray—dia ho an'ny fahasambarantsika mandrakizay.[8]

Raha misy io karazana finoana io, na dia mety tsy takatsika aza hoe nahoana no mitranga ny zavatra sasany na hoe nahoana no misy vavaka sasany tsy voavaly, dia afaka mahafantatra isika fa hisy dikany ny zavatra rehetra amin'ny farany. "Ny zavatra rehetra dia [hiara-hiasa] hahasoa izay tia an' Andriamanitra."[9]

Ho ara-drariny ny zavatra rehetra. Ho tsara ny zavatra rehetra.

Afaka mahazo antoka isika fa ho avy ny valiny, ary afaka matoky isika fa tsy hoe ho afa-po amin'ny valiny fotsiny isika fa ho tototry ny fahasoavana, ny famindram-po, ny fahalalahan-tanana, ary ny fitiavana ananan'ny Ray any Andanitra ho antsika zanany ihany koa.

#### Dondòny hatrany

Mandra-pahatongan'izay isika dia mandroso araka izay finoana ananantsika,[10] sady mikatsaka hatrany ny hampitombo ny finoantsika. Indraindray dia tsy mora ny manao izany. Ireo izay tsy maharitra na tsy manolo-tena na tsy miraharaha dia mety hahita fa ny finoana dia mora very. Ireo izay mora kivy na variandriana dia mety zara fa hiaina izany. Ny finoana dia tonga amin'izay manetry tena, izay mazoto, izay maharitra.

Izany dia tonga amin'ireo izay vonona hanao ny zavatra takina mba hijanonana ho mahatoky.

Io fahamarinana io dia asehon'ny zavatra niainan'ny misiônera tanora roa izay nanompo tany Eorôpa tamina faritra iray nisian'ny mpikambana vaovao vitsy. Ataoko fa tsy hahagaga raha hieritreritra izy ireo fa tsy hitondra fiovana firy ny zavatra nataon'izy ireo.

Saingy ireo misiônera anankiroa ireo dia nanana *finoana,* ary nanana fanoloran-tena izy ireo. Nananan'izy ireo ilay toe-tsaina hoe raha tsy nisy nihaino ny hafatr'izy ireo dia tsy ho hoe satria tsy nanao izay tsara indrindra avy aminy izy ireo.

Indray andro izy ireo dia nahazo fitaomam-panahy hanatona trano fonenana nisy rihana efatra izay tsara karakara ery. Nanomboka tao ambany rihana izy ireo ary nandondona ny varavarana tsirairay, namelabelatra ny hafatry ny famonjena momba an'i Jesoa Kristy sy ny Famerenana ny Fiangonany tamin'ny laoniny.

Tsy nisy nihaino azy ireo tao ambany rihana.

Tena mora ny niteny hoe: "Efa niezaka isika. Ndao hijanona amin'izay. Ndao handeha dia hanandrana trano fonenana hafa."

Saingy ireo misiônera anankiroa ireo dia nanana *finoana* ary vonona ny *hiasa* izy ireo, noho izany dia nandondona ny varavarana tsirairay tao amin'ny rihana voalohany izy ireo.

Tsy nisy olona nihaino indray tao.

Toy izany koa ny tao amin'ny rihana faharoa. Dia toy izany koa ny fahatelo—izany no nitranga mandra-pandondonan'izy ireo ilay varavarana farany tao amin'ny rihana fahefatra.



*Ilay trano lehibe ao Alemana izay nodondonin'ireo misiônera roa mahatoky ny isam-baravarany.*

Rehefa nisokatra izany varavarana izany dia nisy zatovovavy iray nitsiky tamin'izy ireo ary nangataka azy ireo mba hiandry fa hiresaka amin'ny reniny izy.

36 taona monja ilay reniny, izay maty vady vao tsy ela, no tsy te hiresaka amina misiônera Môrmôna. Koa noteneniny ilay zanany mba handefa azy ireo handeha.

Saingy niangavy azy ilay zazavavy. Tena mahafinaritra ireo zatovolahy ireo, hoy izy. Sady vetivety fotsiny ange izany e!

Dia nanaiky tsy sazoka ilay reniny. Natolotr'ireo misiônera ny hafatr'izy ireo ary nanolotra boky iray ho an'ilay reny izy ireo mba ho vakiana—dia ny Bokin'i Môrmôna.

Rehefa lasa izy ireo dia nanapakevitra ilay reny fa hamaky na dia pejy vitsivitsy fotsiny aza farafahakeliny.

Vitany tao anatin'ny andro vitsivitsy ilay boky manontolo.

Tsy ela taorian'izay dia niditra tao amin'ny ranon'ny batisa ity fianakaviana mahafinaritra izay tantanan'ny reny maty vady ity.

Rehefa nanatrika ny sampana nisy azy ireo tao Francfort, Allemagne, ilay fianakaviana kely dia nisy zatovolahy diakona iray nahatsikaritra ny hatsaran-tarehin'ny iray tamin'ireo zazavavy ary nieritreritra anakampo hoe, "Tena manao asa tsara mihitsy ireto misiônera ireto!"

Ny anaran'izany diakona kely izany dia Dieter Uchtdorf. Ary ilay zatovovavy mahafatifaty—ilay niangavy ny reniny mba hihaino ireo misiônera—dia manana ny anarana mahafinaritra avy any an-danitra hoe Harriet. Tian'ireo rehetra izay mihaona aminy izy rehefa miaraka amiko mandritra ireo diako. Nitahy ny fiainan'olona maro izy amin'ny alalan'ny fitiavany ny filazantsara sy ny toetrany mavitrika. Tena hazavana marina eo amin'ny fiainako izy.

Impiry aho no nanandratra ny foko tamim-pankasitrahana noho ireto misiônera anankiroa ireto izay tsy nijanona tao ambany rihana fotsiny! Impiry aho no velom-pankasitrahana noho ny *finoana* sy ny *asan'*izy ireo. Impiry aho no nanome fisaorana fa nanohy nandeha izy ireo—na dia hatrany amin'ny rihana fahatelo, varavarana farany aza.

#### Hovohana hianareo

Ao anatin'ny fitadiavantsika ny finoana izay maharitra, sy ny fiezahantsika hifandray amin' Andriamanitra sy amin'ireo tanjony, dia aoka hotsaroantsika ny fampanantenan'ny Tompo hoe: "Dondony, dia hovohana hianareo."[11]

Hilavo lefona ve isika rehefa avy nandondòna varavarana iray na roa? Rihana iray na roa?

Sa ve isika hikatsaka hatrany mandrapahatonga antsika any amin'ilay rihana fahatelo, varavarana farany?

Andriamanitra dia "Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy,"[12] saingy tsy ao ambadik'ilay varavarana voalohany izany valisoa izany. Koa mila mandondòna hatrany isika. Ry anabavy, aza kivy. Katsaho amin'ny fonareo rehetra Andriamanitra. Ampiharo ny finoana. Mandehana amim-pahamarinana.

Mampanantena aho fa raha manao izany ianareo—na dia hatrany amin'ny rihana fahefatra, varavarana farany aza—dia hahazo ny valiny izay katsahinareo ianareo. Dia hahazo finoana ianareo. Ary indray andro ianareo dia ho feno fahazavana izay hitombo ka "mihamamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan' ny andro."[13]

Ry anabaviko malala ao amin'i Kristy, tena misy Andriamanitra.

Velona Izy.

Tiany ianareo.

Mahafantatra anareo Izy.

Mahatakatra ny momba anareo Izy.

Fantany ny fiangaviana mangina ao am-ponareo.

Tsy nandao anareo Izy.

Tsy hahafoy anareo Izy.

Ny fijoroako ho vavolombelona sy ny tsodrano amin'ny maha-apôstôly omeko ho anareo tsirairay avy dia ny hahatsapanareo manokana izany fahamarinana mahavariana izany ao am-ponareo sy ao an-tsainareo. Manàna finoana eo amin'ny fiainanareo, ry namana malala, ry rahavavy malala, dia "Jehovah, [Andriamanitsika] hampitombo anareo ho arivo toraka izao ka hitahy anareo, araka izay efa nolazainy taminareo!"[14]

Ambarako aminareo ny finoako, ny fahareseko lahatra, ary ny fijoroana ho vavolombelona azo antoka sy tsy voahozongozona ananako fa asan' Andriamanitra ity. Amin'ny anarana masin' Ilay Mpamonjy mamalantsika, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



*Rahavavy Harriet Uchtdorf (eo afovoany) fony izy zazavavy kely miaraka amin'ny reniny, ny rahavaviny, ary ireo misiônera nanompo tamin'ny fotoana feno.*



*Miaraka amin'ny Filoha Uchtdorf amin'ireo dia alehany Rahavavy Uchtdorf ary mitahy fiainan'olona maro izy rehefa mizara ny fitiavany ny filazantsara.*

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Dieter F. Uchtdorf, "The Opportunity to Testify," *Liahona,* nôv. 2004, 74, sy *Sister Eternal* (2005).
2. Hebreo 11:1, New International Version (1984).
3. 1 Korintiana 2:14, New International Version (2011).
4. Antoine de Saint-Exupéry, *Le Petit Prince,* dik. Richard Howard (2000), 63.
5. Jereo ny Hebreo 11:3, 5, 29, 35; Etera 12:30; Mosesy 7:13.
6. Jereo ny 2 Korintiana 12:7–10.
7. Jereo ny Isaia 55:8–9.
8. Jereo ny 2 Nefia 26:24.
9. Jereo ny Romana 8:28.
10. Jereo ny 2 Korintiana 5:7.
11. Matio 7:7.
12. Hebreo 11:6, New International Version (1984).
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24.
14. Deoteronomia 1:11, New International Version (2011).



Fivoriana Sabotsy Maraina | 1 Ôktôbra 2016

**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ô Endrey ny halehiben' ny drafitry ny Andriamanitsika!

*Hodidinin'ny fahazavana sy fahamarinana be dia be mampitolagaga toy izany isika ka manontany tena aho raha toa ka tena manome lanja izay ananantsika isika.*

Tena voatahy isika fa tafavory indray amin'ity fihaonambe maneran-tany izay eo ambany fitarihan'ny mpaminany sy Filoha malalantsika, i Thomas S. Monson ity. Filoha, tianay ianao ary manohana anao amin'ny fonay rehetra izahay!

Nandritra ny fiainako arak'asa fony mpanamory fiaramanidina dia niantehitra be tokoa tamin'ny maha-marina tsara sy ny maha-azo itokiana ny solosaina aho, saingy zara raha nahafantatra ny fomba hampiasana ny solosainako manokana. Tamin'ny asa birao izay nataoko tamin'ny naha-mpiasa mpiandraikitra ahy dia nanana mpiara-miasa mpanampy sy mpitantsoratra aho izay nanampy ahy tamin-katsaram-panahy tamin'ireo zavatra tokony hataoko.

Niova izany rehetra izany tamin'ny 1994, rehefa nantsoina ho Manampahefana Ambony aho. Ny antsoko dia nahitana fahafahana maro tena mahafinaritra mba hanompoana, fa nahitana asa birao marobe fanao ato am-piangonana ihany koa izany—maro noho izay noheveriko fa mety hatao.

Akory ny hagagako fa ny fitaovana fototra nampiasaiko mba handrindrana ny asa biraoko dia solosaina an'ny tena manokana.

Sambany teo amin'ny fiainako no tsy maintsy nizàrako sy nanombohako nampiasa zavatra izay tena tsy haiko mihitsy hoe atao ahoana.

Vao tany am-boalohany izaho sy ilay solosaina dia efa tsy nifankahazo.

Niezaka nampianatra ahy ny fomba hampiasana ilay solosaina ireo olona mahay teknôlojia. Tena nijoro tao aoriako mihitsy izy ireo, nanakatra avy teo ambonin'ny soroko, ny rantsantanany nikisaka haingana dia haingana rehefa nitendry ilay "clavier."

"Hitanao?" hoy izy ireo tamim-pireharehana, "Toy izay no hanaovanao azy."

Tsy azoko ilay izy. Fotoan'ny fiovana nananosarotra izany.

Sahirana mafy aho nianatra ny fomba hampiasana solosaina.

Nila fotoana be dia be izany, famerimberenana, faharetana, fanantenana sy finoana be dia be, fampitoniana be dia be avy amin'ny vadiko, ary soda malefaka amin'ny litatra maromaro izay tsy hotononiko anarana.

Ankehitriny, 22 taona aty aoriana, dia hodidinin'ny teknôlojia mahakasika ny solosaina aho. Manana adiresy email aho, kaonty Twitter ary pejy ao amin'ny Facebook. Manana smartphone, tablette, solosaina azo entina mandehandeha, ary fakan-tsary numérique aho. Ary na dia tsy tsara noho ny an'ny ankizy fito taona toy ny fahita mahazatra aza ny fahaizako teknôlojia, dia mahay tsara kosa aho raha ho an'ny olona ao anatin'ny sokajin-taona 70 ka hatramin'ny 80 taona.

Saingy nahatsikaritra zavatra mahaliana aho. Arakaraka ny nahaizako bebe kokoa nampiasa teknôlôjia no nampitombo ny fiandradrako fa ho eo foana izany rehefa ilaiko ary nampihena ny fanomezako lanja izany.

Tamin'ny ampahany betsaka teo amin'ny tantaran'ny olombelona dia niankina tamin'ny hafainganampandehan'ny soavaly no nahafahana nifandray. Naharitra andro na volana maromaro mihitsy ny fandefasana hafatra sy ny fahazoana valiny. Ankehitriny dia mandeha an'arivony kilaometatra eny amin'ny habakabaka na an'arivony metatra any ambanin'ny ranomasimbe ireo hafatra alefantsika mba ho any amin'ny olona iray any amin'ny lafiny ilan'ny tany any, ary raha tara kely na dia segaondra vitsy aza izany, dia diso fanantenana sy tsy manam-paharetana isika.



Toa toetran'olombelona ny hoe: rehefa lasa zatra kokoa amin'ny zavatra iray isika, na dia zavatra mahagaga sy mahatalanjona aza, dia very ny fitalanjonantsika ka mandray izany ho toy ny zavatra tsotra isika.

#### Mampihena ny fanomezan-danja ireo fahamarinana ara-panahy ve isika?

Ny fampihenana ny fanomezana lanja ny teknôlojia maoderina sy ny fiadanam-piainantsika dia metyho zavatra kely ihany. Saingy indrisy fa indraindray isika dia maneho fihetsika toy izany amin'nyfotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izay mandrakizay sy mampivelatra ny fanahy. Nomena be tokoa isika ato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy. Voahodidin'ny fahazavana sy fahamarinana be dia be mampitolagaga toy izany isika ka manontany tena aho raha toa ka tena manome lanja izay ananantsika isika.

Eritrereto ireo mpianatra taloha izay niara-nandeha sy niresaka tamin'ny Mpamonjy nandritra ny asa fanompoany teto an-tany. Alaivo sary an-tsaina ny fahatsapana fankasitrahana sy ny fanajana lalina izay tsy maintsy niboiboika tao am-pon'izy ireo sy nameno ny sainy rehefa nahita Azy nitsangana avy tao am-pasana izy ireo, rehefa nahatsapa ireo fery tamin'ny tanany izy ireo. Tsy ho toy ny teo aloha mihitsy ny fiainan'izy ireo!

Eritrereto ireo Olomasina tany am-piandohan'ity fotoampitantanana ity izay nahafantatra ny Mpaminany Joseph Smith sy nandre azy nitory ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Alaivo sary an-tsaina izay mety ho tsapan'izy ireo rehefa nahafantatra fa niala indray ny voaly nampisaraka ny any an-danitra sy ny eto an-tany, ka nanome fahazavana sy fahalalana teto amin'izao tontolo izao avy any amin'ny fonenantsika any an-danitra.

Fa ny tena manan-danja indrindra dia eritrereto ny fahatsapana nananaõ tamin'ny ninoanao sy nahatakaranao voalohany fa tena zanak' Andriamanitra ianao; fa nijaly antsitrapo noho ny fahota*nao* i Jesoa Kristy mba hadio indray ianao; fa tena misy ny herin'ny fisoronana ary afaka mamehy anao amin'ireo havan-tianao mandritra izao fiainana izao sy mandrakizay; fa misy mpaminany velona eto an-tany amin'izao fotoana izao. Tsy mahafinaritra sy mahatalanjona ve izany?

Raha saintsainina ireo rehetra ireo, dia amin'ny fomba ahoana no mety tsy mbola hampientanentana antsika mba hanatrika ireo fivoriana fivavahana ao am-piangonantsika raha ampitahaina amin'ny olona rehetra? Na ho leo hamaky ny soratra masina? Ataoko angamba fa tsy hisy izany raha tsy hoe *mafy* fo isika ka tsy hahatsapa fankasitrahana sy fitalanjonana noho ireo fanomezampahasoavana masina sy kanto nomen' Andriamanitra antsika. Eo ambany masontsika sy mora azo ireo fahamarinana manova fiainana, saingy indraindray isika dia matory am-pandehanana eo amin'ny lalana amin'ny mahampianatra. Matetika loatra isika no mamela ny tenantsika ho voasarik'ireo tsy fahalavorarian'ny mpikambana namantsika fa tsy manaraka ny ohatry ny Tompontsika. Miaina fiainana feno fahafahana mahatalanjona hanao zavatra isika kanefa zara raha mahafantatra ny lanja sy ny halehiben'izy ireny.

#### Hafatra tsy vaovao

Fony aho tovolahy dia nanontany ahy mikasika ny fivavahako ny namako. Matetika aho no nanomboka nanazava ireo zavatra mampiavaka, toy ny Tenin'ny Fahendrena. Tamin'ny fotoana hafa dia nanamafy ny zavatra mampitovy azy amin'ireo fivavahana Kristianina hafa aho. Tsy dia nisy nanaitra azy ireo loatra izany na iray aza. Fa rehefa niresaka momba ny drafitra lehiben'ny fahasambarana nataon'ny Raintsika any An-danitra ho antsika amin'ny mahazanany antsika aho, dia liana izy ireo.

Tadidiko ny niezahako nanao sary ny drafitry ny famonjena teny amin'ny solaitrabe tao amin'ny efitrano iray tao amin'ny trano fivavahantsika tany Francfort, Allemagne. Nanao faribolana aho, izay naneho ny fiainana talohan'ny nahaterahana, sy ny fiainana an-tany ary ny fiverenana any amin'ny Ray aman-drenintsika any an-danitra aorian'ity fiainana ity.

Fony aho zatovo dia tiako tokoa ny nizara io hafatra nampientanentana io. Rehefa nanazava ireo fitsipika ireo tamin'ny teny tsotrako aho dia feno fankasitrahana ny Andriamanitra iray izay tia ny zanany ny foko, sy ny Mpamonjy iray izay nanavotra antsika rehetra tamin'ny fahafatesana sy ny helo. Nirehareha ny amin'io hafatra feno fitiavana sy fifaliana ary fanantenana io aho.

Ny sasany tamin'ireo namako dia nilaza fa toa tsy vaovao tamin'izy ireo intsony io hafatra io, na dia tsy mbola nampianarina mihitsy tany amin'ny fianaran'izy ireo ny filazantsara aza ny zavatra toy izany. Toy ny hoe efa fantatr'izy ireo hatrizay fa marina ireo zavatra ireo, toy ny hoe nampafantatra azy ireo zavatra izay efa lalim-paka hatrizay tao am-pony aho.

#### Manana valim-panontaniana isika!

Mino aho fa ny olona rehetra dia samy mitondra endri-panontaniana fototra mahakasika ny fiainana ao ampony. Avy aiza aho? Nahoana aho no tonga ety? Inona no hitranga aorian'ny hahafatesako?

Efa hatrany am-piandohana no nametrahan'ny olombelona ireo karazam-panontaniana ireo. Ireo filôzôfy sy manam-pahaizana manokana dia nandany ny androm-piainany sy ny hareny tamin'ny fitadiavana valim-panontaniana.

Feno fankasitrahana aho fa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny dia manana valinteny ho an'ireo fanontaniana sarotra indrindra eo amin'ny fiainana. Ireo valinteny ireo dia ampianarina ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Marina, tsotra, mahitsy ary mora takarina izy ireo. Izy ireo dia azo avy amin'ny fanentanam-panahy ary ampianarintsika ireo zanatsika telo taona ao amin'ny kilasin'ny Tanamasoandro.

Ry rahalahy sy anabavy, olona mandrakizay isika, tsy misy fiandohana na fiafarana. Efa nisy foana isika.[1] Fanahy izay zanaka ara-bakitenin'ny Ray amandreny any an-danitra izay masina sy tsy mety maty ary tompon'ny fahefana rehetra isika.

Avy any amin'ny lapa masin'ny Tompo ilay Andriamanitsika isika. Taranaka mpanjaka mpianakavy amin'i Elohima, ilay Andriamanitra avo indrindra isika. Niara-nandehandeha taminy isika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Nandre azy niteny isika, nahita ny maha-be voninahitra Azy, nianatra ny fombany.

Nandray anjara tamin'ny Filankevitra Lehibe iray izaho sy ianao izay nampahafantaran'ny Ray malalantsika ny drafiny ho antsika—fa ho tonga ety an-tany isika, hahazo vatana mety maty, hianatra hisafidy na ny tsara na ny ratsy, ary hivoatra amin'ny fomba maro izay tsy ho azo tanterahina amin'ny fomba hafa.

Rehefa niampita ilay voaly isika ary niditra teto amin'ity fiainana an-tany ity dia nahafantatra fa tsy hotsaroantsika intsony ny fiainana teo aloha. Hisy ny fifanoherana sy fahoriana ary fakampanahy. Kanefa nahafantatra ihany koa isika fa ny fahazoana vatana dia manan-danja lehibe tokoa ho antsika. Endrey ny halehiben'ny fanantenantsika fa hianatra hanao safidy marina isika, hanohitra ny fakam-panahin'i Satana, ary amin'ny farany dia hiverina any amin'ireo Ray aman-dreny malalantsika any an-danitra.

Fantatsika fa hanota sy hanao fahadisoana isika—mety ho lehibe mihitsy ary angamba. Fa nahafantatra ihany koa isika fa i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika dia nampanantena ny ho ety an-tany, hiaina fiainana tsy misy fahotana, ary hanolotra an-tsitrapo ny ainy amin'ny fanaovana sorona maharitra mandrakizay. Fantatsika fa raha manome ny fontsika ho Azy isika, matoky Azy, ary miezaka amin'ny herin'ny fanahintsika rehetra mba handeha amin'ny lalan'ny maha-mpianatra dia afaka ny hodiovina ka hiditra indray eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra izay malalantsika.

Ka noho izany dia tamim-pinoana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no nanekeko sy nanekenao an-tsitrapo ny drafitry ny Ray any An-danitra.

Izay no antony hahatongavantsika eto amin'ity tany tsara tarehy ity—satria nomen' Andriamanitra fahafahana isika ka dia nisafidy ny hanaiky izany isika. Ny fiainantsika eto an-tany anefa dia mandalo fotsiny ihany ary hifarana amin'ny fahafatesan'ny vatana. Saingy tsy ho potika ny maha-isika antsika. Hanohy hiaina ny fanahintsika ary hiandry ny Fitsanganana amin'ny maty—fanomezana maimaim-poana ho antsika rehetra izay nomen'ny Ray any An-danitra be fitiavana sy i Jesoa Kristy Zanany.[2] Dia hakambana indray ny fanahy sy ny vatantsika, tsy hanaintaina ary tsy hisy tsy fahalavorariana intsony.

Aorian'ny Fitsanganana amin'ny maty dia hisy Andro Fitsarana. Raha toa ny rehetra amin'ny farany ka ho voavonjy ary handova fanjakamboninahitra, ireo izay matoky an' Andriamanitra sy mikatsaka ny hanaraka ireo lalàny sy ôrdônansiny kosa dia handova fiainana any amin'ny mandrakizay izay tsy azo an-tsaina ny voninahiny ary mampitolagaga ny hatsarany.

Ho andron'ny famindram-po sy ny fitiavana izany Andro Fitsarana izany—andro hanasitranana ny fo torotoro, fotoana hanoloana ny ranomason'alahelo amin'ny ranomasompankasitrahana, fotoana izay hanovana ny zavatra rehetra ho tsara.[3]

Eny, hisy alahelo lehibe noho ny fahotana. Eny, hisy ny fanenenana ary hisy toloko mihitsy aza noho ireo fahadisoantsika, ny hadalantsika, ary ny hamafisan-katotsika izay nahatonga antsika tsy nanana fahafahana hanana hoavy tsara lavitra kokoa.

Kanefa mahatoky aho fa tsy ho afapo fotsiny amin'ny fitsaran' Andriamanitra isika; fa ho talanjona sy ho difotry ny fahasoavany, ny famindram-pony, ny fahalalahan-tanany, ary ny fitiavany antsika zanany izay tsy manam-petra ihany koa. Raha tsara ny faniriantsika sy ny asantsika, raha mino Andriamanitra velona isika, dia afaka ny hiandrandra ilay antsoin'i Môrônia hoe: "Ny toerampitsarana mahafinaritr'Ilay Jehovah Lehibe, ny Mpitsara Mandrakizay."[4]

#### Pro Tanto Quid Retribuamus

Ry rahalahy sy anabaviko malala, ry namako malala, moa ve tsy mahatonga ny fontsika sy ny saintsika ho heniky



ny hagagana sy ny fitalanjonana ny mandinika ny drafitry ny fahasambarana lehibe izay nomanin'ny Raintsika any An-danitra be fitiavana ho antsika? Moa ve isika tsy heniky fifaliana izay tsy hay tenenina noho ny fahalalana mikasika ilay hoavy be voninahitra izay nomanina ho an'ireo rehetra izay miandrandra ny Tompo?

Raha tsy mbola nahatsapa hagagana sy fifaliana toy izany mihitsy ianareo dia manasa anareo aho hikatsaka, handalina, ary hisaintsaina ireo fahamarinana tsotra nefa lalin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. "Aoka ny fahamasinan' ny zavatry ny mandrakizay hitoetra ao an-tsainareo."[5] Aoka izany hijoro ho vavolombelona ho anareo momba ny drafitra masin'ny famonjena.

Raha efa nahatsapa ireo zavatra ireo ianareo teo aloha dia manontany anareo aho anio hoe: "Tsapa[nareo] ve izany ankehitriny?"[6]

Vao haingana aho no nanana fahafahana nandeha tany Belfast, any Irlande du Nord. Fony aho tany dia tsikaritro ny saritigetran'i Belfast, izay nahitana

ny teny filamatra hoe "Pro tanto quid retribuamus," na "Inona no homentsika ho setrin'ny zavatra marobe nomena antsika?"[7]

Manasa antsika tsirairay avy aho mba hieritreritra io fanontaniana io. Inona no tokony homentsika ho setrin'ny fahalalana sy ny fahamarinana mitobaka izay narotsak' Andriamanitra teo amintsika?

Ny Ray malalantsika dia nangataka fotsiny ny hiainantsika araka ireo fahamarinana efa noraisintsika, sy ny hanarahantsika ny lalana izay nomeny. Noho izany dia aoka isika hanana herim-po sy hatoky ny fitarihan'ny Fanahy. Aoka isika hizara amin'ny mpiara-belona amintsika, amin'ny teny sy ny fihetsika ataontsika, ilay hafatry ny drafitry ny fahasambaran'Andriamanitra izay mahatalanjona sy mampitolagaga. Aoka ny antony manosika antsika hanao zavatra mba ho ny fitiavantsika an' Andriamanitra sy ireo zanany, satria izy ireo dia mpiray tampo amintsika. Izany no fiantombohan'ny zavatra azontsika atao ho setrin'ireo zavatra marobe nomena antsika.

Indray andro any "ny lohalika tsirairay dia hitsaoka ary ny lela tsirairay hiaiky eo anoloany" fa mahitsy ny lalan' Andriamanitra ary tonga lafatra ny drafiny.[8] Aoka mba ho androany izany andro izany ho anao sy ho ahy. Ndeha isika hanambara miaraka amin'i Jakôba fahiny hoe: "Ô Endrey ny halehiben' ny drafitry ny Andriamanitsika!"[9]

Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany amin'ny fankasitrahana lalina ny Raintsika any An-danitra aho eto am-pametrahako ny tsodranoko ho anareo, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:29.
2. Jereo ny Jaona 5:28–29.
3. Jereo ny Apokalypsy 21:4.
4. Môrônia 10:34.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:34.
6. Almà 5:26.
7. Jereo ny Salamo 116:12.
8. Môsià 27:31.
9. 2 Nefia 9:13; jereo koa ny andininy 8–12, 14–20.



**Nataon'ny Loholona Robert D. Hales**
Ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# "Avia, manaraha Ahy" amin'ny fanehoana fitiavana sy asa fanompoana amin'ny maha-Kristianina

*Amin'ny maha-mpanara-dian'ny Mpamonjy antsika amin'izao andro farany izao dia manatona Azy isika amin'ny alalan'ny fitiavana sy ny fanompoana ireo zanak' Andriamanitra.*

Teo am-pakana aina tao amin'ny hôpitaly avy nodidiana fo i Elie Wiesel izay efa nahazo ny loka Nobel momba ny fandriampahalemana, no tonga namangy azy ny zafikeliny lahy izay dimy taona. Raha nijery ny mason'ny dadabeny ity ankizilahy kely dia nahita ny fanaintainany. "Dadabe a!" hoy izy nanontany, "raha mitia anao bebe kokoa ve aho dia hihena ny fanaintainanao?"[1] Anio aho dia mametraka fanontaniana mitovy amin'izany amintsika tsirairay: "Raha mitia bebe kokoa ny Mpamonjy ve isika dia hihena ny fijaliantsika?"

Rehefa niantso ny mpianany i Jesoa mba hanaraka Azy dia mbola niaina ny lalàn'i Mosesy izy ireo. Tao anatin'izany ny fikatsahana ny "maso solon'ny maso, ary nify solon'ny nify,"[2] saingy ny Mpamonjy dia tonga nanatanteraka io lalana io tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Nampianatra Fotopampianarana vaovao Izy: "Tiava ny fahavalonareo, tsofirano ireo izay manozona anareo, manaova soa amin'ireo izay mankahala anareo, ary mivavaha ho an'ireo izay ratsy fitondra anareo sy manenjika anareo."[3]

Ireo mpanara-dia dia nampianarina ny hiala amin'ny fomban'ny olona araka ny nofo ka hanaraka ny fomba feno fitiavana sy fiahian'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fanovana ny fifandirana ho famelana heloka sy hatsaram-panahy, ary fangorahana. Ilay didy vaovao hoe "ny mba hifankatiavanareo"[4] dia tsy mora tandremana

foana. Rehefa niahiahy ireo mpianatra ny amin'ny fifaneraserana amin'ny mpanota sy ny sokajin'olona sasantsasany, dia nampianatra tamimpaharetana ny Mpamonjy hoe: "Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin' ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko."[5] Na koa, araka ny nazavain'ny mpaminany iray ao amin'ny Bokin'i Mormona hoe, "rehefa eo amin'ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitrareo ianareo."[6]

Amin'ny maha-mpanara-dian'ny Mpamonjy antsika amin'izao andro farany izao dia manatona Azy isika amin'ny alalan'ny fitiavana sy ny fanompoana ireo zanak' Andriamanitra. Rehefa manao izany isika dia tsy hoe hiala ny fotoan-tsarotra, sy ny fahoriana ary ny fijaliana ara-nofo, saingy hihena kosa ny fijaliantsika ara-panahy. Na dia ao anatin'ny fisedrana aza isika dia afaka miaina fifaliana sy fiadanana.

Ny fitiavantsika sy fanompoantsika amin'ny maha-Kristianina dia manomboka ao an-tokantrano. Ry ray aman-dreny, nantsoina ianareo mba ho mpampianatra sy misiônera feno fitiavana ho an'ireo zanakareo sy zatovonareo. Izy ireo no naman'ny fiangonananareo. Ianareo no tompon'andraikitra amin'ny fanampiana azy ireo hiova fo—izay midika hoe heniky ny fitiavan'ny Mpamonjy.

Rehefa manaraka an'i Jesoa Kristy isika dia ny fitiavany no manosika antsika hifanohana mandritra ny diantsika eto an-tany. Tsy afaka manao izany irery isika.[7] Efa henonareo aho taloha nizara ilay ohabolan'ny Quaker hoe: "Ianao mampitraka ahy ary izaho mampitraka anao, ary dia hiaraka hiakatra isika mandrakizay."[8] Amin'ny maha-mpanara-dia dia manomboka manao izany isika rehefa vita batsisa, mampiseho ny fahavononantsika ny "hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany."[9]

Ny "[m]ifampiana[tra] ny fotopampianaran'ny fanjakana"[10] no fomba iray ifankatiavana sy ifanompoana. Ry ray aman-dreny sy ry raibe sy renibe, toa mitaraina isika amin'ny toe-javatra



misy an'izao tontolo izao—hoe tsy mampianatra soatoavina intsony ny any am-pianarana. Saingy betsaka ny azon*tsika* atao. *Isika* dia afaka manararaotra ireo fotoana ahafahana mampianatra eo anivon'ny fianakaviantsika—izany hoe izao. Aza avela handalo fotsiny ireny. Rehefa misy tranga ahafahana mizara ny eritreritrareo mikasika ny filazantsara sy ireo leson'ny fiainana dia hatsaharo ny zava-drehetra, ary miresaha amin'ireo zanakareo sy ireo zafikelinareo.

Tsy tokony hiahiahy isika hoe tsy mpampianatra filazantsara matihanina. Tsy misy kilasy fiofanana na boky torolalana izay tena manampy mihoatra noho ny fandalinan'ny tena manokana soratra masina, ny fivavahana, ny fisaintsainana ary ny fikatsahana ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Hitarika antsika ny Fanahy. Mampanantena anareo aho: tafiditra ao anatin'ny antso maha-ray aman-dreny ny fanomezam-pahasoavana hampianatra amin'ny fomba mety aminareo sy amin'ireo zanakareo. Tsarovy, ny herin' Andriamanitra izay misarika antsika ho amin'ny toetra tsara dia ny fitiavany. "Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha."[11]

Ry zatovo, ianareo no isan'ireo mpampianatra filazantsara mahomby indrindra ananantsika. Tonga any am-piangonana ianareo hianatra, mba hahafahanareo mandeha mody hampianatra sy hanompo ny fianakavianareo, sy ny mpifanolobodirindrina aminareo, ary ny namanareo. Aza matahotra. Manàna finoana ny hijoro ho vavolombelona mikasika izay fantatrareo fa marina. Eritrereto ny fomba fivoaran'ireo misiônera amin'ny fotoana feno satria dia miaina fiainana voatokana izy ireo—amin'ny fampiasana ny fotoanany sy ny talentany ary ny fijoroana ho vavolombelona ananany mba hanompoana sy hitahiana ny hafa. Rehefa mizara ny fijoroana ho vavolombelona anananareo mikasika ny filazantsara ianareo dia hitombo ny finoanareo sy ny fahatokianareo tena!

Ny sasany amin'ireo asa fanompoana amin'ny maha-Kristianina izay tena misy fiantraikany indrindra dia tanterahina amin'ny fanaovana ny fiarahan'ny fianakaviana mandalina soratra masina, sy ny vavaky ny mpianakavy, ary ny fivorian'ny filankevitry ny fianakaviana. Efa ho zato taona mahery izao no niantsoan'ireo mpitariky ny Fiangonana antsika mba hanokana fotoana—tsy tapaka isan-kerinandro. Saingy maro amintsika no mbola tsy mahazo izany fitahiana izany. Ny takarivampianakaviana dia tsy sermôna ataon"i Dada sy i Neny. Fa fotoana ahafahan'ny fianakaviantsika mifampizara fitsipika sy traikefa ara-panahy tsotra, mba hanampiana ireo zanatsika hianatra hikarakara sy hizara, hiaraka hahita fifaliana iraisana, hiara-hizara fijoroana ho vavolombelona ary hiara-hitombo sy hivoatra. Rehefa manao takarivan'ny mpianakavy isika isan-kerinandro, dia hihamatanjaka ny fifankatiavantsika ary hihena ny fijaliantsika.

Aoka ho tsaroantsika fa ny asa manan-danja indrindra ataontsika ao an-tokantranontsika dia atao amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Isaky ny mampiaka-peo amin-katezerana isika dia mandao antsika sy ny fianakaviantsika ny Fanahy. Rehefa miteny amim-pitiavana isika dia afaka miaraka amintsika ny Fanahy. Aoka ho tsaroantsika ihany koa fa ireo zanatsika sy ireo zafikelintsika dia mandrefy ny fitiavantsika amin'ny habetsahan'ny fotoana atokantsika ho azy ireo. Ambonin'ny

zava-drehetra, manàna faharetana ary aza milavo lefona!

Ny soratra masina dia milaza fa rehefa nisafidy ny tsy hanaraka ny drafitry ny Ray any An-danitra ny sasany tamin'ireo fanahy izay zanany dia nitomany ny lanitra.[12] Ny ray amandreny sasany izay nitia sy nampianatra ireo zanak'izy ireo dia mitomany ihany koa rehefa misafidy ny tsy hanaraka ny drafitry ny Tompo ireo zanak'izy ireo efa lehibe. Inona no azon'ny ray amandreny atao? Tsy afaka mivavaka isika ny mba hanesorana amin'ny hafa ny fahafahany misafidy. Tsarovy ny rain'ilay zanaka adala, izay niandry tamim-paharetana an'ilay zanany lahy mba "[h]ody ny sainy," ka nandritra izany izy dia sady nitazana azy . . . Ary "raha mbola lavitra izy" dia nihazakazaka nanatona azy.[13] Afaka mivavaka isika mba hahazoana fitarihana mikasika izay fotoana iresahana, izay zavatra hotenenina, ary eny, indraindray hoe rahoviana no tokony hangina. Tsarovy fa ireo zanatsika sy ireo fianakaviantsika dia efa nisafidy ny hanaraka ny Mpamonjy tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Indraindray dia amin'ny alalan'ireo traikefampiainan'izy ireo ihany no ahafahan'ireo fahatsapana masina ireo hifoha indray. Amin'ny farany dia an'ny tenan'izy ireo ihany ny safidy ny hitia sy hanaraka ny Tompo.

Misy fomba iray hafa miavaka hanehoan'ireo mpanara-dia ny fitiavan'izy ireo ny Mpamonjy. Androany aho dia manome voninahitra ireo rehetra izay manompo ny Tompo amin'ny alalan'ny fikarakarana marary. Tena tian'ny Tompo ianareo! Amin'ny alalan'ny fanompoanareo mangina, tsy hankalazaina no hanarahanareo an'Ilay nampanantena hoe: "Ny Rainao Izy tenany izay mahita anao ao amin'ny mangingina no hamaly anao ampahibemaso."[14]

Tsaroako ilay mpifanolobodirindrina amiko izay voan'ny aretina Alzheimer ny vadiny. Isaky ny Alahady izy dia manampy azy hiakanjo, mibango ny volony, manaingo ny tarehiny ary dia mametaka ny kaviny ihany koa mba hahafahany manatrika ny fivoriampiangonana. Tamin'ny alalan'ny fanaovana izany asa fanompoana izany no nahatonga azy ho lasa ohatra ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra tao amin'ny paroasinay, ary raha ny marina dia ho an'izao tontolo izao mihitsy aza. Indray andro dia hoy ny vadiny taminy: "Mbola te hahita ny vadiko indray aho ary hiaraka aminy."

Namaly Rangahy hoe "Izaho no vadinao."

Ary dia namaly tamim-pitiavana Ramatoa hoe: "Hay, tsara izany!"

Tsy afaka miresaka mikasika ireo izay mikarakara marary aho raha tsy maneho fankasitrahana ho an'ilay mpikarakara marary miavaka eo amin'ny fiainako, dia ilay mpanara-dia ny Mpamonjy tena miavaka natolony ho ahy—dia i Mary ilay vadiko mandrakizay. Nanome ny zava-drehetra izy tamin'ny famelomana feno fitserana sy ny fitiavana. Ireo tanany dia ahatsiarovako ny kasika malefaka sy manohana ataon'ny Mpamonjy. Tsy ho eto aho raha tsy izy. Ary miaraka aminy aho dia afaka ny haharitra hatramin'ny farany ary ho tafaraka aminy any amin'ny fiainana mandrakizay.

Raha mijaly fatratra ianareo, na iarahanareo amin'ny hafa izany na samirery, dia mitalaho aminareo aho ny mba hamelanareo ny Mpamonjy ho mpikarakara anareo. Miantehera amin'ny sandriny be fitiavana.[15] Ekeo ny fanomezan-toky nataony. "Tsy hamela anareo ho kamboty Aho; hankatỳ aminareo Aho," hoy Izy nampanantena.[16]

Ry rahalahy sy anabavy, raha mbola tsy nanao izany isika dia ndeha hitodika ho amin'ny famelana heloka, sy ny hatsaram-panahy ary ny fitiavana. Ndeha isika handa ny ady izay matetika tokoa misamboaravoara ao anatin'ny fon'ny olona araky ny nofo ka haneho kosa ny fikarakakaran'i Kristy sy ny fitiavany ary ny fiadanana avy Aminy.[17]

Raha "efa [tonga] amin'ny fahalalana ny voninahitr[a] [sy ny fahatsaran'] Andriamanitra"[18] ianareo ary koa "ny sorompanavotana izay efa nomanina hatry ny fanorenana izao tontolo izao,"[19] dia "tsy ho ao an-tsainareo ny hifandratra fa ny hiaina kosa amim-pilaminana . . . ary tsy hamela ny zanakareo . . . handika ny lalàn' Andriamanitra, na hiady, na hifanjihitra, . . . fa hampianatra azy kosa . . . hifankatia sy hifanompo."[20]

Taloha kelin'ny nanomboana ny Mpamonjy dia nampianatra ny Apôstôliny Izy hoe: "Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa."[21] ary "Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko."[22]

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fijoron'ny Mpamonjy manoloana antsika dia ilay fijoron'ilay sary vongana nataon'i Thorvaldsen antsoina hoe *Christus* izay maninjitra ny tanany. Manohy maninjitra ny tanany Izy ary mibitsika hoe: "Avia, manaraha Ahy."[23] Manaraka Azy isika amin'ny alalan'ny fifankatiavana sy ny fifanompoana ary ny fitandremana ny didiny.

Mijoro ho vavolombelona manokana aho fa velona Izy ary tia antsika amin'ny fitiavana tanteraka. Fiangonany ity. Thomas S. Monson no mpaminaniny eto an-tany ankehitriny. Ny vavaka ataoko dia ny mba hitiavantsika bebe kokoa ny Ray any An-danitra sy ny Zanany lahy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Ao amin'ny Elie Wiesel, *Open Heart* trans. Marion Wiesel (2012), 70.
2. Matio 5:38.
3. Matio 5:44; jereo ihany koa ny 3 Nefia 12:44.
4. Jaona 13:34.
5. Matio 25:40.
6. Môsià 2:17.
7. Jereo ny 1 Korintiana 12:12.
8. Nalaina avy tamin'ny "A Story of the 'Barefoot Boy': Written for J. G. Whittier's Seventieth Birthday," *The Poetical Works of John Townsend Trowbridge* (1869), 227.
9. Môsià 18:8.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:77.
11. 1 Jaona 4:19.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:26; Mosesy 7:37.
13. Lioka 15:17, 20.
14. 3 Nefia 13:4.; jereo ihany koa ny Matio 6:4.
15. Jereo ny "Lean on My Ample Arm," *Hymns,* no. 120.
16. Jaona 14:18.
17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:16.
18. Môsià 4:11.
19. Môsià 4:7.
20. Môsià 4:13–15.
21. Jaona 13:34.
22. Jaona 14:15; jereo ihany koa ny Jaona 15:10.
23. Jereo ny Jakôba 6:4.



**Nataon'i Carol F. McConkie**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany

# Ny faniriana marin'ny fanahy

*Ny fotoana rehetra ao amin'ny vavaka sarobidy dia afaka ny ho fotoana masina hiarahana amin'ny Raintsika, amin'ny anaran'ny Zanaka, amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.*

Ao anatin'ireo olana eto ambonin'ny tany dia tsy avela irery na oviana na oviana isika mba hanatanteraka ny asantsika, mba hiady ireo adintsika, mba hiatrika fahoriana na fanontaniana tsy voavaly. Nampianarin'i Jesoa Kristy tamin'ny fanoharana iray "fa ny olona dia tsy maintsy mivavaka mandrakariva ka tsy reraka." Nilaza momba ny mpitsara iray izay tsy natahotra an' Andriamanitra no tsy mena-maso olona Izy. Nisy mpitondratena iray tonga niverimberina teo aminy, niangavy mba homena rariny eo amin'ilay manana ady aminy. Tsy nety nanome fanampiana ho azy ilay mpitsara nandritra ny fotoana ela. Saingy vokatry ny fiangaviany tsy tapaka, dia nieritreritra ilay mpitsara nony farany hoe: "Mba homeko rariny ihany io mpitondratena io, fa manahirana ahy izy, fandrao ho avy mandrakariva izy ka hampahasosotra ahy."

Dia nanazava i Jesoa avy eo:

"Fa Andriamanitra tsy hanome rariny ny olom-boafidiny va, izay mitaraina aminy andro aman-alina . . . ?

"Lazaiko aminareo fa homeny rariny faingana izy."

Ary dia nametraka ity fanontaniana ity ny Tompo: "Kanefa raha avy ny Zanak'olona, moa hahita finoana ety ambonin'ny tany va Izy?"[1]

Ilaina amin'ny fampitomboana finoana ny vavaka. Rehefa tonga indray ny Tompo dia hahita olona izay mahay ny fomba fivavahana amim-pinoana sy olona vonona hahazo famonjena ve Izy? "Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena."[2] Isika dia zanaky ny Ray any An-danitra be fitiavana, ary afaka mankamamy ny fiombonana manokana Aminy isika rehefa mivavaka "amin-kitsimpo, omban'ny tena fitiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy"[3] ary manao asa araka ireo valinteny azontsika avy amin'ny bitsiky ny Fanahy Masina avy eo. Amim-pinoana no hivavahantsika, hihainoantsika, ary hankatoavantsika mba hahafahantsika mianatra ny ho tonga iray amin'ny Ray sy ny Zanaka.[4]

Ny vavaka arahim-pinoana dia manokatra ny lalana hahazoana ireo fitahiana lehibe avy any an-danitra. Nampianatra ny Mpamonjy hoe:

"Mangataha, dia homena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo; dondony, dia hovohana hianareo:

"Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana."[5]

Raha manantena ny hahazo isika dia tsy maintsy mangataka sy mikatsaka ary mandondona. Raha nitady fahamarinana i Joseph Smith dia namaky tao amin'ny soratra masina hoe: "Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany."[6] Nisokatra ny lanitra ho valin'ny vavaka tamim-pinoana nataony. Andriamanitra Ray sy ny Zanany Jesoa Kristy dia nidina tamim-boninahitra ary niresaka tamin'i Joseph Smith, nanomboka ny fahafenoan'ny fotoampitantanana. Ho antsika, ny fanasitranana mahagaga, ny fiarovana mahery vaika, ny fahalalana avy amin' Andriamanitra, ny famelankeloka manafaka, ary ny fiadanana sarobidy dia anisan'ireo valinteny izay tonga amintsika rehefa manolotra ny "faniriana marin'ny fanahy"[7] amim-pinoana isika.

Mivavaka amin'ny Raintsika amin'ny anaran'i Jesoa Kristy isika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, koa noho izany dia mampiditra ireo mpikambana telo ao amin'Ny Andriamanitra ao anatin'ny vavaka ataontsika isika.

**Mivavaka amin'ny Raintsika any An-danitra** isika ary Izy ihany satria Izy no "Andriamanitra any an-danitra, izay tsisy fetra sy mandrakizay . . . , mpahary ny lanitra sy ny tany mbamin'ny zavatra rehetra izay ao aminy." Amin'ny maha-mpahary antsika Azy dia nanome didy Izy fa isika dia tokony "ho tia sy hanompo Azy, ilay hany Andriamanitra velona sady marina, ka Izy no hany tokony hitsaohan[tsika]."[8]

Rehefa mivavaka amin' Andriamanitra amin'ny finoana ianareo dia "hampiononiny amin'ny fahorianareo, . . . [ary afaka] mivok[y] amin'ny fitiavany."[9] Ny Filoha Henry B. Eyring dia nizara fa ireo vavaka nataon'ny rainy nandritra ny ady tamin'ny homamiadana izay tsy resiny dia nampianatra azy ny



fifandraisana lalina manokana eo amin' Andriamanitra sy ny zanany.

"Rehefa nihanahery vaika ny fanaintainana dia hitanay nandohalika teo akaikin'ny fandriany izy ny maraina. Reraka tokoa izy ka sarotra ho azy ny niverina teo am-pandriana. Nolazainy taminay fa nivavaka izy, nanontany ny Rainy any An-danitra hoe nahoana izy no tsy maintsy nijaly mafy kanefa niezaka hatrany ny ho olona tsara. Nilaza izy fa nisy valinteny tsara tonga: 'Mila zanakalahy be herimpo Andriamanitra.'

"Koa naharitra hatramin'ny farany izy, nahatoky fa tia azy sy nihaino azy ary hankahery azy Andriamanitra. Sambatra izy nahafantatra mialoha sy tsy nanadino na oviana na oviana fa azo atao ny manakaiky an' Andriamanitra be fitiavana amin'ny vavaka."[10]

**Mivavaka amin'ny anaran'i Jesoa Kristy isika** satria ao amin'i Kristy ny famonjena antsika, ary "tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena."[11] Manatona ny Ray isika amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy[12] satria Izy no Mpisolovava antsika amin'ny Ray, ary miaro ny tombontsoantsika Izy.[13] Nijaly Izy, nivoa-drà, ary maty mba hanome voninahitra ny Rainy, ary ny fiarovany feno famindrampo antsika dia manokatra ny lalana ho antsika tsirairay mba hahazo fiadanana eto amin'ity fiainana ity sy fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy. Tsy tiany hijaly ela isika na hiaritra fisedrana mihoatra noho izay ilaina. Tiany isika hitodika any Aminy ary hamela Azy hanamaivana ny entamavesatsika, sy hanasitrana ny fontsika, ary hanadio ny fanahintsika amin'ny alalan'ny heriny manadio. Tsy tiantsika velively ny hanonom-poana ny anarany amin'ireo teny tsianjery sy miverimberina. Fanehoana ny fitiavantsika feno fanoloran-tena, ny fankasitrahantsika mandrakizay, ary ny faniriantsika mafy mba hivavaka tahaka ny nivavahany, mba hanao zavatra araka ny nataony, ary mba ho tonga tahaka Azy ny vavaka amin-kitsimpo atolotra amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy.

**Mivavaka amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina isika** satria "izay mangataka ao amin'ny fanahy dia mangataka araka ny sitrapon' Andriamanitra."[14] Rehefa mivavaka amim-pinoana isika dia afaka mitarika ny eritreritsika ny Fanahy Masina ka hifanaraka amin'ny sitrapon' Andriamanitra ireo tenintsika. "Aza mangataka mba hahazoanareo mandany izany amin'ny filanareo, fa mangataha kosa amin'ny fiorenana tsy voahozongozona mba tsy hanekenareo ny fakampanahy, fa mba hanompoanareo kosa ny Andriamanitra velona sady marina."[15]

"Tsy hoe manan-danja fotsiny ny tokony hahafantarantsika ny fomba fivavahana, fa mitovy lanja amin'izany ny tokony hahafantarantsika ny fomba handraisana ny valin'ny vavaka ataontsika, ny hahay hanavaka, ny ho malina, ny ho afaka hahita amin'ny fahitana mazava sy hahatakatra amin'ny fikasana mazava ny sitrapon' Andriamanitra sy ny tanjony mikasika antsika."[16]

Nizara izao ny Filoha Eyring: "Nisy ireo vavaka nataoko no nivaly. Ireo valim-bavaka ireo dia nazava indrindra rehefa adino ny zavatra iriako fa resin'ny filana mba hahafantatra izay irin' Andriamanitra. Amin'izay no afaka ambaran'ilay feo tony sy malefaka amin'ny fanahy ny valinteny avy amin'ny Ray any An-danitra be fitiavana ka azo soratana ao am-po."[17]

Rehefa niditra ny Sahan'i Getsemane ny Mpamonjy dia fadiranovana ny fanahiny, toy ny efa ho faty. Tao anatin'ny fahoriany lalina dia ny Rainy no hany tokana nahafahany nitodihana. Nitalaho Izy hoe: "Raha azo atao dia aoka hesorina amiko ity kapoaka mangidy ity." Kanefa nampiany hoe: "Nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao."[18] Na tsy nanam-pahotana aza ny Mpamonjy dia nantsoina mba "[hiaritra] fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany," anisan'izany ny aretina sy ny rofin'ny olony. "Miaritra araka ny nofo [Izy] mba hahazoany maka eo Aminy ny fahotan'ny olony, mba hahazoany mamafa ny fandikan-dalàny araka ny herin'ny fanafahany."[19] In-telo Izy no nivavaka hoe: "Ray ô, aoka ny sitraponao no hatao."[20] Tsy nesorina ilay kapoaka. Tao anatin'ny vavaka tamim-panetrentena sy mahatoky no nanomezana azy tanjaka handroso sy hanatontosa ny asa masina nanirahana azy mba hiomana amin'ny famonjena antsika, mba hahafahantsika mibebaka, mino, mankatò, ary mahazo ireo fitahian'ny mandrakizay.

Tsy voatery izay irintsika ny valimbavaka azontsika. Kanefa amin'ireo fotoan-tsarotra, ireo vavaka ataontsika dia manjary ho fanohanana feno fitiavana sy famindram-po lehibe. Mandritra ny fitalahoantsika dia enga anie isika hahazo tanjaka mba handroso, ary hanatanteraka ny zavatra rehetra izay notendrena mba hataontsika. Hoy ny Tompo tamin'ireo Olomasiny izay niaina tao anatin'ny fotoan-tsarotra: "Koa aoka hionona ny fonareo . . . ; fa eo an-tanako ny nofo rehetra; mitonia ary fantaro fa Izaho no Andriamanitra."[21]

Na mivavaka mitokana isika, na miaraka amin'ny fianakaviantsika, na any am-piangonana, na any amin'ny tempoly, na, na aiza na aiza misy antsika; na isika mivavaka amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina ka mikatsaka famelan-keloka, ny fahendren'ny lanitra, na ny tanjaka mba haharetana fotsiny, dia mivavaka amin'ny fo manontolo

*mandrakariva* isika, miantoraka amin' Andriamanitra tsy tapaka ho tombontsoantsika sy ho tombontsoan'ireo izay manodidina antsika. Ireo faniriana marina izay atolotra amin'ny fanahin'ny fankasitrahana noho ireo fitahiana sesehena sy fankasitrahana noho ireo leson'ny fiainana dia mitondra finoana mafy orina an'i Kristy ao am-pontsika, "fanantenana mamirapiratra ary fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra."[22]

Fanomezana avy amin' Andriamanitra ny vavaka. Tsy tokony hahatsapa ho very na irery na oviana na oviana isika. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fotoana rehetra ao amin'ny vavaka sarobidy dia afaka ny ho fotoana masina hiarahana amin'ny Raintsika, amin'ny anaran'ny Zanaka, amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Lioka 18:1–8; Jereo ihany koa ny Dikantenin'i Joseph Smith, Lioka 18:8
2. Romana 10:13.
3. Môrônia 10:4.
4. Jereo ny Jaona 17:21–23. Ny Mpamonjy dia nivavaka mba hahatonga antsika ho iray amin'ny Ray sy ny Zanaka mba ho tanteraka. Mahazo firaisan-kina amin'ny Ray sy ny Zanaka isika rehefa mino ireo tenin'i Kristy sy manao asa amim-pinoana.
5. Matio 7:7–8.
6. Jakôba 1:5 (ao amin'ny Baiboly).
7. "La prière," *Cantiques,* no. 81.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:17, 19.
9. Jakôba 3:1–2 (ao amin'ny Bokin'i Môrmôna).
10. Henry B. Eyring, "Families and Prayer," *Liahona,* sept. 2015, 4.
11. Asan'ny Apôstôly 4:12.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:19–20.
13. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:3–5.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:30.
15. Môrmôna 9:28.
16. Melvin J. Ballard, "Our Channels of Power and Strength," *Improvement Era,* sept. 1923, 992; voalaza tao amin'ny M. Russell Ballard, *Yesterday, Today, and Forever* (2015), 133.
17. Henry B. Eyring, "Write upon My Heart," *Liahona,* jan. 2001, 100.
18. Matio 26:39; jereo ihany koa ny andininy.
19. Almà 7:11, 13.
20. Jereo ny Matio 26:39–44.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:16.
22. 2 Nefia 31:20.



**Nataon'ny Loholona Craig C. Christensen**
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# "Mpahita nofinidy iray no hatsangako"

*Satria mpaminany i Joseph dia manana varavaran'ny lanitra mihoatra ny iray misokatra isika—dia ny varavarana mankany amin'ny mandrakizay mihitsy no misokatra ho antsika.*

Rehefa tonga voalohany teo amin'i Joseph Smith i Môrônia dia nampitandrina izy fa ny anaran'i Joseph dia "ho tsara sy ho ratsy laza any anivon'ny firenena."[1] Nahita ny fahatontosan'izany faminaniana izany isika. Tao anatin'ny ady teo amin'ny tsara sy ny ratsy, ny Famerenana tamin'ny Laoniny ny filazantsara tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith dia sady nanentana ny fanahin' ireo mpino izay nanaraka azy no niteraka fahavalo izay niady mafy nanohitra ny foto-kevitr'i Ziona sy nanohitra an'i Joseph mihitsy. Tsy vaovao izany ady izany. Nanomboka izany raha vantany vao niditra tao amin'ny Ala Masina i Joseph ary mitohy izany ankehitriny sady tsy mitsahatra mibaribary eo amin'ny internet.

Nanambara manokana tamin'i Joseph Smith ny Tompo hoe:

"Hamotopototra ny momba ny anaranao ireo faran'ny tany, ary haneso anao ireo adala, ary ho romotra aminao ny helo;

"Raha ny madio am-po sy ny hendry ary ny ambony sy ny tsara toetra kosa hikatsaka torohevitra sy fahefana ary fitahiana lalandava avy eo ambanin'ny tananao."[2]

Anio dia atolotro ny fijoroana ho vavolombelona ananako ho an'ireo rehetra izay mikatsaka ny hahatakatra bebe kokoa ny asa masina nanirahana an'i Joseph Smith zanany, ilay Mpaminanin'ny Famerenana amin'ny Laoniny.

Tsy tokony ho menamenatra isika mikasika ny fijoroana ho vavolombelona momba ny asa nanirahana an'i Joseph amin'ny maha-mpaminany sy mpahitra ary mpanambara azy, satria ny Tompo dia niasa tamin'ny alalan'ny mpaminany mandrakariva.[3] Noho ireo fahamarinana naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'i Joseph Smith dia mahafantatra bebe kokoa momba ny Raintsika any An-danitra sy ny Mpamonjy Jesoa Kristy isika. Fantatsika ny toetra masina ananan'Izy ireo, ny fifandraisana misy eo amin'Izy ireo sy eo amintsika, ary ny drafitra lehiben'ny fanavotana izay mamela antsika hiverina eo anatrehan'Izy ireo.

Nanambara izao momba an'i Joseph ny Filoha Brigham Young: "Nambara tany amin'ireo filankevitry ny mandrakizay, ela be mialoha ireo fototra



izay nanorenana ny tany, fa izy dia ho lehilahy iray hamoaka ny tenin' Andriamanitra amin'ny olona sy hahazo ny fahafenoan'ireo fanalahidy sy herin'ny Fisoronan'ny Zanakalahin' Andriamanitra amin'ny fotoampitantanana farany eto amin'ity izao tontolo izao ity. Manara-maso azy ny Tompo . . . [satria izy dia] notendrena mialoha tany amin'ny mandrakizay mba hiahy ity fotoampitantanana farany ity."[4]

Ho fiomanana amin'ity asa lehibe ity dia teraka tao anatin'ny fianakaviana be fitiavana izay niaina ireo enta-mavesatra sy fitsapan'ny fiainana maro i Joseph Smith. Rehefa nanomboka ho nihamatotra i Joseph dia "lalina sy mazàna lehibe aza"[5] ny fihetseham-pony tamin' Andriamanitra kanefa mbola sahirantsaina tamin'ireo hevitra ara-pivavahana nifanohitra nampianarin'ireo mpitory teny tamin'ny androny izy. Soa ihany fa tsy navelan'i Joseph hampalemy ny finoany ireo fanontaniana nananany. Nikatsaka valinteny tao anatin'ny Baiboly izy ary nahita ity torohevitra ity: "Ary raha misy ianareo tsy manampahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa, ary dia homena azy izany."[6]

Nitantara i Joseph hoe: "Na oviana na oviana dia tsy misy andalan-tsoratra masina nanohina fon'olona taminkery kokoa noho ny nanohinan'izany ny foko tamin'izay fotoana izay. Toy ny niditra tamin-kery tany amin'ny tsiratsiraky ny foko rehetra izany. Nieritreritra izany ombieny ombieny aho."[7]

Niaraka tamin'ny finoana tsotra no nanaovan'i Joseph asa araka ireo fahatsapana ara-panahy ireo. Nahita toerana nitokana izy, nandohalika, "nanomboka nanolotra an' Andriamanitra ny fanirian'ny fo[ny]."[8] Misy hery lehibe ao amin'ny famariparitan'i Joseph ny zavatra nitranga:

"Nahita andrim-pahazavana teo ambonin'ny lohako indrindra [aho], nihoatra ny famirapiratan'ny masoandro, nidina tsikelikely teo amboniko.

". . . Rehefa nijanona teo amboniko ilay hazavana, dia nahita Olona roa aho, izay mihoatra ny famirapiratana rehetra ny famirapiratany sy ny voninahiny, nijoro nitsingevaheva teo amboniko. Niteny tamiko ny anankiray Taminy, niantso ahy tamin'ny anarako sady nanondro ilay anankiray no nanao hoe: *Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!*"[9]

Nahita an' Andriamanitra, ilay Ray Mandrakizay, sy i Jesoa Kristy, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra izao tontolo izao i Joseph Smith. Izany no Fahitana *Voalohany* hitan'i Joseph Smith. Tao anatin'ireo taona nanaraka izany dia nandika ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fanomezam-pahasoavana sy herin' Andriamanitra i Joseph. Anjely maro hafa no nitsidika azy, namerina tamin'ny laoniny ireo fahamarinana sy fahefana izay very nandritra ny taon-jato maro. Ireo fifandraisan'ny lanitra tamin'i Joseph Smith ireo dia manome fahafahana ho antsika hahazo ireo fitahiana avy any an-danitra sy ireo voninahitry ny mandrakizay.

Ny fiainan'i Joseph dia mitoetra ho tenivavolombelona fa raha misy tsy manam-pahendrena amintsika, dia afaka mangataka amin' Andriamanitra amim-pinoana isika ka hahazo valinteny—indraindray avy amin'ireo anjely fa matetika kokoa amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, izay miresaka amintsika amin'ny alalan'ny eritreritra sy fahatsapana manentana ny fanahy.[10] Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina no ahafahantsika "mahafantatra ny fahamarinan'ny zavatra rehetra."[11]

Ho an'ny ankamaroantsika dia manomboka ny tenivavolombelona momba ny Mpaminany Joseph Smith rehefa mamaky ny Bokin'i Môrmôna isika. Namaky voalohany hatrany amboalohany ny Bokin'i Môrmôna aho fony aho zazalahy mpianatra seminera isa-maraina. Niaraka tamin'ny eritrerijazalahy nientanentana nananako dia nanapa-kevitra aho ny hamaky toy ireny hoe Joseph Smith ireny ny tenako, sambany vao nahita voalohany ireo fahamarinana ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna. Nisy fiantraikany lehibe teo amin'ny fiainako izany ary mbola manohy ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna amin'izany fomba izany aho. Hitako matetika fa ny fanaovana izany dia mampiorim-paka ny fankasitrahako noho ny Mpaminany Joseph Smith sy noho ireo fahamarinana naverina tamin'ny laoniny ato anatin'ity boky sarobidy ity.

Ohatra, alaivo sary an-tsaina ireo fahatsapana nananan'i Joseph rehefa nandika ireo andalana momba ny batisa ho famelana ny fahotana izy. I Joseph, izay nolazaina mba tsy hiditra amin'ireo fiangonana efa nisy, dia nanana fanontaniana momba ity ôrdônansy manavotra ity mazava ho azy. Ireo fanontaniany dia nitarika azy, indray, mba hivavaka, ary izany vavaka izany dia nitarika tamin'ny fitsidihan'i Jaona Mpanao Batisa, izay namerina tamin'ny laonin'ny Fisoronana Aharôna sy ny fahefana hanao batisa.[12]

Na saintsaino ny mety ho tsapan'i Joseph rehefa nahafantatra vao

voalohany izy fa i Jesoa Kristy dia nitsidika ny vahoaka tany amin'ny Ilam-bolantany Andrefana—fa nampianatra azy ireo Izy, nivavaka ho azy ireo, nanasitrana azy ireo, nitso-drano ny zanak'izy ireo, nanome ny fahefan'ny fisoronana, ary nanolotra ny fanasan'ny Tompo ho azy ireo.[13] Mety tsy nahafantatra izany i Joseph tamin'izany fotoana izany, saingy ny zavatra nianarany momba ireo ôrdônansy sy ny firafitry ny Fiangonan'i Kristy fahiny dia nanomana azy mba hanampy ny Tompo tamin'ny famerenana izany Fiangonana izany eto an-tany taty aoriana.

Nandritra ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna dia nisaona ny fahafatesan'ny zanany lahy kely i Joseph sy i Emma, vadiny. Tamin'izany andro izany dia mazàna ireo mpitory teny no nampianatra fa ny ankizy nodimandry ka tsy natao batisa dia ho very mandrakizay. Miaraka amin'izany ao an-tsaina, alaivo sary an-tsaina ny tsy maintsy ho tsapan'i Joseph rehefa nandika ireto teny avy tamin'ny mpaminany Môrmôna ireto izy: "Ary tsy mila fibebahana na batisa ny ankizy madinika. . . . [Fa] velona ao amin'i Kristy ny ankizy madinika, na dia hatry ny fanorenana izao tontolo izao aza."[14]

Angamba mety ho andalan-tsoratra masina tao amin'ny Bokin'i Môrmôna tena nanaitra an'i Joseph fony tanora ny toko fahatelo ao amin'ny 2 Nefia. Io toko io dia ahitana faminaniana fahiny momba ny "mpahita nofinidy" iray izay hatsangan'ny Tompo amin'ny andro farany—mpahita iray antsoina hoe Joseph, araka ny anaran'ny rainy. Io mpaminany ho avy io dia "hohajaina fatratra" ary hanao asa iray "izay hanandanja lehibe" ho an'ny vahoakany. Ho "lehibe tahaka an'i Mosesy" izy ary homena "fahefana hitondra ny teni[n' Andriamanitra]."[15] Saintsaino izay tsy maintsy ho tsapan'i Joseph Smith rehefa fantany fa io faminaniana io dia momba *azy*! Tsy nandika tantara fotsiny izy; fa nandika ny fahitana iray momba ny andro farany, momba ilay Famerenana amin'ny Laoniny mahagaga ny filazantsaran'i Jesoa Kristy—*ary i Joseph mihitsy no hanampy hahatanteraka izany!*

Amin'izao fotoana izao saika ho efa 200 taona aty aoriana, dia mora ny



mahita ny nanatanterahana an'io faminaniana io. Fantatsika ny momba ireo zavatra lehibe izay notontosain'i Joseph tamin'ny naha-mpaminanin'ny Tompo azy. Kanefa tadidio fa raha nandika io faminaniana io i Joseph dia mbola nanao zavatra vitsivitsy ihany tamin'ireo zavatra nolazain'ireo mpaminany mialoha. Mbola zatovolahy tany amin'ny faha-20 taonany izy. Tsy mbola natsangana ny Fiangonana. Tsy nisy paroasy na sampana, tsy nisy misiônera, ary tsy nisy tempoly. Zara raha nisy olona nandre momba an'i Joseph Smith ary ny sasany tamin'ireo izay nandre dia nanohitra mafy azy. Jereo ankehitriny ny asa lehibe notanterahin'ny Tompo tamin'ny alalan'ny tanan'i Joseph mpanompony, na teo aza ny fanoherana azy. Ny fahatanterahan'io faminaniana io ve tsy mitondra porofo ny amin'ny antso maha-mpaminany an'i Joseph Smith?

Ho an'ireo rehetra izay mety misalasala momba ny fijoroana ho vavolombelona momba an'i Joseph Smith na sahirana amin'ny fampahalalan-diso sy mamitaka ary tsy ampy momba ny fiainany sy ny asa fanompoany, dia manasa anareo aho mba hisaintsaina ireo vokatra—ireo fitahiana marobe izay tonga tamintsika tamin'ny alalan'ny asa mahagaga nanirahana an'i Joseph Smith, ilay Mpaminanin'ny Famerenana amin'ny Laoniny.

Satria mpaminany i Joseph dia tsy zava-nisy tamin'ny fotoan-dasa intsony ny fanambarana sy ny mpaminany. Ny "andron'ny fahagagana"—fahitana, fanasitranana, ary fanompoan'ny anjely—dia tsy nitsahatra.[16]

Satria mpaminany i Joseph dia afaka mahazo ny hery sy ireo fitahiana avy amin'ny fisoronana masina ny tsirairay amintsika, ka anisan'izany ny batisa, ny fanomezana ny Fanahy Masina, ary ny fanasan'ny Tompo.

Satria mpaminany i Joseph dia manana ireo fitahiana sy ôrdônansin'ny tempoly izay mamehy antsika amin' Andriamanitra isika, ka mahatonga antsika ho olony, ary mampiseho amintsika "ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra," ka ahafahantsika, indray andro any, "mahita ny tavan' Andriamanitra, dia ny Ray, ary ho velona."[17]

Satria mpaminany i Joseph dia fantatsika fa ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia ampahany manandanja ao amin'ny drafitr' Andriamanitra ho an'ny fahasambarantsika. Fantatsika fa amin'ny alalan'ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana any amin'ny tempoly dia afaka maharitra mandrakizay ireo fifandraisana mamintsika amin'ny fianakaviantsika.

Satria mpaminany i Joseph dia manana varavaran'ny lanitra mihoatra ny iray misokatra isika—dia ny

varavarana mankany amin'ny mandrakizay mihitsy no misokatra ho antsika. Isika dia afaka mahafantatra "ilay Andriamanitra tokana sady marina, sy [Jesoa] izay efa nirahi[ny]."[18] Afaka ny ho antsika ny fiainana mandrakizay.

Indrindra, satria mpaminany i Joseph dia manana tenivavolombelona maro isika, fijoroana ho vavolombelona maro, fa i Jesoa Kristy ho Zanakalahin' Andriamanitra sy Mpamonjin'izao tontolo izao. Manana tohivakana tsy tapaka amin'ny vavolombelona manokan'i Jesoa Kristy isika, anisan'izany ny mpaminanintsika ankehitriny, ny Filoha Thomas S. Monson; ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany; ary ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Ampiako amin'ny tenivavolombelon'izy ireo ny fijoroana ho vavolombelona tsotra nefa azo antoka ananako: Velona i Jesoa Kristy ary mitarika ny Fiangonany Izy. I Joseph Smith no Mpaminanin'ny Famerenana amin'ny Laoniny. Eto ambonin'ny tany indray ny fisoronana sy ny fahefan' Andriamanitra. Enga anie isika hanambara tsy amin'ny tahotra ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika sy ny fankasitrahantsika noho izany mpaminany, mpahita ary mpanambara mahagagan'ny Tompo izany. Izany no vavaka ataoko amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Joseph Smith—Tantara 1:33.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:1–2.
3. Jereo ny Amosa 3:7.
4. Brigham Young, "Remarks," *Deseret News,* 26 ôkt 1859, 266; jereo ihany koa ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 544.
5. Joseph Smith—Tantara 1:8.
6. Jakôba 1:5.
7. Joseph Smith—Tantara 1:12.
8. Joseph Smith—Tantara 1:15.
9. Joseph Smith—Tantara 1:16–17.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2.
11. Môrônia 10:5.
12. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:68–72.
13. Jereo ny 3 Nefia 11–20.
14. Môrônia 8:11–12.
15. Jereo ny 2 Nefia 3:6–15.
16. Jereo ny Môrônia 7:35–37; Fanekem-pinoana 1:7.
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:21–22.
18. Jaona 17:3.



**Nataon'ny Loholona Juan A. Uceda**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Mampianatra antsika hivavaka i Jesoa Kristy Tompo

*Rehefa mivavaka ve ianao dia tena mivavaka tokoa sa milaza tonom-bavaka fotsiny?*

Tamin'ny taona 1977, dia nanao asa fitoriana tamin'ny fotoana feno tany Cusco, Perou aho. Izaho sy ilay misiônera niara-nanompo tamiko dia nahazo fankatoavana mba hitondra ireo misiônera rehetra tao amin'ny faritra Cusco mba ho any amin'ny sisa tavela tamin'i Machu Picchu.

Rehefa akaiky ho tapitra ny fitsidihanay ireo sisan-javatra rava, dia naniry ny ho any amin'ny Tetezana Inca, izay ampahany amin'ny lalana anaty tendrombohitra ny misiônera sasany. Teo no ho eo dia tsapako tao am-poko ny Fanahy nitaona ahy tsy hankany. Eo amin'ny lafin'ny tendrombohitra iray no nisy ilay lalan-kely ary misy hantsana 610 m ny halaliny. Amin'ny faritra maromaro dia zara raha antonona olona iray ilay lalankely. Nilaza tamin'izy ireo izaho sy ny misiônera mpiara-manompo tamiko hoe tsy tokony handeha ho any amin'ny Tetezana Inca izahay.

Na izany aza dia nisisika mafy ny handehananay ihany ireo misiônera. Nihamafy ny fiangavian'izy ireo ary na dia teo aza ny zavatra natoron'ny Fanahy Masina ahy dia nilavo lefona noho ny faneren'ireo namako aho ary nilaza tamin'izy ireo fa hitsidika ilay tetezana izahay raha toa ka mitandrina tsara.

Niroso teo amin'ilay lalan-kely mankany amin'ny Tetezana Inca izahay ary izaho no tany amin'ny vodilaharan'ilay vondrona nisy anay, ary tamin'ny voalohany dia nandeha tsimoramora ny rehetra, araka ny nifanarahana. Avy eo dia nanomboka nandeha haingana ireo misiônera ary nihazakazaka mihitsy aza. Tsy noraharahian'izy ireo ny fangatahako azy ireo handeha moramora. Nahatsapa aho fa mila manenjika azy ireo, mba hilaza amin'izy ireo hoe mila miverin-dalana izahay. Lavitra dia lavitra tany aorian'izy ireo aho, ary tsy maintsy nihazakazaka haingana mba hanatrarana azy ireo.

Rehefa tonga teo amin'ny fiolahana iray aho, teo amin'ny lalana izay tsy antonona olona roa, dia nahita misiônera nijanona ary niankina tamin'ny vato ny lamosiny. Nanontaniako izy hoe nahoana izy no nijanona teo.

Nilaza tamiko izy fa nahazo fitaomampanahy hoe tokony hijanona eo amin'io toerana io elaela ary izaho kosa tokony handroso.

Tsapako tamin'izay fa mila manatratra faingana ireo lasa tany alohanay aho, noho izany dia nampiany aho handingana azy, ary dia afaka nandroso lavidavitra kokoa teo amin'ilay lalana aho. Tsikaritro fa feno ahi-maitso ny tany. Natontoko mafy tamin'ny tany ny tongotro havanana, ary hitako, rehefa nianjera aho, fa hay tsy nisy tany tao ambanin'ilay ahi-maitso. Namikitra mafy tamin'izay rantsan-kazo nisy teo ambanin'ilay lalana aho. Tanaty fotoana fohy dia afaka nahita ny renirano Urubamba aho, eo ho eo amin'ny 600 metatra teo ambaniko, izay namakivaky ilay Lohasaha Masin'ny Incas. Tsapako ho toa nandao ahy ny heriko, ary niandry fotsiny izay fotoana tsy hahavitako mamikitra intsony aho. Tamin'izay fotoana izay, dia nivavaka mafy aho. Vavaka tena fohy izany. Nanokatra ny vavako aho ary niteny hoe: "Ray ô! Ampio aho!"

Tsy nahazaka ny lanjan'ny vatako ireo rantsan-kazo. Fantatro hoe ho faty aho. Tamin'iny fotoana iny *indrindra* rehefa akaiky hianjera aho, dia nahatsapa tanana matanjaka nandray ahy tamin'ny sandriko ary nisintona ahy niakatra. Noho izany fanampiana izany dia afaka nanohy niezaka nihanika aho ka tafaverina teo amin'ilay lalana. Ilay misiônera nijanona tao aoriana no namonjy ahy.

Kanefa raha ny marina dia ny Raintsika any An-danitra no namonjy ahy. Nihaino ny feoko Izy. Nandre ny feon'ny Fanahy Masina intelo aho talohan'izay nilaza tamiko mba tsy handeha ho any amin'ny Tetezana Inca, kanefa tsy nankatò izany feo izany aho. Tena nivarahontsana aho, hatsatra ny hoditro ary tsy fantatro hoe inona no ho lazaina. Avy eo dia nahatsiaro aho fa ireo misiônera hafa dia lasa tany alohanay, noho izany dia nandeha nitady azy ireo izahay mandra-pahitanay azy ireo ka nilaza tamin'izy ireo ny zavatra nitranga tamiko.

Niverina tany Machu Picchu, tamimpitandremana fatratra izahay sy tao anatin'ny fahanginana. Teny amin'ny lalana miverina dia nangina aho, ary tonga tao an-tsaiko ny eritreritra hoe nihaino ny feoko Izy kanefa izaho tsy niraharaha ny Azy. Nisy alahelo lalina tao am-poko noho ny tsy fankatoavako ny feony ary nisy fankasitrahana lalina ihany koa niaraka tamin'izay noho ny famindrampony. Tsy nampihatra ny fahamarinany tamiko Izy, fa namonjy ny aiko tamin'ny famindrampony lehibe (jereo ny Almà 26:20).

Rehefa hariva ny andro ka tonga ny fotoana hivavahako manokana, dia nivavaka avy ao am-po aho tamin'ilay "Rain'ny famindrampo sady Andriamanitry ny fampiononana rehetra" (2 Korintiana 1:3). Nivavaka "[t]aminkitsimpo, omban'ny tena finiavana, sady [n]anam-pinoana an'i Kristy" aho (Môrônia 10:4).

Vao maraim-be tamin'izay andro izay ihany, dia nivavaka teo amin'ny molotro aho, ary rehefa saika ho faty aho, dia nivavaka Taminy avy amin'ny foko. Nisaintsaina ny fiainako hatramin'io fotoana io aho. Hitako fa efa im-betsaka ny Raintsika any An-danitra no feno famindram-po tamiko. Nampianatra lesona maro ahy Izy tamin'io andro io tany Machu Picchu sy tany Cusco, Pérou. Anisan'ny lesona iray lehibe indrindra ny hoe tokony hivavaka mandrakariva mandrakariva "aminkitsimpo, omban'ny tena finiavana, [mampihatra finoana] an'i Kristy" aho.

Indray mandeha i Jesoa Kristy dia "nivavaka tao amin'ny fitoerana iray," ary "rehefa nitsahatra Izy, dia hoy ny mpianany anankiray taminy: Tompoko, mampianara anay hivavaka" (Lioka 11:1). Avy eo dia nampianatra ny mpianany hivavaka Izy. Ary ankehitriny dia mampianatra ahy sy ianao hivavaka Izy rehefa hitantsika ao an-tsaina Izy mivavaka ao Getsemane manao hoe: "Nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao" (Lioka 22:42). Rehefa mivavaka ianao, moa ve ianao tena maniry tokoa hoe "tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao"?

Nilazalaza ny fomba nivavahan'i Jesoa i Paoly manao hoe "tamin'ny andron'ny nofony," indrindra tao Getsemane: "Raha nanao fivavahana



sy fangatahana nomban'ny fitarainana mafy sy ny ranomaso be tamin'izay nahavonjy Azy tamin'ny fahafatesana Izy, sady voahaino noho ny fahatahorany an' Andriamanitra" (Hebreo 5:7). Rehefa mivavaka ve ianao dia tena mivavaka tokoa sa milaza tonombavaka fotsiny? Moa ve ianao mihatsaravelatsihy amin'ny vavaka ataonao?

Nivavaka mafy sy niresaka tamin'ny Rainy i Jesoa. "Ary [Jesoa] koa efa natao batisa sy nivavaka, dia nisokatra ny lanitra" (Lioka 3:21). Rehefa mivavaka ianao, moa ve ianao mahatsapa fa toa misokatra ny lanitra? Oviana no fotoana farany nahatsapanao izany fifandraisana tamin'ny lanitra izany?

I Jesoa dia nanomana ny tenany handray fanapahan-kevitra manandanja tamin'ny fivavahany tamin'ny Rainy.

"Lasa nankany an-tendrombohitra Jesoa mba hivavaka, ary naharitra nivavaka tamin' Andriamanitra nandritra ny alina Izy.

"Ary nony maraina ny andro, dia nantsoiny hanatona Azy ny mpianany,

ka nifidianany roa ambin'ny folo lahy" (Lioka 6:12–13).

Moa ve ianao manomana ny tenanao handray fanapahan-kevitra manan-danja amin'ny fivavahanao amin'ny Ray any An-danitra? Manomana ny tenanao ho amin'ny fotoana iray hivavahana ve ianao?

Rehefa nankany amin'ny kaontinanta Amerikana i Jesoa, dia nampianatra ny vahoaka hivavaka Izy. "Ary hoy i Jesoa taminy: Tohizo ny vavaka; kanefa tsy nitsahatra ny nivavaka izy ireo" (3 Nefia 19:26).

Manasa antsika i Jesoa mba "[hivavaka] mandrakariva" (F&F 10:5). Fantatr'i Jesoa fa ny Raintsika any Andanitra dia mandre sy manome izay tsara indrindra ho antsika. Nahoana isika indraindray no tsy maniry ny handray? Nahoana?

Amin'ilay fotoana izay hilazantsika hoe: "Ry Ray any An-danitra" dia mandre ny vavaka ataontsika Izy ary miraika amintsika sy amin'izay zavatra ilaintsika Izy. Noho izany ny masony sy ny sofiny amin'izay fotoana izay dia mipaka any aminao. Mamaky ny ao an-tsaintsika Izy ary mahatsapa izay ao am-pontsika. Tsy afaka manafina na inona na inona Aminy ianao. Fa ny zavatra tena mahafinaritra dia hoe hahita anao amin'ny maso feno fitiavana sy famindram-po Izy—fitiavana sy famindram-po izay tsy azontsika takarina tanteraka. Kanefa ao Aminy ny fitiavana sy ny famindram-po amin'ilay fotoana izay hilazanao hoe: "Ry Ray any An-danitra."

Noho izany ny fotoana hivavahana dia fotoana tena masina dia masina tokoa. Izy dia tsy mba hiteny aminao hoe: "Tsia, Izaho tsy hihaino anao ankehitriny satria ianao tsy mankaty amiko raha tsy rehefa manana olana." Ny olombelona ihany no manao izany. Izy tsy mba hiteny aminao hoe "Indrisy mantsy! Tsy azonao an-tsaina hoe manao ahoana ny fahasahiranako amin'izao fotoana izao." Ny olombelona ihany no milaza izany.

Manantena sy mivavaka aho fa isika rehetra dia hivavaka araka ny nampianarin'i Jesoa antsika, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■




**Nataon'ny Loholona J. Devn Cornish**
Ao amin'ny Fitopololahy


# Manana fahatsarana ampy ve aho? Ho tonga any ve aho?

*Raha miezaka marina ianareo sy tsy manamarin-tena na mikomy—mibebaka matetika sy mangataka ny famindram-pon'i Kristy na ny fanampiany—dia tena hanana "fahatsarana ampy" ianareo.*

Ry rahavavy sy rahalahy malala, fitahiana lehibe ho antsika ny fiarahana mivory etoana mba ho ampianarin'ireo mpanompon'ny Tompo. Tsy mahafinaritra ve ireo fomba maro hitarihan'ny Raintsika any Andanitra be fitiavana antsika sy hitahiany antsika? Tena tiany hody isika.

Noho ny fifanesen'ireo famindrampo lehibe fony aho dokotera vao herotrerony nivoaka tamin'ny sekoly fianarana ho mpitsabo, dia voaray hanaraka fiofanana ho matihanina amin'ny fitsaboana aretin-jaza tao anatin'ny fandaharan'asa avo lenta sy misy fifananinana be iray aho. Rehefa nihaona tamin'ireo mpiofana hafa aho dia nahatsapa ho toy ny faran'izay tsy mahiran-tsaina sy tsy niomana mihitsy. Nieritreritra aho hoe tsy nisy fomba hahatratrarako ny fahaizan'ireo olona ambiny tao amin'ilay vondrona mihitsy.

Tany am-piandohan'ny volana fahatelo niofananay, dia nipetraka tao amin'ny efitra itoeran'ny mpitsabo mpanampy tao amin'ny hopitaly aho efa alim-be, sady nitomany ny tenako no resin-tory raha niezaka nameno ny taratasin'ny zazalahy kely iray tratran'ny pneumonie izay takina ho an'ny fidirany hôpitaly. Mbola tsy nahatsapa ho kivy toy izany aho teo amin'ny fiainako. Tsy nahafantatra velively ny fomba hitsaboana ny pneumonie teo amin'ny zaza 10 taona aho. Nanomboka nanontany ny antony nahatonga ahy tao aho.

Tamin'izay fotoana izay mihitsy no napetraky ny iray tamin'ireo mpiofana efa manan-traikefa teo amin'ny soroko ny tanany. Nanontaniany hoe manao ahoana aho, dia naborako taminy ny fahakiviako sy ny tahotro. Nanova ny fiainako ny valinteniny. Nolazainy tamiko fa reharehan'izy ireo sy ireo mpiofana efa manan-traikefa hafa aho ary tsapan'izy ireo fa ho lasa dokotera tena mahay aho. Raha fehezina dia nahatoky izy fa hahavita zavatra aho tao anatin'ny fotoana iray izay tsy natokisako ny tenako.

Tahaka io toe-javatra niainako io dia matetika ireo mpikambana ao

amintsika no manontany hoe: “Moa ve manana fahatsarana ampy aho amin'ny maha-olona ahy?” na “Moa ve tena ho tonga any amin'ny fanjakana selestialy aho?” Mazava ho azy fa tsy misy an'izany hoe “efa ampy fahatsarana” izany. Tsy misy velively na iza na iza amintsika hanao hoe efa “mendrika” ilay famonjena omena antsika, saingy tsy tokony hahagaga ny manontany tena hoe azo ekena ve isika eo anoloan'ny Tompo. Izay no fahazoako ireo fanontaniana ireo.

Indraindray rehefa miangona isika dia lasa mahakivy antsika na dia fanasana atolotra amin-kitsimpo mba hampivoatra ny tenantsika aza. Mieritreritra amim-pahanginana isika hoe: “Tsy vitako izany rehetra izany” na “Tsy ho tsara tahaka ireto olona rehetra ireto velively aho.” Mety tena mitovy tamin'ny zavatra tsapako tany amin'ny hopitaly tamin'iny alina iny ny zavatra tsapantsika.

Ry rahalahy sy rahavavy malalako, ajanonỳ ny fampitahana ny tenantsika amin'ny hafa. Mampijaly ny tenantsika amin'ny tsy misy antony fotsiny isika amin'ny alalan'ny fifaninanana sy ny fampitahana. Mitsara amim-pahadisoana ny maha-izy azy antsika amin'ny alalan'ireo *zavatra* izay ananantsika sy tsy ananantsika isika ary amin'ny alalan'ny *hevitry ny hafa*. Raha tsy maintsy manao fampitahana isika dia ndeha isika taloha sy isika amin'izao fotoana izao no ampitahaintsika —ary izay tiantsika hahatongavana amin'ny ho avy mihitsy aza. Ny hany hevitra mikasika antsika izay manandanja dia ny hevitry ny Raintsika any An-danitra mikasika antsika. Anontanio Azy amin-kitsimpo izay eritreretiny momba anareo. Hitia sy hanitsy antsika Izy fa tsy hanakivy antsika velively. Fitak'i Satana izany.

Aleo ataoko mivantana sy mazava. Ny valin'ny fanontaniana hoe “Manana fahatsarana ampy ve aho?” sy ny hoe “Ho tonga any ve aho?” dia “Eny! Hanana fahatsarana ampy ianao” ary “Eny, ho tonga any ianao rehefa manohy mibebaka sy tsy manamarin-tena ary tsy mikomy.” Ilay Andriamanitry ny lanitra dia tsy hoe mpitsara tsy miantra



ka mitady izay mety ho fialan-tsiny handroahana antsika hiala ao anatin'ny lalao. Izy ilay Raintsika tia antsika tanteraka, izay maniry mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra ny hiverenan'ny zanany rehetra hody sy hiaraka hipetraka Aminy ho toy ny fianakaviana mandrakizay. Tena nomeny ny Zanany Lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana ny fiainana mandrakizay![1] Aoka ianareo mba hino sy handray fanantenana sy fampaherezana avy amin'izany fahamarinana mandrakizay izany. Maniry ny hahatongavantsika any ny Raintsika any Andanitra! Izay no Asany sy Voninahiny.[2]

Tiako ny fomba nampianaran'ny Filoha Gordon B. Hinckley io fitsipika io. Henoko izy imbetsaka nilaza hoe: “Ry rahalahy sy rahavavy, ny hany andrasan'ny Tompo amintsika dia ny miezaka, saingy *miezaka* marina!”[3]

Ny “miezaka marina” dia midika hoe manao izay tsara indrindra vitantsika sy mamantatra izay tokony hilaintsika hatsaraina ary dia miezaka indray. Rehefa miverimberina manao izany isika dia manakaiky kokoa hatrany ny Tompo sy mahatsapa bebe kokoa ny Fanahiny;[4] ary handray bebe kokoa ny fahasoavany na ny fanampiany.[5]

Mieritreritra aho indraindray hoe tsy fantatsika fa tena te hanampy antsika mafy ny Tompo. Tiako ny tenin'ny Loholona David A. Bednar, manao hoe:

“Ny ankamaroantsika dia mahatakatra fa ny Sorompanavotana dia natao ho an'ny mpanota. Tsy tena matoky aho anefa fa isika dia mahafantatra sy mahatakatra fa ny Sorompanavotana dia natao koa ho an'ireo olomasina. . . .

“. . . Ny Sorompanavotana dia manome fanampiana antsika mba handresena sy hisorohana ny ratsy ary hanaovana ny tsara sy hahatongavana ho tsara. . . .

“‘. . . *Amin'ny alalan'ny . . . fahasoavan'ny Tompo . . . no handraisan'ny olona tsirairay hery sy fanampiana mba hanao asa tsara fa raha tsy izany dia tsy afaka ny hanohy hanao izany izy ireo. . . . Io fahasoavana io dia hery manampy . . .*’ [Torolalana ho an'ny Soratra Masina, “Fahasoavana”; nampiana fanamafisana] . . . na fanampiana avy any an-danitra izay ilaintsika tsirairay mafy mba ho mendrika ny hiditra any amin'ny fanjakana selestialy.”[6]

Ny hany ataontsika mba hahazoana io fanampiana avy any an-danitra io dia ny mangataka izany ary mandray andraikitra eo anatrehan'ireo bitsika marina voaraintsika avy eo.

Ny vaovao mahafaly dia hoe, raha efa nibebaka tamin-kitsimpo isika dia tsy hanakana antsika tsy hahazo ny fisandratana ireo fahotantsika teo aloha. Milaza amintsika mikasika ireo mpandika lalàna tamin'ny androny i Môrônia: “Nefa arakaraka ny nibebahany sy ny nitadiavany famelana tamin'ny finiavana marina no namelana azy.”[7]

Ary ny Tompo koa dia niresaka mikasika ny mpanota hoe:

“Raha miaiky ny fahotany eo anatrehanao sy eo anatrehako izy, ary mibebaka amin'ny fahitsin'ny fony, dia hamela azy ianao, ary Izaho koa hamela azy.

“Eny, ary isaky ny mibebaka ny oloko dia Izaho hamela ny fahadisoany Tamiko.”[8]

Raha mibebaka amin-kitsimpo isika dia hamela antsika tokoa Andriamanitra, na dia namerimberina nanao ilay fahotana aza isika. Hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe: “Na dia betsaka tahaka ny inona aza ireo tombontsoa izay heverinao fa navotsotrao, na betsaka toy inona aza ny fahadisoana izay tsapanao fa efa vitanao . . . , dia mijoro ho vavolombelona aminao aho fa *tsy* nanalavitra loatra ianao ka hoe tsy ho takatry ny fitiavan'Andriamanitra. Tsy



misy izany hoe milentika lalina loatra ianao ka tsy ho traran'ny hazavana tsy manam-pahataperan'ny Sorompanavotan'i Kristy."[9]

Tsy midika mihitsy anefa izany fa AZO EKENA ny fahotana. Misy vokany foana ny fahotana. Manimba sy mandratra foana ilay mpanota sy ireo izay ianjadian'ny vokatr'ireo fahotany ny fahotana. Ary tsy mora velively ny fibebahana marina.[10] Ankoatra izany dia aoka ho takatrareo fa na dia esorin' Andriamanitra aza ny fahatsapana ho meloka noho ny fahotantsika sy ny pentimpentina avy amin'izany rehefa mibebaka amin-kitsimpo isika, dia mety tsy hoesorina eo no ho eo ireo vokatry ny fahotantsika. Mijanona miaraka amintsika mandritra ny androm-piainantsika izany indraindray. Ary ny karazana fahotana faran'izay ratsy dia ny fahotana volavolaina mialoha ka ilazan'ny olona iray hoe: "Afaka manota aho izao dia mibebaka rehefa avy eo." Mihevitra aho fa famazivaziana lehibe ny sorona nataon'i Jesoa Kristy sy ny fijaliany izany.

Nanambara ny Tompo hoe: "Fa Izaho Tompo dia tsy afaka hijery ny fahotana amin'ny hamoram-po faran'izay bitika indrindra."[11]

Ary i Almà dia nanambara hoe: "Indro, lazaiko aminao, ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana."[12]

Ny iray amin'ireo antony mahamarina manokana ny teny nambaran'i Almà dia hoe mampanalavitra ny tenantsika amin'ny Fanahy isika sy lasa kivy ary mitsahatra mibebaka rehefa mamerimberina manota. Saingy averiko ihany, afaka mibebaka sy mahazo famelana tanteraka isika, noho ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, raha vao atao amin-kitsimpo ny fibebahantsika.

Ny tsy azontsika atao dia ny manamarin-tena toy izay hoe mibebaka. Tsy handaitra ny fanamarinan-tena ataontsika eo anatrehan'ny otantsika amin'ny filazana hoe: "Fantatr' Andriamanitra fa sarotra loatra izany ho ahy ka ekeny araka izay maha-izy ahy fotsiny aho." Ny "miezaka marina" dia midika hoe manohy miezaka isika mandra-pahatratrantsika ilay fenitry ny Tompo, izay voafaritra mazava ao anatin'ireo fanontaniana apetraka amintsika mba hahazoana fahazoan-dalana hidirana ny tempoly.

Ny zavatra iray hafa izay azo antoka fa hanakana antsika tsy ho tafiditra any an-danitra sy hanasaraka antsika amin'ny fanampiana izay ilaintsika amin'izao fotoana izao dia ny fikomiana. Fantatsika avy ao amin'ny bokin'i Mosesy fa noroahina tany an-danitra i Satana noho ny fikomiana.[13] Mikomy isika isaky ny milaza ao anatintsika hoe: "Tsy mila an' Andriamanitra aho ary tsy mila mibebaka."

Fantatro amin'ny maha-mpitsabo aretin-jaza misahana ny olona marary mafy ahy fa raha mandà tsy araka ny tokony ho izy ny fitsaboana mba hamonjena ny ainy ny olona iray dia hitarika any amin'ny fahafatesana izay tsy nirina izany. Torak'izany koa, rehefa mikomy amin' Andriamanitra isika dia mandà ilay hany manome fanampiana sy fanantenana ho antsika dia i Jesoa Kristy, ka hitondra any amin'ny fahafatesana ara-panahy izany. Tsy misy amintsika mahavita izany amin'ny herintsika manokana. Tsy misy velively amintsika hanana "fahatsarana ampy," raha tsy amin'ny alalan'ny fahamendrehana sy ny famindram-pon'i Jesoa Kristy,[14] saingy noho Andriamanitra manaja ny fahafahantsika misafidy dia tsy afaka ny ho voavonjy isika raha tsy miezaka. Izay no fiasan'ny fampifandanjana ny fahasoavana sy ny asa.

Afaka manana fanantenana ao amin'i Kristy isika satria te hanampy sy hanova antsika Izy. Efa manampy anareo Izy raha ny marina. Miatoa kely dia eritrereto izany ary ekeo ny fanampiany eo amin'ny fiainanareo.

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa raha miezaka marina ianareo sy tsy manamarin-tena na mikomy—mibebaka sy mangataka ny fahasoavan'i Kristy na ny fanampiany—dia tena hanana "fahatsarana ampy" ianareo, izany hoe, azo ekena eo anatrehan'ny Tompo. Ho tonga any amin'ny fanjakana selestialy ianareo satria lavorary ao amin'i Kristy. Ary hahazo ireo fitahiana sy voninahitra ary fifaliana izay irin' Andriamanitra ho an'ny zanany sarobidy tsirairay ianareo—tafiditra manokana ao anatin'izany izaho sy ianao. Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra ary tiany hody isika. Mijoro ho vavolombelona aho fa velona i Jesoa. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Jaona 3:16.
2. Jereo ny Mosesy 1:39.
3. Ireo teny nofidina tena nambaran'ny Filoha Hinckley ireo dia tsy natao printy, saingy ity manaraka ity no voarakitra: "Ataovy izay tsara indrindra vitanareo ary maka antoka fa ilay tsara indrindra avy aminareo izany" ("A Challenging Time—a Wonderful Time," *Teaching Seminary: Preservice Readings* [Church Educational System manual, 2004], 18). Niteny koa izy hoe: "Aoka ianareo tsy hampikorontana ny tenanareo amin'ny fieritreretana tsy fahombiazana. Aza mametraka tanjona izay mihoatra lavitra ny hery anananareo ny ahafahana manatratra azy. Ataovy fotsiny izay azonareo atao amin'izay fomba tsara indrindra fantatrareo, dia hoeken'ny Tompo ny ezaka ataonareo" ("Rise to the Stature of the Divine within You," *Ensign,* nôv. 1989, 96).
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24.
5. Jereo ny Etera 12:27.
6. David A. Bednar, "The Atonement and the Journey of Mortality," *Liahona,* apr. 2012, 14.
7. Môrônia 6:8.
8. Môsià 26:29–30.
9. Jeffrey R. Holland, "Ireo mpiasa ao amin'ny tanimboaloboka," *Liahona,* mey 2012, 33.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15–19.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:31.
12. Almà 41:10.
13. Jereo ny Mosesy 4:3.
14. Jereo ny 2 Nefia 2:6–8.



**Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Vavolombelon' Andriamanitra

*Manome sosokevitra aho ny mba tsy hahatsapanareo ho diso intsony momba izay zavatra vitanareo na tsy vitanareo amin'ny fizarana ny filazantsara. Fa mivavaha kosa mba "hijoro ho [vavolombelon'] Andriamanitra." Hery mandrisika matanjaka kokoa noho ny fahatsapana ho diso izany.*

Ny ankabeazan'ireo asan' Andriamanitra manan-danja dia tsy tsikaritry ny ankamaroan'ny olona eto amin'izao tontolo izao. Nitondra mpahaifotokevitra najain'ny olona fatratra toa an'i Confucius tany Chine sy Bouddha tany Inde atsinanana ny taonjato fahenina talohan'i Kristy, saingy teo amin'i Daniela, ilay mpaminany niaina tao anatin'ny fanandevozana nandritra ny fanjakan'i Nebokadnezara ilay mpanjaka Babyloniana, ny herin'ny fisoronan' Andriamanitra.

Nanahy mafy noho ny nofy iray tamin'ny alina ny mpanjaka Nebokadnezara ka dia notakiny ny mba hilazan'ireo ombiasy sy mpanao sikidy taminy ny zavatra nonofisiny sy ny dikan'ilay nofy. Mazava ho azy fa tsy afaka nilaza tamin'ny mpanjaka ny zavatra nonofisiny izy ireo ka dia niozonozona. "Tsy misy olona eto ambonin'ny tany mahay [manao izany, na mpanjaka hangataka] zavatra toy izany."[1] Tezitra noho ny tsy nahombiazan'izy ireo ny mpanjaka Nebokadnezara ka nanambara tamim-pahatezerana fa hovonoina avokoa ireo mpanolotsaina azy.

I Daniela, izay iray tamin'ireo olokendrin'ny Mpanjaka dia nivavaka mba hahazoana ny "famindram-po[n'] . . . Andriamani[tra] . . . ny amin'izany zavamiafina izany."[2]

Nisy fahagagana nitranga. Nampahafantarina an'i Daniela ny tsiambaratelon'ny zavatra nonofisin'ny mpanjaka.

Nentina teo anatrehan'ny mpanjaka i Daniela. "Moa mahay manambara amiko ny nofy izay hitako mbamin'ny heviny va ianao?"

Dia namaly i Daniela hoe:

"Ny olon-kendry, na ny mpisikidy, na ny ombiasy, na ny mpanandro [dia tsy afaka milaza aminao ny zavatra nonofisinao]. . . .

"Kanefa misy Andriamanitra any an-danitra, Izay [afaka mampiseho ireo zavatra ireo ary Izy dia] mampahafantatra an'i Nebokadnezara mpanjaka izay ho tonga any am-parany. . . .

"[Ny] Andriamanitry ny lanitra" hoy i Daniela, "[dia] hanorina fanjakana, [vato voaendaka, nefa tsy nendahan-tanana, izay ho tonga tendrombohitra lehibe nahafeno ny tany rehetra] izay tsy ho rava mandrakizay . . . [fa] hitoetra mandrakizay.

". . . Marina ny nofy," hoy i Daniela, "ary . . . ho tò ny heviny."[3]

Rehefa nohazavaina sy nampahafantarina azy ny hevitry ny nofiny dia niteny tamim-pahasahiana ilay mpanjaka hoe: "Andriamanitrareo dia Andriamanitry ny andriamanitra sy Tompon'ny mpanjaka."[4]

Tonga avy amin'ilay fidiran' Andriamanitra an-tsehatra tamin'ny fomba mahagaga nanampy an'i Daniela ilay hoavin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izay nolazaina tamin'ny faminaniana fa haverina amin'ny laoniny eto an-tany, "fanjakana [izay hameno] ny tany rehetra . . . tsy ho rava mandrakizay . . . fa . . . hitoetra mandrakizay."

Ho vitsy ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana amin'ny andro farany, araka ny faminaniana nambaran'i Nefia, kanefa hiely patrana ambonin'ny tany izy ireo, ary ny hery sy ny ôrdônansin'ny fisoronana dia ho afaka ny ho azon'ireo izay maniry izany, ka hameno ny tany araka izay nambaran'i Daniela mialoha.[5]

Nahazo ity fanambarana ity ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny 1831: "Ankinina amin'ny olona eto an-tany ny fanalahidin'ny fanjakan' Andriamanitra [sy an'ny fanangonana an'i Isiraely avy amin'ny vazan-tany efatra], ary hatreo dia hikodiadia hatrany amparan'ny tany ny filazantsara, toy ny vato izay nendahina hiala tamin'ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana ka hikodiadia ambara-pamenoany ny tany manontolo."[6]

### Andraikitra ifampizarantsika

Fahagagana ny fanangonana an'i Isiraely. Mitovy amin'ny piozila goavana izany ka ny singa ao anatin'izany dia hapetraka amin'ny toerana misy azy mialoha ilay fotoan-dehibe feno voninahitry ny Fiaviana Fanindroany. Mitovy amin'ny mety hampikorontan-tsaina antsika amin'ny singa maro be amin'ny piozila iray no mety ho niheveran'ireo Olomasina teo aloha ilay andraikitra mba hitondra ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny manerana

izao tontolo izao ho toy ny asa izay sarotra tokoa ny manatanteraka azy. Saingy nanomboka izy ireo, nandeha tsirairay, singa iray amin'ny piozila isak'izay mandeha, nitady ireo singa mandrafitra ny sisiny iray manontolo, niasa mba hampiorina araka ny tokony ho izy ity asa masina ity. Nanomboka nikodiadia tsikelikely ilay vato voaendaka nefa tsy nendaha-tanana. Olomasin'ny Andro Farany nanao fanekempihavanana nanomboka tamin'ny an-jatony nankamin'ny an'arivony, tonga hatramin'ny an'aliny, ary ankehitriny dia an-tapitrisany manerana ny firenena rehetra no mampifandray ireo singa amin'ny piozila amin'ity asa mahagaga sy mahatalanjona ity.

Singa iray ao amin'ilay piozila isika tsirairay avy, ary ny tsirairay amintsika dia manampy amin'ny fametrahana amin'ny toerany ireo singa hafa manan-danja. Manan-danja ato anatin'ity asa lehibe ity ianareo. Mazava izao ny lalana eo anoloantsika. Afaka mahita isika fa mitohy ny fahagagana ary mitarika antsika ny tanan'ny Tompo eo am-pamenoantsika ireo banga tavela. Ary aorian'izay, "ilay Jehovah lehibe dia hilaza fa vita ny asa,"[7] ary hiverina amin'ny fahamboniana sy amimboninahitra Izy.

Ny Filoha Thomas S. Monson dia niteny hoe: "Izao no fotoana tokony hiarahan'ireo mpikambana sy ireo mpitory ny filazantsara mifanome tanana, miara-miasa . . . mba hitondrana fanahy ho eo Aminy. . . . Hanohana antsika Izy eo amin'ny asantsika raha toa ka miasa am-pinoana isika hanatanterahana ny asany."[8]

Ilay andraikitra nomen' Andriamanitra izay nampiantsorohana ny misiônera manompo amin'ny fotoana feno aloha voalohany indrindra tany aloha tany dia omena antsika rehetra ankehitriny.





*Ny fanangonana an'i Isiraely dia mitovy amin'ny piozila goavana ka ny singa ao anatin'izany dia hapetraka amin'ny toerana misy azy mialoha ny Fiaviana Fanindroany. Singa iray ao amin'ilay piozila isika tsirairay avy, ary ny tsirairay amintsika dia manampy amin'ny fametrahana amin'ny toerany ireo singa hafa manan-danja.*

Samy te hizara ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny isika rehetra, ary feno fankasitrahana aho fa misy olona an'arivony vita batisa isan-kerinandro. Kanefa na dia eo aza izany fitahiana mahafinaritra izany dia mitondra hamehana mandresy lahatra hizara ny filazantsara sy hanamafy orina ny fanjakan' Andriamanitra manerana izao tontolo izao ny firaharahiantsika ireo rahalahy sy anabavintsika sy ny faniriantsika hamalifaly ny Andriamanitsika.

**Ny fetran'ny zavatra vitan'ny fahatsapana ho diso**

Na dia eo aza ny faniriana mahery vaika hizara ny filazantsara dia mety tsy dia faly loatra amin'ny fahombiazana tamin'ny ezaka nataonareo teo aloha ianareo. Mety hahatsapa tena ho toy ny namana iray ianareo, izay milaza hoe: "Niresaka tamin'ny fianakavianay sy ireo namana mikasika ny Fiangonana aho, saingy vitsy no naneho fa liana tamin'izany, ary mihalasa misalasala bebe kokoa aho isaky ny misy fandavana. Fantatro fa tokony hanao zavatra bebe kokoa aho, saingy tsy afaka mandroso, ary fahadisoana goavana no hany tsapako."

Mety afaka manampy aho angamba.

Ny fahatsapana ho diso dia mitana anjara asa manan-danja satria mahatonga antsika hahafantatra ny fanovana ilaintsika atao, saingy misy fetra ny hahafahan'ny fahatsapana ho diso manampy antsika.

Ny fahatsapana ho diso dia toy ny vatoaratra ao anatin'ny fiara mandeha amin'ny solika. Afaka mamelona ilay fiara izany, mampandeha ny maotera, ary mampirehitra ny jiro eo anoloana, saingy tsy hanome ny solika hanaovana ny dia lavitra izay miandry. Tsy ampy raha ilay vatoaratra irery no miasa. Ary tsy ampy toy izany koa ny fahatsapana ho diso.

Manome sosokevitra aho ny mba tsy hahatsapanareo ho diso intsony momba izay zavatra vitanareo na tsy vitanareo amin'ny fizarana ny filazantsara. Fa mivavaha kosa, tahaka ny nampianarin'i Almà, mba hanana fahafahana "hijoro ho [vavolombelon'] Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra sy amin'ny zavadrehetra ary amin'ny toerana rehetra

. . . mba hahatonga [ny hafa] ho voavotr' Andriamanitra ary ho voaisa miaraka amin'ireo ao amin'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany, [ka] hahazoanareo ny fiainana mandrakizay."[9] Hery mandrisika matanjaka kokoa noho ny fahatsapana ho diso izany.

Ny hoe vavolombelon' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra dia fanehoana ny fomba fiainantsika sy ny fomba fitenintsika.

Aoka ianareo mba hiresaka amin-kitsimpo ny finoanareo an'i Kristy. Rehefa misy ny fahafahana hanao izany dia resaho ny fiainany, ny fampianarany, ary ny fanomezana tsy manan-tsahala nomeny ny olona rehetra. Zarao ireo fahamarinana feno hery avy Aminy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Nanome antsika izao fampanantenana izao Izy: "Na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hekeko . . . izy eo anatrehan'ny Raiko Izay any an-danitra."[10] Mampanantena anareo aho fa rehefa mivavaka matetika sy amin-kitsimpo ianareo mba hanana fahafahana "hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra," dia ho avy ireo fahafahana ireo, ary hapetraka eo anoloanareo ireo izay mikatsaka fahazavana sy fahalalana bebe kokoa. Ary rehefa manaraka ireo bitsika ara-panahy ianareo dia hitondra ny teninareo ao am-pon'ny olona iray hafa ny Fanahy Masina, ary indray andro any dia hanaiky anareo eo anoloan'ny Rainy ny Mpamonjy.

#### Ezaka ataon'ny vondron'olona

Ny asa ara-panahy hanampiana olona iray ho ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra dia ezaka ataon'ny vondron'olona. Ampiasao ny fanampian'ny misiônera raha vantany vao afaka manao izany ianareo, ary mangataha fanampiana avy amin' Andriamanitra. Kanefa tadidio fa ny fotoana hiovan'ny fon'ny olona iray hafa dia tsy miankina tanteraka aminareo.[11]

Avy any amin'ny nosy Maurice i Kamla Persand, ary nianatra tao amin'ny sekoly fianarana ho mpitsabo tao Bordeaux France izy rehefa nihaona taminy izahay tamin'ny febroary 1991. Nanao vavaky ny mpianakavy izahay mba hahafahana mizara ny filazantsara






*Ny fiovam-pon'i Diego Gomez (etsy ambony, eo anoloana, fahatelo avy any ankavanana) sy i Kamla Persand (eo ankavanana miaraka amin'ny fianakaviany 25 taona taorian'ny batisany) dia tonga avy tamin'ny fanampiana sy ny fanohanan'ny olona maro izay nanome tanana azy tamin'ny naha-"vavolombelon' Andriamanitra" azy ireo.*

tamin'ny olona iray nikatsaka ny fahamarinana, ary nampianatra azy tao an-trano izahay. Nahazo tombony lehibe aho ny hanatanteraka ny batisany, saingy tsy izahay anefa no nanao ny asa lehibe indrindra nitaomana an'i Kamla hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana. Nisy namana, misiônera ary olona tao amin'ny fianakaviany mihitsy aza nijoro ho "vavolombelon' Andriamanitra" tany amin'ny firenena niaviany, ary indray andro tao Frantsa, rehefa tonga ilay fotoana nety ho an'i Kamla, dia nandray fanapahan-kevitra ny ho atao batisa izy. Ankehitriny, 25 taona aty aoriana, dia manemitra azy manodidina ireo fitahiana avy amin'izany fanapahan-kevitra izany, ary ny zanany dia misiônera any Madagasikara.

Aza raisina ho toy ny fitsapam-pahaizana, izay na afaka na tsia ny valiny, ny ezaka ataonareo mba hizara ny fitiavan'ny Mpamonjy amin'ny olona iray hafa, ka ny salan'isanareo dia voafaritry ny fomba fihetsika hasetrin'ireo namanareo ny fihetseham-ponareo na ny fanasana ataonareo mba hihaona amin'ny misiônera.[12] Tsy afaka mitsara ny vokatry ny ezaka ataontsika amin'ny fomba fijerintsika amin'ny maha-olombelona antsika isika, ary tsy afaka mametraka ny fandaharam-potoana ny amin'izany. Rehefa mizara ny fitiavan'ny Mpamonjy amin'ny olona iray hafa ianao dia raisin'ny Tompo ho mahomby hatrany.

Ny fanjakana sasany dia nametra ny asan'ireo misiônera, ka nahatonga ireo mpikambana mendri-piderana ao amintsika haneho herimpo bebe kokoa aza mba ho "vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra."

Matetika i Nadezhda avy any Moscou no manome ho an'ny hafa ny Bokin'i Môrmôna ao anaty boatim-panomezana miaraka amin'ny vatomamy marobe nasesika manodidina izany. "Lazaiko azy ireo" hoy izy "fa izany no fanomezana mamy indrindra azoko omena azy ireo."

Fotoana fohy taorian'ny nanaovana batisa azy tao Ukraine dia nanana fahatsapana i Svetlana mba hizara ny filazantsara tamin'ny lehilahy iray izay hitany matetika tao anaty fiara

fitateram-bahoaka. Rehefa nidina teo amin'ny toerana nijanonany ilay lehilahy dia nanontany i Svetlana hoe: "Te hahalala bebe kokoa momba an' Andriamanitra ve ianao?" "Eny," hoy ilay lehilahy. Nampianatra an'i Viktor ireo Misiônera, dia natao batisa izy. Nofehezina tao amin'ny Tempolin'i Freiberg Alemana izy sy i Svetlana taty aoriana.

Tandremo fa mety ho tonga amin'ny fomba tsy ampoizina ireo fitahiana ho anareo.

Fito taona lasa izay dia nihaona tamin'i Diego Gomez sy ny fianakaviany tena kanto tao Salt Lake City izaho sy i Kathy. Nanatrika varavarana misokatra tao amin'ny tempoly niaraka taminay izy ireo, saingy nandà tamim-pahalalam-pomba ny fanasanay mba hianatra bebe kokoa mikasika ny Fiangonana. Tamin'ny mey lasa teo dia nahazo antso an-telefaonina tsy nampoizina avy amin'i Diego aho. Nahatonga azy nandohalika nivavaka ireo trangan-javatra niseho teo amin'ny fiainany. Nitady samirery ny misiônera izy, nanaraka ireo lesona, dia vonona ny hatao batisa. Tamin'ny 11 jona lasa teo dia nandeha tao amin'ny ranon'ny batisa niaraka tamin'i Diego Gomez izay namako sy mpianatra tahaka ahy aho. Nitranga tamin'ny fotoany manokana ny fiovam-pony ary tonga niaraka tamin'ny fanampiana sy ny fanohanan'ny olona maro izay nanome tanana azy tamin'ny naha-"vavolombelon' Andriamanitra" azy ireo izany.

#### Fanasana ho an'ny zatovo

Manolotra fanasana manokana sy mampanao fanamby an'ireo zatovo sy tanorantsika mahatalanjona manerana izao tontolo izao aho mba ho "vavolombelon' Andriamanitra." Manaiky ny hanao fikarohana ara-panahy ireo olona manodidina anareo. Tadidinareo ilay piozila? Tsy hoe manao ity asa ity amin'ny tanam-polo fotsiny ihany akory ianareo fa miaraka amin'ny teknôlojia sy ny tambazotra ifaneraserana izay azonareo ampiasaina. Mila anareo izahay. Mila anareo ny Tompo handray anjara bebe kokoa aza ao anatin'ity asa lehibe ity.

Hoy ny Mpamonjy: "Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina."[13]

Tsy kisendrasendra fotsiny ny hipetrahanao any Afrika, Azia, Eorôpa, Amerika Avaratra, Afovoany, na Atsimo, any Pasifika, na any amin'ny toerana iray hafa eto amin'ity tontolo namboarin' Andriamanitra ity, satria ny filazantsara dia tsy maintsy ho tonga any amin'"ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina tsirairay avy."[14]

"[Ny] Andriamanitry ny lanitra [dia] hanorina fanjakana, [vato voaendaka, nefa tsy nendahan-tanana, izay ho tonga tendrombohitra lehibe nahafeno ny tany rehetra] izay tsy ho rava mandrakizay . . . [fa] hitoetra mandrakizay."

". . . Marina ny nofy ary . . . ho tò ny heviny."[15]

Faranako amin'ny teny avy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izany: "Antsoy ny Tompo mba handrosoan' ny fanjakany eto an-tany, mba hahazoan' ny mponina eo aminy mandray izany ary ho vonona ho amin' ny andro ho avy izay hidinan'ny Zanak' Olona [avy any an-da]nitra, mitafy ny famirapiratan'ny voninahiny ka hitsena ny fanjakan'Andriamanitra, . . . eto an-tany."[16] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Daniela 2:10.
2. Daniela 2:18.
3. Daniela 2:26–28, 44–45; jereo koa ireo andininy 34–35.
4. Daniela 2:47.
5. Jereo ny 1 Nefia 14:12–14.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:2; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:11.
7. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 444; jereo koa ny Boyd K. Packer, "The Standard of Truth Has Been Erected," *Liahona,* nôv. 2003, 27.
8. Thomas S. Monson, "Tonga soa eto amin'ny Fihaonambe," *Liahona,* nôv. 2013, 4.
9. Môsià 18:9.
10. Matio 10:32.
11. Iray volana lasa izay dia tany Santa Maria, Brésil aho. Nilaza tamiko rahalahy João Grahl fa, fony izy zatovolahy, dia nandeha niangona nandritra ny roa taona izy, naniry ny hatao batisa, saingy tsy namela azy ny rainy. Indray andro izy dia nilaza tamin'ireo anabaviny, izay nanam-paniriana toy ny azy, fa mila mandohalika izy ireo dia mivavaka mba hanalefahan' Andriamanitra ny fon'ny rain'izy ireo. Nandohalika nivavaka izy ireo dia nandeha nianatra.
    Rehefa nody izy ireo tamin'io andro io dia tsy nanampo fa tonga avy any amin'ny tanàna lavitra iray ny dadatoan'izy ireo, izay rahalahin'ny dadany. Tao an-tranon'izy ireo izy niresaka tamin'ny rain'izy ireo. Raha mbola tao amin'ilay efitra ny dadatoan'izy ireo dia nanontany ny rainy indray ireo ankizy raha afaka ny hatao batisa izy ireo. Nandroso ny dadatoan'izy ireo dia nametraka ny tanany teo an-tsoroky ny zandrilahiny ary niteny hoe: "Reinaldo a! marina izany. Avelao izy ireo hatao batisa." Tsy nisy nahafantatra izy ireo fa efa natao batisa volana vitsivitsy teo aloha ilay dadatoany.
    Notaomim-panahy handeha ho any amin'ny tranon'ny rahalahiny ilay dadatoa, ary noho izy "nijoro ho vavolombelon' Andriamanitra" tamin'io andro io dia nomena lalana hatao batisa ireo zanaky ny rahalahiny. Herinandro vitsy taty aoriana dia natao batisa i Reinaldo sy ny vadiny. Namaly ny vavak'ireo ankizy ireo tamin'ny fomba mahagaga Andriamanitra tamin'ny alalan'ny olona iray izay vonona ny ho "vavolombelon' Andriamanitra."
12. "You succeed when you invite, regardless of how it turns out" (Clayton M. Christensen, *The Power of Everyday Missionaries* [2012], 23; see also everydaymissionaries.org).
13. Matio 28:19.
14. Môsià 15:28.
15. Daniela 2:44–45; jereo koa ireo andininy 34–35.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:5.



*Ny zatovo sy ny tanora maneran-tany dia manao ity asa ity miaraka amin'ny teknôlojia sy ny tambazotra ifaneraserana izay azon'izy ireo ampiasaina.*



Fivoriana Sabotsy Tolakandro | 1 Ôktôbra 2016

**Natolotry ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fanohanana ireo mpiandraikitra ambony ato amin'ny Fiangonana

Ry Rahalahy sy anabavy, ny Filoha Monson dia nanasa ahy hanolotra ny anaran'ireo mpiandraikitra ambony sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritry ny Fiangonana mba hotohananareo.

Atolotra hotohanana Thomas Spencer Monson ho mpaminany, mpahita sy mpanambara ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; Henry Bennion Eyring ho Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany; ary i Dieter Friedrich Uchtdorf ho Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.



Ireo izay manohana aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra dia aoka haneho izany.

Atolotra hotohanantsika Russell Marion Nelson ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary ireto manaraka ireto ho mpikambana ao amin'izany kôlejy izany: Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, ary i Dale G. Renlund.

Ireo izay manohana aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra dia aoka haneho izany.

Atolotra hotohanantsika ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany, mpahita ary mpanambara.

Ireo izay manohana, aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, aoka haneho izany.

Fisaorana. Isaorana noho ny asa fanompoana miavaka nataon'izy ireo ny loholona Daniel L. Johnson, Jairo Mazzagardi, Kent F. Richards, ary i Francisco J. Viñas tamin'ny naha-Fitopololahy Manampahefana Ambony azy ireo ary aroso ho Manampahefana Ambony nahavita asa tamim-boninahitra. Tsaroantsika ny asa fanompoana nataon'ny Loholona Per G. Malm, izay nodimandry tamin'ny 26 jolay 2016. Maneho ny fitiavantsika isika ary mamangy ny fahoriana ny Rahavavy Malm sy ny zanak'izy ireo ary ireo zafikelin'izy ireo.

Ireo izay maniry ny hiaraka haneho fankasitrahana aminay ho an'ireo Rahalahy ireo noho ny asa fanompoana miavaka izay nataon'izy ireo dia aoka haneho izany.

Isaorana Alan R. Walker tamin'ny naha-Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy. Ireo izay maniry ny haneho fankasitrahana ho an'ny Rahalahy Walker noho ny asa fanompoany dia aoka haneho izany.

Atolotra hotohanana ireto manaraka ireto ho Fitopololahin'ny Vondrom-paritra: Bhanu K. Hiranandani sy Sandino Roman.

Izay manohana, aoka haneho izany.

Ireo izay manohatra, raha misy.

Atolotra hotohanana ireo Manampahefana Ambony, Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, sy ireo Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny araka izay misy ankehitriny.

Ireo izay mahohana, aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy dia aoka haneho izany.

Ry Filoha Monson, voaray antsoratra ny fanohanana. Manasa ireo izay mety ho nanohitra ny iray tamin'ireo natolotra hotohanana izahay mba hiantso ny filohan'ny tsatokan'izy ireo.

Ry rahalahy sy anabavy, misaotra noho ny finoanareo sy ny vavakareo tsy tapaka ho an'ireo mpitarika ny Fiangonana. ■



**Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Maherifo amin'ny tenivavolombelon'i Jesoa

*Tsy azontsika avela hanjary hisafotofoto sy hasarotin'ny vato manafintohina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ny Ray sy ny Zanaka.*

Ny fiainana mandrakizay no fanomezana lehibe indrindra avy amin' Andriamanitra ary omena ireo izay "mitandrina ny didi[n' Andriamanitra] ary maharitra hatramin'ny farany izany."[1] Mifanohitra amin'izany, ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Raintsika any An-danitra dia tsy homena an'ireo "izay tsy maherifo amin'ny tenivavolombelon'i Jesoa."[2] Maro ireo vato manafintohina ny lanjantsika ka manakana antsika tsy hahatratra ny tanjona hahazo ny fiainana mandrakizay.[3] Mety ho sarotra raisina ny vato misakana; hanome ohatra iray aho.

Taona maro lasa izay dia nanorina trano kely teo amin'ny ampahan'ny tany fiompiana izay nahalehibe anay ny raiko. Tena tsara ny zavatra tazana nanerana ny saha. Nitsidika izany aho rehefa nitsangana ny rindrin'ilay trano kely. Talanjona aho fa tonga dia andrin-jiro iray tsy lavitra ny tranonay no tazana mivantana avy eo amin'ny varavarankely. Fanelingelenana goavana ny hakanton'ny zavatra tazana izany tamiko.

Niteny aho hoe: "Dada, nahoana no navelanao napetrak'izy ireo mivantana teo anoloan'ny zavatra tazantsika avy eto amin'ny varavarankely io andrin-jiro io?"

Ny raiko, izay lehilahy niavaka tamin'ny fampiharan-javatra sady tony, dia nihiaka niaraka tamin'ny fihetseham-po be nanao hoe: "Quentin a! Io andrin-jiro io amiko no zavatra tsara indrindra eto amin'ny tany fiompiana iray manontolo!" Dia nilaza ny antony izy avy eo. "Rehefa mijery io andrin-jiro io aho dia fantatro fa tsy ilaiko intsony ny mitondra rano avy any an-doharano miakatra any an-trano tahaka ny fony aho nihalehibe teto mba handrahoana sakafo, na hanasana tanana, na handroana. Tsy mila mandrehitra labozia na fanala mandeha amin'ny solika intsony aho raha hamaky teny amin'ny alina. Tiako ho hita tena eo afovoan'ny zavatra tazana avy eto ambaravarankely io andrin-jiro io."

Nanana fomba fijery tsy nitovy tamin'ny ahy momba ilay andrin-jiro ny raiko. Taminy dia naneho ny fiainana nivoatra ilay andrin-jiro, kanefa vato nanafintohina ilay hakanton'ny zavatra tazana izany tamiko. Nanome lanja ny herinaratra, sy ny hazavana ary ny fahadiovana mihoatra noho ny zavatra mahafinaritra tazana ny raiko. Fantatro avy hatrany fa raha toa ka vato manafintohina ilay andrin-jiro ho ahy dia nanana heviny tena azo ampiharina sy naneho zava-manan-danja izany ho an'ny raiko.

Ny vato manafintohina dia "sakana iray eo amin'ny finoana na ny fahatakarana" na "sakana iray ho an'ny fandrosoana."[4] Ny hoe tafintohina ara-panahy dia "lavo ao amin'ny fahotana na amin'ny fanaovan-javatra mifanohitra amin'ny tsara."[5] Ny vato manafintohina dia mety ho izay zavatra rehetra mandrebireby antsika tsy hanatratra tanjona tsara.

Tsy azontsika avela hanjary hisafotofoto sy hasarotin'ny vato manafintohina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ny Ray sy ny Zanaka. Tsy afaka mianjera ao anatin'izany fandrika izany isika. Mila mijanona ho madio sy tsotra tahaka ny fiarovana tsotra nataon'ny raiko momba ilay andrin-jiro teo amin'ny tany fiompiana nahalehibe azy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba Azy Ireo.

Inona avy ireo sasany amin'ireo vato manafintohina izay mampisafotofoto sy manasarotra ny tenivavolombelona madio sy tsotra ananantsika momba ny Ray sy ny Zanaka ka mahatonga antsika tsy ho maherifo amin'izany tenivavolombelona izany?

#### Vato manafintohina iray ny filôzôfian'ny olombelona

Manolo-tena hahazo karazana fahalalana maro isika ary mino fa



"ny voninahitr' Andriamanitra dia ny faharanitan-tsaina."[6] Saingy fantatsika ihany koa fa ny paik'ady tian'ilay fahavalo indrindra dia ny hitarika ny olona hanalavitra an' Andriamanitra ary hahatonga azy ireo ho tafintohina amin'ny alalan'ny fanomezana lanja ny filôzôfian'ny olombelona mihoatra noho ny Mpamonjy sy ireo fampianarany.

Vavolombelona matanjak'i Jesoa Kristy ny Apôstôly Paoly noho ny zavatra niainany mahagaga sy nanova fiainana niaraka tamin'ny Mpamonjy.[7] Ny zavatra miavaka niainan'iPaoly dia nanomana azy hifandray amin'olona manana kolontsaina samihafa. Tiany ny "fahatsorana mivantana sy marina" nananan'ny Tesaloniana sy ny "fitserana feno hatsaram-panahy" nananan'ny Filipiana.[8] Hitany tamin'ny voalohany fa sarotra kokoa ny nifandray tamin'ireo Grika manam-pahaizana sy manankaja. Niezaka nampiasa fomba fomba fanomorana ara-pilôzôfika izy tao Athènes teo amin'ny havoana Mars, ary dia nolavina. Tapa-kevitra ny hampianatra tsotra ny "fotopampianaran'i Kristy voahombo tamin'ny hazo fijaliana" tamin'ny Korintiana izy."[9] Raha hampiasa ny tenin'ny Apôstôly Paoly hoe:

"Ary ny teniko sy ny toriteniko dia tsy tamin'ny teny fahendrena mahataona, fa tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny hery:

"Mba tsy hiorenan'ny finoanareo amin'ny fahendren'ny olona, fa amin'ny herin' Andriamanitra."[10]

Hita ao amin'ny 1 Korintiana ny sasany amin'ireo tantara mahatalanjona indrindra momba ny Mpamonjy sy ny asa nanirahana Azy ao amin'ny soratra masina. Ny toko iray—15—dia nisarika ny sain'izao tontolo izao tamin'ny alalan'ireo hira ho an'ny amboarampeo nosoratan'i George Frideric Handel mitondra ny lohateny hoe *Le Messie.*[11] Ahitana fotopampianarana lalina momba ny Mpamonjy izany. Ao amin'ny ampahany fahatelo ao amin'ny *Le Messie,* manaraka avy hatrany ilay hira "Aleloia," dia avy ao amin'ny 1 Korintiana 15 ny ankamaroan'ireo soratra masina nampiasaina. Ao amin'ny vitsivitsy amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo no namariparitan'i Paoly tamin'ny



fomba kanto ny sasany amin'ireo zavatra notontosain'ny Mpamonjy:

"[Fa] efa natsangana tamin'ny maty tokoa Kristy, . . . ho santatr'izay efa nodimandry.

". . . Satria ny olona iray no nisehoan'ny fahafatesana, dia ny olona iray kosa no nisehoan'ny fitsanganana amin'ny maty.

"Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no ahavelomen'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy. . . .

"Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronao? Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao? . . .

"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika."[12]

Fantatsika fa nitranga ny Apôstazia satria nakarina ho eo ambonin'ny fotopampianarana fotopampianarana fototra sy manan-danjan'i Kristy ny filôzôfian'ny olombelona. Raha tokony ho ny fahatsoran'ny hafatry ny Mpamonjy no nampianarina dia fahamarinana tsotra sy sarobidy maro no novaina sy very. Raha ny marina dia nanomboka nampiasa ny sasantsasany tamin'ireo fombafomba ara-pilôzôfikan'ny Grika ny Kristianina mba hampifanarahana ny finoan'ny olona tamin'ny kolontsaina nisy. Nanoratra ilay mpahay tantara Will Durant hoe: "Tsy noravan'ny Kristianina ilay finoana tsy Kristianina fa nanomboka nampiasainy izany. Ny kolontsaina Grika izay efa niala aina dia nanjary nahazo aina vaovao tamin'ny alalan'ireo izay nanaiky ny ampahan'izany."[13] Ara-tantara, sy amin'izao androntsika izao mihitsy, dia mandà ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny olona sasany satria tsy dia saro-takarina aratsaina izany.

Tamin'ny fiantombohan'ny Famerenana amin'ny Laoniny dia olona maro raha tsy ny rehetra no nilaza fa manaraka ireo fampianaran'ny Mpamonjy. Firenena maro no nihevitra ny tenany ho firenena Kristianina. Kanefa na tamin'izany aza dia nisy faminaniana iray momba ny fotoan-tsarotra kokoa amin'izao andro izao.

Anisan'ireo Apôstôly Roambinifolo voalohany tamin'ity fotoampitantanana ity sy Mpanolotsaina Voalohan'ny Filoha Brigham Young i Heber C. Kimball. Nampitandrina izy hoe: "Ho avy ny fotoana izay . . . ho sarotra ny hilaza hoe iza no Olomasina ary iza no fahavalon'ny vahoakan' Andriamanitra.

Dia . . . mitandrema amin' ilay sivana lehibe, satria hisy fotoana lehibe hanivanana, ary maro no hianjera." Nofaranany hoe "ho avy ny FITSAPANA iray."[14]

Mihena tokoa ny hery mitarika amin'ny maha-Kristiana any amin'ny firenena maro amin'izao androntsika izao, ary anisan'izany i Etazonia. Raha tsy misy ireo zavatra inoana ara-pivavahana dia tsy misy fahatsapana ho tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra. Noho izany dia sarotra ny manangana soatoavina iraisam-pirenena momba ny fomba entina miaina. Ny filôzôfia izay tànana lalina dia matetika no mifanohitra.

Mampahaleho fa mitranga ihany koa izany eo amin'ny samy mpikamban'ny Fiangonana izay miala amin'ny zavatra fantany fa marina ka manjary taomin'ny hevitra malaza amin'iny fotoana iny—izay mazava fa tsy marina ny ankamaroan'izy ireny.

Niteny ny Loholona Neal A. Mawell tamin'ny 1982 izay nifandray tamin'ilay faminanian'i Heber C. Kimball hoe: "Fanivanana maro no hitranga noho ny tsy fahampian'ny fitondrantena tsara izay tsy nibebahan'ny olona. Misy ireo vitsivitsy izay hilavo lefona fa tsy hifikitra hatramin'ny farany. Misy ireo vitsivitsy izay ho voafitaky ny mpikomy. Torak'izany koa, ny hafa dia ho tafintohina, satria hisy vato manafintohina mifanaraka amin'ny fotoampitantanana tsirairay!"[15]

#### Vato manafintohina iray hafa ny fandavana ny hihevitra ny fahotana araka ny tena maha-izy izany

Anisan'ireo endri-javatra miavaka sy mampiahiahy amin'izao androntsika izao ny hoe olona maro no manana fitondrantena feno fahotana kanefa mandà ny hihevitra izany ho fahotana. Tsy misy fanenenana na fahavononana hiaiky ny fitondrantenan'izy ireo ho diso ara-môraly izy ireo. Na ireo sasany izay milaza ho mino ny Ray sy ny Zanaka aza dia mino ao amin'ny fahadisoana fa ny Ray any An-danitra be fitiavana dia tsy tokony hoe hametraka voka-dratsy ho an'ny fitondrantena mifanohitra amin'ny didiny.

Izany raha zohina ny zavatra ninoan'i Kôriantôna, zanakalahin'i Almà zandriny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Nanao fitondrantena tsy mendrika goavana izy ka nahazo torohevitra tamin'i Almà. Sambatra isika fa ny mpaminany lehibe Almà, izay niaina manokana ny "hantsana maizin-kitroka [sy] ny fahazavana mahagaga,"[16] dia nirakitra an-tsoratra ny torolalana nomeny. Ao amin'ny Almà toko faha-39, dia hitantsika ny fomba nanoroany hevitra ny zanany lahy tamin'ny alalan'ny dingan'ny fibebahana ary nanazavany ny fomba hahatongavan'i Kristy mba hanaisotra ny fahotana avy eo. Nazavainy tsara tamin'i Kôriantôna ny ilàna ny fibebahana satria "ny zavatra tsy madio dia tsy afaka mandova ny fanjakan' Andriamanitra."[17]

Ny Almà 42 dia ahitana ny sasany amin'ireo fotopampianarana tsara indrindra momba ny Sorompanavotana ao anatin'ny soratra masina rehetra. Nampian'i Almà i Koriantona mba hahatakatra fa "rariny ny tokony hametrahana ny mpanota ao amin'ny toetry ny fahoriana."[18] Saingy nomarihiny fa nanomboka tamin'i Adama, Andriamanitra be famindram-po dia nanolotra "fotoana mba hibebahana" satria raha tsy misy fibebahana, "ny drafitra lehiben'ny famonjena dia ho efa voasampona."[19] Nambaran'i Almà ihany koa fa ny drafitr' Andriamanitra dia "drafitry ny fahasambarana."[20]

Tena mampitombo fahalalana ireo fampianaran'i Almà hoe: "Satria indro, ny fahamarinana dia mampihatra ny fitakiana rehetra, ary ny famindrampo koa dia mitaky izay rehetra azy;



ary noho izany, tsy misy afa-tsy ny mivalo marina tokoa no vonjena."[21] Raha jerena amin'ny tena endriny, ireo fitahiana lehibe avy amin'ny fibebahana sy ny fankatoavana ireo fampianaran'ny Mpamonjy dia tena manan-danja tokoa. Tsy hoe tsy rariny ny mahitsy, tahaka ny nataon'i Almà tamin'i Kôriantôna, mikasika ireo voka-dratsin'ny safidy hanota sy ny tsy fisian'ny fibebahana. Nambara matetika fa: "Na ho ela na ho haingana, ny olona rehetra dia tsy maintsy [hiatrika] ny vokatr'ireo fanapahan-keviny."[22]

Ny fitahiana mahatalanjona sy mandrakizain'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia ny hoe amin'ny alalan'ny fibebahana, ny fitondrantena feno fahotana dia ho voafafa. Taorian'ny fibebahan'i Kôriantôna dia namarana i Almà nanao hoe: "Maniry aho ny tsy hamelanao intsony ireo zavatra ireo hanahirana ny sainao, ary aoka ny fahotanao ihany no hanahirana anao, amin'ity fahasahiranana ity izay hitondra anao hidina any amin'ny fibebahana."[23]

#### Vato manafintohina iray ny fibanjinana any ivelan'ny tanjona

Nantsoin'ny mpaminany Jakôba hoe "olona mafy hatoka" ny Jiosy fahiny [izay] nanamavo . . . ny fahatsorana ary ". . . novonoiny ny mpaminany, ary zavatra tsy mety ho azony no nokatsahiny. Koa, noho ny fahajambany izay fahajambana avy amin'ny fibanjinana any ivelan'ny tanjona, dia tsy maintsy ilaina ny hahalavo azy."[24]

Na dia maro aza ireo ohatra ny amin'ny fibanjinana any ivelan'ny tanjona,[25] dia ohatra lehibe iray amin'izao androntsika izao ny fironana mihoapampana amin'ny zavatra iray. Ny fironana mihoa-pampana amin'ny filazantsara dia rehefa manandratra fitsipiky ny filazantsara iray mihoatra noho ireo fitsipika mitovy lanja hafa ny olona iray ka mino zavatra mihoatra na mifanohitra amin'ireo fampianaran'ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana. Ohatra iray ny hoe rehefa misy olona iray mamporisika ny hanaovana fanampiana na fanovana na fanamafisana voalohany ny ampahany iray ao amin'ny Tenin'ny Fahendrena.

Iray hafa koa ny fiomanana lafo vidy ho an'ny "fiafaran'izao tontolo izao." Amin'ireo ohatra roa ireo dia amporisihina ny hafa mba hanaiky ny fihevitry ny tena manokana. "Raha toa ka ovaintsika ho karazana hafanam-po ara-pivavahana tafahoatra ny lalàn'ny fahasalamana na izay mety ho fitsipika hafa, dia mibanjina any ivelan'ny tanjona isika."[26]

Raha niresaka momba ny fotopampianarana manan-danja ny Tompo dia nanambara Izy hoe: "Na zovy na zovy no manambara mihoatra na latsaka noho izao, dia tsy avy Amiko izy."[27] Rehefa manandratra fitsipika iray amin'ny fomba izay mampihena ny fanolorantenantsika amin'ireo fitsipika mitovy lanja amin'izany isika na mino ny zavatra mifanohitra na mihoatra amin'ny fampianaran'ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana dia mibanjina any ivelan'ny tanjona isika.

Ankoatra izay dia misy ireo mpikambana sasany izay manandratra foto-kevitra, izay tsara ny ankamaroan'izy ireny, mba hanana toerana ambony kokoa noho ny fotopampianaran'ny filazantsara fototra. Soloin'izy ireo amin'ilay foto-kevitra ny fanolorantenan'izy ireo ka lasa izany no fanolorantenany voalohany ary hahenany ny fanolorantenany ho an'ny Mpamonjy sy ireo fampianarany mba ho lasa amin'ny toerana faharoa. Raha toa ka manandratra na inona na inona ambonin'ny fanolorantenantsika ho an'ny Mpamonjy isika, raha toa ny fitondrantenantsika ka maneho Azy ho mpampianatra iray hafa fotsiny fa tsy ilay Zanakalahy masin' Andriamanitra, dia mibanjina any ivelan'ny tanjona isika. I Jesoa Kristy no ilay tanjona!

Ny fizarana faha-76 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia manazava tsara fa ny "maherifo amin'ny tenivavolombelon'i Jesoa"[28] dia fitsapana tsotra sy manan-danja eo amin'ireo izay handova ireo fitahian'ny fanjakana selestialy sy ireo izay ho ao amin'ny fanjakana terestrialy ambanimbany kokoa. Mba ho maherifo, isika dia mila mifantoka amin'ny herin'i Jesoa Kristy sy ny sorompanavotany mba handresy ny fahafatesana



sy hanadio antsika amin'ny fahotana amin'ny alalan'ny fibebahantsika ary ilaintsika ny manaraka ny fotopampianaran'i Kristy.[29] Ilaintsika ihany koa ny fahazavana sy ny fahalalana momba ny fiainana sy ireo fampianaran'ny Mpamonjy mba hitarika antsika eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana, ka tafiditra ao anatin'izany ireo ôrdônansy masina any amin'ny tempoly. Tsy maintsy mibosesika ao amin'i Kristy isika, mivoky amin'ny teniny, ary maharitra hatramin'ny farany.[30]

#### Famaranana

Raha toa ka te ho maherifo amin'ny tenivavolombelona ananantsika momba an'i Jesoa isika dia tsy maintsy misoroka ireo vato manafintohina izay mamandrika sy manakana ny fivoaran'ireo lehilahy sy vehivavy mendrikaja maro raha tsy voafandrik'izany. Aoka isika ho vonona ny hanompo Azy hatrany. Rehefa mikatsaka fahalalana isika dia mila misoroka ireo filôzofian'ny olombelona izay mampihena ny fanolorantenantsika ho an'ny Mpamonjy. Tsy maintsy mahatakatra marina ny momba ny fahotana isika ary manaiky ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fibebahana. Mila misoroka ny fibanjinana any ivelan'ny tanjona isika ary mifantoka amin'i Jesoa Kristy, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, ka manaraka ny fotopampianarany.

Noraisin'ny raiko ho fomba iray hitondrana herinaratra sy fahazavana ary rano betsaka handrahoana sy hanadiovana ilay andrin-jiro. Fanampiana goavana hanatsarana ny fiainany izany.

Ny mpanoratra iray dia nandroso hevitra fa ireo vato manafintohina dia azo ovaina ho "fanampiana goavana ho an'ny olona heni-kaja iray sy ho an'ny Lanitra."[31]

Ho antsika, ny hoe maherifo amin'ny tenivavolombelona ananantsika momba an'i Jesoa dia fanampiana goavana iray mankany amin'ny fahamendrehana handray ny famindram-pon'ny Mpamonjy sy ny fanjakana selestialy. I Jesoa Kristy irery no hany anarana ambanin'ny lanitra izay ahafahana manavotra antsika.[32] Ijoroako ho vavolombelona marina ny amin'ny maha-Andriamanitra azy sy ny anjara asany masina ao anatin'ny drafitry ny Ray. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7; jereo ihany koa ny Jaona 17:3.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:79.
3. Jereo ny *Miorim-paka ao amin'ny finoana: Fanovozan-kevitra mikasika ny filazantsara* (2004), 52–53.
4. *Merriam-Webster's Collegiate Dictionary,* ed. faha-11 (2003), "stumbling block."
5. *Merriam-Webster's Collegiate Dictionary,* "stumble."

6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:36.
7. Jereo ny Asan'ny Apostoly 9:1–9; 26:13–18.
8. Jereo ny Frederic W. Farrar, *The Life and Work of St. Paul* (1898), 319.
9. Jereo ny Farrar, *Life and Work of St. Paul,* 319–20.
10. 1 Korintiana 2:4–5.
11. Jereo ny George Frideric Handel, *Messiah,* ed. T. Tertius Noble (1912).
12. 1 Korintiana 15:20–22, 55, 57.
13. Will Durant, *The Story of Civilization,* boky faha-3, *Caesar and Christ* (1944), 595.
14. Heber C. Kimball, ao amin'ny Orson F. Whitney, *Life of Heber C. Kimball* (1945), 446.
15. Neal A. Maxwell, "Be of Good Cheer," *Ensign,* nôv. 1982, 68.
16. Môsià 27:29.
17. Almà 40:26.
18. Almà 42:1. Ao amin'ny fotopampianaran'ny Olomasin'ny Andro Farany, ny fanafahana dia natao ho an'ny olombelona rehetra ka anisan'izany ireo izay tsy nandre momba an'i Kristy teto amin'ity fiainana ity, ireo ankizy izay maty mialoha ny taona maha-tompon'andraikitra, ary ireo izay tsy manana fahatakarana (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:46–50; 137:7–10).
19. Almà 42:5.
20. Almà 42:8.
21. Almà 42:24.
22. Robert Louis Stevenson, tao amin'ny Carla Carlisle, "A Banquet of Consequences," *Country Life,* 6 jolay 2016, 48. Milaza Rtoa Carlisle fa i Robert Louis Stevenson no nanao izany teny izany. Lazain'ny hafa ho olona hafa kosa izany.
23. Almà 42:29.
24. Jakôba 4:14.
25. Tao anatin'ny lahatsoratra iray nosoratako ho an'ny gazetibokin'ny Fiangonana tamin'ny 2003, dia namafisiko ireo lafiny efatra izay mety hiteraka fahajambana momba ny fivavahana sy ilay vato manafintohina nofariparitan'i Jakôba: fanoloana fahamarinana ara-pilazantsara amin'ireo filôzôfian'ny olombelona, fahajambana ara-pilazantsara, fihetsika maherifo ho solon'ny fanolorantena tsotra amin'ireo asa ho an' Andriamanitra isan'andro, ary fanandratana ireo fitsipi-pifehezana ho ambonin'ny fotopampianarana. (jereo ny "Looking beyond the Mark," *Liahona,* mar. 2003, 21–24).
26. Quentin L. Cook, "Looking beyond the Mark," *Liahona,* mar. 2003, 22.
27. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:68.
28. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:79.
29. Jereo ny 2 Nefia 31:17–21.
30. Jereo ny 2 Nefia 31:20–21.
31. Henry Ward Beecher, tao amin'ny Tryon Edwards, *A Dictionary of Thoughts* (1891), 586.
32. Jereo ny 2 Nefia 31:21; Môsià 3:17.



**Nataon'ny Loholona Gary E. Stevenson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo


# Jereo ilay boky, jereo ny Tompo

*Afaka manao ny Bokin'i Môrmôna ho vato ifaharana, ho ivon'ny tanjakareo ara-panahy ve ianareo?*

**Mary Elizabeth Rollins**

Alaiko sary an-tsaina ianareo taranaka vao misondrotra mijery na mihaino ity fivoriana amin'ny fihaonambe ity any ho any eto amin'izao tontolo izao. Tiako ny hizara tantara tena nitranga iray aminareo, tantara izay sady afaka ny ho ohatra no afaka ny ho lesona. Afaka mampiseho anareo ny fomba hanakaikezana ny Tompo bebe kokoa sy hahazoana hery hanoherana fakampanahy izany.

Izany dia tantaran'ny zatovovavy anankiray nonina tany New York, izay maty ray talohan'ny naha-telo taona azy raha nilentika tany amin'ny farihy lehibe iray ny sambo nitondra ny rainy. Izy, ny reniny, ny zokiny lahy, ary ny zandriny vavy dia nifindra monina tany amin'ny tanàna hafa mba hipetraka miaraka amin'ny nenitoany sy ny dadatoany. Fotoana vitsivitsy taorian'ny nahatongavan'ilay fianakaviana dia tonga tao amin'ny tanàna kely nisy azy ireo ny misiônera sy mpikamban'ny fivavahana iray vao natsangana nitondra vaovao lehibe momba ny Famerenana ny filazantsara amin'ny laoniny. Nilaza ny tantara mahavariana momba ny anjely nitondra rakitsoratra fahiny tamin'ny zatovolahy antsoina hoe Joseph Smith izy ireo, rakitsoratra izay nadikany tamin'ny herin' Andriamanitra. Ny anankiroa tamin'ireo vahiny, i Oliver Cowdery sy i John Whitmer, dia tena nahita maso ireo pejy metaly voasokitra an'ilay rakitsoratra fahiny, ary i Whitmer dia vavolombelona nihazona ireo takelaka volamena tamin'ny tanany. Navoaka vao tsy ela io rakitsoratra io, ary Rahalahy Whitmer dia nitondra ilay boky niaraka taminy. Ny



anaran'ilay boky mazava ho azy dia ny Bokin'i Môrmôna.

Rehefa nahare ireo misiônera niresaka momba ilay boky i Mary izay 12 taona, dia nahatsapa zavatra manokana tao am-pony izy. Na dia natevina sy nahitana pejy maro aza ny Bokin'i Môrmôna dia naniry mafy ny hamaky izany i Mary. Rehefa nandeha i Rahalahy Whitmer dia nomeny tahadika sarobidin'ny Bokin'i Môrmôna anankiray i Isaac Morley, naman'ny dadatoan'i Mary sy mpitarika tao amin'ilay fiangonana vaovao tao an-toerana.

Taty aoriana dia nanoratra toy izao i Mary: "Nankany an-tranon'i [Rahalahy Morley] aho . . . ary nangataka mba hijery ilay boky; natao[ny] tao amin'ny tanako izany, [ary] rehefa nijery izany aho dia tena nahatsapa faniriana hamaky izany, hany ka tsy nahasakana ny tenako aho fa dia nangataka taminy hitondra izany mody sy hamaky izany. . . . Nilaza izy . . . fa zara raha nanana fotoana hamakiana toko anankiray tao amin'ilay izy, ary vitsy tamin'ireo rahalahy ihany no mba nahita ilay izy, saingy niangavy tamim-kitsimpo aho, ka nilaza izy tamin'ny farany hoe, 'ry zazavavy, raha haverinao alohan'ny sakafo maraina rahampitso ity boky ity dia azonao hoentina.' "

Nihazakazaka nody i Mary ary tena variana tamin'ilay boky izy hany ka niari-tory ny alina manontolo mba hamaky izany. Ny ampitso marainan'iny, rehefa namerina ilay boky izy, dia nilaza i Rahalahy Morley hoe, "Mino aho fa tsy dia namaky firy tamin'ilay izy ianao" ary "Tsy mino aho fa afaka milaza amiko teny iray avy amin'izany ianao." Nitsangana tsara i Mary ary namerina tsianjery ny andininy voalohany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Avy eo izy dia nilaza taminy ny tantaran'i Nefia. Taty aoriana dia nanoratra i Mary hoe: "Gaga izy nandinika ahy, ary niteny hoe, 'ry zazavavy, hoento mody ity boky ity ary vitao ny famakiana izany, afaka miandry aho.' "


Fotoana fohy taty aoriana dia nahavita vaky ny boky i Mary ary izy no olona voalohany tao amin'ilay tanàna kely nisy azy nahavaky ilay boky manontolo. Fantany fa marina sy avy amin'ny Ray any An-danitra ilay izy. Rehefa nijery ilay boky izy dia nijery ny Tompo.

Iray volana taty aoriana dia tonga tao an-tranony ny vahiny manokana iray. Izao no voasorany momba ny fihaonana tsy hainy nohadinoina tamin'io andro io: "Rehefa nahita ahy i [Joseph Smith] dia nijery ahy tamimpahamatorana tokoa. . . . Fotoana fohifohy avy eo dia . . . nomeny tsodrano lehibe aho . . . dia nataony fanomezana ho ahy ilay boky, ary nilaza izy fa hanome [tahadika] iray hafa an-drahalahy Morley. . . . Nahatsapa avokoa izahay fa lehilahin' Andriamanitra izy, satria niteny tamin-kery izy, toy izay manana fahefana."

Io zatovovavy io, i Mary Elizabeth Rollins, dia nahita fahagagana maro hafa tamin'ny fiainany ary nitahiry hatrany ny fijoroany ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna.[1] Misy lanjany amiko manokana izany tantara izany satria nenitoan'ny dadan'ny raibeko izy. Tamin'ny alalan'ny ohatra nasehon'i Mary, sy tamin'ny alalan'ny zavatra hafa niainako teo amin'ny fiainana dia nianatra aho fa ny olona iray dia tsy tanora loatra izany amin'ny fikatsahana sy fandraisana fijoroana ho vavolombelona an'ny tena manokana momba ny Bokin'i Môrmôna.

#### Vato ifaharan'ny fijoroanareo ho vavolombelona

Misy lesona natao ho anareo manokana avy amin'ny tantaran'i Mary. Ianareo tsirairay avy ry zatovolahy, ry zatovovavy, ary rankizy dia afaka mahatsapa ny zavatra tsapany. Rehefa mamaky ny Bokin'i Môrmôna ianareo ary mivavaka omban'ny faniriana hahafantatra raha marina izany dia afaka mandray ilay fahatsapana ao am-po ihany koa tahaka an'i Mary. Mety hahita ihany koa ianareo fa rehefa mijoro ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna sy mizara izany ianareo dia hahatsapa ny fanahy manamafy fahamarinana mitovy amin'izany. Ny Fanahy Masina dia hiresaka amin'ny fonareo. Afaka hahatsapa izany fanahy manamafy fahamarinana izany ihany koa ianareo rehefa maheno ny hafa mizara ny fijoroany ho vavolombelona




momba ny Bokin'i Môrmôna. Ireo tenivavolombelona tsirairay avy ireo dia afaka mitarika amin'ny maha-lasa vato ifaharan'ny fijoroanareo ho vavolombelona ny Bokin'i Môrmôna.

Aoka hazavaiko izany. Ny Mpaminany Joseph Smith, izay nandika ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana sy ny herin' Andriamanitra dia namaritra ny Bokin'i Môrmôna ho ny "boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto an-tany sy vato ifaharan'ny fivavahantsika."[2]

Nanomboka tamin'ny namoahana printy voalohany ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny 1830 dia tahadika mihoatra ny 174 tapitrisa no efa natonta amin'ny fiteny samihafa miisa 110, maneho fa ny Bokin'i Môrmôna dia mbola ilay vato ifaharan'ny fivavahantsika. Midika inona aminareo tsirairay avy anefa izany?

Amin'ny lafiny tao-trano, ny vato ifaharana dia singa manan-danja amin'ny vavahady andohalambo iray. Vato miendrika anja eo ampovoany indrindra ary eo an-tampony indrindra an'ny andohalambo izany. Manan-danja indrindra amin'ireo vato rehetra izany satria mampijoro ireo lafin'ny andohalambo, ka manakana ny faharavany. Ary izany no singa eo amin'ny rafitra izay hahazoana antoka fa ilay vavahady, na ilay fidirana eo ambaniny dia azo aleha.

Eo amin'ny lafiny ara-pilazantsara dia fanomezana sy fitahiana avy amin'ny Tompo ny hoe zavatra azo tsapaintanana sy azo raisina toy ny Bokin'i



*Ny Bokin'i Môrmôna, tahaka ny vato ifaharana iray ao amin'ny vavahady andohalambo iray, dia afaka ny ho lasa vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona.*

ISTOCK.COM/ADRIANO PECCHIO

Môrmôna no vato ifaharan'ny fivavahantsika, ary izany dia azonareo hazonina sy vakina. Afaka manao ny Bokin'i Môrmôna ho vato ifaharana, ho ivon'ny tanjakareo ara-panahy ve ianareo?

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia namelabelatra ny fampianaran'i Joseph Smith. Hoy Izy hoe: "Misy antony telo mahatonga ny Bokin'i Môrmôna ho vato ifaharan'ny fivavahantsika. Vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an'i Kristy izany. Vato ifaharan'ny fotopampianarantsika izany. Vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona izany."

Mbola nampianatra ihany koa ny Filoha Benson hoe: "Ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra antsika ny fahamarinana sy mijoro ho vavolombelona momba an'i Kristy. . . . Saingy mbola misy zavatra hafa ankoatra izany. Misy hery ao anatin'ilay boky izay hanomboka hirotsaka ao amin'ny fiainanao raha vao manomboka mandalina tsara ny boky ianao. Hahita hery lehibe kokoa ianao hanoherana ny fakampanahy. . . . Hahita hery hijanonana eo amin'ilay lalana ety sy tery ianao."[3]

**Ny tenivavolombeloko manokana**

Raha ny momba ny tenako manokana dia lasa vato ifaharan'ny fijoroako ho vavolombelona ny Bokin'i Môrmôna nandritra ny taona maromaro ary tamin'ny alalan'ny zavatra niainako maromaro. Ny zavatra mahery vaika iray nandrafitra ny fijoroana ho vavolombelona ananako dia nitranga fony aho misiônera tanora nanompo tany amin'ny faritra voalohany nisy ahy: i Kumamoto, Japon. Izaho sy ny namako dia nandeha isan-tokantrano mba hitory. Nihaona tamin'ny renibe iray izay nanasa anay tamim-katsaram-panahy tao amin'ny fidiran'ny tranony, izay antsoina hoe *genkan* amin'ny fiteny Japôney aho. Nanolotra zava-pisotro manala hetaheta ho anay tamin'ny andro mafana izy. Mbola tsy ela nipetrahana tany Japon aho, ary vao tsy ela no namitako ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna, ary nivavaka mba hahafantatra amin'ny fahazoana antoka tanteraka ny fahamarinan'izany aho.

Koa satria vaovao tany Japon aho dia tsy dia nahay niteny Japôney tsara. Raha ny marina, mety tsy dia azon'ilay vehivavy loatra ny ankamaroan'ny zavatra nolazaiko. Nanomboka nampianatra azy momba ny Bokin'i Môrmôna aho, namariparitra ny nandraisan'i Joseph Smith ny rakitsoratra fahiny voasikotra tamin'ny takelaka avy tamin'ny anjely ary ny nandikany izany tamin'ny alalan'ny herin' Andriamanitra.

Raha natolotro azy ny fijoroana ho vavolombelona nananako fa tenin' Andriamanitra sy testamenta hafa momba an'i Jesoa Kristy ny Bokin'i Môrmôna dia nandray fahatsapana faran'izay mahery vaika aho, izay niaraka tamin'ny hafanana sy filaminana ary fiadanana tao anatin'ny tratrako, izay fariparitan'ny soratra masina hoe "[hahamay] ny ao anatin'ny tratranao."[4] Izany fahatsapana izany dia nanamafy tamiko tamin'ny fomba mahery vaika fa tenin' Andriamanitra marina ny Bokin'i Môrmôna. Tamin'izay fotoana izay dia tena nahery vaika ny zavatra tsapako hany ka nitomany aho rehefa niresaka tamin'io renibe Japôney io. Tsy mbola hadinoko mihitsy ny fahatsapana miavaka niainako tamin'io andro io.

**Ny tenivavolombelonareo manokana**

Ianareo tsirairay avy ihany koa dia afaka mahazo tenivavolombelona manokana momba io boky io! Mba takatrareo ve fa ny Bokin'i Môrmôna dia nosoratana ho anareo—ary ho an'ny vaninandronareo? Io boky io no iray amin'ireo fitahiana amin'ny fiainana mandritra ny antsointsika hoe fitantanana ny fotoam-pahafenoana. Na dia nosoratan'ny mpanoratra nentanim-panahy fahiny aza ny Bokin'i Môrmôna—izay mpaminany ny ankamaroany—dia tsy nanana ny tombontsoa amin'ny fananana ilay boky manontolo izy ireo sy ireo olona tamin'ny vanimpotoan'izy ireo. Ankehitriny dia mora aminareo ny manana ilay rakitsoratra masina izay nankamamiana sy notazonina ary notahirizin'ireo mpaminany sy mpisorona ary mpanjaka! Manana ny tombontsoa hihazona ao an-tananareo ny Bokin'i Môrmôna feno ianareo. Mahaliana tokoa fa ny mpaminanin'ny Bokin'i Môrmôna iray, i Môrônia, dia nahita ny androntsika—ny andronareo. Nahita anareo tao anaty fahitana mihitsy izy, taonjato maro lasa izay! Nanoratra i Môrônia hoe:

"Indro, ny Tompo dia efa naneho tamiko zavatra lehibe sy mahatalanjona momba . . . izany andro izany rehefa hitranga eo anivonareo ireo zavatra ireo," izany hoe ny Bokin'i Môrmôna.

"Indro, miteny aminareo aho miova tsy ny eo ianareo, ary tsy eto anefa ianareo. Nefa indro, efa nasehon'i Jesoa Kristy ahy ianareo, ary fantatro ny ataonareo."[5]

Mba hahatonga ny Bokin'i Môrmona ho lasa vato ifaharan'ny fijoroanareo ho vavolombelona dia manolotra fanamby ho anareo aho. Vao tsy ela aho no nahafantatra fa maro ny tanora no mila handany eo amin'ny 7 ora eo isan'andro amin'ny fijerena fahitalavitra, solosaina ary finday avo lenta.[6] Eo am-pieritreretana izany dia afaka manao fanovana kely ve ianareo? Mba soloy famakiana Bokin'i Môrmôna ny sasany amin'izany fotoana fijerena efijery izany—indrindra indrindra ny fotoana atokana amin'ny tambazotra ifaneraserana, ny internet, ny

filalaovana jeux vidéos na ny fahitalavitra. Raha azo antoka ny fikarohana noresahiko dia ho mora aminareo ny hahita fotoana handalinana ny Bokin'i Môrmôna isan'andro na dia 10 minitra monja isan'andro aza. Ary afaka mandalina amin'ny fomba izay mamela anareo hankafy izany sy hahatakatra izany ianareo—na amin'ny fitaovana elektrônika anananareo izany na amin'ny boky. Vao tsy ela ny Filoha Russell M. Nelson no nampitandrina hoe: "Tsy tokony hataontsika ho tahaka ny andraikitra makadiry ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna, na toy ny fitelemana haingana fanafody mangidy iray ary avy eo faranana haingana."[7]

Ho an'ny sasany aminareo ry ankizy madinika dia mety hamaky izany miaraka amin'ny ray na reny, ny raibe na ny renibe, na ny olona akaiky anareo ianareo. Raha toa ny toko iray, ny andininy iray na ny ampahany iray lasa sarotra takarina loatra ka manakivy anareo amin'ny famakiana dia dingano izany, dingano hatrany. Alaiko sary an-tsaina ianareo manaraka ny ohatr'i Mary. Alaiko sary an-tsaina ianareo mientanentana ery mitady fotoana sy toerana mangina hamakiana ny Bokin'i Môrmôna. Hitako ianareo mahazo valim-panontaniana, mahatsapa fitarihana, ary mandray ny fijoroanareo ho vavolombelona manokana momba ny Bokin'i Môrmôna sy ny fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy. Rehefa mijery ilay boky ianareo dia mijery ny Tompo.

Ho voadinikareo tsara ireo andalantsoratra masina ao amin'io boky io ka hahafantatra ny Mpamonjy malalantsika, dia i Jesoa Kristy Tompo, saika isaky ny pejy rehetra ianareo. Notombantombanana fa ny endriky ny anarany sasantsasany dia ampiasaina eo amin'ny indray mandeha isaky ny andininy 1,7 eo.[8] Hatramin' i Kristy mihitsy aza dia nijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ilay boky amin'izao andro farany izao, raha nilaza izy hoe "Raha velona koa ny Tomponareo sy ny Andriamanitrareo dia marina izany."[9]

Feno fankasitrahana aho noho ny fanasana sy ny fampanantenana




nomen'ny Tompo anareo tsirairay avy—ary ho an'ireo rehetra izay mamaky ny Bokin'i Môrmôna—tamin'ny alalan'ny mpaminany Môrônia. Faranako ny teniko amin'ny famakiana izany fanasana sy fampanantenana izany ary amin'ny fanampiana ny fijoroako ho vavolombelona: "Ary rehefa handray ireto zavatra ireto [ny Bokin'i Môrmôna] ianareo, dia ta hamporisika anareo aho ny mba hanontanianareo an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin'ny anaran'i [Jesoa] Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan'izany aminareo Izy amin'ny herin'ny Fanahy Masina."[10]

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny Famerenana ny filazantsara amin'ny laoniny amin'izao andro farany izao ary ny Bokin'i Môrmona dia porofo azo tsapain-tanana an'izany Famerenana amin'ny laoniny izany. Toy ny nandrisihan'ny teny ao amin'io boky io ny zazavavy 12 taona mba ho lasa mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy tafaverina amin'ny laoniny saika ho roanjato taona lasa izay, ireo fahamarinana ho hitanareo ao aminy dia hankahery sy hanentana ny fanahinareo toy izany koa. Hanamafy ny finoanareo izany, handrakotra ny tenanareo amin'ny fahazavana, ary hanomana anareo amin'ny hoavy izay zara raha afaka takarinareo.

Ao anatin'ny pejin'io boky io ianareo dia hianatra ny fitiavan' Andriamanitra tsy manan-tsahala sy ny famindram-pony tsy hay takarina. Rehefa miezaka manaraka ireo fampianarana hitanareo ao ianareo dia hiitatra ny fifalianareo, hitombo ny fahatakaranareo, ary ireo valinteny katsahinareo momba ireo olana maro eto amin'ny fiainana an-tany dia hisokatra aminareo. Rehefa mijery ilay boky ianareo dia mijery ny Tompo. Ny Bokin'i Môrmôna dia teny nambaran' Andriamanitra. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny foko sy ny fanahiko manontolo, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny "Mary Elizabeth Rollins Lightner," *Utah Genealogical and Historical Magazine,* jolay 1926, 193–95.
2. Sasintenin'ny Bokin'i Môrmôna.
3. Ezra Taft Benson, "The Book of Mormon—Keystone of Our Religion," *Ensign,* nôv. 1986, 5, 7.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:8.
5. Môrmôna 8:34–35.
6. Jereo ny American Academy of Pediatrics, "Media and Children," aap.org.
7. Russell M. Nelson, "Strengthen the Shepherds" (lahateny nandritra ny fivorian'ny mpitarika ho an'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, sept. 28, 2016).
8. Jereo ny Susan Easton Black, *Finding Christ through the Book of Mormon* (1987), 16–18.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17:6.
10. Môrônia 10:4; jereo ihany koa ireo andininy 3, 5.



**Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson**
Ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# "Hitoetra Amin'ny Fitiavako"

*Ny fitiavan' Andriamanitra dia tsy manam-petra ary haharitra mandrakizay, saingy ny dikan'izany ho antsika tsirairay dia miankina amin'ny fandraisantsika tsirairay izany fitiavany izany.*

Ny Baiboly dia manambara amintsika fa "Andriamanittra dia fitiavana."[1] Izy no ohatra tonga lafatry ny fitiavana, ary dia miantehatra mafy amin'ny tsy fiovaovan'io fitiavana io isika sy ny fiantefany amin'izao rehetra izao. Araka ny voalazan'ny Filoha Thomas S. Monson dia: "Eo ny fitiavan' Andriamanitra anareo na mahatsapa ho mendrika homena fitiavana ianareo na tsia. Eo foana fotsiny izany."[2]

Maro no fomba hamaritana sy iresahana ny fitiavan' Andriamanitra. Anisan'ny teny faheno matetika ankehitriny ny hoe "tsy misy fepetra" ny fitiavan' Andriamanitra. Raha marina izany amin'ny lafiny iray, ilay famaritana hoe *tsy misy fepetra* dia tsy hita na aiza na aiza ao anaty soratra masina. Ny fitiavany kosa dia voafaritra ao amin'ny soratra masina ho "fitiavana lehibe sy mahagaga,"[3] "fitiavana tanteraka,"[4] "fitiavana manavotra,"[5] ary "fitiavana mandrakizay."[6] Ireo no teny tsara ampiasaina kokoa satria ilay teny hoe *tsy misy fepetra* dia mety mampita hevitra diso mikasika ny fitiavan' Andriamanitra, tahaka ny hoe, tsy manome tsiny amin'ny zavatra rehetra ataontsika Andriamanitra satria tsy misy fepetra ny fitiavany, na hoe tsy mitaky na inona na inona amintsika Andriamanitra satria tsy misy fepetra ny fitiavany na koa hoe *ny rehetra* dia voavonjy ao amin'ny fanjakan'ny lanitr' Andriamanitra satria tsy misy fepetra ny fitiavany. Ny fitiavan' Andriamanitra dia tsy manam-petra ary haharitra mandrakizay, saingy ny dikan'izany ho antsika tsirairay dia miankina amin'ny fandraisantsika tsirairay izany fitiavany izany.

Hoy i Jesoa:

"Tahaka ny nitiavan' ny Ray Ahy no nitiavako anareo; tomoera amin' ny fitiavako hianareo.


"Raha mitandrina ny didiko hianareo, dia hitoetra amin' ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin' ny Raiko sy ny itoerako amin' ny fitiavany."[7]

Ny hoe "mitoetra" amin'ny fitiavan'ny Mpamonjy dia midika hoe mandray ny fahasoavany sy atao tanteraka ao Aminy.[8] Mba handraisana ny fahasoavany dia tsy maintsy manana finoana an'i Jesoa Kristy isika sy mitandrina ny didiny, ao anatin'izany ny fibebahana amin'ny fahotantsika, ny fanaovana batisa ho amin'ny famelan-keloka, ny fandraisana ny Fanahy Masina, ary ny fanohizana eo amin'ny lalan'ny fankatoavana.[9]

Andriamanitra dia ho tia antsika foana, saingy tsy afaka manavotra antsika ao anatin'ny fahotantsika Izy.[10] Ary tsarovy koa ny teny izay nolazain'i Amioleka tamin'i Zezroma hoe tsy hamonjy ny olony *ao* amin'ny fahotany Izy fa kosa *amin'ny* fahotany,[11] ny antony dia satria noho ny fahotana dia maloto isika ary "tsy misy zavatra tsy madio afaka mandova ny Fanjakan'ny lanitra"[12] na mitoetra eo anatrehan' Andriamanitra. "Ary manana ny fahefana izay nomena Azy avy amin'ny Ray i [Kristy] mba hanavotra [ny olony] amin'ny fahotana noho ny fibebahana; noho izany Izy dia efa naniraka ny anjeliny hilaza ny vaovao momba ny fepetran'ny fibebahana izay mitondra mankamin'ny herin'ny Mpanavotra ho famonjena ny fanahiny."[13]

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika dia mianatra ny anton'ny nijalian'i Kristy, izay endrika faratampon'ny fitiavany dia ny "hahatanteraka ny kibon'ny famindrampo, izay mandresy ny fahamarinana, ary mitondra fitaovana ahafahan'ny olona manana finoana ho amin'ny fibebahana.

"Ary arak'izany, ny famindrampo dia afaka manefa ny fitakian'ny fahamarinana sy mamihina azy ireo amin'ny sandrin'ny fiantohana, fa izay



tsy mampihatra finoana ho amin'ny fibebahana kosa dia mankahatra ny lalàna manontolon'ny fitakian'ny fahamarinana, koa ho an'izay manana finoana ho amin'ny fibebahana ihany no tanterahina ny drafitry ny famonjena lehibe sy mandrakizay."[14]

Noho izany, ny fibebahana no fanomezany ho antsika, izay novidina tamin'ny vidiny tena lafo tokoa

Misy ny miady hevitra hoe Andriamanitra dia mitahy ny olon-drehetra tsy an-kanavaka—amin'ny fitanisana, ohatra, ny tenin'i Jesoa nandritra ny Toriteny teny An-tendrombohitra manao hoe: "fa [Andriamanitra] mampiposaka ny masoandrony amin' ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin' ny marina sy ny tsy marina."[15] Marina tokoa fa tena mandrotsaka amin'ny zanany rehetra ireo fitahiana rehetra izay azony harotsaka Andriamanitra—dia ireo fitahiana rehetra havelan'ny fitiavana, sy ny lalàna, sy ny fahamarinana ary ny famindram-po arotsaka. Ary dia mibaiko antsika Izy mba halala-tanana tahak'izany:

"Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Tiava ny fahavalonareo, [manaova soa amin'izay mankahala anareo; misaora izay manozona anareo, ary mivavaha ho an' izay manisy ratsy anareo,]

"Mba ho tonga zanaky ny Rainareo Izay any an-danitra hianareo."[16]

Na izany aza anefa dia ireo fitahian' Andriamanitra lehibe indrindra dia miankina amin'ny fankatoavana. Ny Filoha Russell M. Nelson dia nanazava hoe: "Ilay fehezam-boninkazo feno hatsaran'ny fitiavana—ao anatin'izany ny fiainana mandrakizay—dia mahafaoka ireo fitahiana izay mitaky ny fahamendrehantsika, fa tsy hoe fitahiana azo amin'izao fotsiny na dia tsy mendrika aza. Ny mpanota dia tsy afaka mampietry ny sitrapon' Andriamanitra mba hifanaraka amin'ny azy ireo ka mitaky Azy hitahy azy ireo ao anaty fahotana [jereo ny Almà 11:37]. Raha maniry ny hankafy ny singa-boninkazo tsirairay ao amin'ny fehezam-boninkazony izy ireo dia tsy maintsy mibebaka."[17]

Ankoatra ny fanovana ilay mpanota nibebaka ho tsy manan-tsiny sy tsy



misy pentina, miaraka amin'ny fampanantenana ny ho "hasandratra . . . amin' ny andro farany,"[18] dia misy lafiny faharoa izay iankinan'ny aina mikasika ny fitoerana ao amin'ny fitiavan' Andriamanitra. Ny fitoerana ao amin'ny fitiavany dia hanome fahafahana antsika hahatratra ny fahafenoan'ny maha isika antsika, ho tonga tahaka Azy.[19] Araka ny voalazan'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf hoe: "Saingy ny famindrampon' Andriamanitra dia tsy hamerina antsika amin'ny toetra naha-tsy nanan-tsiny antsika teo aloha fotsiny. . . . Ambony lavitra kokoa noho izany ny tanjony: Tiany ho tonga tahaka Azy ireo zanany lahy sy zanany vavy."[20]

Amin'izay lafiny izay, ny hoe mitoetra ao amin'ny fitiavan' Andriamanitra dia midika hoe manoa tanteraka ny sitrapony. Midika hoe manaiky ny fanitsiany raha ilaina, "Fa izay tian' i Jehovah no faiziny."[21] Midika izany hoe mifankatia sy mifanompo tahaka ny nitiavany antsika sy nanompoany antsika.[22] Midika izany hoe mianatra "mandray ny lalàn' ny fanjakana selestialy" mba hahafahantsika "[m]andray ny voninahitra selestialy."[23] Mba hahafahany mamolavola antsika ho tonga araka izay ahafahantsika ahatongavana, dia mitalaho amintsika ny Raintsika any An-danitra mba hanaiky "ny fitaoman' ny Fanahy Masina . . . ary [h]anaisotra ny maha-olona araka ny nofo [antsika] sy tonga olomasina amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy Tompo, ary tonga tahaka ny ankizy, mankatò, malemy paika, manetry tena, miaritra, feno fitiavana, vonona hanoa amin' ny zava-drehetra izay hitan' ny Tompo fa mety ampitondraina [antsika], dia tahaka ny zaza manoa an-drainy."[24]

Ny Loholona Dallin H. Oaks dia nanamarika fa: "Ny Fitsarana Farany dia tsy hoe fanombantombanana fotsiny ny fitambaran'ny zavatra tsara sy ratsy natao—izany hoe izay zavatra *vitantsika*. Fa fanekena ny fiantraikan'ny zavatra nataontsika sy neritreretintsika any amin'ny farany—izany hoe *lasa iza isika*."[25]

Ny tantaran'i Helen Keller dia toa fanoharana maneho ny fomba ahafahan'ny fitiavan' Andriamanitra manova ny olona iray izay vonona amin'izany. I Helen dia teraka tao Alabama tany Etazonia tamin'ny taona 1880. Fony izy vao 19 volana dia voan'ny aretina tsy voafaritra mazava izay namela takaitra ka nahatonga azy harenina sy jamba. Tena faran'izay naranin-tsaina izy ary lasa somary sahirana raha niezaka hahatakatra ny manodidina azy. Rehefa nahatsapa ireo molotry ny fianakaviany mihetsiketsika izy ka tonga saina fa nampiasa ny vavan'izy ireo izy ireo mba hitenenana dia "lasa romotra izy [satria] tsy afaka nandray anjara tamin'ny resaka nifanaovana."[26] Talohan'ny faha-enin-taonan'i Helen dia tena nitombo tsy nisy ohatr'izany ny faniriany hifandray sy ny fahasorenany hany ka "nihetsika isan'andro ny fahatezerany, indraindray aza isan'ora."[27]

Nanakarama mpampianatra ho an'ny zanak'izy ireo vavy ireo ray amandrenin'i Helen, vehivavy iray nantsoina hoe Anne Sullivan. Tsy misy hafa amin'ny ananantsika an'i Jesoa Kristy

izay mahatakatra ny fahalementsika,[28] i Anne Sullivan koa dia niady mafy noho ireo zava-tsarotra niainany manokana, ka nahatakatra ny fahalemen'i Helen. Fony i Anne dimy taona, dia tratry ny aretina izay niteraka olatra nanaintaina teo amin'ny tapotsimasony izy ka nahatonga azy ho efa akaiky ho jamba. Rehefa feno valo taona i Anne dia maty ny reniny; nilaozan'ny rainy izy sy i Jimmie zandriny lahy; ary dia nalefa tany amin'ny trano fandraisana olona sahirana izy ireo. Tena ratsy tokoa ny toe-javatra niainana tao hany ka maty i Jimmie telo volana monja taty aoriana. Noho ny fikirizana mafy nasehon'i Anne dia voaray tao amin'ny Perkins School izay toeram-pianarana ho an'ny jamba sy tsy mahita tsara izy. Ary dia nahomby tokoa izy tao. Ny fandidiana natao taminy dia nanatsara ny fahitany ka nahafahany namaky soratra vita printy. Rehefa nanontany ny tao amin'ny Perkins School ny rain'i Helen Keller raha nitady olona hatao mpampianatra ho an'ny zanany vavy dia i Anne Sullivan no voafantina.[29]

Tsy dia nahafinaritra loatra ilay izy tany am-piandohana. "Nikapoka, sy nanongo ary nandaka ny mpampianany i Helen ary dia nanala ny nifiny anankiray. Nony farany dia voafehin'i Anne ihany ny toe-draharaha rehefa nifindra izy ka niara-nipetraka tamin'i [Helen] tao amin'ny trano kely iray tao anatin'ny tokontanin-dry Keller. Noho ny faharetana sy ny tsy fiovaovana dia nahazo ny fon'ilay zaza sy ny fahatokiany ihany izy."[30] Toy izany koa, rehefa matoky fa tsy manohitra ilay Andriamanitra Mpampianatra antsika isika dia afaka miara-miasa amintsika Izy mba hanazava sy hitondra antsika amin'ny tontolo iray vaovao.[31]

Mba hanampiana an'i Helen hianatra teny dia tanisain'i Anne an-tsoratra eo amin'ny felatanan'i Helen ireo litera mandrafitra ny anaran'ireo zavatra mahazatra azy. "Nankafizin'[i Helen] io "kilalao amin'ny rantsantanana io, saingy tsy azony izany raha tsy tamin'ny fotoana nanoratan'i Anne ny teny hoe r-a-n-o sady nandraraka rano teo amin'ny felatanan'i Helen. Taty aoriana i Helen dia nanoratra hoe:

"'Tampoka teo dia toy ny nahatsiaro zavatra izay hadino aho . . . ary dia toy ny nambara tamiko izany ny misiterin'ny fiteny. Fantatro tamin'izay fa ny hoe "r-a-n-o" dia ilay zavatra mangatsiaka sy mahafinaritra nikoriana tamin'ny tanako. Izany teny velona izany dia namoha ny fanahiko, ka nanome azy fahazavana, sy fanantenana, sy fifaliana, ary nanafaka azy! . . . Nanana anarana daholo ny zavatra rehetra ary ny anarana tsirairay dia niteraka eritreritra iray vaovao. Rehefa niverina tao an-trano izahay dia toa feno aina avokoa ny zavatra rehetra izay nokasihako.'"[32]

Rehefa nihalehibe i Helen Keller dia lasa fantatra noho ny fitiavany ny fiteny sy ny fahaizany manoratra, ary ny fahaizany mandaha-teny eo imasom-bahoaka.

Tao anatin'ny sarimhetsika mikasika ny fiainan'i Helen Keller, dia hita fa afa-po tamin'ny asan'i Anne Sullivan ireo ray aman-drenin'i Helen rehefa vitan'i Anne ny nanazatra an'ilay zanak'izy ireo vavy kinaolonaolo iny ka lasa nipetraka tsara eo am-pihinanana, nisakafo toy ny olon-drehetra, ary nahay namalona ny servietany araka ny tokony ho izy rehefa vita ny fisakafoanana. Saingy nahafantatra i Anne fa afaka manao zavatra betsaka i Helen, mihoatra lavitra noho izany ary nanana anjara biriky lehibe ho entina izy.[33] Araka izany dia mety ho tena afa-po amin'ny zavatra vitantsika teo amin'ny fiainantsika isika, ary koa hoe isika dia isika fotsiny ihany, kanefa Ilay Mpamonjy antsika dia mahatakatra ny hoavintsika mamirapiratra izay tsy tazantsika raha tsy amin'ny fitaratra matroka."[34] Isika tsirairay dia afaka miaina ilay fientanentanana izay tsapantsika rehefa mivelatra tsikelikely ao anatintsika ilay mety hahatongavantsika araka an' Andriamanitra, mitovy amin'ilay fifaliana tsapan'i Helen rehefa lasa velona ho azy ny teny, ka nitondra fahazavana ho an'ny fanahiny sy nanafaka azy. Isika tsirairay dia afaka mitia sy manompo an' Andriamanitra ary mahazo hery hitondrana fitahiana ho an'ireo mpiara-belona amintsika. "Fa araka ny voasoratra hoe: Izay tsy mbola hitan' ny maso ary tsy mbola ren' ny sofina, na niditra tao am-pon' ny olona, na inona na inona no efa namboarin' Andriamanitra ho an' izay tia Azy."[35]

Ndeha isika hisaintsaina ny vidin'ny fitiavana sarobidin' Andriamanitra. Nanambara i Jesoa fa mba hanavotana antsika amin'ny fahontantsika sy amin'ny fahafatesana na ara-panahy na ara-batana, ny fijaliany dia nahatonga Azy, "Ilay Andriamanitra, Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin' ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy—ary [haniry] ny mba tsy [hisotro] ilay kapoaka mangidy sy hitakemotra [Izy]."[36] Ny fialany aina tao Getsemane sy teo amin'ny hazo fijaliana dia mihoatra noho izay azon'ny olona zakaina.[37] Na dia izany aza, noho ny fitiavany an-dRainy sy antsika, dia niaritra Izy ka ny vokatr'izany dia afaka manome antsika ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay Izy.

Tena tandindona mampihetsipo ny hoe "[n]ivoaka ny mason-koditra rehetra ny ra"[38] raha nijaly i Jesoa tao Getsemane, ilay toerana izay midika hoe famotsehana oliva. Tamin'ny andron'ny Mpamonjy, mba hahazoana menaka oliva dia nopotsehana aloha ireo oliva tamin'ny fampandalovana vato lehibe teo ambonin'izy ireo. Ny potsitr'oliva azo avy eo dia natao anaty harona malefaka voarandrana malaladalaka, izay nampifampitaingennina. Ny havesatr'izy ireo no namoaka ilay menaka voalohany sy tsara indrindra. Ary avy eo dia nasiana vesatra fanampiny tamin'ny fametrahana vatankazo lehibe teo ambonin'ireo harona mifampitaingina ka mamoaka menaka bebe kokoa. Farany, mba hamoahana ny ambina menaka farany dia novesarana vato ilay vatan-kazo mba hahazoana ny fanapotserana mafy indrindra.[39] Ary eny, toy ny lokon-dra ilay menaka raha vao mivoaka iny izy amin'ny voalohany.

Mieritreritra ny fitantaran'i Matio mikasika ny Mpamonjy aho, raha niditra tao Getsemane Izy tamin'iny alina miavaka sy manan-danja iny—ka hoe "dia nalahelo am-po sy ory indrindra [Izy]. . . .

"Ary nony nandroso kelikely Izy, dia niankohoka ka nivavaka hoe: Raiko ô,

raha azo atao, dia aoka hesorina amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao."[40]

Avy teo, araka ny fiheverako azy dia vao mainka nitombo ny fanaintainana ka dia nitalaho fanindroany Izy mba hohamaivanina, ary nony farany, angamba teo amin'ny faratampon'ny fijaliany, fanintelony indray. Niaritra ny fijaliana Izy mandra-panomezana fahafahampo ny fahamarinana hatramin'ny farany.[41] Izany no nataony mba hanavotana ahy sy ianao.

Fanomezana sarobidy tokoa izany fitiavan' Andriamanitra izany! Sonenik'izany fitiavana izany i Jesoa nanontany hoe: "Tsy mba te hiverina Amiko va ianareo sy hibebaka amin' ny fahotanareo, ary hiova fo hahazoako manasitrana anareo?"[42] Nankahery tamin-kalemem-panahy Izy nanao hoe: "Indro, ny sandrin' ny famindrampoko dia mitsotra aminareo, ary na zovy na zovy no ho avy, dia izy no horaisiko; ary hotahiana ireo izay mankaty Amiko."[43]

Moa ve ianao tsy hitia Ilay nitia anao mialoha?[44] Tandremo àry ny didiny.[45] Moa ve ianao tsy mety ho naman'Ilay nanolotra ny ainy ho an'ireo namany?[46] Tandremo àry ny didiny.[47] Moa ve ianao tsy hitoetra amin'ny fitiavany ka handray izay rehetra atolony maimaimpoana ho anao? Tandremo àry ny didiny.[48] Mivavaka aho ny mba hahatsapantsika sy hitoerantsika tanteraka ao amin'ny fitiavany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. 1 Jaona 4:8. Na dia feno voninahitra sy mampitony tokoa aza ny fitiavan'i Jesoa Kristy, dia tsy izay fitiavany izay no hany toetra tsarany. Ny "maha-izy Azy, sy ny fahatanterahany, ary ny toetrany" (*Lectures on Faith* [1985], 38) dia ahitana koa ny hoe mpandala ny rariny, ny fahamarinana ary ny tsy fiovaovana—Andriamanitra mitovy ihany Izy omaly sy anio ary mandrakizay (jereo ny *Lectures on Faith*, 41). Raha tsy manana ireo toetra ireo Izy, sy ireo toetra hafa izay ananany amin'ny kalitao tonga lafatra tanteraka, dia tsy ho Andriamanitra.
2. Thomas S. Monson, "Tsy irery na oviana na oviana isika," *Liahona,* nôv. 2013, 124.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:3.
4. 1 Jaona 4:18; Môrônia 8:16.
5. Almà 5:26.
6. Jeremia 31:3.
7. Jaona 15:9–10.
8. Jereo ny Môrônia 10:32–33.
9. Jereo ny 2 Nefia 31:11–21; 3 Nefia 27: 16–20; jereo ihany koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:29–34.
10. Jereo ny Almà 11:32–37; jereo ihany koa ny Almà 42:13, 15, 22–27.
11. Jereo ny Helamàna 5:10–11.
12. Almà 11:37. Jereo ihany koa ny Mosesy 6:57.
13. Helamàna 5:11.
14. Almà 34:15–16.
15. Matio 5:45; jereo ihany koa ny 3 Nefia 12:45.
16. Matio 5:44–45; jereo ihany koa ny Lioka 6:27–28, 3 Nefia 12:44–45.
17. Russell M. Nelson, "Divine Love," *Liahona,* Feb. 2003, 16. Ary koa, "Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin' ny fanjakan' ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon' ny Raiko Izay any an-danitra." (Matio 7:21; jereo ihany koa ny 3 Nefia 14:21). Ampianarina ihany koa isika fa:
   "Misy lalàna navoaka tsy azo novana tany an-danitra, talohan' ny fanorenana izao tontolo izao, izay ifotoran' ny fitahiana rehetra—
   "Ary rehefa mahazo fitahiana avy amin' Andriamanitra isika, izany dia noho ny fankatoavana ny lalàna izay ifotorany." (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:20–21).
   Ny sasany dia manadino fa Andriamanitra dia "tsy afaka hijery ny fahotana amin' ny hamoram-po faran' izay bitika indrindra" Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:31 Miaraka amin'izay dia mampanantena antsika Izy fa "izay mibebaka sy mankatò ny didin' ny Tompo dia havela heloka;" Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:32.
18. 3 Nefia 27:22.
19. Jereo ny 3 Nefia 27:27; jereo ihany koa ny Matio 5:48; 3 Nefia 12:48.
20. Dieter F. Uchtdorf, "Ny Fanomezampahasoavan'ny Famindram-po," *Liahona*, Mey 2015, 108.
21. Hebreo 12:6; jereo ihany koa ny Hebreo 6–11; Jaona 15:1–8.
22. Jereo ny Jaona 15:12.
23. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:22.
24. Môsià 3:19.
25. Dallin H. Oaks, "The Challenge to Become," *Liahona,* Jan. 2001; nasiana fanamafisana teo amin'ny lahatsoratra tamboalohany.
26. "Helen Keller," perkins.org/history/people/helen-keller.
27. "Helen Keller," perkins.org/history/people/helen-keller.
28. Jereo ny Hebreo 4:15.
29. Jereo ny "Anne Sullivan," perkins.org/history/people/anne-sullivan.
30. "Helen Keller," perkins.org/history/people/helen-keller.
31. Jereo ohatra ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:28: "Izay mitandrina ny didiny dia mandray fahamarinana sy fahazavana ambarapahatonga azy hankalazaina ao amin' ny fahamarinana sy hahafantatra ny zava-drehetra."
32. "Helen Keller," perkins.org/history/people/helen-keller.
33. Jereo ny William Gibson, *The Miracle Worker* (sarimihetsika lava, 1962).
34. 1 Korintiana 13:12.
35. 1 Korintiana 2:9.
36. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:18.
37. Jereo ny Môsià 3:7.
38. Môsià 3:7.
39. Jereo ny Holzapfel, Huntsman, and Wayment, *Jesus Christ and the World of the New Testament* (2006), 18; Holzapfel, Pike, and Seely, *Jehovah and the World of the Old Testament* (2009), 281.
40. Matio 26:37, 39.
41. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:19.
42. 3 Nefia 9:13.
43. 3 Nefia 9:13.
44. Jereo ny 1 Jaona 4:19.
45. Jereo ny Jaona 14:15.
46. Jereo ny Jaona 15:13.
47. Jereo ny Jaona 15:14.
48. Jereo ny Jaona 15:10.



**Nataon'ny Loholona W. Mark Bassett**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ho an'ny fivoarantsika sy fianarantsika ara-panahy

*Araka ny sitrapony sy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina ihany no hamelabelarana amintsika ireo mistery momba an' Andriamanitra.*

Fony aho zazalahy, ny ray aman-dreniko dia nahazo fanomezana iray izay nanjary ho zavanahavariana ahy sy i Davida zandriko. Maodely kelin'ireo takela-bolamena noraisin'ny Mpaminany Joseph Smith avy tamin'ny anjely Môrônia izany. Raha ny tadidiko dia nisy pejy vita tamin'ny vy 10 nisy soratra teo amin'izany maodelin'ireo takelaka izany. Kanefa tsy ireo pejy ireo no nanintona ny sainay.

Notaizana tao amin'ny fihainoana ireo tantaran'ny Famerenana tamin'ny Laoniny izahay. Nahafantatra momba ireo takela-bolamena nafenina lalina tao an-tendrombohitra sy nomen'ny anjely Môrônia an'i Joseph Smith izahay ary nihira momba izany tany amin'ny Kilonga.[1] Rehefa nokitikitihin'ny fahalianana ny sainay dia nisy zavatra iray tena tianay ho hita: inona no voasoratra teo amin'ilay ampahany kely amin'ilay takelaka kely izay voafehy mafy tamin'ny tariby kely roa?

Nipetraka teo amin'ny sisin'ny latabatra nandritra ny andro maro ireo takelaka vao tena nanosika anay hanao zavatra ny fahaliananay. Na dia takatray mazava tsara aza fa tsy tena ireo takelaka nomen'i Môrônia ireo dia tianay ho hita ilay ampahany voafehy. Koa imbetsaka izaho sy ny rahalahiko no niezaka nampiasa antsy fanosorana dibera, sotro taloha, na izay zavatra azonay noeritreretina mba hampisaharana ilay ampahany voafehy teo amin'ireo takelaka mba ampy ahitana izay tao anatiny—kanefa tsy natao mafy izany mba tsy hanimbana ireo fehy kely roa. Fetsy tokoa izahay ka tsy namela dian'ilay zavatra nataonay mba hanomezana fahafahampo ny fahaliananay amin'ny maha-ankizilahy anay. Diso fanantenana sy sorena anefa izahay fa tsy nahomby ireo ezaka mba "hitsikilo ireo takelaka."

Tsy mbola fantatro foana—raha toa ka nisy—ny zavatra izay nafenina tao amin'ilay ampahany nofehezina. Fa ny tena mahamenatra tamin'ny tantaranay dia hoe mandraka ankehitriny dia tsy fantatro izay voasoratra teo amin'ilay ampahan'ireo pejy vy izay tokony ho novakiana. Ny hany azoko atao dia ny maka sary an-tsaina fa ireo pejy ireo dia ahitana ireo tantaran'ny Famerenana tamin'ny Laoniny sy ireo tenivavolombelon'i Joseph Smith sy ireo Vavolombelona Telo sy Valo, izay nahita ireo takelaka izay tena natolotr'i Môrônia.

Hatramin'ny nahariana ity tany ity dia nanome fitantanana sy fitarihana ary torolalana ho an'ny zanany tamin'ny alalan'ireo mpaminany ny Raintsika any An-danitra be fitiavana. Nampitapitaina tamin'ireo mpaminany ireo ny teniny ary notehirizina ho soratra masina ho an'ny fivoarantsika sy fianarantsika. Toy izao no namariparitan'i Nefia izany:

"Fa ny fanahiko dia finaritra amin'ny soratra masina ary ny foko misaintsaina ireny sy manoratra ireny mba ho fianarana sy tombontsoan'ny zanako.

"Indro ny fanahiko dia finaritra amin'ny zavatry ny Tompo; ary ny foko misaintsaina lalandava ny zavatra efa hitako sy reko."[2]

Ankoatra izay, nandritra ireo fotoampitantanana tany aloha sy ity fahafenoan'ny fotoampitantanana ity, dia nomena ny Fanahy Masina ho namana tsy tapaka izay manampy



amin'ny fivoarantsika sy fianarantsika ara-panahy ireo mpikambana mendrika ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo.

Azoko sary an-tsaina fa namaky ireo teny voasoratra rehetra teo amin'ilay takelaka kely tao an-tokantranon'ny ray aman-dreninay ilay zandriko lahy satria fantatro fa manana toetra tena mazoto izy. Izaho anefa tsy niraharaha ireo fahamarinana tsotra sy sarobidy ireo fa nandany ny heriko tamin'ny fitadiavana ireo zavatra izay tsy natao ho ambara.

Mampalahelo fa ny fivoarantsika sy ny fianarantsika dia mety hihisatra na hijanona mihitsy aza noho ny faniriana diso toerana mba "hitsikilo ireo takelaka." Ireny fihetsika ireny dia mety hitarika antsika hikatsaka ireo zavatra izay tsy natao hotakarina amin'izao fotoana izao sady tsy hiraharaha koa ireo fahamarinana tena tsara izay natao ho antsika sy ny toe-javatra iainantsika—ireo fahamarinana izay nofaripaitan'i Nefia fa nosoratana ho fianarana sy ho tombontsoantsika.

I Jakôba rahalahin'i Nefia dia nampianatra hoe: "Indro, lehibe sy mahatalanjona ny asan'ny Tompo. Endrey tsy hita hotakarina ny halalin'ny mistery momba Azy; sady tsy vitan'ny olona ny hahita ny lalany rehetra."[3]

Mampianatra antsika ny tenin'i Jakôba fa tsy afaka "mitsikilo ireo takelaka" amim-pahombiazana isika na hanery ny hanambarana ireo misiterin' Andriamanitra amintsika. Araka ny sitrapony sy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina kosa ihany no hamelabelarana amintsika ireo mistery momba an' Andriamanitra.[4]

Nanohy i Jakôba hoe:

"Ary tsy misy olona mahafantatra ny lalany raha tsy ambara izany; noho izany, ry rahalahy, aza manao tsinontsinona ny fanambaran' Andriamanitra.

"Fa indro, tamin'ny herin'ny teniny dia tonga teto ambonin'ny tany ny olona. . . . O amin'izany, ô nahoana Izy no tsy afaka hibaiko ny tany, na ny asan'ny tanany manerana izany, araka ny sitrapony sy ny safidiny?

"Noho izany, ry rahalahy, aza mikatsaka ny hanoro hevitra ny Tompo fa ny handray kosa torohevitra eo an-tanany."[5]



Mba hahatakarana ireo mistery momba an' Andriamanitra, na ireo zavatra izay tsy azo takarina raha tsy amin'ny alalan'ny fanambarana, dia tsy maintsy manaraka ny ohatr'i Nefia isika, izay nilaza hoe: "Izaho izay mbola tena tanora tokoa dia lava ranjanana kosa, ary koa efa nanam-paniriana lehibe ny hahafantatra ny mistery momba an' Andriamanitra, noho izany aho dia nitalaho tamin'ny Tompo, ary indro Izy tonga namangy ahy sy nampahalefaka ny foko hany ka nino ny teny rehetra izay efa nolazain-draiko aho."[6] Ny Tompo mihitsy no nanazava bebe kokoa fa i Nefia dia nampihatra finoana, nikatsaka tamim-pahazotoana niaraka tamin'ny fietren'ny fo, ary nitandrina ny didiny.[7]

Ny ohatr'i Nefia tamin'ny fikatsahana fahalalana dia nahitana (1) faniriana marina, (2) fanetrentena, (3) vavaka, (4) fahatokiana ny mpaminany, ary fampiharana (5) finoana, (6) fahazotoana, ary (7) fankatoavana. Io fomba fikatsahana io dia mifanohitra tokoa tamin'ny "fitsikilovako ireo takelaka," na ny fiezahana hanery ny fahatakarana ireo zavatra izay natao mba hambara araka ny fandaharam-potoan'ny Tompo sy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

Amin'izao vanimpotoana maoderina izao dia lasa manantena isika fa ny fahalalana dia azo ary tokony ho azo eo no ho eo; rehefa tsy mora fantarina na tsy mora azo ny fampahalalana iray dia matetika izany no lavina na tsy atokisana. Noho ny fitobahan'ny fampahalalana, ny sasany dia manome vahana kokoa tsy am-pitandremana ny fahazoamino ireo loharano misy kanefa tsy fanta-piaviana toy izay hiantehitra amin'ny lamina napetraky ny Tompo amin'ny fahazoana fanambarana ho an'ny tena manokana. Mety ho namariparitra ny vanimpotoana misy antsika i Jakôba rehefa niteny hoe: "Nefa indro, olona mafy hatoka [izy ireo]; ary nohamavoiny ny tenin'ny fahatsorana . . . ary zavatra tsy mety ho azony no nokatsahiny. Koa noho ny fahajambany izay fahajambana avy amin'ny fibanjinana ny any ivelan'ny tanjona, dia tsy maintsy ilaina ny hahalavo azy; fa efa nesorin' Andriamanitra taminy ny fahatsorany ary natolony azy ny zavatra maro izay tsy mety ho azony, satria maniry izany izy."[8]

Mifanohitra amin'izany ny torohevitry ny Filoha Dieter F. Uchtdorf.



Niresaka momba ny misiônera izy, kanefa azo ampiharina amin'ireo rehetra izay mikatsaka fahamarinana ara-panahy ny teniny. "Rehefa . . . manana finoana an'i Jesoa Kristy ny misiônera," hoy izy, "dia hanana fahatokiana ampy ny Tompo ka hanaraka ny didiny—na dia rehefa tsy takatr'izy ireo tanteraka aza ny anton'izy ireny. Hiseho amin'ny alalan'ny fahazotoana sy amin'ny alalan'ny asa ny finoan'izy ireo."[9]

Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana farany tamin'ny aprily teo, ny Loholona Dallin H. Oaks dia nanazava hoe: "Ny Fiangonana dia manao ezaka lehibe mba hangarahara amin'ireo rakitsoratra ananantsika, saingy na dia eo aza izay rehetra azontsika navoaka, indraindray ireo mpikambana ato amintsika dia tavela amin'ireo fanontaniana fototra izay tsy voavaha amin'ny alalan'ny fianarana. . . . Ny zavatra sasany dia tsy azo ianarana raha tsy amin'ny finoana."[10]

Nampianatra izany fitsipika izany ireo mpaminany fahiny, nampiseho fa tsy niova ny toetry ny olombelona na dia nandeha aza ny fotoana ary tsy feran'ny fotoana ny lamin'ny Tompo momba ny fianarana. Saintsaino ity ohabolana ao amin'ny Testamenta Taloha ity: "Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao."[11]

Nanazava i Isaia, rehefa niteny teo amin'ny anaran'ny Tompo, hoe: "Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra noho ny tany no hahavon'ny làlako noho ny làlanareo sy ny fihevitro noho ny fihevitrareo."[12]

Nanampy tenivavolombelona iray i Nefia rehefa nanambara hoe: "Tompo ô, efa natoky Anao aho ary mbola hatoky Anao mandrakizay."[13]

Ny finoana sy ny fahatokiana ny Tompo dia mitaky antsika mba hanaiky fa lehibe mihoatra ny antsika ny fahendreny. Tsy maintsy miaiky ihany koa isika fa ny drafiny dia manolotra ny fisian-javatra tena lehibe azo tratrarina ho an'ny fivoarantsika sy fianarantsika ara-panahy.

Tsy antenaina velively "hanana fahalalana tomombana ny zavatra" isika mandritra ny fiainana eto an-tany. Fa antenaina kosa isika mba "hanantena ny zavatra tsy hita kanefa marina."[14]

Na nanana finoana lehibe aza i Nefia dia nanaiky ny fahatakarany voafetra izy rehefa namaly ilay anjely izay nanontany azy hoe: "Moa fantatrao ny momba ny fiambanian' Andriamanitra?" Namaly i Nefia hoe: "Fantatro fa tia ireo zanany Izy; na dia eo aza izany, *dia tsy fantatro ny hevitry ny zava-drehetra*."[15]

Torak'izany koa i Almà dia nilaza tamin'i Helamàna zanany lahy hoe: "Ankehitriny, ireo mistery ireo dia tsy mbola ampahalalaina ahy tanteraka; noho izany aho dia hifehy tena."[16]

Maneho ny fijoroako ho vavolombelona aho fa tia ny zanany ny Raintsika any An-danitra, saingy tahaka an'i Nefia sy i Almà, dia tsy mahafantatra ny hevitry ny zavatra rehetra aho. Tsy mila mahafantatra ny zavatra rehetra koa aho. Izaho *koa* dia hifehy tena sy hiandry ny Tompo amim-paharetana sady mahafantatra fa "izaho manana ny zava-drehetra ho toy ny fanambarana fa ireo zavatra ireo dia marina; ary manana ny zava-drehetra koa ianao hoy ny fanambarana aminao fa marina ireo. . . .

". . . Apetraka eo anoloanao ny soratra masina, eny, ary ny zava-drehetra dia maneho fa misy Andriamanitra; eny, na dia ny tany aza sy ny zavatra rehetra izay eo amboniny, eny, ary ny fihodiny, eny, ary ny planeta rehetra koa izay mihodina araka ny laminy ara-dalàna dia vavolombelona fa misy ny Mpahary Faratampony."[17]

Rehefa ekentsika fa isika dia asatanan'ny Ray any An-danitra hendry sy be fanoloran-tena dia "ô amin'izany," nahoana Izy no tsy avela hitarika ny fivoarantsika sy fianarantsika ara-panahy "araka ny sitrapony sy ny safidiny" toy izay araka ny antsika?[18]

Velona Izy. I Jesoa Kristy no Zanany Lahitokana sy Mpanavotra ny olombelona. Noho ny Sorompanavotana tsy misy fetra nataon'i Kristy dia manana ny fahendrena sy ny fahitana mialoha mba hitarihana antsika amin'izao andro farany izao Izy. Mpaminaniny i Joseph Smith, voafidy mba hamerina amin'ny laoniny amin'ny fahafenoany ny fanjakany eto an-tany. I Thomas S. Monson no mpaminaniny velona sy mpitondra teniny ankehitriny. Izany no ijoroako ho vavolombelona marina amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny "Les plaques d'or," *Chants pour les enfants,* 61.
2. 2 Nefia 4:15–16.
3. Jakôba 4:8 (ao amin'ny Bokin'i Môrmôna).
4. Jereo ny 1 Nefia 10:19.
5. Jakôba 4:8–10 (ao amin'ny Bokin'i Môrmôna).
6. 1 Nefia 2:16.
7. Jereo ny 1 Nefia 2:19–20.
8. Jakôba 4:14 (ao amin'ny Bokin'i Môrmôna).
9. Dieter F. Uchtdorf, "The Lord's Work" (lahateny natao nandritra ny seminera ho an'ireo filohan'ny misiôna vaovao, 25 jona 2016), 6.
10. Dallin H. Oaks, "Fifanoherana amin'ny zava-drehetra," *Liahona,* mey 2016, 117.
11. Ohabolana 3:5.
12. Isaia 55:9.
13. 2 Nefia 4:34.
14. Almà 32:21.
15. 1 Nefia 11:16–17; nampiana fanamafisana.
16. Almà 37:11.
17. Almà 30:41, 44.
18. Jakôba 4:9 (ao amin'ny Bokin'i Môrmôna).



**Nataon' ny Loholona Kazuhiko Yamashita**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Manàna zotom-po hiasa ho an'i Kristy

*Manana zotom-po hiasa ho an'i Kristy isika rehefa manompo amim-pahatokiana, manaiky amim-panetren-tena, maharitra amim-panajana, mivavaka mafy, ary mandray ny fanasan'ny Tompo amim-pahamendrehana.*

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, androany aho dia te hiresaka amin'ireo tanoran'ny Fiangonana, anisan'izany ireo misiônerantsika mahafinaritra. Mazava ho azy fa ireo rahalahy sy anabavy manana fisainana sy mitondra tena toy ny tanora dia asaina an-tanandroa hihaino.

Ny 21 aogositra lasa teo, ny Filoha Russell M. Nelson dia nanokana ny tempoly tsara tarehin'i Sapporo—ny tempoly fahatelo ao Japon. Ny Tempolin'i Sapporo dia miorina any avaratr'i Japon eo amin'ny toerana iray antsoina hoe Hokkaido. Tahaka an'i Utah, i Hokkaido dia nanorenan'ireo mpamaky lay tia sy mazoto miasa ny fonenany.

Tamin'ny taona 1876 dia nisy mpanabe malaza iray antsoina hoe Dr. William Clark[1] nasaina mba ho tonga tao Hokkaido hampianatra. Nipetraka tao Japon nandritra ny valo volana monja izy saingy ny toetra maha-Kristianina nananany dia nametraka fahatsapana naharitra tamin'ireo mpianany tanora tsy Kristianina. Mialoha ny nandehanany dia nanome hafatra fanaovam-beloma an'ireo mpianany izy izay lasa tsy mety maty fa miraikitra eo amin'ity sarivongana halimo ity.[2] Hoy izy hoe: "Ry zalahy a! manàna zotom-po hiasa!"—"Manàna zotom-po hiasa ho an'i Kristy."[3] Ilay baikony




*Sarivongana halimo maneho an'i Dr. William Clark izay mpanabe fanta-daza iray, izay namporisika ireo zazalahy mba "hanana zotom-po hiasa ho an'i Kristy."*

hoe "manàna zotom-po hiasa ho an'i Krisy" dia afaka manampy amin'ireo fanapahan-kevitra raisina isan'andro ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'izao fotoana izao.

Inona no dikan'ny hoe "manana zotom-po hiasa ho an'i Kristy"? Ny hoe manana zotom-po hiasa ho an'i Kristy dia midika hoe marisika, mifantoka, ary manokan-tena amin'ny asany. Ho an-kavitsiana no handikana ny hevitry ny hoe manana zotom-po hiasa ho an'i Kristy ho hoe havahana amin'ny hafa mba homem-boninahitra isika. Ny hoe manana zotom-po hiasa ho an'i Kristy dia midika fa manompo amim-pahatokiana sy amim-pahazotoana isika any amin'ny paroasy sy sampana misy antsika sady tsy mitaraina no amin'ny fo feno hafaliana.

Ireo misiônerantsika manompo manerana izao tontolo izao dia ohatra tsara amin'ireo izay tena manana zotom-po hiasa ho an'i Kristy. Taona vitsy lasa izay dia nanompo tao amin'ny Misiônan'i Nagoya Japana izaho sy Rahavavy Yamashita. Tena nanana zotom-po hiasa ho an'i Kristy ireo misiôneranay. Iray tamin'ireo misiônera ireo ny zatovolahy iray antsoina hoe Elder Cowan.

Tsy nanana tongotra havanana i Elder Cowan noho ny loza nahazo azy tamin'ny bisikileta fony izy mbola kely. Herinandro vitsivitsy taorian'ny nidirany tao amin'ny sahan'ny misiôna dia naharay antso avy tamin'ny namany mpiara-mitory aminy aho. Tapaka ny solon-tongotr'i Elder Cowan teo ampitaingenany ny bisikiletany. Nentinay tany amin'ny toera-panamboarana tsara izy ary teo, tao amina efitrano manokana iray, no nahitako voalohany ny tongony. Azoko an-tsaina ny fanaintainana niaretany. Vita ilay solon-tongony, dia niverina tany amin'ny faritra niasany izy.

Na dia izany aza, rehefa nandeha ny herinandro maromaro dia mbola niverina simba hatrany hatrany ilay solon-tongotra. Nanoro hevitra ny mpiandraikitra ara-pahasalamana an'ny Vondrom-paritra ny mba hodian'i Elder Cowan fa mety hahazo fanendrena vaovao amin'ny asa fitoriana izy. Tsy narahiko io torohevitra io satria misiônera tena mahafinaritra i Elder Cowan

ary nanana faniriana mafy ny hijanona tao Japon izy. Nihanihena tsikelikely anefa ny herim-batan'i Elder Cowan ka efa saika tsy nahavita niasa intsony izy. Na dia teo aza izany dia tsy nimonomonona na nitaraina izy.

Dia notoroina hevitra indray aho ny hanomezana lalana an'i Elder Cowan mba hanompo ao amina toerana izay tsy mitaky ny fitaingenana bisikileta. Nosaintsainiko io toe-javatra io. Nieritreritra an'i Elder Cowan sy ny hoaviny aho, ary nivavaka momba io olana io. Nanana fahatsapana aho fa tokony hody i Elder Cowan dia miandry fanendrena vaovao. Nantsoiko izy ary nambarako azy ny fitiavako sy ny fiahiako ary nolazaiko azy ny fanapahan-kevitro. Tsy nilaza na inona na inona izy hamaliana izany. Reko fotsiny izy nitomany tao amin'ilay telefaonina. Hoy aho hoe: "Elder Cowan a! tsy voatery hamaly ahy izao dia izao ianao. Hiantso anao aho rahampitso. Diniho amim-bavaka tsara ny tolo-kevitro azafady."

Rehefa niantso azy aho ny ampitso marainan'io, dia nilaza tamim-panetrentena izy fa hanaraka ny torohevitro.

Nandritra ny tafa sy dinika nifanaovako taminy farany, dia napetrako taminy izao fanontaniana izao: "Elder Cowan a! Nangataka mba halefa any amin'ny misiôna izay tsy hahavoatery anao hitaingina bisikileta ve ianao tao amin'ny taratasy fangatahana ho misiônera izay nofenoinao?"

Dia hoy izy hoe: "Eny, Filoha, nangataka aho."

Dia namaly aho hoe: "Elder Cowan a! Nantsoina ho ao amin'ny Misiônan'i Nagoya Japon ianao izay tsy maintsy hitondranao bisikileta. Nolazainao tamin'ny filohan'ny tsatòkanao ve izany?"

Tsy nampoiziko ny valinteniny. Hoy izy: "Tsia, efa tapa-kevitra aho fa raha *izany* no toerana niantsoan'ny Tompo ahy, dia handeha ho any amin'ny toerana fanazaran-tena aho ary hanazatra ny tenako hitondra bisikileta."

Tany amin'ny faran'ny dinidinika nifanaovanay dia nametraka tamiko izao fanontaniana izao izy sady nanganohano ny masony: "Filoha Yamashita a! Nahoana aho no nandeha taty Japon? Nahoana aho no eto?"

Novaliako tsy tamim-pihambahambana izy hoe: "Elder Cowan a! Mahafantatra antony iray nandehananao taty aho. Tonga taty ianao mba ho soa ho ahy. Lasa nahafantatra aho hoe, zatovolahy tena mahafinaritra no niara-nanompo tamiko. Tena voatahy aho fa nahalala anao."

Faly aho mitatitra aminareo fa niverina tany an-tokantranony feno hamamiana i Elder Cowan ary notendrena hanompo tao amina misiôna izay nahafahany nampiasa fiara rehefa mandeha izy. Tena mirehareha aho tsy noho ny amin'i Elder Cowan ihany fa ireo misiônera rehetra manerana izao tontolo izao ihany koa izay manompo an-tsitrapo sady tsy mimonomonona na mitaraina. Misaotra anareo ry Elder sy Soeur, noho ny finoana sy ny fifantohana ary ny fanananareo zotom-po hiasa ho an'i Kristy.

Ny Bokin'i Môrmôna dia ahitana tantara maro mikasika ireo izay manana zotom-po hiasa ho an'i Kristy. I Almà zanany tamin'ny fahatanorany dia nanenjika ny Fiangonana sy ny mpikambana tao. Taty aoriana izy dia nandalo fiovam-po mahery vaika ary nanompo ka misiônera tena matanjaka. Nikatsaka ny fitarihan'ny Tompo izy, ary nitondra fitahiana ho an'ireo namany rehefa niara-nanompo tamin'izy ireo. Nankahery azy ny Tompo, ary nandresy ireo fitsapana izay natrehany izy.

Io Almà io dia nanome izao torohevitra manaraka izao an'i Helamàna zanany:

"Na zovy na zovy no hametraka ny fitokiany amin' Andriamanitra dia hotohanana izy amin' ny fizahan-toetra azy sy ny fahasahiranany ary ny fahoriany. . . .

". . . [Tandremo] ny didin' Andriamanitra. . . .

"Milà hevitra amin'ny Tompo amin'ny ataonao rehetra, dia ho tarihiny ho amin'ny tsara ianao."[4]

Ny zanakay lahy faharoa dia niaina ny ampahany maro tamin'ny fahatanorany tany ivelan'ny Fiangonana. Rehefa feno 20 taona izy dia niaina zavatra iray izay nahatonga azy ho nanampaniriana ny hanova ny fiainany. Avy amin'ny fitiavana sy ny vavaka ary ny fanampiana avy tamin'ny fianakaviany sy ireo mpikamban'ny Fiangonana ary tamin'ny farany tamin'ny alalan'ny fangorahana sy ny fahasoavan'ny Tompo, dia niverina tato am-piangonana izy.

Voantso hanompo tao amin'ny Misiônan'i Seattle Washington izy taty aoriana. Niaritra fahakiviana lehibe izy tamin'ny voalohany. Isak'alina nandritra ny telo volana voalohany dia nandeha tao amin'ny efitra fandroana izy ary nitomany. Tahaka an'i Elder Cowan dia nikatsaka ny hahatakatra izy hoe: "Nahoana aho no eto?"

Rehefa avy nanompo herintaona izy dia naharay email izahay izay valin'ny vavaka nataonay. Izao no nosoratany: "Tena tsapako izao ny fitiavan' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy. Hiasa mafy aho mba ho tahaka ireo mpaminany taloha. Na dia miaina fahasarotana be dia be aza aho izao, dia tena faly aho. Ny fanompoana an'i Jesoa no zavatra tena tsara indrindra. Tsy misy zavatra mahafinaritra mihoatra izany. Tena faly aho."

Nahatsapa ny zavatra tsapan'i Almà izy: "Ary ô, endrey fifaliana, ary endrey



hazavana mahagaga no hitako; eny, ny fanahiko dia feno fifaliana izay nihoa-pampana toy izay fanaintainako izay!"[5]

Amin'ny fiainantsika isika dia miaina fitsapana, fa rehefa manana zotom-po hiasa ho an'i Kristy isika dia afaka mifantoka Aminy sy mahatsapa fifaliana ao anatin'izany. Ilay Mpanavotra antsika no ohatra faratampony. Nahatakatra ny asa masina nanirahana Azy Izy ary nankatò ny sitrapon' Andriamanitra Ray. Tena fitahiana lehibe ny mahatsiaro ny ohatra mahatalanjona nasehony rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika isan-kerinandro.

Ry rahalahy sy anabavy malalako, manana zotom-po hiasa ho an'i Kristy isika rehefa manompo amim-pahatokiana, manaiky amim-panetren-tena, maharitra amim-panajana, mivavaka mafy, ary mandray ny fanasan'ny Tompo amim-pahamendrehana.

Enga anie isika hanana zotom-po hiasa ho an'i Kristy rehefa manaiky amim-paharetana sy amim-pinoana ireo fahasarotana sy fitsapana iainantsika ary hahita fifaliana ao anatin'ny fanajantsika ny fanekempihavanantsika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Tompo dia mahafantatra anareo. Fantany ny olana sy ny ahiahinareo. Fantany ny fanirianareo hanompo Azy amin'ny fanoloran-tena ary, eny, amin'ny zotom-po hiasa mihitsy aza. Izy anie hitarika sy hitahy anareo rehefa manao izany ianareo. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. I William Smith Clark (1826–86) dia mpampianatra simia sy haizava-maniry ary haibiby, ary kolonely nandritra ny Ady an-trano tao Etazonia. Efa mpitantana tamin'ny fanabeazana ara-pambolena izy ary filohan'ny Massachusetts Agricultural College. (Jereo ny "William S. Clark," wikipedia.com.)
2. Sarivongana hita ao Sapporo Hitsujigaoka Observation Hill.
3. William S. Clark, ao amin'ny Ann B. Irish, *Hokkaido: A History of Ethnic Transition and Development on Japan's Northern Island,* (2009) 156.
4. Almà 36:3; 37:35, 37.
5. Almà 36:20.




**Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo


# Mizara ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny

*Ilay antsointsika hoe "asa fitoriana ataon'ny mpikambana" dia tsy fandaharan'asa fa toetra feno fitiavana sy fanoloran-tanana hanampiana ireo manodidina antsika.*

I.

Rehefa nanakaiky ny fiafaran'ny asa fanompoany tety an-tany dia nandidy ny mpianany i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika hoe: "Mandehana ianareo dia



ataovy mpianatra ny firenena rehetra" (Matio 28:19) ary "Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra" (Marka 16:15). Eo ambanin'ireo didy mba hitory ny filazantsara amin'ny olona rehetra ireo ny Kristianina rehetra. Maro no miantso izany hoe "Ilay iraka lehibe."

Araka ny nofaritan'ny Loholona Neil. L. Andersen nandritra ny fivoriana maraina dia azo antoka fa anisan'ireo tena manolo-tena amin'izany andraikitra lehibe izany ny Olomasin'ny Andro Farany. Tokony, satria fantatsika fa tia ny zanany rehetra Andriamanitra ary namerina fahalalana sy hery manandanja fanampiny Izy mba hitahiana antsika rehetra amin'izao andro farany izao. Nampianatra antsika ny Mpamonjy mba hitia ny rehetra toy ny rahalahintsika sy anabavintsika, ary manaja izany fampianarana izany isika amin'ny alalan'ny fizarana fijoroana ho vavolombelona sy hafatra momba ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny "any

anivon'ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra" (F&F 112:1). Ampahany manan-danja ao anatin'ny atao hoe Olomasin'ny Andro Farany izany. Raisintsika ho toy ny tombontsoa mahafinaritra izany. Inona moa no zavatra mahafinaritra kokoa noho ny mizara ireo fahamarinana mandrakizay amin'ireo zanak' Andriamanitra?

Manana loharano maro izay tsy nananan'ireo taranaka teo aloha isika amin'izao fotoana izao mba hizarana ny filazantsara. Manana ny fahitalavitra, ny internet ary ireo vondrontambazotra ifaneraserana isika. Manana hafatra manan-danja mba hampidirana ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny isika. Misongadina ny Fiangonana any amin'ny firenena maro. Manana misiônera izay mitombo isa tokoa isika. Saingy moa ve ampiasaintsika tsara daholo ireo loharano rehetra ireo mba hahazoana vokany? Mino aho fa hiteny hoe tsia ny ankamaroantsika. Maniry isika ny mba hahomby kokoa eo amin'ny fanatanterahana ilay andraikitra masina nampiandraiketina antsika mba hitory ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny manerana an'izao tontolo izao.

Misy hevitra tsara maro hizarana ny filazantsara izay hahomby any amina tsatòka na firenena manokana. Kanefa noho isika Fiangonana izay miely manerana an'izao tontolo izao dia te hilaza hevitra izay hahomby na aiza na aiza aho. Manomboka any amin'ny rantsana vao niorina izany ka hatrany amin'ireo izay niorina efa ela. Manomboka any amin'ireo kolontsaina izay mandray tsara ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'izao fotoana izao izany ka hatrany amin'ireo kolontsaina sy firenena izay mihamanohitra ny fivavahana. Te hiresaka mikasika ireo hevitra izay azonareo ampiasaina amin'ny olona mbola tsy nandre mihitsy ny Anarany aho ary koa amin'ny olona izay mpino mahafoy tena an'i Jesoa Kristy, sy amin'ny olona izay afa-po amin'ny fiainany amin'izao fotoana izao ary koa amin'ny olona izay mikatsaka mafy ny hampivoatra ny tenany.

Inona no azoko lazaina izay tena hanampy eo amin'ny fizaranareo ny filazantsara na inona na inona toe-javatra iainanareo? Mila ny fanampian'ny mpikambana rehetra isika ary afaka manampy ny mpikambana rehetra satria maro ireo asa tokony hotanterahina rehefa mizara ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny any anivon'ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra isika.

Fantatsika rehetra fa zava-dehibe ny fandraisan'ny mpikambana anjara ao anatin'ny asa fitoriana mba hahatanterahan'ny fiovam-po sy ny fihazonana ny mpikambana. Ny Filoha Thomas S. Monson dia niteny hoe: "Izao no fotoana tokony hiarahan'ireo mpikambana sy ireo mpitory ny filazantsara mifanome tanana, miara-miasa . . . [ary] miasa ao amin'ny tanimboaloboky ny Tompo mba hitondrana fanahy ho eo Aminy. Nanomana ireo fitaovana Izy mba hoentintsika hizarana ny filazantsara amin'ny fomba maro, ary hanohana antsika Izy eo amin'ny asantsika raha toa ka miasa amim-pinoana isika hanatanterahana ny Asany."[1]

Adidintsika sy tombontsoantsika amin'ny maha-Kristianina izany. Nampahatsiahy antsika ny Loholona Quentin L. Cook hoe: "Ny filazantsara dia tsy iray amin'ireo famantaram-peo miisa 88 eo amin'ny pianô fotsiny izay tendrena indraindray fa firindrampeo voalohany indrindra ao anatin'ny feonkira tena mampientanentana iray izany izay ilaina tendrena tsy tapaka mandritra ny fiainantsika raha tiantsika hirindra lalandava amin'ny fanolorantenantsika amin'ny maha-Kristianina sy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny tenantsika."[2]



II.

Misy zavatra telo azon'ny mpikambana rehetra atao mba hizarana ny filazantsara na inona na inona toe-javatra misy eo amin'ny fiainany sy ny asany. Tokony hanao ireo zavatra rehetra ireo isika rehetra.

*Voalohany,* afaka mivavaka isika rehetra mba hanana faniriana hitondra fanampiana ao anatin'ity ampahany manan-danja ao amin'ny asa famonjena ity. Manomboka amin'ny *faniriana* ny ezaka atao rehetra.

*Faharoa,* afaka mitandrina ny didy ny tenantsika. Ny mpikambana mahatoky sy mankatò no vavolombelona tena mandresy lahatra momba ny fahamarinana sy ny maha-zava-dehibe ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Ary ny zavatra manan-danja kokoa aza, dia hanana mandrakariva ny Fanahin'ny Mpamonjy miaraka aminy izy ireo

mba hitarika azy ireo rehefa mikatsaka ny handray anjara ao amin'ilay asa lehiben'ny fizarana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny.

*Fahatelo,* afaka mivavaka mba hahazo fitaomam-panahy mikasika ny zavatra azontsika atao *isika* ao anatin'ireo toe-javatra iainantsika manokana mba hizarana ny filazantsara amin'ny hafa. Tsy mitovy amin'ny fanaovana vavaka ho an'ny *misiônera* na vavaka mikasika ny zavatra azon'ny *hafa* atao izany. Tokony hivavaka mikasika ny zavatra azontsika atao manokana *isika*. Rehefa mivavaka isika dia tokony hahatsiaro fa ny vavaka fangatahana karazana fitaomam-panahy tahaka izany dia hovaliana raha toa ka arahina fanoloran-tena—izay zavatra iray antsoin'ny soratra masina hoe "tena finiavana" na "finiavan'ny fo manontolo." Mivavaha miaraka amin'ny fanoloran-tena handray andraikitra eo anatrehan'ny fitaomam-panahy voarainao, ka mampanantena ny Tompo fa raha taominy ianao hiresaka mikasika ny filazantsara amin'ny olona iray dia hanao izany ianao.

Mila ny fitarihan'ny Tompo isika satria na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona dia misy ny sasany vonona—ary ny sasany—tsy vonona handray ireo fahamarinana fanampiny momba ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Tsy tokony hamela velively ny tenantsika isika ho mpitsara hoe iza no vonona na tsy vonona. Fantatry ny Tompo ny ao ampon'ny zanany rehetra ary raha mivavaka mba hahazo fitaomam-panahy isika dia hanampy antsika Izy hahita ireo olona izay fantany fa "efa voaomana handre ny teny" (Almà 32:6).

Manentana ny mpikambana sy ny fianakaviana rehetra ato amin'ny Fiangonana aho amin'ny maha-Apôstôlin'ny Tompo ahy mba hangataka ny Tompo hanampy azy ireo hahita ireo olona voaomana handray ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Nanolotra ity torohevitra manan-danja ity ny Loholona M. Russell Ballard izay ekeko: "Matokia ny Tompo. Izy no ilay Mpiandry Tsara. Mahalala ny ondriny Izy. . . . Raha tsy mirotsaka an-tsehatra isika dia maro ireo olona tokony ho nandre ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny kanefa dia holalovana fotsiny. . . . Tsotra ihany ireo fitsipika—mivavaha, mitokana sy miaraka amin'ny fianakaviana, mba hanana fahafahana hitory ny filazantsara."[3] Rehefa mampiseho ny finoantsika isika dia tsy ho "an-katerena na . . . sarintsariny ny [fanararaotana ireo fotoana tsara ireo]. Handeha ho azy izany satria vokatr'ilay fitiavantsika ny rahalahintsika sy ny anabavintsika."[4]

Fantatro fa marina izany. Ampiako ny fampanantenako koa izany fa hahazo fitarihana sy fitaomam-panahy ary hahita fifaliana lehibe isika ao anatin'ity asa fanehoam-pitiavana manan-danja mandrakizay ity miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo. Ho takatsika fa ny fomba hahazoana fahombiazana eo amin'ny fizarana ny filazantsara dia ny fanasana ny olona amim-pitiavana sy amin'ny finiavana marina mba hanampiana azy ireo na inona na inona havalin'izy ireo.

III.

Ireto misy zavatra hafa azontsika atao mba hizarana amim-pahombiazana ny filazantsara.

1. Mila mahatsisaro isika fa "mianatra ny olona rehefa vonona ny hianatra izy ireo fa tsy rehefa vonona ny hampianatra azy ireo isika."[5] Ny zavatra mahaliana antsika, toy ireo fampianarana ara-potopampianarana ao amin'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny, dia matetika tsy ireo zavatra izay mahaliana ny hafa. Mazana ny olona hafa mitady ny vokatry ny fotopampianarana fa tsy ny fotopampianarana. Rehefa mandinika na miaina ny vokatry ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny eo amin'ny fiainantsika izy ireo, dia mahatsapa ny Fanahy ary manomboka liana amin'ny fotopampianarana. Mety ho liana koa izy ireo rehefa mikatsaka fifaliana bebe kokoa na mikatsaka ny hanakaiky an'Andriamanitra na mikatsaka ny hahatakatra tsara kokoa ny tanjon'ny fiainana.[6] Noho izany dia tsy maintsy mikatsaka amim-pitandremana sy ombambavaka saina mahay manavaka isika mahakasika ny fomba hanontaniana ny hafa ny antony mahaliana azy hianatra bebe kokoa. Hiankina amina zavatra maro izany, toy ny toe-javatra iainan'ny olona anankiray amin'izao fotoana izao sy ny fifandraisantsika aminy. Lohahevitra tsara resahina any amin'ny filankevitra sy ny kôlejy ary ny Fikambanana Ifanampiana izany.
2. Rehefa miresaka amin'ny hafa isika dia mila mahatsiaro fa tsara kokoa ny fanasana mba hianatra bebe kokoa momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany noho ny fanasana mba hianatra bebe kokoa momba ny Fiangonantsika.[7] Tiantsika ny olona hiova fo ao amin'ny filazantsara. Izay no anjara asa lehiben'ny Bokin'i Môrmôna. Tonga aorian'ny fiovampo ao amin'i Jesoa Kristy ireo zavatra tsapa mikasika ny Fiangonantsika fa tsy mialoha izany. Maro anefa ny olona izay miahiahy amin'ireo fiangonana saingy manana fitiavana ny Mpamonjy. Izay tokony ho lohalaharana no ataovy aloha.
3. Rehefa mikatsaka ny hampahafantatra ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny amin'ny olona isika dia tokony hanao izany amin-kitsimpo sy miaraka amin'ny fiahiana feno fitiavana an'ilay olona. Miseho izany rehefa miezaka manampy ny hafa amin'ireo olana hitany isika na rehefa miaraka miasa amin'izy ireo any amin'ireo hetsika fanaovana asa fanompoana eo anivon'ny fiarahamonina, toy ny fanamaivanana ny fahoriana, fikarakarana ny mahantra sy ny sahirana na ny fampivoarana ny kalitaon'ny fiainan'ny hafa.
4. Tsy tokony hijanona eo amin'ireo namana sy olona mifanerasera amintsika ny ezaka ataontsika eo amin'ny fizarana ny filazantsara. Nandritra ny Lalao Ôlimpika dia naheno mikasika ny mpamily fiarakaretsaka Olomasin'ny Andro Farany iray tany Rio de Janeiro izahay, izay nitondra Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny fito samihafa ka dia nomeny izay te



handray izany. Nomeny anarany hoe "misiônera mpamily fiarakaretsaka" ny tenany. Hoy izy hoe: "Ny arabe-n'i Rio de Janeiro . . . no sahan'ny misiôna[ko]."[8]

Nilaza i Clayton M. Christensen, izay manana traikefa mahavariana amin'ny maha-mpikambana manao asa fitoriana azy hoe: "Tao anati-n'izay roapolo taona lasa izay dia hitanay fa tsy misy ifandraisany ny halalin'ny fifandraisana misy eo amin'ny olona sy ny mety ho faha-lianan'ny olona iray hianatra mikasi-ka ny filazantsara."[9]

5. Afaka mandrindra fivoriana fanasan'-ny Tompo manokana iray ny epis-kôpan'ny paroasy ka amporisihina ny mpikambana mba hitondra olona liana. Tsy dia hilasalasa hitondra ireo olom-pantany any amin'ny fivoria-na toy izany ny mpikambana satria hanana fahatokiana bebe kokoa izy ireo fa ho voalamina tsara ny votoatin'ilay fivoriana mba hampisy fahalianana sy hisoloana tena tsara ny Fiangonana.
6. Misy fotoana tsara hafa maro hizara-na ny filazantsara. Ohatra, tamin'ny fotoam-pahavaratra lasa teo dia naharay taratasy mahafinaritra avy amin'ny mpikambana vaovao iray aho izay nahafantatra mikasika ny filazantsara naverina tamin'ny lao-niny rehefa niantso azy an-tariby ny mpiara-mianatra taminy fahiny anankiray mba hanontany ilay are-tina nahazo azy. Nanoratra izy hoe: "Nahavariana ahy ny fomba nampa-hafantarany ny tenany tamiko. Tao-rian'ny volana vitsivitsy nianarana tamin'ny misiônera dia natao batisa aho. Nivoatra ny fiainako nanombo-ka tamin'izay."[10] Mahafantatra olona maro isika rehetra izay hivoatra ny fiainany amin'ny alalan'ny filazantsa-ra naverina tamin'ny laoniny. Moa ve manolo-tanana azy ireo isika?
7. Ny fahalianan'ireo tanora mpi-kambana ato amintsika amin'ny tambazotra ifaneraserana sy ny fahaizan'izy ireo mifehy izany dia manome azy ireo fahafahana miava-ka hanolo-tanana mba hahatonga ny hafa ho liana amin'ny filazantsara. Rehefa namaritra ny fisehoan'ny Mpamonjy tamin'ny Nefita i Môrmô-na dia nanoratra hoe: "Nampianariny sy notompoiny ny [zanaka] . . . , ary novahany ny lelany . . . ka dia afaka nanambara izy ireo" (3 Nefia 26:14). Ankehitriny mihevitra aho fa hilaza isika hoe: "[Nampiasain'izy ireo ny ankihibeny handefasana hafatra] ka dia afaka nanambara izy ireo." Tanteraho izany ry tanora!

Tsy vesatra ny fizarana ny filazantsa-ra fa fifaliana. Ilay antsointsika hoe "asa fitoriana ataon'ny mpikambana" dia tsy fandaharan'asa fa toetra feno fitiavana sy fanoloran-tanana hanampiana ireo manodidina antsika. Fotoana tsara koa izany hijoroana ho vavolombelona mikasika ny zavatra tsapantsika momba ny filazantsaran'ny Mpamonjy antsika naverina tamin'ny laoniny. Nampianatra ny Loholona Ballard hoe: "Ny porofo tena manan-danja maneho ny fiovam-pontsika sy ny zavatra tsapantsika mikasika ny filazantsara eo amin'ny fiainantsika manokana dia ny fahavono-nantsika hizara izany amin'ny hafa."[11]

Mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy aho izay Fahazavana sy Fiainan'izao tontolo izao (jereo ny 3 Nefia 11:11). Manazava ny lalantsika eto amin'ny fiainana an-tany ny fila-zantsarany naverina tamin'ny laoniny. Manome antsika toky ny amin'ny fisian'-ny fiainana aorian'ny fahafatesana sy ny hery haharetana hatrany amin'ny tsy fahafatesana ny Sorompanavotany. Ary manome antsika fahafahana ho voavela amin'ny fahotantsika sy ho mendrika ny hahazo ny fiainana mandrakizay izay "fanomezana lehibe indrindra amin'ireo fanomezan' Andriamanitra rehetra" ny Sorompanavotana (F&F 14:7). Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. Thomas S. Monson, "Tongasoa eto amin'ny fihaonambe," *Liahona,* nôv. 2013, 4.
2. Quentin L. Cook, "How to Be a Member Missionary," *New Era,* feb. 2015, 48.
3. M. Russell Ballard, "Matokia an'i Jehovah," *Liahona,* nôv. 2013, 44.
4. M. Russell Ballard, "Matokia an'i Jehovah," 44.
5. Clayton M. Christensen, *The Power of Everyday Missionaries* (2012), 30.
6. Jereo ny Christensen, *Power of Everyday Missionaries,* 26–27.
7. Jereo ny Gary C. Lawrence, *How Americans View Mormonism: Seven Steps to Improve Our Image* (2008), 34–35.
8. Jereo ny Ashley Kewish, "Cab Driver Hands Out Copies of Book of Mormon to Rio Visitors," 8 aog. 2016, ksl.com.
9. Christensen, *Power of Everyday Missionaries,* 21.
10. Taratasy manokana, 21 aog. 2016.
11. M. Russell Ballard, "Now Is the Time," *Liahona,* jan. 2001, 89.



Fivoriamben'ny fisoronana maneran-tany | 1 Ôktôbra 2016

**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Iraka avy amin'ny Fiangonana

*Mangataka anareo mpampianatra isan-tokantrano izahay ho irak' Andriamanitra any amin'ireo zanany, mba hitia sy hikarakara ary hivavaka ho an'ireo olona nampiandraiketina anareo.*

Vao tsy ela izay no nisy vehivavy iray tsy manambady, izay andeha ho antsoiko hoe Molly, izay raha nody tao an-tranony dia nahita fa difotry ny rano, nisy 5 santimetatra ny halaliny, ny tao amin'ny gorodona tao amin'ny lakavy. Tonga saina avy hatrany izy fa tsy maintsy nisy sasa lamba sy fandroana mihoatra noho ny mahazatra nataon'ireo mpiray vodirindrina taminy, izay mitambatra fantsona fivarinan-drano aminy, satria nivarina tany aminy ny rano maloto avy tany an-tranon'izy ireo.

Rehefa avy niantso namana iray i Molly hanampy azy dia nanomboka nandraoka ny rano tamin'ny siny kely sy ny vorodamba famaohana rano izy roa. Teo indrindra no nisy nampaneno ny lakolosim-baravarana. Nihoraka ilay namany hoe: "Ny mpampianatra isan-tokantranonao izany!"

Nihomehy i Molly. "Faran'ny volana *tokoa* androany," hoy izy namaly, "fa azoko antoka fa *tsy* ny mpampianatra isan-tokantranoko izany."

Nandeha nanokatra ny varavarana niaraka tamin'ny tongotra tsy nisy kapa, sy pataloha mando i Molly sady nanao saron-doha ary aro-tanana fingotra manara-damaody tsara mihitsy. Fa mbola tsy nisy dikany ity endriny tsy mahazatra raha oharina amin'ny endrik'ireto mpamangy nijaridina teo anatrehany. *Tena* ny mpampianatra isan-tokantranony tokoa!

"Azonao novelesina tamin'ny déboucheur aho!" hoy izy tamiko taty aoriana. "Fahagagan'ny fampianarana isan-tokantrano izao, ilay karazanjavatra izay tantarain'ireo Rahalahy ao anatin'ireo lahateny amin'ny fihaonambe maneran-tany!" Dia notohizany hoe: "Saingy raha teo am-piezahana hanapakevitra iny aho hoe hanoroka azy ireo sa hanolotra vorodamba famaohana rano, dia hoy izy ireo hoe: 'Oay ry Molly! Miala tsiny izahay. Hitanay fa sahirana ianao. Tsy te hanelingelina izahay, fa hiverina amin'ny fotoana hafa.' Ary dia lasa izy ireo."

"Fa iza ilay tao?" hoy ilay namany nihikiaka avy any amin'ny lakavy.

Niaiky i Molly hoe: "Niriako ny hiteny hoe: 'Tena tsy ireo Nefita Telo aloha e!' saingy nifehy tena aho niteny tamin'ny fomba tena tony hoe 'Ny mpampianatro isan-tokantrano ilay teo, saingy nahatsapa izy ireo hoe fotoana tsy tsara loatra izao hizaran'izy ireo ny hafany.' "[1]

Ry rahalahy isany, aoka hodinihantsika vetivety ny adidin'ny fisoronana izay voafaritra hoe "loharano voalohany ao amin'ny Fiangonana hanamp[iana]" ny olona tsirairay sy ireo fianakaviana ao aminy.[2] Ala maro no nafoy tanteraka nanamboarana taratasy nanaovana boky handrindrana sy namerenana ny fandrindrana ny fampianarana isan-tokantrano. Lahateny fanentanana an'arivony no natao mba hamporisihana izany. Azo antoka fa tsy misy psychologue na aiza na aiza mety hahavita hiteraka fahatsapana ho meloka mihoatra noho io resaka fampianarana isan-tokantrano io. Kanefa dia mbola miady mafy isika mba hahavitana zavatra manakaikikaiky ny fenitra azo ekena mikasika ilay didin'ny Tompo hoe "mitandrina mandrakariva ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonana"[3] amin'ny alalan'ny fampianarana isan-tokantrano tanterahin'ny fisoronana.

Anisan'ny fanamby atrehantsika ny fivoaran'ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana. Fantatsika fa amin'izao hoe miely manerana ny paroasy sy sampana mihoatra ny 30.000 ny mpikambana, any amin'ny firenena



sy faritra eo amin'ny 188, dia miteraka fanamby kokoa ny famangiana ny tokantranon'ireo rahalahy sy anabavintsika mihoatra ny tamin'ny niandohan'ny Fiangonana raha nifamangy ka nampianatra teo anivon'ny faritra tsy mihoatra ny kihondalana manaraka ireo mpiray vodirindrina."

Ary manampy trotraka izany, any amin'ny rantsana maro ato amin'ny Fiangonana, dia voafetra ihany ny isan'ireo mpihazona fisoronana afaka manao fampianarana isan-tokantrano, ka tafakatra hatramin'ny fianakaviana ho karakaraina 18 na 20 avy ny anjaran'ireo izay afaka manompo. Mety misy koa ny olana ateraky ny fahalavirana, ny halafon'ny saran-dalana sy ny tsy fisian'ny fitaterana ary ny halavan'ny fotoana hiasana eo an-toerana sy ny andro tsy maintsy hiasana mandritra ny herinandro. Manginy fotsiny ireo fady sasantsasany entin'ny kolontsaina izay manakana ny famangiana any antrano tsy nahazoana fanasana sy ny tsy fandriampahalemana izay mianjandy any amin'ny faritra maro maneran-tany. Eny vao manomboka mahatakatra ny maha-sarotra an'ilay olana isika.

Ry rahalahy, ao amin'ny tontolo tsara indrindra azo heverina sy ao amin'ny toe-javatra izay ahafahana manao izany, dia famangiana indray mandeha isambolana ny tokantrano tsirairay no mbola filamatra ezahan'ny Fiangonana tratrarina. Fa noho ny fahatakarana fa tsy azo tanterahina ny fanatratrarana ny idealy tahaka izany any amin'ny faritra maro maneran-tany, ary koa noho ny hoe mahatonga ireo rahalahy hahatsiaro ho toy ny tsy mahomby isika rehefa mangataka azy ireo hanao zavatra tsy ho azo tanterahina raha amin'ny fo tsy miangatra, dia nanoratra taratasy ho an'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana ato ampiangonana ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny desambra 2001, ka nanolotra ity torohevitra nentanim-panahy tena manampy ity, manao hoe: "Misy faritra sasany ato amin'ny Fiangonana," hoy izy ireo nanoratra, "izay . . . mety ho tsy azo tanterahina ny hampianarana isantokantrano ny tokantrano tsirairay isam-bolana, noho ny tsy fahampian'ny isan'ireo rahalahy ao amin'ny



fisoronana sy ny karazana olana hafa eo an-toerana." Voatanisantsika teo ny sasany amin'izany. "Raha misy ny toe-javatra tahaka izany," hoy izy ireo nanohy, "dia tokony hanao izay fara-heriny ireo mpitarika hampiasana ny eo am-pelatanany mba hitandremana sy hankaherezana ny mpikambana tsirairay."[4]

Ry rahalahy, raha toa aho ka misedra toe-javatra sarotra tahaka izany ao amin'ny paroasy na sampana misy ahy, dia ho tahaka izao no fomba hampiharanay sy ny namako ao amin'ny Fisoronana Aharôna ilay torohevitry ny Fiadidiana Voalohany (izay fitsipika ao amin'ny boky torolalana ankehitriny): Voalohany, na firy volana na firy volana vao ho vita, dia ho ezahinay tanterahina ilay baiko ao amin'ny soratra masina hoe "mamangy ny tranon'ny mpikambana tsirairay,"[5] ka handrafitra tetiandro izay hahafahanay mankany amin'ireo tokantrano ireo amin'ny fotoana izay tratra sy mety izahay. Mipetraka tsara ao anatin'io tetiandro io ny fanaovana ho lohalaharana ny fotoana anananay sy ny fifaneraserana matetika amin'ireo izay tena mila anay indrindra: dia ireo naman'ny Fiangonana izay ampianarin'ireo misiônera, ireo niova fo vao vita batisa, ireo marary, ireo manirery, ireo malaindaina, ireo tokantrano izay ahitana manano-tena mbola manan-janaka ao an-trano, sy ny sisa.

Eo am-pamitanay ny fandaharampotoanay hamangiana ireo tokantrano, izay mety haharitra volana maromaro vao ho vita, dia hifandray amin'ny fomba hafa izahay amin'ireo olona sy fianakaviana ao amin'ny lisitray amin'-ny alalan'ireo fomba izay natolotry ny Tompo. Azo antoka fa hitandrina ireo fianakaviana iandraiketanay izahay rehefa any am-piangonana ary dia, araka ny voalaza ao amin'ny soratra masina, "hifampiresaka amin'izy samy izy ny momba ny fiadanan'ny fanahiny."[6] Ankoatra izay dia hiantso antelefaonina izahay, sy handefa e-mail sy sms, ary tafiditra ao koa ny firariantsoa amin'ny alalan'ny iray amin'ireo karazana tambazotra ifaneraserana maro azonay ampiasaina. Mba hanampiana eo amin'ny fiatrehana ireo zavatra ilaina manokana, dia mety handefa andinin-tsoratra masina izahay na teny nindramina tamina lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany na hafatra ho an'ny Môrmôna nalaina tamin'ireo loharano marobe hita ao amin'ny LDS.org. Araka ny tenin'ny Fiadidiana Voalohany, dia hanao izay fara-herinay izahay eo amin'ny toe-javatra atrehanay, ary araka ny fitaovana eo am-pelatananay.

Ry rahalahy isany, ny antso ataoko anio hariva dia ny hampitomboanareo ny fahatakaranareo ny fampianarana isan-tokantrano. Aoka ianareo hihevitra ny tenanareo amin'ny fomba vaovao sy tsara kokoa ho toy ny iraky ny Tompo ho an'ireo Zanany. Midika izany fa ho afoy hatreo ny fomba nahazatra nanao tetiandro peta-toko, miendrika lalàn'i Mosesy, tanterahina amin'ny andro faran'ny volana izay ikoropahana hanomezana hafatra antsoratra avy tao amin'ny gazetibokin'-ny Fiangonana izay efa voavakin'ilay fianakaviana. Manantena kosa izahay, fa hametraka fahazarana ianareo hanana fiahiana tena izy sy mifantoka amin'ny filazantsara ho an'ireo mpikambana, mifampitandrina sy mifampikarakara, mamaha ireo filàna ara-panahy sy ara-batana amin'izay fomba mety hanampy.

Ankehitriny, raha ny mikasika ny hoe inona no "azo isaina" ho



# Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany


## NY FIADIDIANA VOALOHANY


Henry B. Eyring
Mpanolotsaina Voalohany


Thomas S. Monson
Filoha


Dieter F. Uchtdorf
Mpanolotsaina Faharoa

## NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO


Russell M. Nelson


Dallin H. Oaks


M. Russell Ballard


Robert D. Hales


Jeffrey R. Holland


David A. Bednar


Quentin L. Cook


D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen


Ronald A. Rasband


Gary E. Stevenson


Dale G. Renlund

## NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY


L. Whitney Clayton


Donald L. Hallstrom


Richard J. Maynes


Craig C. Christensen


Ulisses Soares


Lynn G. Robbins


Gerrit W. Gong

# FITOPOLOLAHY MANAMPAHEFANA AMBONY

(manaraka ny abidia)



Marcos A. Aidukaitis, Jose L. Alonso, Wilford W. Andersen, Ian S. Ardern, Mervyn B. Arnold, W. Mark Bassett, David S. Baxter, Randall K. Bennett, Shayne M. Bowen, Mark A. Bragg, Craig A. Cardon, Yoon Hwan Choi, Kim B. Clark, Weatherford T. Clayton, Carl B. Cook, Lawrence E. Corbridge

Valeri V. Cordon, J. Devn Cornish, Claudio R. M. Costa, Joaquin E. Costa, LeGrand R. Curtis Jr., Massimo De Feo, Benjamín De Hoyos, Edward Dube, Kevin R. Duncan, Timothy J. Dyches, Larry J. Echo Hawk, Stanley G. Ellis, David F. Evans, Enrique R. Falabella, Bradley D. Foster, Randy D. Funk

Eduardo Gavarret, Robert C. Gay, Carlos A. Godoy, Christoffel Golden, Walter F. González, C. Scott Grow, O. Vincent Haleck, Kevin S. Hamilton, James J. Hamula, Allen D. Haynie, Paul V. Johnson, Larry S. Kacher, Patrick Kearon, Von G. Keetch, Jörg Klebingat, Erich W. Kopischke


Larry R. Lawrence, Hugo E. Martinez, James B. Martino, Peter F. Meurs, Hugo Montoya, Marcus B. Nash, K. Brett Nattress, S. Gifford Nielsen, Brent H. Nielson, Adrián Ochoa, Allan F. Packer, S. Mark Palmer, Kevin W. Pearson, Anthony D. Perkins, Paul B. Pieper, Rafael E. Pino

Bruce D. Porter, Michael T. Ringwood, Gary B. Sabin, Evan A. Schmutz, Gregory A. Schwitzer, Joseph W. Sitati, Steven E. Snow, Vern P. Stanfill, Michael John U. Teh, José A. Teixeira, Juan A. Uceda, Arnulfo Valenzuela, Terence M. Vinson, Scott D. Whiting, Larry Y. Wilson, Chi Hong (Sam) Wong



Kazuhiko Yamashita, Jorge F. Zeballos, Claudio D. Zivic, W. Craig Zwick

## NY EPISKÔPÀ MPIAHY



Dean M. Davies
Mpanolotsaina Voalohany

Gérald Caussé
Eveka Mpiahy

W. Christopher Waddell
Mpanolotsaina Faharoa

# MPIANDRAIKITRA AMBONY



### SEKOLY ALAHADY

Devin G. Durrant, Mpanolotsaina Voalohany
Tad R. Callister, Filoha
Brian K. Ashton, Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOVAVY

Carol F. McConkie, Mpanolotsaina Voalohany
Bonnie L. Oscarson, Filoha
Neill F. Marriott, Mpanolotsaina Faharoa

### FIKAMBANANA IFANAMPIANA

Carole M. Stephens, Mpanolotsaina Voalohany
Linda K. Burton, Filoha
Linda S. Reeves, Mpanolotsaina Faharoa

### KILONGA

Jean B. Bingham, Mpanolotsaina Voalohany
Joy D. Jones, Filoha
Bonnie H. Cordon, Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOLAHY

Douglas D. Holmes, Mpanolotsaina Voalohany
Stephen W. Owen, Filoha
M. Joseph Brough, Mpanolotsaina Faharoa



fampianarana isan-tokantrano dia "azo isaina" daholo izay zavatra tsara rehetra ataonao, koa hanaovy tatitra daholo! Eny tokoa, ny tatitra izay manan-danja indrindra dia ny fomba nitondranao soa sy nikarakaranao ireo izay eo ambany fiandraiketanao, izay tahaka ny tsy misy hidirany amin'izay fandaharam-potoana manokana, na izay toerana iray manokana. Ny zavatra manan-danja dia ianao tia an'ireo olonao sy manatanteraka ilay didy hoe "mitandrina mandrakariva ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana."[7]

Tamin'ny 30 mey tamin'ny taondasa, dia namoaka tsimoramora ny fiara fitondrany entana avy tao amin'ny garazy i Troy Russell namako, raha handeha hanolotra zavatra ho an'ny Deseret Industries teo an-toerana. Tsapany fa nanitsaka zavatra toy ny dongona ny kodiarana aoriana tamin'ny fiarany. Nihevitra izy fa nisy entana nilatsaka avy teny ambonin'ny fiara, ka dia nivoaka ary dia i Austeen zanany lahy sivy taona izay lalainy no hitany teo niankohoka teo amin'ny arabe. Na ireo hikiaka, na ilay tsodranon'ny fisoronana, na ireo mpitsabo mpanampy, na ireo mpiasan'ny hôpitaly, tamin'ity indray mitoraka ity, dia tsy nahomby avokoa. Tsy namana intsony i Austeen.

Tsy nahita torimaso ary tsy nahita fiadanana mihitsy i Troy ka tsy nety nampiononina. Hoy izy hoe mihoatra noho ny azony zakaina izao ka tsy vitany intsony tsotra izao. Saingy tao anatin'izany fotoana mahory indrindra izany no tonga ny hery manavotra anankitelo.

Ny voalohany dia ilay fitiavana sy fanahy manome toky avy amin'ny Raintsika any An-danitra, fiahiana izay nampitaina tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay nankahery an'i Troy ka nampianatra azy sy nitia azy, ary nibitsika fa fantatr' Andriamanitra tsara izany hoe mamoy Zanakalahy kanto sy lafatra izany. Ny faharoa dia i Deedra vadiny, izay namihina an'i Troy sy nitia azy ary nampahatsiahy azy fa izy koa dia namoy an'io zanakalahy io, ary tapa-kevitra ny tsy hamoy vady ihany koa. Ary ny fahatelo ao amin'ity tantara ity dia i John Manning, mpampianatra isan-tokantrano *tena niavaka*.

Tsoriko fa tsy fantatro hoe isaky ny inona i John sy ilay zatovo namany no mamangy ny tokantranon-dry Russell, na hoe inona no hafatra nampitaina rehefa tonga any izy ireo, na hoe manao ahoana ny fomba nitateran'izy ireo ny zavatra niainany tany. Fa ny fantatro dia tamin'ny lohataona farany teo Rahalahy Manning dia nanolotanana an'i Troy Russell ary nampiarina azy hiala tao amin'ilay fahoriana teo amin'ilay arabe, tsy misy hafa amin'ny hoe izy mihitsy no nandray an'i Austeen kely. Araka ilay mpampianatra isan-tokantrano na ilay mpiandry na ilay rahalahy ao amin'ny filazantsara izay nantenaina taminy, dia noraisin'i John an-tanana tsotra izao fotsiny ny fiahiana ao amin'ny fisoronana an'i Troy Russell sy ny fitsimbinana azy. Nanombohany izany dia hoy izy: "Troy a! tian'i Austeen hanohy hijoro ianao, anisan'izany ny hoe ho eo amin'ny kianja filalaovana basket, koa dia ho avy eto aho isa-maraina amin'ny 5:15. Aoka ianao ho vonona satria tsy te ho voatery handroso an-trano aho hamoha anao. Ary *fantatro* fa tsy tian'i Deedra hanao izany koa aho."

"Tsy te hanao basket aho tamin'izany," hoy i Troy tamiko taty aoriana, "satria taloha aho dia nitondra an'i Austeen niaraka tamiko foana ny maraina toy izany sady fantatro fa haharary loatra amiko ny fahatsiarovana. Saingy nisisika ihany i John, ka dia nanao aho. Nanomboka tamin'io andro voalohany io dia niresaka izahay, na ny marina kokoa, niresaka aho dia nihaino i John. Niteny foana aho nandritra ny dia hatrany am-piangonana, ary avy eo nandritra ny dia niverina hody. Indraindray dia miresaka eo aho rehefa miantsona eo anoloan'ny trano ny fiaranay sady mandinika ny masoandro miposaka eo amin'ny tanànan'i Las Vegas. Sarotra ilay izy tamin'ny voalohany, fa rehefa nandeha ny fotoana, dia tonga saina aho fa ny nahitako ny heriko indray dia tao amin'ny mpilalao basket tato am-piangonana iray nirefy 1,88 metatra izay votsa sy tena mampalahelo tanteraka ny fomba fitifirany



baolina eny am-panidinana, izay tia ahy sy nihaino ahy mandra-piposaky ny masoandro indray teo amin'ny fiainako noho ny farany."[8]

Ry rahalahiko ato amin'ny fisoronana masina, rehefa miresaka momba ny fampianarana isan-tokantrano isika, na ny fitandremana, na ny fanompoana olona manokana ao amin'ny fisoronana, antsoy amin'izay tianareo hiantsoana azy—dia izany no resahantsika. Ny angatahanay anareo amin'ny mahampampianatra isan-tokantrano anareo, dia ny ho irak' Andriamanitra any amin'ireo zanany, ny hitia sy hikarakara ary hivavaka ho an'ny olona nampiandraiketina anareo, tahaka ny hitiavanay sy hikarakaranay anareo ary hivavahanay ho anareo. Enga anie ianareo ho malina eo am-pikarakarana ny andian'ondrin' Andriamanitra amin'ny fomba izay mifanaraka amin'ny toe-javatra misy anareo, izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'ilay Mpiandry Ondry Tsara antsika rehetra, ary vavolombelony aho, dia i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Resaka nifanaovana tamin'olona manokana, jona 2016.
2. *Melchizedek Priesthood Leadership Handbook* (1990), 5.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:53.
4. Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 10 Des. 2001; io torohevitra io dia nampidirina ho ao amin'ny *Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 7.4.3.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:47, 51.
6. Môrônia 6:5.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:53.
8. Resaka natao tamin'olona manokana sy fifandraisana tamin'ny alalan'ny e-mail, Apr. 2016.



**Nataon'ny Loholona LeGrand R. Curtis Zanany**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Misy hery ao amin'ilay boky

*Ny herin'ny Bokin'i Môrmôna lehibe indrindra dia ny fiantraikany amin'ny fitondrany antsika akaiky kokoa an'i Jesoa Kristy.*

Tamin'ny 14 jona 1989, vokatry ny fampahalalana diso momba ny Fiangonana, dia nandrara ny hetsika rehetra nataon' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany tao Ghana ny fitondram-panjakan'io firenena Afrikanina io. Nogiazin'ny fitondram-panjakana avokoa ny fananan'ny Fiangonana rehetra, ary natsahatra avokoa ny hetsika fitoriana rehetra. Ireo mpikamban'ny Fiangonana, izay miantso an'io vanimpotoana io hoe "tsy fihetsehana," dia nanao izay tsara indrindra vitany mba hiaina ny filazantsara na dia tsy nisy fivorian'ny sampana na ny fanohanan'ireo misiônera aza. Betsaka ireo tantara manentana ny fanahy momba ny nitandreman'ny mpikambana ny fahazavan'ny filazantsara tamin'ny alalan'ny fitsaohana ao an-trano ary ny fifampitsimbinana tamin'ny alalan'ny fampianarana isan-tokantrano sy ny famangiana isan-tokantrano.

Taty aoriana dia nivaha ny tsy fifankahazoana, ary tamin'ny 30 nôvambra 1990 dia tapitra ilay vanimpotoana tsy fihetsehana ka nitohy indray ireo zavatra fanaon'ny Fiangonana.[1] Nanomboka tamin'izay dia tena tsara ny fifandraisan'ny Fiangonana sy ny fitondram-panjakan'i Ghana.

Ireo mpikambana niaina nandritra ilay vanimpotoana tsy fihetsehana dia tena manamarika ireo fitahiana tonga avy tamin'izany fotoana tsy nahazatra izany. Nampatanjahana ny finoan'ny olona maro tamin'ny alalan'ny fitsapana natrehan'izy ireo. Fa ny fitahiana anankiray avy amin'ilay tsy fihetsehana dia tonga tamin'ny fomba tsy mahazatra.

Mpitandro filaminana tanora nampandraiketina ny fiambenana ny trano fivavahana iray an'ny Olomasin'ny Andro Farany nandritra ny tsy fihetsehana i Nicholas Ofosu-Hene. Ny asany dia ny miambina ilay trano amin'ny alina. Tamin'ny fotoana voalohany nahatongavan'i Nicholas tany amin'ilay trano fivoriana dia hitany fa niparitadritaka ny zavatra tao, nikorontana tanteraka ireo taratasy, boky, ary fanaka. Tao anatin'izany korontana izany dia nahita tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna izy. Niezaka tsy niraharaha ilay boky izy satria nolazaina taminy fa asan'ny ratsy izy io. Saingy nahatsapa ho voasarik'ilay izy anefa izy. Tamin'ny farany dia tsy afaka ny tsy hiraharaha ilay boky intsony i Nicholas. Nalainy ilay izy. Nahatsapa fandrisihana hanomboka hamaky izany izy. Namaky nandritra ny alina izy, ary nitomany izy teo am-pamakiana.

Tamin'ny fotoana voalohany nandraisany ilay izy dia namaky ny 1 Nefia rehetra izy. Tamin'ny fotoana faharoa dia namaky ny 2 Nefia rehetra izy. Rehefa tonga teo amin'ny 2 Nefia toko 25 izy, dia namaky izao manaraka izao: "Ary miresaka an'i Kristy isika, mifaly amin'i Kristy, mitory an'i Kristy, maminany ny amin'i Kristy, ary manoratra araka ny faminaniantsika mba hahafantaran'ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany."[2]

Tamin'io fotoana io dia tena nahery vaika ny nahatsapan'i Nicholas ny Fanahy, hany ka nanomboka nitomany izy. Tonga saina izy fa teo am-pamakiana dia nandray bitsika maromaro avy amin'ny Fanahy izay nanambara fa soratra masina ilay boky, ny boky marina indrindra novakiany hatrizay. Tonga saina izy fa ireo Olomasin'ny Andro Farany dia tena mino an'i Jesoa Kristy, tsy araka izay efa henony. Nony tapitra ilay tsy fihetsehana ary rehefa niverina tany Ghana ireo misiônera dia lasa mpikamban'ny Fiangonana i Nicholas sy ny vadiny ary ireo zanany. Raha nahita azy aho tamin'ny taona lasa dia komandin'ny pôlisy izy ary filohan'ny Distrikan'ny Fiangonana ao Tamale, Ghana. Hoy izy hoe: "Nanova ny fiainako ny Fiangonana. . . . Misaotra an' Andriamanitra Tsitoha noho ny fitarihany ahy tamin'ity filazantsara ity aho."[3]

I Alibert Davies, izay tera-tany Ganeana iray hafa, dia niaraka tamin'ny namana iray tao amin'ny trano fivoriantsika, izay nanatrehan'ilay namany fivorian'ny fiadidiana. Raha mbola niandry ilay namany i Alibert dia namaky boky iray izay hitany teo akaiky teo. Rehefa vita ilay fivoriana dia naniry hitondra ilay boky tany an-tranony i Alibert. Nahazo lalana hitondra mody tsy ilay boky ihany izy fa tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna iray ihany koa. Nony tonga tany an-trano izy dia nanomboka namaky ny Bokin'i Môrmôna. Ary tsy te hiala teo mihitsy izy. Namaky hatramin'ny 3 ora maraina tamin'ny

alalan'ny fahazavan-dabozia izy. Nanao izany izy nandritra ny alina maromaro, heniky ny zavatra novakiany sy ny zavatra tsapany. Ankehitriny i Alibert dia mpikamban'ny Fiangonana.

Nanomboka ny fianarana teôlôjia tany Italia tanindrazany i Angelo Scarpulla fony izy 10 taona. Taty aoriana izy dia lasa pretra ihany ary nanompo ny fiangonany tamimpanoloran-tena. Nisy fotoana anefa dia nanomboka nihozongozona ny finoany, ary nikatsaka fahafahana handalina misimisy kokoa izy ary nahazo izany. Rehefa nandalina nisinisy kokoa anefa izy dia vao mainka lasa sahiran-tsaina. Ny zavatra novakiany sy tsapany dia nandresy lahatra azy fa nisy apôstazia lehibe tamin'ny fotopampianarana marina nampianarin'i Jesoa sy ireo Apôstôly tany am-boalohany. Nikaroka ny fivavahana marin'Andriamanitra tany amin'ireo finoana isan-karazany i Angelo nefa tsy afa-po izy nandritra ny taona maro.

Indray andro izy dia nihaona tamin'ny mpikamban'ny Fiangonana anankiroa izay nanampy ireo misiônera tamin'ny fitadiavana olona bebe kokoa hampianarina. Nahatsapa ho voasarik'izy ireo izy ary nihaino ny hafatr'izy ireo tamim-pifaliana. Nanaiky an-tsitrapo ny tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna izy.

Ny alin'iny izy dia nanomboka namaky ilay boky. Nahatsapa ho heniky ny fifaliana izy. Tamin'ny alalan'ny Fanahy dia nomen' Andriamanitra toky tao anatiny i Angelo fa hahita ny fahamarinana efa nokarohiny nandritra ny taona maro ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna izy. Nandrakotra azy ny fahatsapana mamy tokoa. Ny zavatra novakiany sy nianarany avy tamin'ireo misiônera dia nanamafy ny tsoa-keviny fa nisy ny apôstazia lehibe, saingy nianatra ihany koa anefa izy fa naverina eto an-tany ny Fiangonana marin' Andriamanitra. Fotoana fohy taorian'izay dia natao batisa tao amin'ny Fiangonana i Angelo.[4] Tamin'ny fotoana voalohany nihaonako taminy dia izy no filohan'ny sampan'ny Fiangonana tao Rimini, any Italia.

Ny zavatra niainan'i Nicholas, sy i Alibert, ary i Angelo momba ny Bokin'i Môrmôna dia mampahatsiahy ny zavatra niainan'i Parley P. Pratt:

"Nosokafako tamim-pahazotoana [ilay boky]. . . . Namaky manontolo andro aho; satriko ho tsy nisakafo mba hamakiana, tsy nahatsiaro noana aho; satriko ho tsy natory rehefa . . . tonga ny alina, satria naleoko namaky toy izay hatory.

"Rehefa namaky aho, dia tao amiko ny fanahin'ny Tompo, ary fantatro sy takatro fa marina ilay boky, amin'ny fomba mazava sy miharihary izay mety hahatakaran'olona sy hahafantarany fa misy izy. Feno araka izany ankehitriny ny hafaliako, ary voaonitry ny hafaliana azoko ny alahelo, ny fahafoizan-tena ary ny asa mafy rehetra teo amin'ny fiainako."[5]

Ny olona sasany dia miaina zavatra mahery vaika toy izany momba ny Bokin'i Môrmôna amin'ny fotoana voalohany hanokafany azy, saingy ho an'ny hafa kosa dia tonga tsikelikely kokoa ny tenivavolombelon'ny fahamarinana rehefa mamaky sy mivavaka momba azy izy ireo. Izany no zavatra niainako. Fony aho zatovo mpianatra seminera no namaky ny Bokin'i Môrmôna voalohany. Ity no tahadikan'ilay Bokin'i Môrmôna novakiako. Tsy azoko lazaina aminareo hoe oviana ary taiza marina no nitrangan'izany, saingy nandritra ny famakiako dia nisy fotoana aho nanomboka nahatsapa zavatra iray. Nisy hafanana sy fanahy tsapako isaky ny manokatra ilay boky aho. Nitombo ilay fahatsapana raha nanohy namaky aho. Ary mbola mitohy izany fahatsapana izany ankehitriny. Isaky ny manokatra ny Bokin'i Môrmôna aho dia toy ireny mampirehitra jiro ireny—mikoriana ao am-poko sy ao anatiko ny Fanahy.

Ho an'ny olona hafa anefa ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna dia tonga tsikelikely kokoa, rehefa avy nandalina sy nivavaka betsaka. Manana namana aho izay namaky ny Bokin'i Môrmôna hikarohana mba hahafantarana raha marina izany. Nampihatra ny fanasana ao amin'i Môrônia izy mba hanontany an' Andriamanitra amin-kitsimpo, omban'ny tena finiavana sady manam-pinoana an'i Kristy raha toa ka marina ny Bokin'i Môrmôna.[6] Saingy tsy nahazo avy hatrany ny valiny ara-panahy nampanantenaina izy. Kanefa indray andro, raha nisaintsaina lalina izy nitondra







fiara, dia nijoro ho vavolombelona taminy ny amin'ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ny Fanahy. Tena faly sy nientanentana izy ka nampidininy ny varavarankelin'ny fiarany ary nihiaka, tsy tamin'ny olona iray manokana fa tamin'izao tontolo izao kosa anefa hoe, "Marina ilay izy!"

Na tonga tamin'ny fotoana voalohany nanokafantsika ny Bokin'i Môrmôna ny fijoroantsika ho vavolombelona momba izany, na taorian'ny fotoana maromaro dia hisy fiantraikany amintsika mandritra ny androm-piainantsika manontolo izany raha manohy mamaky sy mampihatra ireo fampianarana ao aminy isika. Nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson hoe: "Misy hery ao amin'io boky io izay hanomboka hirotsaka eo amin'ny fiainanao amin'ny fotoana hanombohanao handalinana amim-pahamatorana io boky io. Hahita hery lehibe kokoa ianao hanoherana ny fakam-panahy. Hahita hery ianao hisorohana ny famitahana. Hahita hery ianao hijanonana eo amin'ilay lalana ety sy tery."[7]

Mamporisika ny tsirairay avy izay mandray ity hafatra ity aho, tafiditra amin'izany ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna mivory amin'izao fivoriana hariva izao, mba hikaroka ny herin'ny Bokin'i Môrmôna. Araka ny famporisihan'ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Vakio ny Bokin'i Môrmôna. Saintsaino ny fampianarana raketiny. Anontanio amin'ny Ray any An-danitra raha marina izany."[8] Mandritra izany dingana izany ianareo dia hahatsapa ny Fanahin' Andriamanitra eo amin'ny fiainanareo. Izany Fanahy izany dia ho ampahany amin'ny fijoroanareo ho vavolombelona fa marina ny Bokin'i Môrmôna, mpaminan' Andriamanitra i Joseph Smith, ary Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no ilay Fiangonan' Andriamanitra marina eto an-tany amin'izao fotoana izao. Izany fijoroana ho vavolombelona izany dia hanampy anareo hanohitra ny fakam-panahy.[9] Hanomana anareo amin'ny "antso lehibe ho amin'ny fahazotoan[a] . . . mba hiasa ao amin'ny tanimboaloboky ny Tompo"[10] izany. Ho vatofantsika azo antoka izany rehefa ampiasaina mba hitsapana ny finoanareo ny fiampangana na ny filazana mandainga ary ho fototra mafy orina izany rehefa ho tsapaina amina fanontaniana tsy azonareo valiana, na dia tsy avy hatrany aza, ianareo. Afaka hanavaka ny fahamarinana amin'izay diso ianareo, ary hahatsapa ny fanomezan-tokin'ny Fanahy Masina hanamafy aminareo indray ny fijoroanareo ho vavolombelona hatrany hatrany, rehefa manohy mamaky ny Bokin'i Môrmôna mandritra ny fiainanareo ianareo.

Mamporisika ireo ray aman-dreny rehetra izay mihaino na mamaky ity hafatra ity ihany koa aho mba hanao ny Bokin'i Môrmôna ho ampahany manan-danja ao amin'ny tokantranonareo. Teo am-pitomboan'ireo zanakay dia namaky ny Bokin'i Môrmôna teo am-pihinanana sakafo maraina izahay. Ity no fanamariham-pejy nampiasainay. Ao amin'ny lafiny eo anoloana dia ahitana teny nindramina avy amin'ny Filoha Benson mampanantena fa handrotsaka fitahiana ho anay Andriamanitra rehefa mamaky ny Bokin'i Môrmôna izahay.[11] Ao amin'ny lafiny ambadika dia misy izao fampanantenana izao, avy amin'ny Filoha Marion G. Romney, izay efa mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany: "Azoko antoka fa raha toa ka, hamaky ombambavaka sy tsy tapaka ny Bokin'i Môrmôna ireo ray aman-dreny, ary sady manao izany manokana no manao izany miaraka amin'ny zanany, dia handrakotra ny tokantranontsika ary hitoetra amin'ireo izay monina ao ny fanahin'izany boky manan-danja izany. . . . Hisintaka ny fanahin'ny fifandirana. Hanoro hevitra ny zanany amim-pitiavana sy amim-pahendrena bebe kokoa ireo ray aman-dreny. Hanaraka sy hanetry tena kokoa amin'ireo torolalan'ny ray aman-dreniny ireo zanaka. Hitombo ny fahamarinana. Hitosaka ao an-tokantrano sy eo amin'ny fiainana ny finoana, fanantenana ary fiantrana—ny fitiavana madion'i Kristy—izay hiteraka fiadanana, fifaliana ary fahasambarana."[12]

Ankehitriny, taona maro taorian'ny nandaozan'ny zanakay ny tokantranonay hananganan'izy ireo ny fianakaviany dia afaka mahita mazava tsara izahay ny fahatanterahan'ny fampanantenan'ny Filoha Romney. Tena mbola tsy tonga lafatra mihitsy ny fianakavianay, saingy afaka mijoro ho vavolombelona izahay momba ny herin'ny Bokin'i Môrmôna ary ny fitahiana nentin'ny famakiana izany ary mbola hoentin'ny famakiana izany eo amin'ny fiainan'ny fianakavianay manontolo.

Ny herin'ny Bokin'ny Môrmôna lehibe indrindra dia ny fiantraikany amin'ny fitondrany antsika akaiky kokoa an'i Jesoa Kristy. Tenivavolombelona matanjaka momba Azy sy ny asa fanavotany izany.[13] Amin'ny alalany dia lasa mahatakatra ny halehibe sy ny herin'ny Sorompanavotany isika.[14] Mampianatra mazava tsara ny fotopampianarany izany.[15] Ary noho ireo toko mahatalanjona mamariparitra ny famangian'i Kristy efa nitsangana tamin'ny maty an'ireo Nefita dia mahita sy miaina ny fitiavany, ny fitahiany, ary ny fampianarany ireo olona ireo isika, ary lasa mahatakatra fa hanao izany rehetra izany amintsika koa Izy raha manatona Azy amin'ny alalan'ny fiainana ny filazantsara isika.[16]

Ry rahalahy, mijoro ho vavolombelona ny amin'ny herin'ny Bokin'i Môrmôna ny tenako. Na izany amin'ny teny Anglisy, Italiana, Frantsay, na amin'ny boky vita printy na amin'ny alalan'ny fitaovana elektrônika no amakiako

izany dia mahita foana mahafinaritra mikoriana avy amin'ny toko sy andininy ao aminy eo amin'ny fiainako aho. Mijoro ho vavolombelona aho fa afaka mitarika antsika hanatona an'i Kristy kokoa izany. Mivavaka aho ny mba hampiasantsika tanteraka ny hery ao amin'io boky soratra masina mahavariana io. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FAHAMARINANA**

1. Jereo ny "'You Can't Close My Heart': Ghanaian Saints and the Freeze," jan. 6, 2016, history.lds.org.
2. 2 Nefia 25:26.
3. Email avy tamin'i Nicholas Ofosu-Hene, ôkt. 27, 2015.
4. Jereo ny Angelo Scarpulla, "My Search for the Restoration," *Tambuli,* jona 1993, 16–20; email avy tamin'i Ezio Caramia, sept. 16, 2016.
5. *Autobiography of Parley P. Pratt,* ed. Parley P. Pratt Zanany (1938), 37.
6. Jereo ny Môrônia 10:4–5.
7. *Teachings of Presidents of the Church: Ezra Taft Benson* (2014), 141.
8. Thomas S. Monson, "Sahia mijoro irery," *Liahona,* nôv. 2011, 62; jereo koa ny Thomas S. Monson, "Ny herin'ny fisoronana," *Liahona,* mey 2011, 66; *A Prophet's Voice: Messages from Thomas S. Monson* (2012), 490–94.
9. Nampianatra ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Ny mpihazona fisoronana tsirairay avy dia tokony handray anjara amin'ny fandalinana soratra masina isan'andro. . . . Mampanantena anareo aho fa, na ny Fisoronana Aharôna na ny Fisoronana Melkizedeka no hazoninareo, raha toa ianareo mandalina ny soratra masina amim-pahazotoana dia hitombo ny hery ahafahanareo miala amin'ny fakam-panahy sy handraisanareo torolalana avy amin'ny Fanahy Masina" ("Be Your Best Self," *Liahona,* mey 2009, 68).
10. Almà 28:14.
11. "Mampanantena anareo aho fa manomboka izao, raha mivoky isan'andro amin'ireo pejy ao amin'[ny Bokin'i Môrmôna] ianareo ary mampihatra ny fampianarana ao amin'izany dia handrotsaka eo amin'ny ankizy ao Ziona sy ao amin'ny Fiangonana fitahiana izay mbola tsy fantatra mandraka ankehitriny Andriamanitra" (*Teachings: Ezra Taft Benson,* 127).
12. Marion G. Romney, "The Book of Mormon," *Ensign,* mey 1980, 67.
13. Jereo ohatra ny pejin-dohatenin'ny Bokin'i Môrmôna; 1 Nefia 11; 2 Nefia 25; Môsià 16; 18; Almà 5; 12; Helamàna 5; 3 Nefia 9; Môrmôna 7.
14. Jereo ohatra ny, 2 Nefia 2; 9; Môsià 3; Almà 7; 34.
15. Jereo ohatra ny, 2 Nefia 31; 3 Nefia 11; 27.
16. Jereo ny 3 Nefia 11–28.



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Mianàra avy amin'i Almà sy i Amioleka

*Maniry aho hoe ireo izay niala tamin'ny lalan'ny maha-mpianatra dia hijery amin'ny fony sy hianatra avy amin'i Almà sy i Amioleka.*

**Almà Zanany**

Anisan'ireo olona tena tsy hay hadinoina ao amin'ny soratra masina i Almà Zanany. Na dia zanakalahin'ny mpaminany lehibe anankiray aza izy dia nisy fotoana nivily lalana ary lasa "lehilahy tena mamohehatra sy mpanompo sampy." Noho ny antony izay tsy takatsika dia nanohitra mafy ny rainy izy ary nikasa ny hamotika ny Fiangonana. Ary nahita fahombiazana lehibe izy noho ny fahaizany mandaha-teny sy mandresy lahatra.[1]

Niova anefa ny fiainan'i Almà rehefa niseho taminy ny anjelin'ny Tompo anankiray ary niresaka taminy tamin'ny feo miova tsy ny feon'ny kotrobaratra. "Nampijalian'ny fijaliana mandrakizay, . . . dia nijaly tamin'ny fanaintainan'ny fanahy voaozona" i Almà nandritra ny telo andro sy telo alina. Avy eo toa nisy zavatra tsaroany nitondra hazavana tamin'ilay sainy rakotry ny haizina—fahamarinana mandrakizay anankiray izay nampianarin'ny rainy hoe, ho avy i Jesoa Kristy "hanonitra ny fahotan'izao tontolo izao." Efa hatry ny ela no nolavin'i Almà ny hevitra toy izany saingy "nifantoka tamin'izany eritreritra izany" ny sainy tamin'izay ka dia napetrany tamim-panetrentena





sy tamim-pahamatorana tamin'ny herin'ny sorompanavotan'i Kristy ny fitokiany.[2]

Niova i Almà rehefa avy niaina io toe-javatra io. Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia nanokana ny fiainany mba hanarina ny zavatra nosimbainy izy. Ohatra mahery vaika iray teo amin'ny fibebahana sy ny famelan-keloka ary ny fahatokiana maharitra izy.

Voafidy handimby ny rainy ho lohan'ny Fiangonan' Andriamanitra i Almà tamin'ny farany.

Tsy maintsy nahafantatra ny tantaran'i Almà ny olona rehetra tao amin'ny firenena Nefita. Mety ho feno sary sy tantara momba azy ny Twitter sy ny Instagram ary ny Facebook tamin'ny androny. Mety tena niseho tsy tapaka teo amin'ny fonon'ny gazety *Zarahemla Weekly* izy sy natao lohahevitra ho an'ny matoan-dahatsoratra an-gazety ary ny fandaharana manokana amin'ny fahitalavitra. Raha fehezina dia izy angamba no olona malaza tena be mpahafantatra tamin'ny androny.

Saingy rehefa hitan'i Almà fa nanadino an' Andriamanitra ny olony ary lasa nieboebo sy nifanditra, dia nisafidy ny hiala tamin'ny asany amin'ny maha-olom-boafidim-bahoaka azy izy ary nanokana ny tenany "manontolo ho an'ny fisoronana avo araka ny lamina masin' Andriamanitra,"[3] hitory ny fibebahana teo anivon'ireo Nefita.

Nahita fahombiazana lehibe i Almà tamin'ny voalohany—mandra-pandehany tany amin'ny tanànan'i Amônihà. Fantatry ny olona tsara tao amin'io tanàna io fa tsy mpitarika azy ireo ara-pôlitika intsony i Almà ary zara raha nanaja ny fahefan'ny fisoronana nananany izy ireo. Notevatevain'izy ireo sy nalain'izy ireo baraka izy ary noroahan'izy ireo hiala ny tanànany.

Nalahelo i Almà ka nandao ny tanànan'i Amônihà.[4]

Saingy nisy anjely iray niteny taminy mba hiverina.

Eritrereto fotsiny izany: nasaina niverina tany amin'ilay vahoaka izay nankahala azy sy nanenjika ny Fiangonana izy. Andraikitra mampidi-doza na mety mahafaty izany. Saingy tsy nisalasala i Almà. "Niverina faingana izy."[5]

Efa nifady hanina nandritra ny andro maro i Almà raha niditra ny tanàna. Nanontany olon-tsy fantatra tanteraka iray izy tao raha mba "hanome haninkohanina ity mpanompon' Andriamanitra mietry tena ity."[6]

#### Amioleka

Amioleka no anaran'io lehilahy io.

Olona manan-karena sy nalaza tao amin'ny tanànan'i Amônihà i Amioleka. Na dia avy amin'ny taranak'olona mpino maro aza izy dia lasa nangatsiaka ny finoany. Niaiky izy taty aoriana hoe: "Efa nantsoina imbetsaka aho ary tsy te hihaino; koa nahalala ny momba ireny zavatra ireny aho, kanefa tsy te [hino]; koa dia notohizako ny fikomiana tamin' Andriamanitra."[7]

Saingy nomanin' Andriamanitra i Amioleka, ka rehefa nihaona tamin'i Almà i Amioleka dia nampandrosoany tao an-tranony ilay mpanompon'ny Tompo, ary nipetraka tao nandritra ny andro maro i Almà.[8] Nanaiky ny handray ny hafatr'i Almà ny fon'i Amioleka nandritra izany fotoana izany ary nisy fiovana mahatalanjona nanenika azy. Nanomboka teo i Amioleka dia tsy hoe nino fotsiny fa lasa mpiaro ny fahamarinana koa.

Rehefa nandeha indray teny anivon'ny vahoakan'i Amônihà mba hampianatra i Almà dia nanana olona ho vavolombelona faharoa izy teo anilany—dia i Amioleka, mpiara-monina anankiray amin'izy ireo.

Anisan'ny tantara sady mahafinaritra no mampalahelo ao anatin'ny soratra masina rehetra ny toe-javatra nitranga taorian'izany. Afaka mamaky mikasika izany ianareo ao amin'ny Almà toko 8–16.

Te hangataka anareo mba hieritreritra fanontaniana roa aho androany:

Voalohany: "Inona no azoko ianarana avy amin'i Almà?"

Faharoa: "Inona no itoviako amin'i Amioleka?"

#### Inona no azoko ianarana avy amin'i Almà?

Ndeha hatomboko amin'ny fanontaniana ireo mpitarika rehetra taloha na amin'izao fotoana izao na ireo izay ho mpitarika ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy hoe: "Inona no azonareo ianarana avy amin'i Almà?"

I Almà dia lehilahy niavaka tamin'ny fananany talenta sy ny fahavitany zavatra. Mety mora ny mieritreritra fa tsy nila fanampiana na avy tamin'iza na tamin'iza izy. Kanefa inona no nataon'i Almà rehefa niverina tany Amônihà izy?

Nahita an'i Amioleka i Almà dia nangataka fanampiana taminy.

Dia nahazo fanampiana i Almà.

Tsy haiko hoe inona no antony, fa matetika isika amin'ny maha-mpitarika antsika, tsy dia mazoto mitady ireo Amiolekantsika sy mangataka fanampiana amin'izy ireo. Mieritreritra angamba isika fa afaka mahavita tsara kokoa ilay asa rehefa isika irery no manao azy, na tsy te hanahirana ny hafa isika, na mihevitra isika fa tsy te handray anjara ny hafa. Matetika loatra

isika no misalasala ny hanasa ny olona mba hampiasa ireo talenta nomen' Andriamanitra azy sy hirotsaka hanao ilay asa famonjena lehibe.

Eritrereto ny Mpamonjy—moa ve Izy nanomboka nanorina ny Fiangonany irery?

Tsia.

Ny hafany dia tsy hoe: "Aza misahirana. Ho vitako irery io." Fa hoe "Avia, manaraha Ahy."[9] Nanentana ny fanahin'ireo mpanaradia Azy sy nanasa azy ireo sy nampianatra azy ireo Izy ary nametraka fitokiana tamin'izy ireo mba "hanao ny zavatra efa hitanareo fa ataoko."[10] Sady nanorina ny Fiangonany no nanamafy orina ny mpanompony koa i Jesoa Kristy tamin'izay fomba izay.

Na inona na inona toerana hanompoanareo amin'izao fotoana izao—na filohan'ny kôlejin'ny diakona izany, na filohan'ny tsatòka na Filohan'ny Vondrom-paritra—dia tsy maintsy mitady ireo Amiolekanareo ianareo raha te hahomby.

Mety ho olona tsotsotra izany na tsy tonga dia hita mihitsy aza eo anivon'ny olona miangona ao aminareo. Mety ho olona *toa* tsy vonona na tsy afaka ny hanompo izany. Mety ho tanora na olondehibe na lehilahy na vehivavy, na tsy manan-traikefa na reraka na tsy mavitrika ao amin'ny Fiangonana ireo Amiolekanareo. Saingy ny zavatra mety tsy tonga dia hita dia ny fanantenan'izy ireo handre ireto teny ireto avy aminareo: "Mila anao ny Tompo! Mila anao aho!"

Maro no maniry lalina ny hanompo an' Andriamaniny. Te ho fitaovana eo am-pelatanany izy ireo. Te handroso ny antsimelony sy hijinja amin'ny heriny izy ireo mba hanomana ny tany amin'ny fiverenan'ny Mpamonjy antsika. Te hanorina ny Fiangonany izy ireo. Saingy misalasala izy ireo hanomboka izany. Miandry angatahina izy ireo matetika.

Manasa anareo aho mba hieritreritra ireo olona any amin'ny sampana sy paroasy misy anareo ary any amin'ny misiôna sy tsatòka misy anareo izay mila mandre antso mba handray andraikitra. Efa niasa niaraka tamin'izy ireo ny Tompo—nanomana azy ireo, nanalefaka ny fony. Tadiavo izy ireo ka mijere amin'ny alalan'ny fo.

Tolory tanana izy ireo. Ampianaro izy ireo. Entano ny fanahin'izy ireo. Anontanio izy ireo.

Zarao amin'izy ireo ny teny nolazain'ilay anjely tamin'i Amioleka—fa [hitoetra amin'izy ireo sy ny tranony ny fitahian'ny Tompo.][11] Mety ho gaga ianareo hahita mpanompon'ny Tompo mafana fo anankiray izay mety nitoetra ho tsy hita tany raha tsy natao izany.

#### Inona no itoviako amin'i Amioleka?

Raha tokony hitady Amioleka ny sasany amintsika, ho an'ny hafa kosa ny fanontaniana dia mety hoe: "Inona no itoviako amin'i Amioleka?"

Mety lasa tsy dia ampy fanolorantena loatra ianao amin'ny mahampianatra anao nandritra ny taona maro. Mety nihena ny tanjaky ny fijoroana ho vavolombelona ananananao. Mety nampanalavitra ny tenanao tamin'ny tenan'i Kristy ianao. Mety lasa diso fanantenana ianao na tezitra mihitsy. Toy ireo olona sasany tao amin'ny Fiangonana fahiny tao Efesosy, dia mety niala tamin'ny "fitiavanao voalohany ianao"[12]—ireo fahamarinana lehibe sy mandrakizain'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Angamba fantatrao tao am-ponao tahaka an'i Amioleka fa ny Tompo dia "niantso [anao] imbetsaka" saingy "tsy te hihaino" ianao.

Saingy hitan'ny Tompo ao aminao ny zavatra hitany tao amin'i Amioleka—dia ilay fahafahana ho mpanompo mahery fo manana asa manan-danja hatao sy fijoroana ho vavolombelona ho zaraina. Misy asa fanompoana izay tsy misy mahavita amin'ny fomba hanaovanao azy. Nankinin'ny Tompo taminao ny fisoronany masina, izay mihazona ilay hery masina hitahiana sy hampitrakana ny hafa. Mihainoa amin'ny fonao ary araho ny bitsiky ny Fanahy.

#### Ny dia nataon'ny mpikambana iray

Nanohina ny foko ny dia nataon'ny rahalahy iray izay nanontany tena hoe: "Rehefa miantso ny Tompo, moa ve aho hihaino?" Ho antsoiko hoe i David io rahalahy mahafinaritra io.



Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana i David 30 taona lasa teo izay. Nanao asa fitoriana ny filazantsara izy ary avy eo nianatra tany amin'ny sekoly mampianatra lalàna. Tao anatin'ny fotoana nianarany sy niasany mba hamelomana ilay fianakaviana keliny dia nahita fampahalalana momba ny Fiangonana izay nampisafotofoto ny sainy izy. Arakaraka ny namakiany bebe kokoa ireo fitaovana tsy milaza afa-tsy zavatra ratsy ireo no nahatonga azy hikorontan-tsaina bebe kokoa. Farany dia nangataka ny hanesorana ny anarany tao amin'ny firaketana ny mpikamban'ny Fiangonana izy.

Nanomboka tamin'izay i David dia nandany fotoana betsaka, tahaka an'i Almà nandritra ny fotoana nikomiany, niadiana hevitra tamin'ny mpikambam'ny Fiangonana sy nirotsahana tamin'ny fifampiresahana amin'ny alalan'ny internet niaraka tamin'ny tanjona hanohitra ny finoan'izy ireo.

Tena hainy tsara izany.

Ho antsoiko hoe Jacob ny iray amin'ireo mpikambana izay niadiany hevitra. Naneho hatsaram-panahy sy fanajana an'i David foana i Jacob, kanefa tsy nilefitra tamin'ny fiarovany ny Fiangonana koa izy.

Rehefa nandeha ny taona dia lasa nifanaja sy nifampinamana i David sy i Jacob. Ny zavatra tsy fantatr'i David



dia hoe nivavaka ho azy i Jacob ary nanao izany am-polo taona mahery tamim-pahatokiana izy. Nosoratany mba hivavahana any amin'ireo tempolin'ny Tompo mihitsy aza ny anaran'ilay namany ary nanantena izy fa hihamalefaka ny fon'i David.

Rehefa nandeha ny fotoana dia niova tsimoramora tokoa i David. Nanomboka nahatsiaro tamin-kamamiana ireo zavatra ara-panahy niainany taloha izy ary nahatsiaro ny fifaliana tsapany tamin'izy mpikamban'ny Fiangonana.

Tahaka an'i Almà, dia tsy nanadino tanteraka ireo fahamarinan'ny filazantsara izay nisy fotoana nekeny izy. Ary tahaka an'i Amioleka dia nahatsapa i David fa nanolo-tanana azy ny Tompo. Mpiara-miombon'antoka tao amin'ny orinasa iray misahana ny lalàna i David tamin'izany—asa faran'izay tsara. Lasa nalaza ho mpitsikera ny Fiangonana izy ary be hambom-po loatra ka tsy sahy nangataka ny hiverina ho mpikambana.

Na dia izany aza dia nitohy ny fahatsapany ny fisarihan'ilay Mpiandry Tsara.

Ninoany tamin'ny fony ilay soratra masina hoe: "Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany."[13] Nivavaka izy hoe: "Andriamanitra malala ô! Te ho Olomasin'ny Andro Farany indray aho, saingy manana fanontaniana izay mila valiny aho."

Nanomboka nihaino ireo bitsiky ny Fanahy sy ireo valinteny azo avy amin'ny fitaomam-panahy nomen'ny namana izy, tamin'ny fomba izay mbola tsy nataony velively teo aloha. Nifandimby niova ho finoana ireo ahiahiny mandra-pahafantany indray tamin'ny farany fa afaka mahatsapa fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny izy.

Tamin'io fotoana io dia fantany fa ho afaka ny handresy ny hambompony izy ary hanao izay azo atao mba horaisina indray ao amin'ny Fiangonana.

Niditra ny ranon'ny batisa i Davida tamin'ny farany ary nanomboka nanisa ireo andro izay hahafahana mamerina aminy ireo fitahiany.

Faly aho manambara fa naverina tamin'i David ireo fitahiany tamin'ny fahavaratra lasa teo. Mandray anjara tanteraka ao amin'ny Fiangonana indray izy ary mpampianatra ny Foto-pampianaran'ny Filazantsara ao amin'ny paroasiny. Araraotiny ny fotoana tsara rehetra mba hiresahana mikasika ny fiovany sy mba hanarenana ny zavatra nosimbainy ary mba hijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara sy ny Fiangonan'i Jesoa Kristy.

**Famaranana**

Ry rahalahiko malala, ry namako malala, ndeha isika hitady sy hikaroka an'ireo Amioleka ao amin'ny paroasintsika sy ny tsatòkantsika ary hanentana ny fanahiny sy hiantehitra amin'izy ireo. Misy Amioleka maro ao amin'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao.

Mety mahafantatra anankiray ianao. Mety iray amin'izany ianao.

Mety efa nibitsika taminao ny Tompo, nanosika anao mba hiverina amin'ny fitiavanao voalohany, hizara ireo talentanao, hampiasa amim-pahamendrehana ny fisoronana ary hiaraka hanompo amin'ireo Olomasina namanao mba hanakaikezana bebe kokoa an'i Jesoa Kristy sy hanorenana ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany.

Fantatry ny Mpamonjy malalantsika ny toerana misy anao. Fantany ny ao am-ponao. Maniry ny hanavotra anao Izy. Hanolo-tanana anao Izy. Sokafy fotsiny Aminy ny fonao. Maniry aho hoe ireo izay niala tamin'ny lalan'ny maha-mpianatra—na dia kely fosiny aza—dia hibanjina ny hatsaran' Andriamanitra sy ny fahasoavany, hijery amin'ny fony, hianatra avy amin'i Almà sy Amioleka, ary hihaino ilay tenin'ny Mpamonjy izay manova fiainana hoe: "Avia, manaraha Ahy."

Mamporisika anareo aho mba hanome lanja ny antsony satria azo antoka fa hahazo ny valisoan'ny lanitra ianareo. Ny fitahian'ny Tompo dia hitoetra aminareo sy ny tranonareo.[14]

Izany no ijoroako ho vavolombelona ary apetrako aminareo ny tsodranoko amin'ny maha-Apôstôlin'ny Tompo ahy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Môsià 27:8–10.
2. Jereo ny Almà 36:6–20.
3. Almà 4:20.
4. Jereo ny Almà 8:24.
5. Almà 8:18.
6. Almà 8:19.
7. Jereo ny Almà 10:2–6.
8. Jereo ny Almà 8:27.
9. Lioka 18:22.
10. Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 26:25 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina).
11. Jereo ny Almà 10:7.
12. Jereo ny Apokalypsy 2:4.
13. Jakoba 1:5.
14. Jereo ny Almà 10:7.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Mba hahatonga azy ho matanjaka ihany koa

*Mivavaka aho mba ho tanterahintsika ny antsontsika hampitraka ny hafa mba hanomana azy ireo ho amin'ny asa fanompoany feno lehibe.*

Mahatsapa ho voatahy aho noho ny fiarahako amin'ireo izay mihazona ny fisoronan'Andriamanitra ato amin'ity fivoriana ity. Fahagagana amin'izao andro izao ny fanolorantena sy ny finoana ary ny fanompoana feno fahafoizan-tenan'ity fivondronan'ny lehilahy sy zatovolahy ity. Anio hariva aho dia hiresaka amin'ny mpihazona ny fisoronana, na lehibe na kely, izay miray hina amin'ny fanompoana tena avy ao am-po ho an'i Jesoa Kristy Tompo.

Ny Tompo dia manome ny heriny ho an'ireo izay ao amin'ny anjara fanompoan'ny fisoronana rehetra ka manompo amim-pahamendrehana ao amin'ny andraikiny ao amin'ny fisoronana.

I Wilford Woodruff, tamin'ny naha-Filohan'ny Fiangonana azy, dia nilazalaza ny zavatra niainany tao amin'ireo anjara fanompoan'ny fisoronana:

"Nandre lahateny vao voalohany tsy mbola fandreko hatramin'izay tato amin'ny Fiangonana aho. Ny ampitson'iny aho dia natao batisa. . . . Natokana ho Mpampianatra aho. Nanomboka avy hatrany ny asa nanirahana ahy. . . . Niaina izany asa nanirahana ahy izany aho tamin'ny naha-Mpampianatra ahy. . . . Natokana ho Mpisorona aho nandritra ny fihaonambe. . . . Taorian'ny nanokanana ahy ho Mpisorona dia nalefa . . . hitory ny filazantsara tany amin'ny faritra atsimo aho. Tamin'ny fararanon'ny taona 1834 izany. Nisy misiônera iray niara-nitory tamiko, ary dia nanainga izahay, tsy nanana kitapom-bola na kitapom-batsy. Nandeha irery an-kilaometatra maro aho dia nitory ny Filazantsara, ary nanao batisa olona maro izay tsy afaka nataoko ny fandraisana azy ireo ho mpikambana ao amin'ny Fiangonana, satria aho Mpisorona fotsiny ihany. . . . Nandeha nitory ny Filazantsara elaela aho izay vao notendrena ho Loholona. . . .

"[Ankehitriny] efa ho efatra amby dimampolo taona no nahampikambana ahy ato amin'ny Apôstôly Roambinifolo. Izany no efa niainako ary mbola miampy ireo kôlejy hafa nandritra ny enimpolo taona; ary tiako ny milaza amin'ireo izay mivory eto fa mitovy ny fanohanan'ny herin' Andriamanitra ahy amin'ny maha-Apôstôly ahy sy ny fanohanany ahy fony tao amin'ny anjara fanompoan'ny Mpampianatra, indrindra rehefa niasa tao amin'ny tanimboaloboka aho fony Mpisorona. Tsy misy fahasamihafana amin'izany raha toa manao ny andraikitsika isika."[1]

Izany tsy fisian'ny fahasamihafana izany izay zava-misy ara-panahy mahavariana dia voafono ao amin'ny filazan'ny Tompo fa ny Fisoronana Aharôna dia "fanampiny" ho an'ny Fisoronana Melkizedeka.[2] Ny teny hoe *fanampiny* dia midika fa mifandray izy roa ireo. Zava-dehibe io fifandraisana io mba hahatonga ny fisoronana ho lasa ilay hery sy fitahiana izay mety ahatongavany, eto amin'ity tontolo ity sy mandrakizay, satria izy io dia "tsisy fiandohan'andro na fiafaran-taona."[3]

Tsotra ilay fifandraisana misy. Manomana ny zatovolahy ho amin'ny fitokiana masina kokoa ny Fisoronana Aharôna.

"Ny hery sy ny fahefan'ny fisoronana ambonimbony kokoa na ny Fisoronana Melkizedeka dia ny mihazona ny fanalahidin'ny fitahiana ara-panahy rehetra ao amin'ny fiangonana—

"Ny manana ny tombontsoa handray ny misterin'ny fanjakan'ny lanitra, ny hanana ny lanitra misokatra eo anoloany, ny miombona amin'ny fivoriana faobe sy ny fiangonan'ny Lahimatoa ary ny manana anjara amin'ny fiombonana sy ny fanatrehan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa, ilay mpanalalan'ny fanekempihavanana vaovao."[4]

Olona iray ihany no mampihatra feno ireo fanalahidin'ny fisoronana ireo amin'ny fotoana iray, dia ny Filoha sy





mpisorona avo mpiahy ny Fiangonan'ny Tompo. Avy eo, amin'ny alalan'ny famindram-pahefan'ny Filoha, ny lehilahy rehetra izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka dia afaka ny hahazo ny fahefana sy ny tombontsoa mba hiteny sy hanao asa amin'ny anaran'ny Tsitoha. Tsy misy fiafarany izany hery izany. Voakasik'izany ny fiainana sy ny fahafatesana, ny fianakaviana sy ny Fiangonana, ny toetra lehiben' Andriamanitra mihitsy sy ny asany mandrakizay.

Manomana ny mpihazona ny Fisoronana Aharôna ny Tompo mba ho lasa loholona izay manompo amin'ny finoana sy ny hery ary ny fankasitrahana izany Fisoronana Melkizedeka feno voninahitra izany.

Ho an'ireo loholona, tena ilaina ny fankasitrahana lalina mba hanatanterahanareo ny anjaranareo amin'ny asa fanompoana feno ao amin'ny fisoronana. Hahatsiaro ny fotoana nahadiakona, na naha-mpampianatra, na naha-mpisorona anareo ianareo izay nanoloran'ireo mpihazona ny fisoronana ambonimbony kokoa tanana ho anareo mba hampitraka sy hampahery anareo tamin'ny zavatra niainanareo tao amin'ny fisoronana.

Ny mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka rehetra dia manana fahatsiarovana tahaka izany, saingy mety nihena ny fahaiza-mankasitraka rehefa nandeha ny taona. Manantena aho fa hihavao indray izany fahatsapana izany ary miaraka amin'izany dia mba hisy fahavononana hanampy ireo rehetra azonareo ampiana tahaka ny efa nanampiana anareo taloha.

Tsaroako nisy eveka iray izay nandray ahy sahady ho toy ilay olona mety ahatongavako ao amin'ny herin'ny fisoronana. Niantso ahy izy indray alahady fony aho mpisorona. Nolazainy fa nila ahy izy mba ho namany amin'ny famangiana mpikambana vitsivitsy tao amin'ny paroasinay. Nataony ho toy ny hoe izaho no hany fanantenany mba hahazoany fahombiazana. Tsy nila ahy izy. Nanana mpanolotsaina tena tsara izy tao amin'ny episkôpà.

Namangy mananotena mahantra sy noana izahay. Tiany hanampy azy hahakasika ny fon'ilay mananotena aho sy hamporisika azy io mba handamina ny ny fampiasany ny volany ary hampanantena azy fa azony atao ny mivoatra ka tsy vitan'ny hoe ho afaka hikarakara ny tenany izy fa ho afaka hanampy ny hafa ihany koa.

Avy eo izahay dia nandeha nankahery zazavavy kely anankiroa izay tao anaty toe-javatra manahirana. Rehefa nihanalavitra izahay, dia hoy ilay eveka tony dia tony tamiko: "Tsy ho hadinon'ireo ankizy ireo mihitsy hoe nankany aminy isika."

Tao amin'ny trano manaraka no nahitako ny fomba hanasana lehilahy iray izay malaindaina mba hiverina ho any amin'ny Tompo amin'ny fandresena lahatra azy hoe mila azy ireo mpikambana ao amin'ny paroasy.

Io eveka io dia mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka izay nanatsara ny fahitako ny tenako sy nankahery ahy tamin'ny fanomezana ohatra tsara. Nampianariny aho hanana ny hery sy ny zotom-po mba handeha na aiza na aiza hanompo ny Tompo. Efa nandao efa ela izy ary nahazo ny valisoany, kanefa mbola mahatsiaro azy foana aho satria nanolo-tanana izy hampitraka ahy raha mbola mpihazona ny Fisoronana Aharôna tsy ampy traikefa aho. Reko taty aoriana fa izy dia nahita hoe nihazo ny lalana hahazoana andraikitra lehibe kokoa aho ao amin'ny fisoronana, izay tsy mbola takatro tamin'izany fotoana izany.

Nanao toy izany tamiko koa ny raiko. Mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka andrarezina sy feno fahendrena izy. Indray mandeha dia nangatahin'ny Apôstôly iray izy hanoratra lahatsoratra fohy mikasika ny porofo ara-tsiantifika ny amin'ny hoe firy taona no nisian'ny tany. Nosoratany tsara izany, ary fantany fa ny sasany izay mety hamaky an'izany dia nanana fahatsapana mahery vaika fa ny tany dia tanora lavitra noho izay lazain'ilay porofo ara-tsiantifika.

Mbola tsaroako foana ny raiko nanolotra ahy ny zavatra nosoratany ka niteny tamiko hoe: "Ry Hal, manana ny fahendrena ara-panahy ianao hahafantarana raha tokony handefa ity any amin'ny apôstôly sy mpaminany aho." Tsy dia tadidiko loatra ny voalazan'ilay taratasy, kanefa hotsaroako mandrakizay ny fankasitrahana izay tsapako ho an'ny mpihazona Fisoronana Melkizedeka mahafinaritra iray izay nahita fa tao amiko dia nisy fahendrena ara-panahy izay tsy afaka ny ho hitako.

Indray alina, taona maro taty aoriana, rehefa notendrena ho Apôstôly aho, dia niantso ahy ny mpaminanin' Andriamanitra ary nangataka ahy hamaky zavatra iray izay nosoratana momba ny fotopampianaran'ny Fiangonana. Namaky ireo toko tao amin'ny boky iray izy nandritra ny alina. Hoy izy nihomehy: "Tsy afaka hamaky an'ity manontolo aho. Tsy tokony hiala sasatra ianao kanefa aho miasa." Avy eo dia nampiasa ireo teny saika nitovy tamin'ny teny nampiasain'ny raiko taona maro lasa izy: "Ry Hal, ianao no tokony hamaky ity. Ho fantatrao raha mety ny mamoaka azy."

Niseho izany endriky ny fampitrakana sy fankaherezana ataon'ny mpihazona Fisoronana Melkizedeka izany indray alina tamin'ny hetsika iray momba ny kabary izay notohanan'ny Fiangonana. Nangatahina handray fitenenana teo imason'ny mpijery maro aho tamin'izaho 17 taona. Tsy fantatro mihitsy hoe inona no nandrasana tamiko. Tsy nomena lohahevitra aho, ka dia nanomana lahateny izay toa lasa

nihoatra ny zavatra fantatro momba ny filazantsara. Teo am-pitenenana aho dia nahita fa nanao hadisoana. Mbola tsaroako foana hoe taorian'ny nandraisako fitenenana dia nahatsapa tamim-pahakiviana ho tsy nahomby aho.

Ny Loholona Matthew Cowley tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo no mpandahateny manaraka sy farany. Mpandahateny tena mahay izy—izay nankamamiana tokoa tao amin'ny Fiangonana. Mbola tsaroako aho nitraka nijery azy avy eo amin'ny sezako teo akaikin'ny polipitra.

Nanomboka tamin'ny feo mahery izy. Nolazainy fa ny lahateniko dia nahatonga azy hahatsapa hoe tao anaty fivoriambe tena miavaka izy. Nitsiky izy raha niteny izany. Nandao ahy ny fahatsapako hoe tsy nahomby aho ary narahin'ny fahatokiana izany fa indray andro aho dia ho lasa ilay olona toa eritreretiny hoe efa izaho.

Ny fahatsiarovana tamin'io alina io dia mbola mitarika ahy hihaino tsara rehefa misy mpihazona ny Fisoronana Aharôna mandray fitenenana. Noho ny zavatra nataon'ny Loholona Cowley ho ahy, dia miandrandra foana aho hoe handre ny tenin' Andriamanitra. Indraindray aho diso fanantenana ary matetika dia talanjona, ka tsy mahatana ny fitsikiana aho tahaka ny nataon'ny Loholona Cowley.

Zavatra maro no mety hanampy amin'ny fankaherezana ireo rahalahy zandritsika mba hivoatra ao amin'ny fisoronana, kanefa tsy misy mahery vaika noho ny fanampiantsika azy ireo hampitombo ny finoany sy ny fahatokiany fa izy ireo dia afaka miantehitra amin'ny herin' Andriamanitra amin'ny fanompoany ao amin'ny fisoronana.

Tsy hijanona ao amin'izy ireo izany finoana sy fahatokiana izany noho ny zavatra anankiray monja niainana izay nampaherezana azy, eny fa na avy amin'ny mpihazona Fisoronana Melkizedeka faran'izay manankarem-pahasoavana indrindra aza izany. Ny fahafahana miantehitra amin'ireo hery ireo dia tokony ho kolokoloina amin'ny fanehoana fitokiana avy amin'ireo izay manana traikefa bebe kokoa ao amin'ny fisoronana.

Isan'andro, eny isan'ora mihitsy aza dia mila famporisihana sy fanitsiana avy amin'ny Tompo amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna. Afaka ny ho azon'izy ireo izany rehefa *misafidy ny ho mendrika izany* izy ireo. Hiankina amin'ireo safidy izay hataony izany.

Izany no antony tokony hampianarantsika amin'ny fanehoana ohatra tsara sy amin'ny fijoroana ho vavolombelona fa marina ireo tenin'ny Mpanjaka Benjamina izay mpitarika lehibe ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka.[5] Izany dia teny feno fitiavana nolazaina tamin'ny anaran'ny Tompo izay tompon'ity fisoronana ity. Nampianatra ny Mpanjaka Benjamina hoe inona no takina amintsika mba hijanona hanana fahadiovana ampy mba handraisana ny famporisihana sy ny fanitsian'ny Tompo:

"Ary farany, izaho dia tsy afaka milaza aminareo ny zavatra rehetra izay mety hanotanareo; fa misy làlana sy fomba samihafa, be loatra aza ka tsy hitako hisaina izy ireny.

"Saingy izao ihany no azoko lazaina anareo, raha tsy mitandrina ny tenanareo sy ny eritreritrareo ary ny teninareo sy ny ataonareo ianareo, ary tsy mitandrina ny didin' Andriamanitra sy tsy mitozo amin'ny finoana an'izay efa renareo momba ny fiavian'ny Tompontsika ka ambara-pahatapitry ny ainareo, dia tsy maintsy ho faty ianareo. Ary ankehitriny, Rey olona ô, tsarovy, ary aoka tsy ho faty."[6]

Isika rehetra dia mahafantatra ireo zana-tsipìka mirehitry ny fahavalon'ny fahamarinana izay alefa tahaka ny rivotra mahatsiravina hamely ireo mpihazona ny fisoronana tanora izay tiantsika tokoa. Amintsika izy ireo dia toy ny miaramilan-jatovo izay niantso ny tenany hoe zanak'i Helamàna. Afaka ny hijanona ho velon'aina izy ireo, tahaka ireo miaramila tanora ireo, raha toa mijanona ho voaro araka ny namporisihan'ny Mpanjaka Benjamina mba hataon'izy ireo.

Tsy nisalasala ireo zanak'i Helamàna. Niady tamin'ny risi-po izy ireo ary nivoaka ho mpandresy satria nino ny teny nolazain'ny reniny izy.[7] Mahatakatra ny herin'ny finoan'ny reny iray feno fitiavana isika. Manome izany fanohanana lehibe izany ho an'ireo zanany lahy ny reny ankehitriny. Isika mpihazona ny fisoronana dia afaka ary tokony hanampy izany fanohanana izany amin'ny fahavononantsika hanatanteraka ilay andraikitra hoe rehefa niova fo isika, dia tokony hanolo-tanana hampahery ireo rahalahintsika.[8]

Mivavaka aho mba haneken'ny mpihazona ny fisoronana Melkizedeka rehetra ilay fahafahana atolotry ny Tompo manao hoe:

"Ary raha misy olona matanjaka ao amin'ny Fanahy eo anivonareo, dia aoka izy haka izay malemy hiaraka aminy, mba hahazoana mampiorina azy ao amin'ny fandeferana tanteraka ka hahatonga azy ho matanjaka ihany koa.

"Koa alao hiaraka aminareo ireo izay voatokana ho amin'ny fisoronana ambany, ary iraho eo alohanareo ireo hamotoana sy hanomana ny lalana ary hanatontosa ny raharaha izay tsy arakareo.

"Indro izany no fomba izay nanorenan'ireo apostoliko tamin'ny andro fahiny ho Ahy ny fiangonako."[9]

Ianareo mpihazona ny fisoronana sy rain'ireo mpihazona ny fisoronana Aharôna dia afaka manao fahagagana. Afaka manampy ny Tompo hanatevindaharana an'ireo loholona mahatoky ianareo miaraka amin'ireo zatovolahy izay manaiky ilay antso hitory ny filazantsara sy manao izany amim-pahatokiana. Hahita ianareo fa ireo maro izay nampitrakainareo sy nampaherezinareo dia hijanona ho mahatoky, hanambady am-pahamendrehana any amin'ny tempoly ary hampitraka sy hanomana ny hafa indray koa.

Tsy mila fandaharan'ny fiarahamientana vaovao izany, tsy mila fitaovana enti-mampianatra nohavaozina, na tambazotra ifaneraserana tsaratsara kokoa. Tsy hitaky antso ankoatra izay efa ananana ankehitriny izany. Ny fianianana sy fanekempihavanan'ny fisoronana dia manome anao hery sy fahefana ary fitarihana. Mivavaka aho mba handeha hody ianareo ary handalina tsara ny fianianana sy

ny fanekempihavanan'ny fisoronana, izay hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 84.

Isika rehetra dia manantena fa hiampy ny zatovolahy hiaina zavatra mitovy amin'ny an'i Wilford Woodruff, izay, tamin'izy mpihazona ny Fisoronana Aharôna dia nampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tamin'ny hery mitondra fiovam-po.

Mivavaka aho mba ho tanterahintsika ny antsontsika hampitraka ny hafa mba hanomana azy ireo ho amin'ny asa fanompoany feno voninahitra. Isaorako eram-po ireo olona mahafinaritra izay nampitraka ahy sy nampiseho ahy ny fomba hitiavana sy hampitrakana ny hafa.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Filoha Thomas S. Monson dia mihazona ny fanalahidy rehetran'ny fisoronana ety an-tany amin'izao fotoana izao. Mijoro ho vavolombelona aho fa izy, tao anatin'ny fanompoana nandritra ny androm-piainany, dia ohatra ho antsika rehetra amin'ny fanoloran-tanana mba hampitrakana ny hafa amin'ny maha-mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka azy. Feno fankasitrahana ny tenako manokana noho ny fomba izay nampitrakany ahy sy nampisehoany ahy ny fomba hampitrakana ny hafa.

Velona Andriamanitra Ray. Jesoa no Kristy. Ity no Fiangonany sy fanjakany. Ity no fisoronany. Fantatro manokana izany amin'ny herin'ny Fanahy Masina. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Wilford Woodruff, "The Rights of the Priesthood," *Deseret Weekly,* Mar. 17, 1894, 381.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:30; 107:14.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:17.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:18–19.
5. Ny Almà 13: 6–9 dia milaza fa ireo mpaminanin'ny Bokin'i Môrmôna dia nihazona ny Fisoronana Melkizedeka.
6. Môsià 4:29–30.
7. Jereo ny Almà 56:47.
8. Jereo ny Lioka 22:32.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:106–8.



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Fitsipika sy fampanantenana

*Enga anie isika hikolokolo ny vatantsika sy ny saintsika amin'ny alalan'ny fitandremana ireo fitsipika voalaza ao amin'ny Tenin'ny Fahendrena, izay drafitra iray natolotr' Andriamanitra.*

Anio hariva aho ry rahalahy isany dia mivavaka mba ho tarihan'ny Raintsika any An-danitra raha hizara ny hafatro aminareo.

Tamin'ny 1833 ny Tompo dia nanambara tamin'ny Mpaminany Joseph Smith drafitra iray hananana fiainana ara-pahasalamana. Hita ao amin'ny fizarana faha-89 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana io drafitra io ary antsoina hoe ny Tenin'ny Fahendrena. Manome torolalana mazava izy io mikasika ny sakafo hohanintsika, ary mandrara ny fampiasana zavatra izay manimba ny vatantsika.

Ireo izay mankatò ny didin'ny Tompo ary mitandrina amim-pahatokiana ny Tenin'ny Fahendrena dia ampanantenaina fitahiana manokana, anisan'izany ny fahasalamana sy tanjaka ara-batana bebe kokoa.[1]





Vao haingana aho no namaky ny fitantarana marina ny trangan-javatra iray miavaka mahakasika ireo fampanantenana ireo. Nisy mpikambana iray mahatoky tato amin'ny Fiangonana, i John A. Larsen, izay nanompo nandritra ny Ady Lehibe Faharoa tao amin'ny Fiambenana ny Sisintanin'i Etazonia teny ambonin'ilay sambo USS *Cambria*. Nandritra ny ady iray tany Philippines, dia tonga ny vaovao mikasika ny fanatonan'ny andiana fiaramanidina mpandatsaka baomba sy mpanao vy very ny ainy. Nomena ny baiko ny amin'ny tokony handaozana avy hatrany ny toby. Koa satria efa lasa ilay USS *Cambria* dia nanangona ny fitaovan'izy ireo i John sy ny namany anankitelo ary namonjy faingana ny moron-dranomasina, nanantena fa hisy hitatitra azy ireo ho any amin'ny iray tamin'ireo sambo izay hanainga. Soa ihany fa nisy lakana fitaterana naka azy ireo ary nandeha faingana namonjy ilay sambo farany izay handao helo-dranomasina. Ireo lehilahy teo ambonin'io sambo hanainga io, teo am-piezahana hitaona ny olona haingana araka izay tratra, dia sahirana teny antokotanin-tsambo ary tsy nanam-potoana afa-tsy ny handatsaka tady ho an'ireo efadahy ireo, mba hahafahan'izy ireo mianika ho eny ambony sambo.

I John, izay nanana fitaovana mavesatra fampitana feo nofatorana teo an-damosiny, dia nikirazorazo tamin'ny tady 12 metatra, teo amin'ny takiban'ny sambo iray izay efa manainga ho eny afovoan'ny ranomasina. Nanomboka nianika izy nampiakatra ny tenany, ka nampifandimbiasany naroso tsirairay ny tanany, sady nahafantatra fa raha votsotra ny tanany dia azo antoka fa ho faty tokoa izy. Raha mbola vao ny ampahatelon'ny lalana fotsiny no vitany dia tsapany fa godron'ny fanaintainana ireo sandriny. Valaka tanteraka izy ka nahatsiaro fa tsy hahavita hamikitra intsony.

Rehefa lany iny ny tanjak'i John, ka nandinika tamin'alahelo izay hiafarany izy, dia nitalaho mangina tamin' Andriamanitra, niteny Taminy fa nitandrina hatrany ny Tenin'ny Fahendrena izy hatrizay ary nanana fitondrantena madio, ka ankehitriny izy dia mila mafy ireo fitahiana nampanantenaina.

Taty aoriana i John dia nilaza fa raha vao nahavita ilay vavaka natao-ny izy dia nahatsapa ho nahazo hery lehibe. Nanomboka nianika indray izy ary dia nahavita nananika faingana ilay tady. Rehefa tonga teny amin'ny tokotanin-tsambo izy dia tsy nisefosefo akory ary tsy sempotra na dia kely aza. Nomena azy ireo fitahiana hanana fahasalamana sy angovo fanampiny, izay ampanantenaina ao amin'ny Tenin'ny Fahendrena. Nanolotra fisaorana ho an'ny Rainy any An-danitra izy avy teo sy nandritra ny androm-piainany sisa noho ny valin'ilay vavaka ala-nenina farany nataony nangatahana fanampiana.[2]

Ry rahalahy isany, enga anie isika hikolokolo ny vatantsika sy ny saintsika amin'ny alalan'ny fitandremana ireo fitsipika voalaza ao amin'ny Tenin'ny Fahendrena, izay drafitra iray natolotr' Andriamanitra. Amin'ny foko sy ny fanahiko manontolo no ijoroako ho vavolombelona mikasika ireo fitahiana feno voninahitra izay miandry antsika raha manao izany isika. Ny mba hahatanteraka izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'ilay Tompo sy Mpamonjintsika dia i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:18–21.
2. Jereo ny John A. Larsen, ao amin'ny Robert C. Freeman and Dennis A. Wright, comps. *Saints at War: Experiences of Latter-day Saints in World War II* (2001), 350–51; nampiasaina rehefa nahazoana lalana.



Fivoriana Alahady Maraina | 2 Ôktôbra 2016

Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Ilay lalana tonga lafatra mankany amin'ny fahasambarana

*Mijoro ho vavolombelona aho mikasika ilay fanomezana lehibe dia ny drafitry ny Raintsika ho antsika. Io no lalana tokana tonga lafatra mankany amin'ny fiadanana sy ny fahasambarana.*

Ry rahalahiko sy anabaviko malala isany, na ireo ato amin'ny Ivontoeran'ny Fihaonambe izany na manerana an'izao tontolo izao, tena feno fankasitrahana lehibe aho noho ny fahafahako mizara ny ato an-tsaiko aminareo amin'ity maraina ity.

Roa amby dimampolo taona lasa izay, tamin'ny volana jolay 1964, dia notendrena aho ho any New York City nandritra ny vanimpotoana nanatanterahana ny Tsenabe Fampirantiana Iraisam-pirenena tany amin'io toerana io. Indray andro vao maraina aho nitsidika ny Trano heva Môrmôna tamin'io fampirantiana io. Tonga teo aho taloha kelin'ny nampisehoana horonan-tsary iray novokarin'ny Fiangonana manao hoe *Man's Search for Happiness* (na Ny fikatsahan'ny olona fahasambarana), fanazavana ny drafitry ny famonjena izay efa lasa fanta-daza tato am-piangonana taty aoriana. Nipetraka teo akaikin'ny lehilahy tanora izay aho, teo amin'ny 35 taona teo. Niresaka kely izahay. Tsy mpikamban'ny Fiangonantsika izy. Avy teo dia nopihana ny jiro ary nanomboka ny horonan-tsary.

Nohenoinay ny feon'ilay mpitantara raha nametraka ireo fanontaniana manan-danja sy iraisan'ny rehetra izy hoe: Avy aiza no niaviako? Maninona eto an-tany aho? Mankaiza aho rehefa mandao an'ity fiainana ity? Ranga avokoa ny sofina rehetra ary nifantoka tamin'ireo sary naseho ny maso rehetra. Naseho teo ny fanoritsoritana ny fiainantsika talohan'ny nahaterahana, niaraka tamin'ny fanazavana ny tanjontsika eto an-tany. Natrehanay teo ny fanehoana tamin'ny fomba nanohina ny fo ny nandaozan'ny raibe zokiolona iray an'ity fiainana ity sy ny fihaonany tamim-boninahitra tamin'ireo malalany izay efa nialoha lalana azy tany amin'ny tontolon'ny fanahy.



Tany amin'ny fiafaran'io fampisehoana kanto dia kanto ny drafitry ny Raintsika any An-danitra ho antsika io, dia nitandahatra nivoaka tamim-pahanginana ny vahoaka, hita mazava fa maro no tohina noho ny hafatra nampitain'ilay horonan-tsary. Tsy nitsangana ilay vahiny tanora teo anilako. Nanontaniako izy raha toa ka nankafy ilay fampisehoana. Izao no valinteny nihizingizina nomeny: "Marina ilay teo!"

Ny drafitry ny Raintsika any Andanitra ho an'ny fahasambarantsika sy ny famonjena antsika dia zarain'ireo misiônerantsika manerana an'izao

tontolo izao. Tsy izay rehetra mandre io hafatra masina io akory dia manaiky sy misafidy ny hanaraka izany avokoa. Kanefa dia lehilahy sy vehivavy maro na aiza na aiza, tsy misy hafa amin'ilay namako tanora tany amin'ny Fampirantiana Iraisampirenena tany New York, no miaiky ny fahamarinan'izany, ary misafidy amin'ny fomba hentitra ny hanaraka an'ilay lalana izay hitondra azy ireo soa aman-tsara hody. Miova mandrakizay ny fiainan'izy ireo.

Ampahany tena manan-danja amin'io drafitra io i Jesoa Kristy, Mpamonjintsika. Raha tsy nisy ny sorona fanavotana nataony dia ho very avokoa ny rehetra. Tsy ampy anefa ny mino fotsiny Azy sy ny asa nanirahana Azy. Mila miezaka sy mianatra isika, mikatsaka sy mivavaka, ary mibebaka sy mihatsara. Mila mahafantatra ireo lalàn' Andriamanitra isika ary miaina izany. Mila mandray ireo ôrdônansin'ny famonjeny isika. Ny fanaovantsika an'izany ihany no hahazoantsika fahasambarana marina sy mandrakizay.


Sambatra isika *manana* ny fahamarinana. Manana andraikitra isika ny *hizara* ny fahamarinana. Aoka isika *hiaina* ny fahamarinana, mba hahafahantsika mahazo ny zavatra rehetra natokan'ny Ray ho antsika. Tsy manao na inona na inona izy raha tsy ho soa ho antsika. Hoy Izy tamintsika hoe: "Izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona."[1]

Avy ato am-poko lalina, ary amim-panetrentena tanteraka no ijoroako ho vavolombelona mikasika ilay fanomezana lehibe dia ny drafitry ny Raintsika ho antsika. Io no lalana tokana tonga lafatra mankany amin'ny fiadanana sy ny fahasambarana na eto na any amin'ny tontolo ho avy.

Ry rahalahy sy anabaviko isany, apetrako aminareo ny fitiavako sy ny tsodrano avy aty amiko raha hamarana aho, ary izany dia ataoko amin'ny anaran'ilay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Mosesy 1:39.



**Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson**
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy

*Rehefa i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany no fifantohan'ny ifantohan'ny dia afaka mahatsapa fifaliana isika na inona na inona zava-mitranga— na tsy mitranga—eo amin'ny fiainantsika.*

Ry rahalahy sy anabavy malala, anio dia te hiresaka fitsipika iray izay fanalahidin'ny fahavelomantsika ara-panahy aho. Izany dia fitsipika iray hanjary ho manan-danja kokoa ihany rehefa mitombo ireo antambo sy loza manodidina antsika.

Izao no andro farany, koa tsy misy tokony hahagaga antsika rehefa mahita faminaniana tanteraka. Ny andiana mpaminany maromaro, anisan'izany i Isaia, i Paoly, i Nefia ary i Môrmôna, dia nahita mialoha fa ho avy ny andro mahory,[1] fa amin'ny androntsika dia



ho ao anatin'ny korontana izao tontolo izao,[2] ka ny olombelona dia "ho tia tena, . . . tsy manam-pitiavana, . . . tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavany an' Andriamanitra,"[3] ary maro ireo ho lasa mpanompon'i Satana izay manohana ny asan'ny fahavalo.[4] Izany tokoa, izaho sy ianao dia "mitolona . . . amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra."[5]

Rehefa mitombo ny disadisa eo amin'ny samy firenena, rehefa mamono ny tsy manan-tsiny ireo mpampihorohoro tsy manana antra, ary rehefa manjary mitombo ho zava-mahazatra ny kolikoly amin'ny zavatra rehetra hatrany amin'ny orinasa ka hatrany amin'ny governemanta, dia inona no afaka manampy antsika? Inona no afaka manampy antsika tsirairay amin'ireo olana manokana ananantsika sy ireo fanamby mahery vaika eo amin'ny fiainana amin'izao andro farany izao?

Ny mpaminany Lehia dia nampianatra fitsipika iray ho fahavelomana ara-panahy. Voalohany, saintsaino ny toe-javatra niainany: Nenjehina izy noho ny fitoriana ny fahamarinana tao Jerosalema ary nodidian'ny Tompo mba handao ireo fananany izy ka nitsoaka niaraka tamin'ny fianakaviany tany antany foana. Nipetraka tao anaty lay izy ary nivelona tamin'ny sakafo izay hita teny an-dalana nankany amin'ny toerana tsy fantatra, ary nijery ireo zanany roa lahy, Lamana sy Lemoela, nikomy tamin'ireo fampianaran'ny Tompo sy niady tamin'i Nefia sy i Samy rahalahiny.

Mazava fa nahafantatra fifanoherana, tebiteby, ratram-po, fanaintainana, fahadisoam-panantenana ary alahelo i Lehia. Mbola nanambara fitsipika iray tamin'ny fomba hentitra sy tsy nitsitsy anefa izy araka ny nambaran'ny Tompo hoe: "Misy ny olona mba hahazo fifaliana."[6] Alaivo sary an-tsaina ange e! Tamin'ireo teny rehetra azony nampiasaina mba hamariparitana ny toetra sy ny tanjon'ny fiainantsika eto an-tany, dia nosafidiany ny teny hoe *fifaliana*!

Indraindray dia tsy araka izay neritreretintsika ny fiainana, feno karazana fisedrana sy olana. Ny tsirairay amintsika dia efa samy nandalo fotoana izay



nahatonga ny fahoriana, ny tebiteby ary ny fahakiviana saika nanempotra antsika. Kanefa eto ve isika mba hahazo fifaliana?

Eny! Eny manakoako ny valiny! Fa amin'ny fomba ahoana ho mahamarina izany? Ary inona no tsy maintsy ataontsika mba hahazoana ilay fifaliana izay nomanin'ny Ray any An-danitra ho antsika?

I Eliza R. Snow, Filoha faharoan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany dia nanolotra valinteny tena mahaliana tokoa. Noho ny didy fandringanana ratsy laza tao Missouri, izay navoaka tamin'ny fiatombohan'ny ririnina nampijaly tamin'ny 1838,[7] dia votery nitsoaka ny faritra tamin'io ririnina io mihitsy izy sy ireo Olomasina hafa. Indray takariva dia nitoetra nandritra ny alina tao anatin'ny trano bongo kely nampiasain'ireo Olomasina mpitsoa-ponenana ny fianakavian'i Eliza. Nesorina sy nodoran'ireo olona nialoha azy ireo ny ankamaroan'ny feta teo anelanelan'ny rindrina, koa nisy lavaka teo anelanelan'ny rindrina ka ampy ahatafidiran'ny saka izany. Tena nangatsiaka be tamin'izay ary nivaingana tokoa ny sakafon'izy ireo.

Teo amin'ny olona 80 teo ho eo no nisisika tao anatin'ilay trano bongo izay 6 menatra tora-droa fotsiny, tamin'io alina io. Ny ankamaroany dia nipetraka na nitsangana nandritra ny alina manontolo, niezaka nanafana tena. Tao ivelany dia nisy andian-dehilahy nandany ny alina nanodidina ny afo miredareda, ny sasany nihira hiram-pivavahana ary ny hafa nanatono ovy mivaingana. Noraketin'i Eliza an-tsoratra hoe: "Tsy naheno fitarainana aho—falifaly daholo ny rehetra, ary raha ny fijery azy dia mety ho noraisin'ireo vahiny ho olona nandehandeha mitady fifaliana sy fahafinaretana izahay fa tsy andian'olona noroahin'ny governemanta."

Ny tatitra nataon'i Eliza momba izany takariva nandreraka sy nampihorinkoditra izany dia mahagaga fa tena mahavelombolo. Nanambara izy hoe: "Alina tena feno fifaliana izany. Tsy misy afa-tsy ny olomasina no ho faly ao anatin'ny toe-javatra mitranga rehetra."[8]

Izay no izy! Afaka ny ho faly ao anatin'ny toe-javatra mitranga rehetra ny olomasina. Afaka mahatsapa fifaliana isika na dia miaina andro sarotra, herinandro sarotra, na taona sarotra mihitsy aza!

Ry rahalahy sy anabaviko malala, misy ifandraisany amin'ny toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainantsika ilay fifaliana tsapantsika ary tena mifandray amin'ny fifantohan'ny fiainantsika izany.

Rehefa ny drafitry ny famonjen' Andriamanitra, izay vao nampianarin'ny Filoha Thomas S. Monson antsika teo, sy i Jesoa Kristy ary ny filazantsarany no ifantohan'ny fiainantsika dia afaka mahatsapa fifaliana isika na inona na inona zava-mitranga—na tsy mitranga—eo amin'ny fiainantsika. Tonga avy Aminy sy noho ny Aminy ny fifaliana. Izy no loharanon'ny fifaliana rehetra. Tsapantsika izany amin'ny vanimpotoan'ny Krismasy rehefa hiraintsika ny: "Oh! Quel bonheur."[9] Ary tsapantsika mandritra ny taona izany. Ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia i Jesoa Kristy no fifaliana!

Izany no antony handaozan'ireo misiônerantsika ny tokantranony mba hitory ny filazantsarany. Ny tanjon'izy ireo dia tsy ny hampitombo ny isan'ireo mpikamban'ny Fiangonana. Fa ireo misiônerantsika kosa dia mampianatra sy manao batisa[10] mba

hitondra fifaliana amin'ny olon'izao tontolo izao![11]

Tahaka ny anoloran'ny Mpamonjy fiadanana izay "mihoatra ny fahatakarana rehetra,"[12] dia manolotra fifaliana lehibe sy lalina ary mivelatra izay tsy takatry ny fahaizana sy ny fahatakaran'ny olombelona ihany koa Izy. Ohatra, toa tsy ho vita velively izany hahatsapa fifaliana izany rehefa mijaly noho ny aretina tsy misy fanafany ny zanakao, na rehefa very asa ianao, na rehefa mamitaka anao ny vadinao. Kanefa izany indrindra ilay fifaliana atolotry ny Mpamonjy. Mitohy hatrany ny fifaliany, manao izay hahatonga ny "fijalianao tsy haharitra afa-tsy fotoana fohy"[13] ary hanokana ny fahorianao ho tombontsoanao.[14]

Amin'ny fomba ahoana, noho izany, no ahafahantsika mitaky izany fifaliana izany? Azontsika atomboka amin'ny "[fijerena] an'i [Jesoa], Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa azy"[15] "amin'ny eritreritra rehetra"[16] izany. Afaka misaotra Azy isika amin'ny vavaka ataontsika sy amin'ny alalan'ny fitandremana ireo fanekempihavanana nataontsika Taminy sy ny Raintsika any An-danitra. Rehefa lasa tena misy ho antsika ny Mpamonjintsika sy rehefa mitalaho mba hanomezana antsika ilay fifaliany isika, dia hitombo ny fifaliantsika.

Mahery vaika ny fifaliana, ary mitondra ny herin' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika ny fifantohana amin'ny fifaliana. I Jesoa Kristy no ohatra lafatra indrindra ho antsika amin'ny zavatra rehetra, "izay naharitra ny hazo fijaliana mba hahazoana ny fifaliana napetraka teo anoloany."[17] Eritrereto izany! Mba hizakana ny zavatra sarotra indrindra niainana teto ambonin'ny tany, ny Mpamonjintsika dia nifantoka tamin'ny *fifaliana*!

Ary inona ilay fifaliana izay napetraka teo anoloany? Azo antoka fa izany dia nahitana ny fifaliana avy amin'ny fanadiovana, fanasitranana, ary fampatanjahana antsika; ny fifaliana avy amin'ny fanefana ny fahotan'ny olona rehetra izay mibebaka; ny fifaliana avy amin'ny fanaovana izay hahafahantsika sy ianao mandeha mody—madio sy mendrika—mba hiaina miaraka amin'ireo Ray aman-drenintsika any an-danitra sy ireo fianakaviantsika.

Raha toa ka mifantoka amin'ilay fifaliana izay ho avy amintsika isika, na amin'ireo izay tiantsika, dia inona no zavatra azontsika zakaina izay toa manempotra, manaintaina, mampatahotra, tsy rariny, na tsy ho tanteraka tsotra izao ankehitriny?

Ny ray iray izay tao anatin'ny toe-javatra iainana ara-panahy notandindomin-doza dia nifantoka tamin'ny fifaliana avy amin'ny hoe madio sy marina eo amin'ny Tompo ihany amin'ny farany—ny fifaliana avy amin'ny hoe afaka amin'ny fahamelohana sy ny fahamenarana—ary ny fifaliana avy amin'ny fananana fiadanan-tsaina. Izany fifantohana izany dia nanome herimpo ho azy mba hibaboka tamin'ny vadiny sy ny evekany momba ny olana nananany tamin'ny pôrnôgrafia sy ny fanitsakitsaham-bady nanaraka izany. Manao ireo zavatra rehetra nasain'ny evekany nataony izy ary miezaka amin'ny fony iray manontolo izy mba hahazo indray ny fahatokian'ny vady malalany.

Ny zatovovavy iray dia nifantoka tamin'ny fifaliana avy amin'ny fijanonana ho madio ara-pitondrantena mba hanampy azy hiaritra ny fanarabian'ny namany rehefa nanalavitra ny toe-javatra iray izay fanaon'ny ankamaroan'ny olona sy



manentana tsy hadio fitondrantena ary mampidi-doza ara-panahy izy.

Ny lehilahy iray izay nanambany matetika ny vadiny sy nikitakita tamimpahatezerana ny zanany dia nifantoka tamin'ny fifaliana avy amin'ny hoe mendrika ny hanana ny Fanahy Masina ho namana mandrakariva. Izany fifantohana izany dia nandrisika azy hanaisotra ny olona araka ny nofo,[18] izay nahalavo azy matetika tokoa, ary nanao ireo fanovana nilaina.

Vao haingana ny mpiara-miasa akaiky iray no nilaza tamiko momba ny fitsapana makadiry niainany nandritra ny roapolo taona. Nilaza izy hoe: "Nianatra ny hiatrika fanaintainana—amim-pifaliana—aho. Voatelina ao amin'ny fifalian'i Kristy ny fanaintainako."[19]

Inona no azoko sy azonao zakaina rehefa mifantoka amin'ilay fifaliana izay "napetraka teo [anoloantsika]?"[20] Fibebahana inona no azo tanterahina amin'izany? Fahalemena inona no hanjary ho tanjaka?[21] Famaizana inona no hanjary ho fitahiana?[22] Fahadisoampanantenana, eny na ny antambo toy ny ahoana no hanjary ho soa ho antsika?[23] Ary asa fanompoana ho an'ny Tompo sarotra toy ny ahoana no ho vitantsika?[24]

Rehefa mifantoka amimpahazotoana amin'ny Mpamonjy isika ary manaraka ny ohatra nomeny amin'ny fifantohana amin'ny fifaliana avy eo, dia mila miala amin'ireo zavatra izay mety hampitsahatra ny fifaliantsika. Tadidio i Kôrihôra, ilay anti-Kristy? Nitety toerana i Kôrihôra, nilaza zavatra diso maro momba ny Mpamonjy, mandra-pitondrana azy teo anoloan'ny mpisorona avo iray izay nanontany azy hoe: "Nahoana ianao no mandeha mamilivily ny lalan'ny Tompo? Nahoana ianao no mampianatra ity vahoaka ity fa tsy hisy i Kristy mba hampitsahatra ny firavoravoany?"[25]

Ny zavatra rehetra izay manohitra an'i Kristy na ny fotopampianarany dia hampitsahatra ny fifaliantsika. Izany dia ahitana ireo filôzôfian'ny olombelona, izay mitobaka tokoa any amin'ny Internet sy any amin'ny tontolon'ny blaogy, izay manao izay nataon'i Kôrihôra tanteraka.[26]



Raha toa ka mijery izao tontolo izao isika ary manaraka ny vahaolana hahazoana fahasambarana,[27] dia tsy hahafantatra fifaliana na oviana na oviana isika. Ny olona tsy marina dia mety hiaina karazana fihetsehampo sy fahatsapana maro, kanefa tsy hiaina fifaliana na oviana na oviana![28] Fanomezana noho ny fahatokiana ny fifaliana.[29] Izany no fanomezana izay tonga avy amin'ny fiezahana amin'ny nahim-po mba hiaina fiainana araka ny fahamarinana, araka ny nampianaran'i Jesoa Kristy.[30]

Nampianatra antsika ny fomba hahazoana fifaliana Izy. Rehefa safidiantsika ho Andriamanitsika ny Ray any An-danitra[31] ary rehefa afaka mahatsapa ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy miasa eo amin'ny fiainantsika isika, dia ho heniky ny fifaliana isika.[32] Isaky ny mikolokolo ny vadintsika sy mitarika ny zanatsika isika, isaky ny mamela olona iray isika na mangataka famelan-keloka amin'izy ireo, dia afaka mahatsapa fifaliana.

Isaky ny andro iray izay isafidianantsika ny hiaina ireo lalàna selestialy, isaky ny andro izay hitandremantsika ireo fanekempihavanantsika sy hanampiantsika ny hafa mba hanao torak'izany, dia ho antsika ny fifaliana.

Henoy ny tenin'ny mpanao Salamo: "Ataoko eo anatrehako mandrakariva Jehovah, fa eo an-kavanako Izy, ka dia tsy hangozohozo aho. . . . Fa havokisam-pifaliana no eo anatreha[ny]."[33] Rehefa mipàka ao am-pontsika io fitsipika io dia afaka ny ho andro fifaliana sy firavoravoana ny andro tsirairay rehetra.[34] Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 2 Timoty 3:1–5.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26; 88:91.
3. 2 Timoty 3:2–4.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:5.
5. Efesiana 6:12.
6. 2 Nefia 2:25.
7. Ny Governora Lilburn W. Boggs tao Missouri dia namoaka ny didy famonoana ny Môrmôna tamin'ny 27 ôktôbra 1838 (jereo ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 349).
8. Jereo ny Eliza R. Snow, ao amin'ny Edward W. Tullidge, *The Women of Mormondom* (1877), 145–46.
9. "Oh, quel bonheur" *Cantiques,* no. 123.
10. Ny misiônera dia manao araka ny nandidian'ny Tompo: mitory sy mampianatra ary manao batisa amin'ny anarany izy ireo (jereo ny Matio 28:19; Marka 16:15; Môrmôna 9:22; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:8; 84:62; 112:28). Tao amin'ny Vavaka Fanalalanana nataony, i Jesoa dia nanambara ny fifandraisany tamin'ny fifalian'ireo mpianany. Hoy izy: "Izany teny izany no lazaiko eto amin'izao tontolo izao, mba hananany ny fifalia*ko* tanteraka ao aminy" (Jaona 17:13; nampiana fanamafisana).
11. Jereo ny Almà 13:22.
12. Filipiana 4:7.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7.
14. Jereo ny 2 Nefia 2:2.
15. Hebreo 12:2.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36.
17. Hebreo 12:2.
18. Jereo ny Môsià 3:19. Fanamarihana: ny "olona araka ny nofo" dia tsy fahavalon' Andriamanitra fotsiny fa fahavalon'ny vadiny sy ny zanany koa.
19. Jereo ny Almà 31:38.
20. Hebreo 12:2.
21. Jereo ny Etera 12:27.
22. Jereo ny Hebreo 12:6.
23. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7.
24. Jereo ny Matio 19:26; Marka 10:27.
25. Almà 30:22. Ny Bokin'i Môrmôna dia feno ohatra amin'ireo lehilahy sy vehivavy izay niaina fifaliana sy firavoravoana *satria nisafidy ny hanaraka an'i Jesoa Kristy izy ireo.* Ny safidy hafa rehetra, toy ny an'i Kôrihôra, dia mitarika amin'ny fandringanana tsy ho ela.
26. *Fanosoram-potaka* izay midika ho fanovan-javatra, dia voafaritra ho filazana diso sy natao handratra mba hanaratsiana ny lazan'ny olona iray na ny zavatra iray. Nitranga tamin'ny andron'i Kôrihôra ny fanosoram-potaka, ary mitranga izany ankehitriny. Ny Mpaminany Joseph Smith dia niresaka momba ny tanjaky ny Fiangonana na dia manoloana ny fanosoram-potaka aza. Hoy izy: "Natsangana ny Fitsipiky ny Fahamarinana; tsy misy tanana tsy masina afaka hampitsahatra ny asa tsy handroso; afaka mitrena ny fanenjehana, afaka mikaon-doha ny mpanakorontana, afaka mivondrona ny tafika, afaka manaratsy ny fanosoram-potaka, fa ny fahamarinan' Andriamanitra dia handroso amin'ny fomba hentitra sy be voninahitra ary mahaleo tena mandra-pitsofok'izany any amin'ny kaontinanta rehetra, nitsidika ny faritra rehetra, nandalo ny firenena rehetra, ary ren'ny sofina rehetra, mandra-pahatontosan'ny tanjon' Andriamanitra, ary ilay Jehovah Lehibe hilaza hoe vita ny asa" (*Teachings: Joseph Smith,* 444).
27. Izao tontolo izao dia mampianatra fa ny fividianana *zavatra* dia hitondra fifaliana. Ary raha tsy mandaitra izany dia mividiana bebe kokoa! Mampianatra koa izany fa afaka mahita fifaliana ianao rehefa manota hatrany hatrany. Ary raha tsy mandaitra izany dia manotà bebe kokoa! Ny fampanantenana dia hoe afaka mahazo fifaliana lehibe ianao rehefa manao izay tianao atao. Tsy marina izany!
28. Tsy eto amin'ity izao tontolo izao ity na amin'ny tontolo ho avy.
29. Ireo Olomasina marina "izay efa niaritra ny fanenjehan'izao tontolo izao . . . no handova ny fanjakan' Andriamanitra, . . . ary ho feno mandrakizay ny fifaliany" (2 Nefia 9:18).
30. Ohatra, jereo ny 2 Nefia 27:30; Almà 27:16–18.
31. Jereo ny 1 Nefia 17:40.
32. Jereo ny Môsià 4:2–3.
33. Salamo 16:8, 11.
34. Jereo ny Isaia 35:10; 2 Nefia 8:3.



**Nataon'ny Loholona Peter F. Meurs**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Afaka manampy antsika ho tonga masina ny fanasan'ny Tompo

*Saintsaino ireo fomba dimy mba hampitomboana ny hery sy ny fiantraikan'ny fandraisantsika anjara tsy tapaka amin'ny ôrdônansy masin'ny fanasan'ny Tompo.*

Anisan'ireo fahatsiarovana voalohany nananako ireo fivoriana fanasan'ny Tompo izay natao tao an-tokantranonay tany Warrnambool, Australie. Teo anelanelan'ny olona 10 ka hatramin'ny 15 teo no nanatrika ny sampana nisy anay, ary ny raiko, iray tamin'ireo mpihazona ny fisoronana anankitelo, dia nanana ny fahafahana tsy tapaka mba hanamasina ny fanasan'ny Tompo. Tsaroako ireo fahatsapana nananako rehefa namaky tamim-panetrentena sy tamim-pitandremana ireo teny ao amin'ny vavaky ny fanasan'ny Tompo aho. Matetika no nihovitrovitra ny feony rehefa nahatsapa ny Fanahy izy. Nila niato izy indraindray mba hifehy ny fihetseham-pony mialoha ny hamitana ilay vavaka.

Tamin'izaho dimy taona dia tsy afaka nahatakatra ny hevitra manontolon'ny zavatra izay nolazaina na natao. Fantatro anefa fa nisy zavatra miavaka nitranga. Tsapako ny fitaomana tony sy nanome toky indray avy amin'ny Fanahy Masina rehefa nandinika ny fitiavan'ny Mpamonjy antsika ny raiko.

Nampianatra ny Mpamonjy hoe: "Ary izany no hataonareo mandrakariva amin'ireo izay mibebaka sy atao batisa amin'ny anarako; ary hanao izany ianareo ho fahatsiarovana ny rako izay efa nalatsaka ho anareo mba hahazoanareo mijoro ho vavolombelona amin'ny Ray fa ianareo dia mahatsiaro Ahy mandrakariva. Ary raha mahatsiaro Ahy mandrakariva ianareo dia hanana ny Fanahiko miaraka aminareo" (3 Nefia 18:11).

Manasa antsika rehetra aho mba hisaintsaina fomba dimy mba hampitomboana ny hery sy ny fiantraikan'ny fandraisana anjara tsy tapaka amin'ireo ôrdônansy masin'ny fanasan'ny Tompo, dia ôrdônansy iray izay afaka manampy antsika ho tonga masina.

#### 1. Miomana mialoha

Azontsika atomboka mialoha be ny fiantombohan'ny fivoriana fanasan'ny Tompo ny fiomanantsika ho amin'izany. Mety ho fotoana tsara handinihana ny fivoarantsika ara-panahy sy hiomanana ny sabotsy.

Fanomezam-pahasoavana manandanja eo amin'ny diantsika mba ho tonga tahaka ny Raintsika any An-danitra ny fiainana an-tany. Ilaina amin'izany ny hampidirana ireo fisedrana sy olana izay mitondra fahafahana ho antsika mba hiova sy hivoatra. Nampianatra ny Mpanjaka Benjamina fa "ny olona araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra, . . . ary mbola ho toy izany mandrakizay mandrakizay raha tsy manaiky ny fitaoman'ny Fanahy Masina izy ary manaisotra ny maha olona araka ny nofo azy sy tonga olomasina amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy Tompo" (Môsià 3:19). Ny fandraisana anjara amin'ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo dia mitondra fahafahana iray mba





hanolorana tanteraka ny fontsika sy ny fanahintsika ho an' Andriamanitra.

Ao anatin'ny fiomanantsika, ny fontsika dia manjary torotoro rehefa maneho fankasitrahana ho an'ny Sorompanavotan'i Kristy isika, sy mibebaka amin'ireo fahadisoana sy fahalementsika, ary mangataka ny fanampian'ny Ray eo amin'ny diantsika mitohy mba ho tonga tahaka Azy bebe kokoa. Afaka manantena ilay fahafahana izay omen'ny fanasan'ny Tompo isika mba hahatsiarovana ny sorona nataony sy hanavaozana ny fanolorantenantsika amin'ireo fanekempihavanana nataontsika.

#### 2. Tongava mialoha

Afaka mihatsara ny zavatra iainantsika mandritra ny fanasan'ny Tompo rehefa tonga mialoha ny fivoriana isika ary misaintsaina rehefa tendrena ny feon-kira fanokafana.

Ny Filoha Boyd K. Packer dia nampianatra hoe: "Ny feon-kira fanokafana, rehefa tendrena amim-panajana lalina, dia famelomana ny fanahy. Manasa ny fitaomam-panahy izany."[1] "Izany dia tsy fotoana," hoy ny Filoha Russell M. Nelson nanazava "hiresahana na handefasana hafatra fa fotoana handalinana lalina rehefa miomana ara-panahy ho an'ny fanasan'ny Tompo ny mpitarika sy ny mpikambana."[2]

#### 3. Hirao sy hianaro ireo tonon-kira ao amin'ny hira ho an'ny fanasan'ny Tompo

Ampahany manan-danja miavaka ao amin'ny zavatra iainantsika mandritra ny fanasan'ny Tompo ny hira ho an'ny fanasan'ny Tompo. Manandratra ny eritreritsika sy ny fahatsapantsika ny hira. Manana fiantraikany lehibe kokoa ny hira ho an'ny fanasan'ny Tompo rehefa mifantoka amin'ireo teny sy ny fotopampianarana mahery vaika ampianarin'izany isika. Mianatra betsaka isika avy amin'ireo teny toy ny hoe "Mangana, tapaka, torotoro ho antsika,"[3] "Aoka hotsaroantsika sy ataontsika madio sy tsy misy pentina ny fontsika sy ny tanantsika,"[4] ary ny hoe "[Fahamarinana,] Fitiavana, famindram-po no tafaraka soa!"[5]

Rehefa mihira hira ho fiomanana handray ireo tandindona isika dia afaka ny ho tonga ampahany amin'ny fanolorantenantsika amin'ny fanekempihavanana ireo tonon-kira. Saintsaino ohatra ny hoe: "Feno ny fonay, Tompo, tianay Ianao. Halehanay ny lalana nofidianao."[6]

#### 4. Mandraisa anjara ara-panahy amin'ireo vavaky ny fanasan'ny Tompo (Jereo ny Môrônia 4–5)

Afaka mianatra sy mahatsapa bebe kokoa isika fa tsy variana tsy mitandrina ireo teny mahazatra ao amin'ny vavaky ny fanasan'ny Tompo rehefa mandray anjara ara-panahy amin'ny alalan'ny fisaintsainana ireo fanolorantena sy fitahiana mifandray amin'izany izay tafiditra ao anatin'ireo vavaka masina ireo.

Tsofina rano sy hamasinina ho an'ny fanahintsika ny mofo sy ny rano. Ireo dia mampahatsiahy antsika ny sorona nataon'ny Mpamonjy sy ny fahafahany manampy antsika ho tonga masina.

Ireo vavaka dia manazava fa mandray ny mofo ho fahatsiarovana ny vatan'ny Zanakalahy isika, izay nanao sorona mba ho mendrika ny fitsanganana amin'ny maty, ary misotro amin'ny rano isika ho fahatsiarovana ny ran'ny Zanakalahy, izay nalatsany malalaka mba hahafahantsika ho voavotra raha toa ka mibebaka.

Ireo vavaka dia manolotra ireo fanekempihavanana amin'ny alalan'ilay andian-teny hoe: "fa vonona izy ireo" (Môrônia 4:3). Izany andian-teny tsotra izany dia manana hery lehibe ho antsika. Vonona hanompo sy handray anjara ve isika? Vonona hiova ve isika? Vonona hiatrika ireo fahalementsika ve isika? Vonona hanolo-tanana sy hitahy ny hafa ve isika? Vonona hatoky ny Mpamonjy ve isika?

Rehefa voalaza ireo fampanantenana ary mandray amin'izany isika

dia hamafisintsika ao am-pontsika fa vonona isika ny:

- Handray eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy.
- Hiezaka hitandrina ny didiny rehetra.
- Hahatsiaro Azy mandrakariva.

Mifarana amin'ny fanasana sy fampanantenana tsara indrindra ilay vavaka: "Mba hananany mandrakariva ny Fanahiny miaraka aminy" (Môrônia 4:3).

Nanoratra i Paoly hoe: "Ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamorampanahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy [ary] fahononampo" (Galatiana 5:22–23). Atolotra ho antsika ny fitahiana sy fanomezana mahafinaritra rehefa mitandrina ireo fanekempihavanana nataontsika isika.

**5. Saintsaino sy tsarovy Izy rehefa zaraina ireo tandindon'ny fanasan'ny Tompo**

Afaka ny ho tonga masina ho antsika ireo fotoana feno fanajana lalina rehefa mizara ny fanasan'ny Tompo ireo mpihazona ny fisoronana.

Rehefa zaraina ny mofo dia afaka mandinika isika fa tao amin'ilay asa feno fitiavana faratampony indrindra natao ho antsika, ny Mpamonjy dia naka "ny fahafatesana ho eo Aminy, mba hahazoany mamaha ny famatoran'ny fahafatesana izay mamatotra ny olony" (Almà 7:12).

Enga anie isika hahatsiaro ilay fitahiana lehibe avy amin'ny Fitsanganana amin'ny maty izay "ho tonga amin'ny rehetra, . . . na mpifatotra na olon'afaka, na lahy na vavy, na ny ratsy na ny marina, ary tsy hisy na dia singam-bolo iray amin'ny lohany aza ho very; fa ny zavatra tsirairay kosa dia haverina amin'ny endriny tomombana" (Almà 11:44).

Rehefa zaraina ny rano dia mahatsiaro ny fitalahoana nataon'ny Mpamonjy isika:

"Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin'ireo zavatra rehetra ireo ho an'ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka; . . .

"Fijaliana izay nahatonga ny Tenako, ilay Andriamanitra, Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin'ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy—ary niriko ny mba tsy hisotroako ilay kapoaka mangidy sy hitakemotra" (F&F 19:16, 18).

Tsaroantsika fa Izy dia naka "ny rofin[tsika] teo Aminy mba hahatonga ny ao anatiny ho feno famindram-po araka ny nofo, mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofin[tsika]" (Almà 7:12).

Rehefa misaintsaina ny zavatra iainantsika mandritra ny fanasan'ny Tompo isika dia afaka manontany ny tenantsika hoe:

- Inona no hataoko amin'ity herinandro ity mba hiomana tsara kokoa ho an'ny fanasan'ny Tompo?
- Afaka mitondra anjara biriky bebe kokoa ve aho amin'ny fanajana lalina sy ny fanambarana izay afaka miaraka amin'ny fanombohan'ny fivoriana fanasan'ny Tompo?



- Inona no fotopampianarana nampianarina tao anatin'ny hira ho an'ny fanasan'ny Tompo?
- Inona no henoko sy tsapako rehefa nihaino ireo vavaky ny fanasan'ny Tompo aho?
- Inona no neritreretiko rehefa nozaraina ny fanasan'ny Tompo?

Ny Loholona David A. Bednar dia nampianatra hoe: "Ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo dia fanasana marina sy miverimberina mba hibebaka amin-kitsimpo ary mba hihavao ara-panahy. Tsy ilay hoe fandraisana fotsiny ny fanasan'ny Tompo no manadio amin'ny fahotana. Fa rehefa miomana amin-kitsimpo sy mandray anjara amin'io ôrdônansy masina io isika miaraka amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina dia mahazo fampanantenana fa hanana *mandrakariva* ny Fanahin'ny Tompo miaraka amintsika. Ary amin'ny alalan'ny hery manamasin'ny Fanahy Masina izay namantsika lalandava dia afaka mitana *mandrakariva* ny famelana ny fahotantsika isika."[7]

Mijoro ho vavolombelona aho momba ireo fitahiana sesehena ho antsika rehefa mampitombo ny fiomanantsika sy ny fandraisantsika anjara ara-panahy amin'ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo isika. Mijoro ho vavolombelona koa aho fa ireo fitahiana ireo dia ho antsika noho ny fitiavan'ny Raintsika any An-danitra sy ny sorompanavotana tsy misy fetra nataon'ny Zanaka Malalany, dia i Jesoa Kristy. Amin'ny anarany masina, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Boyd K. Packer, "Personal Revelation: The Gift, the Test, and the Promise," *Ensign,* nôv. 1994, 61.
2. Russell M. Nelson, "Worshiping at Sacrament Meeting," *Liahona,* aog. 2004, 13.
3. "Jésus de Nazareth, Sauveur et roi," *Cantiques,* lah. 105.
4. "Quand ces emblèmes nous prenons," *Cantiques,* lah. 102.
5. "Endrey fahendrena, fitia," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 37.
6. "As Now We Take the Sacrament," *Hymns,* lah. 169.
7. David A. Bednar, "Hitana mandrakariva ny famelana ny fahotanareo," *Liahona,* mey 2016, 61–62.



**Nataon'i Linda S. Reeves**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

# Ny drafitra lehiben'ny fanavotana

*Fantatro fa rehefa mibebaka amin-kitsimpo amin'ny fahotantsika isika dia voafafa tanteraka izy ireny—tsy hita soritra intsony!*

Volana vitsy talohan'ny nahafatesan'ny Filoha Boyd K. Packer dia nanana fahafahana sarobidy ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ny vondrona fanampiny maneran-tany mba hihainoana azy niteny taminay. Tsy mbola nety afaka tato an-tsaiko mihitsy ny zavatra nolazainy. Nolazainy anay fa nanao jery todika ireo zavatra nitranga teo amin'ny fiainany izy, nitady ny porofon'ny fahotana nataony sy nibebahany tamin-kitsimpo, ka dia tsy nahita *soritra* ny amin'izany intsony izy. Noho ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy Mpamonjy malalantsika, sy tamin'ny alalan'ny fibebahana tamin-kitsimpo, dia voafafa tanteraka ny fahotany, toy ny hoe tsy mbola nitranga mihitsy. Dia nanome torohevitra anay mpitarika ny Filoha Packer tamin'izay andro izay mba hijoro ho vavolombelona fa marina izany ho antsika tsirairay avy izay mibebaka amin-kitsimpo.

Mahafantatra lehilahy iray aho izay nandika ny lalàn'ny fahadiovampitondrantena taona maro lasa izay. Nandritra ny fotoana maharitra dia nahatsapa ho menatra loatra ity lehilahy ity ny hiresaka tamin'ny vadiny sy ireo mpitarika azy tao amin'ny fisoronana. Naniry ny hibebaka tanteraka izy saingy raha ny marina dia naneho izy fa vonona ny hamoy ny famonjena azy mandrakizay toy izay hahatonga ny vady aman-janany halahelo, na ho menatra, na hizaka ireo voka-dratsy hafa izay mety hateraky ny fibabohany.

Rehefa nanota isika dia matetika i Satana no miezaka mandresy lahatra antsika fa ny zavatra feno fandavantena tokony hatao dia ny miaro ny hafa amin'ny alahelo lehibe avy amin'ny fahafantarana ny fahotantsika, anisan'izany ny fialana amin'ny fibabohana amin'ny eveka, izay afaka mitahy ny fiainantsika amin'ny alalan'ny fanalahidin'ny fisoronany noho izy mpitsara ny rehetra ao Isiraely. Ny marina anefa dia hoe ny zavatra feno fandavan-tena sy araka an'i Kristy tokony hatao dia ny mibaboka sy mibebaka. Izany no drafitra lehiben'ny fanavotan'ny Ray any An-danitra.

Nony farany dia nibaboka tamin'ny vadiny sy ireo mpitarika azy tao amin'ny Fiangonana ity lehilahy malala ity, izay nahatsapa nenina lehibe. Na dia izay aza no zavatra sarotra indrindra nataony teo amin'ny fiainany dia niteraka fifaliana tsy hay lazaina teo aminy ny fahatsapana ho maivamaivana, fiadanana, fankasitrahana, fitiavana ny Mpamonjy antsika, ary ny fahalalana fa nanaisotra ny enta-mavesany sy nitondra azy ny Tompo, na toy ny ahoana na toy ny ahoana ny mety ho vokatr'izany sy izay hoaviny.

Azony antoka fa halahelo mafy ny vady aman-janany—ary tena nalahelo izy ireo. Ary hisy fampiharana fitsipifehezana sy fisaorana azy amin'ny antsony—dia nisy izany. Azony antoka fa halahelo sy ho toro fo ary ho tezitra ny vadiny—dia tena izay tokoa no tsapany. Ary resy lahatra izy fa handao azy ny vadiny ary hitondra ireo ankizy miaraka aminy—saingy tsy nanao izany izy.

Indraindray ny fandikan-dalàna goavana dia mitarika ho amin'ny fisaraham-panambadiana, ary miankina amin'ny toe-javatra misy dia mety ilaina izany. Saingy talanjona ity lehilahy ity fa nanaiky azy ny vadiny ary nahafoy tena mba hanampy azy tamin'ny fomba rehetra azony natao. Taty aoriana dia afaka namela azy tanteraka ilay vadiny. Nahatsapa ny hery manasitran'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ho azy izy. Taona maro taty aoriana dia mafy orina sy mahatoky ireo mpivady ireo sy ny zanany telo. Manompo any amin'ny tempoly izy mivady ary miaina fanambadiana mahafinaritra ary feno fitiavana. Tena hita soritra eo amin'ny fiainany ny halalin'ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ity lehilahy ity



sy ny fitiavany ary ny fankasitrahany ny Mpamonjy.

Nijoro ho vavolombelona i Amioleka hoe: "Eny, mba tiako ny handrosoanareo sy ny tsy hanamafisanareo ny fonareo intsony; . . . raha mibebaka ianareo . . . , dia eo no ho eo no hahatanteraka aminareo ny drafitra lehiben' ny famonjena."[1]

Rehefa niara-nanompo tamin'ny vadiko aho tamin'izy filohan'ny misiôna dia nandeha tany amin'ny seranam-piaramanidina izahay indray maraina mba hitsena andiana misiônera maro. Nisy zatovolahy iray manokana nahasarika ny sainay. Toa nalahelo izy, navesabesatra, ary efa saika tezitra mihitsy. Nijery tsara azy izahay tamin'io tolakandro io. Nony hariva dia nibaboka ihany ity zatovolahy ity na dia tara aza, ka nanapa-kevitra ireo mpitarika azy fa mila miverina mody izy. Na dia nalahelo mafy aza izahay fa tsy marintoetra izy ary tsy nibebaka talohan'ny nandehanany nanao asa fitoriana dia nidera azy tamin-kitsimpo sy tamimpitiavana izahay teny an-dalana ho any amin'ny seranam-piaramanidina noho izy nanana herimpo hiaiky ny helony, ary nampanantena azy izahay fa hifandray akaiky aminy.

Voatahy ity zatovolahy miavaka ity noho ny fananany ray aman-dreny mahafinaritra sy mpitarika tsara ao amin'ny fisoronana ary paroasy tia manohana sy feno fitiavana. Rehefa avy niezaka mafy nibebaka tanteraka sy nandray ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy izy tao anatin'ny taona iray dia afaka niverina tao amin'ny misiônanay. Sarotra ho ahy ny hamariparitra ny fifaliana tsapanay rehefa nitsena io zatovolahy io teny amin'ny seranam-piaramanidina izahay. Heniky ny Fanahy izy, faly, ary natoky tena teo anatrehan'ny Tompo, ary dodona ery ny hanatontosa asa fitoriana feno fahatokiana. Lasa misiônera tena niavaka izy, ary taty aoriana dia nanana tombontsoa lehibe izahay mivady nanatrika ny famehezana azy tany amin'ny tempoly.

Mifanohitra amin'izay, mahafantatra misiônera iray hafa aho izay nihevitra fa ny fahafantarana momba ny fahotana tsy nibebahany mialoha ny asa fitoriany dia azo antoka fa handefasana azy hody, dia namolavola drafitra manokana izy mba hiasa mafy tokoa nandritra ny asa fitoriany ary hibaboka ny fahotany tamin'ny filohan'ny misiôna andro vitsy monja mialoha ny hahavitany ny asa fitoriany. Tsy nanana alahelo araka an' Andriamanitra izy ary niezaka ny tsy handalo ireo dingan'ny fibebahana izay natolotry ny Mpamonjintsika be fitiavana ny tsirairay amintsika.

Nandritra ny asa fanompoanay dia nandeha niaraka tamin'ny vadiko aho indray mandeha rehefa nandeha nanao dinidinika tamin'ny lehilahy iray hatao batisa izy. Rehefa nitarika ilay dinidinika ny vadiko dia niandry tao ivelany niaraka tamin'ireo rahavavy misiônera nampianatra io lehilahy io aho. Rehefa vita ilay dinidinika dia nampahafantatra an'ireo misiônera ny vadiko fa afaka atao batisa ilay lehilahy. Nigogogogo nitomany io lehilahy malala io rehefa nanazava fa tena nino izy fa hanakana azy tsy ho azo atao batisa ny fahotana goavana nataony teo amin'ny fiainany. Ankavitsiana no nahitako ny fifaliana sy ny fahasambaran'ny olona iray nivoaka tao amin'ny haizina ka nankao amin'ny hazavana, ka hoe mitovy amin'izay hitako tamin'io andro io.

Nijoro ho vavolombelona ny Loholona D. Todd Christofferson hoe:

"Rehefa miaraka amin'ny finoana an'ilay Mpanavotra [antsika] be famindram-po, sy amin'ny alalan'ny fahefany, dia hivadika ho fanantenana ilay fahakiviana. Miova ny ao anatin'ny fo sy ny fanirian'ny olona iray ary lasa mankahala an'ilay toetra mora voasariky ny ota teo aloha. . . .

". . . Na manao ahoana na manao ahoana fijaliana ateraky ny fibebahana dia ho atelin'ny fifaliana entin'ny famelan-keloka izany."[2]

Ireo zavatra niainana ireo dia mampahatsiahy ahy an'i Enôsa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, izay "nitalaho tami[n'ny Tompo] sady nahery nivavaka," ary avy eo dia nahare feo nilaza hoe: "Ry Enôsa, voavela ny fahotanao. . . .

"Ary izaho Enôsa dia nahafantatra fa tsy afaka mandainga Andriamanitra; noho izany, dia nofafana ny hadisoako.

"Ary hoy aho: Ahoana no mahatò izany, Tompo ô?

"Ary hoy Izy tamiko: Noho ny finoanao an' i Kristy. . . . Koa mandehana, ny finoanao no efa namonjy anao."[3]

Rehefa nanomana ity lahateny ity aho dia naniry ny hahatakatra ny fomba hahatakaran'ireo zafikelinay ny fibebahana sy ny zavatra tsapan'izy ireo momba ny Mpamonjy, koa dia nangataka an'ireo zanakay aho mba hametraka amin'izy ireo ireto fanontaniana manaraka ireto. Nahakasika ny foko ny valintenin'ireo zafikelinay.

Inona no atao hoe fibebahana? "Rehefa nikapoka olona iray ianao dia afaka miteny hoe 'azafady' ary manampy azy."

Inona no tsapanao rehefa mibebaka ianao? "Afaka mahatsapa Azy ianao, afaka mahatsapa ny fitiavany, ary mandao ny tena ireo fahatsapana ratsy."

Inona no tsapanao mikasika an'i Jesoa Kristy sy ny Ray any An-danitra rehefa mibebaka ianao? "Tsapako fa i Jesoa dia mahatsapa fa nilaina tokoa ny nanao ny Sorompanavotana, ary faly Izy fa afaka miara-miaina Aminy indray isika."

Nahoana i Jesoa sy ny Ray any Andanitra no maniry ny hibebahako? Toy izao no voalazan'ilay zafikeliko zatovo: "Satria tian' Izy ireo aho! Mba hahafahana mandroso sy ho lasa tahaka Azy ireo dia mila mibebaka aho. Tiako hiaraka amiko ihany koa ny Fanahy, koa mila mibebaka isan'andro aho mba hahazoana izany fiarahany amiko mahafinaritra izany. Tsy ho ampy na oviana na oviana ny fankasitrahako Azy ireo."

Rehefa nandre ireo fanontaniana ireo i Brynlee izay efa-taona dia hoy izy: "Tsy haiko ry Dada à! Tokony ampianarinao aho."

Tao anatin'ny fihaonambe maneran-tany iray teo aloha dia nanambara ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe: "Na dia tara tahaka ny ahoana aza ny fiheveranao ny tenanao, na dia betsaka toy ny inona aza ny fahadisoana izay tsapanao fa efa vitanao . . . , na dia lavitra toy ny inona aza ny dia nataonao izay tsapanao fa nanalaviranao ny tokantrano, na ny fianakaviana,

na an' Andriamanitra, dia mijoro ho vavolombelona aminao aho fa *tsy* nanalavitra loatra ianao ka hoe tsy ho takatry ny fitiavan' Andriamanitra. Tsy misy izany hoe milentika lalina loatra ianao ka tsy ho tratran'ny hazavana tsy manam-pahataperan'ny Sorompanavotan'i Kristy."[4]

Tena iriko tokoa ho an'ny tsirairay amin'ny zanako, ny zafikeliko, ary ny tsirairay aminareo ry anadahiko sy rahavaviko, ny hahatsapa ny fifaliana sy ny maha-akaiky an'ny Ray any An-danitra sy ny Mpamonjy antsika rehefa mibebaka isan'andro amin'ny fahotantsika sy ny fahalementsika isika. Mila fibebahana ny zanaky ny Ray any An-danitra tsirairay izay tompon'andraikitra. Diniho ireo fahotana ilaintsika hibebahana. Inona no manakana antsika? Amin'ny fomba ahoana no tokony hivoarantsika?

Fantatro, araka izay niainan'ny Filoha Packer sy nijoroany ho vavolombelona, fa rehefa mibebaka aminkitsimpo isika dia voafafa tanteraka ny fahotantsika—tsy hita soritra intsony! Izaho manokana dia nahatsapa ny fitiavana, ny fifaliana, nahatsapa ho maivamaivana, ary fahatokian-tena teo anatrehan'ny Tompo rehefa nibebaka tamin-kitsimpo.

Ho ahy, ny fahagagana lehibe indrindra eto amin'ity fiainana ity dia tsy ny fampisarahana ny Ranomasina Mena, na ny famindrana tendrombohitra, na ny fanasitranana ny vatana aza. Mitranga ny fahagagana lehibe indrindra rehefa mivavaka amim-panetren-tena amin'ny Ray any An-danitra isika ary mitalaho amim-panetrentena mba hamelana ny fahotantsika, ary nahatsapa avy eo dia voadio amin'ireo fahotana ireo amin'ny alalan'ny sorompanavotan'ny Mpamonjy antsika. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Almà 34:31.
2. D. Todd Christofferson, "Ilay fanomezana masin'ny fibebahana," *Liahona,* nôv. 2011, 40.
3. Enôsa 1:4–8.
4. Jeffrey R. Holland, "Ireo mpiasa ao amin'ny tanimboaloboka," *Liahona,* mey 2012, 33.



**Nataon'ny Loholona M. Russell Ballard**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Hankany amin'iza moa isika?

*Any amin'ny farany ny tsirairay amintsika dia tsy maintsy hamaly ilay fanontanian'ny Mpamonjy hoe: "Hianareo koa va mba te hiala?"*

Taona maro lasa izay dia nitsidika ilay Tany Masina izaho sy ny fianakaviako. Iray amin'ireo fahatsiarovana tena tadidiko tamin'ny dianay ny fitsidihana ilay efitrano ambony tao Jerosalema, ilay toerana fantatra araka ny lovan-tsofina fa nanaovana ny fiaraha-misakafo farany.

Rehefa nijoro tao amin'izany toerana izany izahay dia novakiako tamin'izy ireo ny Jaona 17, izay ahitana an'i Jesoa mitalaho amin'ny Rainy ho an'ireo mpianany:

"Izaho mangataka ho azy . . . mba ho iray ihany izy, tahaka ny mahiray Antsika. . . .

"Nefa tsy ho an'ireto ihany no angatahako, fa ho an'izay mino Ahy koa noho ny teniny;

"Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao Aminao, mba ho ao amintsika koa izy."[1]

Tena nientana ny foko raha namaky ireo teny ireo ary dia nivavaka aho teo amin'izany toerana masina izany mba ho iray mandrakariva amin'ny fianakaviako sy amin'ny Raiko any An-danitra ary amin'ny Zanany.

Ireo fifandraisana sarobidy ananantsika amin'ireo fianakaviana, namana, ny Tompo, ary ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny dia anisan'ireo zavatra tena manan-danja eo amin'ny fiainana. Koa satria tena manan-danja ireo fifandraisana ireo dia tokony hankamamiana sy harovana ary hokolokoloina.

Ny iray amin'ireo tantara mampihetsi-po be indrindra ao amin'ny soratra masina dia nitranga rehefa hitan'ny "maro tamin' ny mpiana[try ny Tompo]" fa sarotra ny nanaiky ireo fampianarany sy ny fotopampianarany, dia "nihemotra ka, *tsy niara-nandeha taminy intsony*" izy ireo.[2]

Rehefa lasana ireo mpianatra ireo dia nitodika tamin'ny [Roambinifolo] i Jesoa no sady nanontany hoe: "Hianareo koa va mba te-hiala?"[3]

Dia namaly i Petera hoe:

"Tompo ô, *hankany amin'iza moa izahay*? Hianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay.

"Ary izahay mino ka mahalala fa Hianao no Ilay Masin' Andriamanitra."[4]

Tamin'izay fotoana izay, raha toa ka nifantoka tamin'ny zavatra izay tsy azon'izy ireo ekena ny sasany, ireo Apôstôly kosa dia nisafidy ny hifantoka

tamin'ny zavatra *fantany sy inoany*, ka noho izany dia nijanona niaraka tamin'i Kristy izy ireo.

Taty aoriana, tamin'ny andron'ny Pentekôsta, dia nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina ny Roambinifolo. Lasa sahy nijoro ho vavolombelon'i Kristy izy ireo ary nanomboka nahatakatra feno kokoa ireo fampianaran'i Jesoa.

Tsy misy hafa amin'izany ny amin'izao fotoana izao. Ho an'ny sasany ny fanasan'i Kristy mba hino sy hijanona dia mafy hatrany—na sarotra ekena. Ny mpianatra sasany dia sahirana manakatra fitsipika na fampianarana manokana iray ao amin'ny Fiangonana. Ny hafa kosa dia mahita olana eo amin'ny tantarantsika na ny tsy fahalavorarian'ireo mpikambana sy mpitarika sasany taloha sy ankehitriny. Ny hafa indray mahita fa sarotra ny miaina fivavahana izay mitaky fahafoizan-tena. Farany, ny sasany dia lasa "ketraka amin'ny fanaovan-tsoa."[5] Noho ireo antony ireo sy antony hafa dia misalasala ny amin'ny finoany ny mpikambana sasany, manontany tena raha toa ka tokony hanaraka ireo izay "nihemotra, ka tsy niara-nandeha" tamin'i Jesoa intsony.

Raha misy aminareo miahiahy ny amin'ny finoany, dia apetrako aminy ilay fanontaniana napetrak'i Petera hoe: "Hankany amin'iza moa [ianareo]?" Raha misafidy ny ho lasa malaindaina na hiala Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izay naverina amin'ny laoniny ianareo dia ho aiza? Inona no hataonareo? Ilay fanapahan-kevitra hoe "tsy [hiara-handeha]" amin'ireo mpikambana sy mpitarika voafidin'ny Tompo ao amin'ny Fiangonana intsony dia hisy fiantraikany lavitra izay tsy voatery ho hita foana izao dia izao. Mety misy fotopampianarana sasany, na fitsipika sasany, na tantara kely sasany izay hanoheranao ny finoanao, ary mety mieritreritra ianao fa ny hany fomba ahafahana mamaha izao dia izao izany ahiahy anaty izany dia ny "tsy [miara-mandeha]" amin'ireo Olomasina intsony. Fa raha hiaina mandritra ny fotoana ela toy izay efa niainako izay ianareo dia ho fantatrareo fa misy ny fomba izay mampivaha ho azy ny olana. Mety hisy hevi-baovao na fanambarana azo avy amin'ny fanentanam-panahy hitondra fanazavana vaovao mikasika ny olana iray. Tsarovy fa ny Famerenana amin'ny laoniny dia tsy tranga iray fa mbola mitohy mivelatra hatrany.

Aza ariana mihitsy ireo fahamarinana lehibe nambara tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Aza mitsahatra mamaky sy mandalina ary mampihatra ny fotopampianaran'i Kristy voarakitra ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna.

Aza hadino velively ny manome fotoana ho an'ny Tompo amin'ny alalan'ny fiezahana marina ny hahatakatra ny zavatra izay efa nambaran'ny Tompo. Araka ny notenenin'ny Loholona Neal A. Maxwell, namako malala sy mpiara-miasa tamiko teo aloha indray mandeha hoe: "Tsy tokony hieritreritra isika . . . hoe satria tsy haintsika hazavaina ny zavatra iray, dia tsy azo hazavaina."[6]

Koa mialoha ny handraisanareo izany safidy mampidi-doza ara-panahy ny hiala izany, dia mamporisika anareo aho mba hijanona ka hieritreritra tsara mialoha ny hamelanareo na inona na inona zavatra izay nahatonga anareo hahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny tany amboalohany. Mijanòna dia diniho ny zavatra izay efa tsapanareo tato sy ny antony nahatsapanareo izany. Eritrereto ireo fotoana izay efa nijoroan'ny Fanahy Masina ho vavolombelona taminareo momba ny fahamarinana mandrakizay.

Aiza no halehanareo hitadiavana olon-kafa izay mitovy finoana aminareo manokana, ary Ray aman-dreny any An-danitra be fitiavana, izay mampianatra antsika ny fomba hiverenana eo anatrehan'izy ireo?

Aiza no halehanareo hampianarana anareo momba ny Mpamonjy iray izay tena namanareo akaiky indrindra, izay tsy nijaly noho ny fahotanareo fotsiny ihany fa niaritra "fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany" mba "hahatonga ny ao anatiny ho feno famindram-po araka ny nofo, mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny



vahoakany arakaraka ny rofiny,"[7] ary inoako fa tafiditra ao anatin'izany ny rofin'ny fahaverezan'ny finoana?

Aiza no halehanareo hianarana bebe kokoa momba ny drafitry ny Ray any An-danitra ho an'ny fahasambarantsika sy ny fiadanantsika mandrakizay, drafitra iray izay feno zavatra azo atao mahavariana sy fampianarana ary fitarihana ho an'ny fiainantsika eto an-tany sy mandrakizay? Tadidio fa ny drafitry ny famonjena dia mampisy dikany sy tanjona ny fiainana an-tany ary manome tari-dalana ho an'izany.

Aiza no halehanareo hahitana rafipandaminam-piangonana voatsinjara tsara sy azo avy amin'ny fanentanam-panahy izay ampianarana anareo sy hanohanan'ny lehilahy sy vehivavy manolo-tena lalina amin'ny fanompoana ny Tompo amin'ny alalan'ny fanompoana anareo sy ny fianakavianareo?

Aiza no halehanareo hahitana mpaminany sy apôstôly velona, izay antsoin' Andriamanitra mba hanome anareo loharano hafa hahazoana torohevitra, fahalalana, fampaherezana, ary fitaomam-panahy ho an'ireo fanamby amin'izao androntsika izao?

Aiza no halehanareo hahitana olona miaina amboaran-tsoatoavina sy fitsipika napetraka izay anananareo

sy tianareo hampitaina any amin'ireo zanakareo sy zafikelinareo?

Ary aiza no halehanareo hahafahanareo miaina ilay fifaliana izay tonga amin'ny alalan'ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana any amin'ny tempoly hahazoana famonjena?

Ry rahalahy sy rahavavy, mety ho sarotra ny manaiky sy miaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Efa tahaka izany foana izany, ary ho izany foana. Ny fiainana dia mety ho toy ny mpitsangantsangana miakatra lalana mideza sy sarotra iray. Zavatra mandeha ho azy ary tsy maninona ny miato indraindray mba haka aina eny andalana sy hamerina hijery ny lalantsika ary handinika tsara ny hafainganampandehantsika. Tsy ny rehetra no mila miato eny amin'ilay lalana, saingy tsy misy ny maharatsy ny manao izany raha ilaina amin'ny toe-javatra iainanao. Raha ny marina dia mety ho zavatra tsara izany ho an'ireo izay manararaotra ilay fahafahana mamelombelona ny tenany amin'ilay rano velon'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Tonga ny loza rehefa misafidy ny hirenireny lavitra ilay lalana izay mitondra mankany amin'ny hazon'aina ny olona iray.[8] Indraindray isika afaka mianatra sy mandalina ary mahafantatra, ary indraindray isika dia tokony hino sy hatoky ary hanantena.

Any amin'ny farany ny tsirairay amintsika dia tsy maintsy hamaly ilay fanontanian'ny Mpamonjy hoe: "Hianareo koa va mba te hiala?"[9] Mila mikaroka ny valintenintsika manokana an'io fanontaniana io isika rehetra. Ho an'ny sasany dia mora ny valiny; ho an'ny hafa, dia sarotra izany. Tsy milaza ny tenako ho mahafantatra ny antony mahatonga ny finoana mba hino ho moramora kokoa ho an'ny sasany raha oharina amin'ny hafa akory aho. Fa feno fankasitrahana fotsiny aho mahafantatra fa eo foana ny valiny, ary raha katsahintsika izany—tena katsahina omban'ny tena finiavana miaraka amin'ny fikasana tanteraka ny hanana fo feno vavaka—dia ho hitantsika amin'ny farany ny valin'ireo fanontaniantsika rehefa manohy mandeha eo amin'ilay lalan'ny filazantsara isika. Nandritra ny asa fanompoana nataoko aho dia nahafantatra ireo olona izay nivily lalana ary niverina indray taorian'ny fizahana ny finoany.

Ny fanantenana ato am-poko dia ny hanasantsika olona maro tsy mitsahamitombo isa mba hahita ny lalan'ny filazantsara sy hijanona eo amin'izany mba hahafahan'izy ireo koa "[m]ihinana amin'ny voankazo izay mampilendalenda lavitra noho ny voankazo hafa rehetra."[10]

Ny fiangaviana amin-kitsimpo ataoko dia ny hankaherezantsika, ny hanekentsika, sy ny hahatakarantsika ary ny hitiavantsika ireo izay sahirana amin'ny finoany. Tsy tokony hoe tsy miraharaha ny rahalahintsika sy ny rahavavintsika velively izany isika. Samy manana ny toerana misy azy avy isika rehetra eo amin'ilay lalana, ary mila mifanompo isika arakaraka izay.

Tahaka ny tokony hanokafantsika ny sandrintsika handraisana ireo mpikambana vaovao ihany no tokony hamihinantsika sy hanohanantsika koa ireo izay misalasala sy miahiahy ao amin'ny finoany.

Raha hampiasa fanoharana iray hafa izay fantatsika aho dia mivavaka hoe izay olona mieritreritra ny hiala ilay "Sambo tsy tontan'ny ela atao hoe Ziona," izay Andriamanitra sy i Kristy no mpanamory azy, dia mba hiato ka handinika tsara mialoha ny hanaovana izany.

Fantaro fa na dia mamely ilay sambo tsy tontan'ny ela aza ny tafio-drivotra sy ny onja mahery, dia ao anatin'ilay sambo ny Mpamonjy ary afaka miteny mafy an'ilay tafiotra amin'ny fanomezany baiko hoe, "Mangina, mitsahara." Mandra-pahatonga an'izay, dia tsy tokony hatahotra isika, ary tokony hanana finoana tsy azo hozongozonina isika sy hahafantatra fa na dia "ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy."[11]

Ry rahalahy sy rahavavy, mampanantena anareo aho amin'ny anaran'ny Tompo fa tsy handao ny Fiangonany na oviana na oviana Izy ary tsy handao ny tsirairay avy amintsika na oviana na oviana Izy. Tsarovy ny namalian'i Petera ny fanontanian'ny Tompo sy ny teniny:

"Hankany amin'iza moa izahay? Hianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay.

"Ary izahay mino ka mahalala fa Hianao no Ilay Masin' Andriamanitra."[12]

Mijoro ho vavolombelona aho fa "tsy [misy] anarana hafa omena na làlan-kafa na fomba izay mety hahatongavan'ny famonjena amin'ny zanak'olombelona, afa-tsy ao Aminy sy amin'ny alalan'ny anaran'i Kristy ihany."[13]

Mijoro ho vavolombelona ihany koa aho fa niantso apôstôly sy mpaminany i Jesoa Kristy amin'izao androntsika izao ary namerina tamin'ny laoniny ny Fiangonany miaraka amin'ny fampianarana sy didy "ho fialofana amin'ny tafiodrivotra sy amin'ny fisafoahana" izay azo antoka fa ho avy raha tsy mibebaka sy miverina any Aminy ny olona eto amin'izao tontolo izao.[14]

Mijoro ho vavolombelona ihany koa aho fa ny Tompo dia "manainga ny rehetra . . . hanatona Azy sy hanana anjara amin'ny hatsaram-pony; ary tsy mandà izay manatona Azy Izy; na mainty na fotsy, na andevo na olon'afaka; na lahy na vavy; . . . ary ho an' Andriamanitra dia mitovy ny rehetra na Jiosy na Jentilisa"[15]

I Jesoa no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, ary ny filazantsarany tafaverina amin'ny laoniny no hitondra antsika soa aman-tsara hiverina eo anatrehan'ny Ray aman-drenintsika any An-danitra raha toa ka mijanona eo amin'ilay lalan'ny filazantsara sy manaraka ny diany isika. Izany dia ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jaona 17:9, 11, 20–21.
2. Jaona 6:66; nampiana fanamafisana.
3. Jaona 6:67.
4. Jaona 6:68–69; nampiana fanamafisana.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:33.
6. Neal A. Maxwell, *Not My Will, But Thine* (1988), 124.
7. Almà 7:11–12.
8. Jereo ny 1 Nefia 8:20–30.
9. Jaona 6:67.
10. 1 Nefia 8:15.
11. Jereo ny Marka 4:5–41.
12. Jaona 6:68–69.
13. Môsià 3:17.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:6.
15. 2 Nefia 26:33.



Nataon'ny Eveka Dean M. Davies
Mpanolotsaina Voalohany eo amin'ny Episkôpà Mpiahy

# Ireo fitahiana entin'ny fitsaohana

*Ny fitsaohana dia tena manan-danja ary ivon'ny fiainantsika ara-panahy. Zavatra tokony hiriantsika mafy sy katsahantsika ary ezahantsika hiainana.*

**Ny Fitsidihany**

Anisan'ny zava-nitranga tena miavaka sy manohina ny fo voarakitra ao amin'ny soratra masina ny fitantarana ny fitsidihan'ny Mpamonjy an'ireo mponina tany Amerika taorian'ny nahafatesany sy ny Fitsanganany tamin'ny maty. Nisedra faharavana goavana tokoa ny vahoaka ka nahatonga "ny lafin'ny tany manontolo [nanjary nihasimba]."[1] Ny rakitsoratra ahitana ireo zava-nitranga ireo dia mitantara fa taorian'ilay loza dia nitomany foana ny vahoaka rehetra,[2] ary teo anivon'ny fahorian'izy ireo lalina dia nangetaheta fanasitranana sy fiadanana ary fanafahana izy ireo.

Rehefa nidina avy tany an-danitra ny Mpamonjy dia indroa niankohoka teo an-tongony ny vahoaka. Ny voalohany dia nitranga taorian'ny nanononany tamim-pahefana avy tamin' Andriamanitra hoe:

"Indro, Izaho no Jesoa Kristy izay nambaran' ny mpaminany fa ho avy eo amin'izao tontolo izao.

"Ary indro, Izaho no fahazavana sy fiainan'izao tontolo izao."[3]

Avy eo Izy dia nanasa ireo izay nanatrika teo hoe "mitsangàna ary mankanesa aty Amiko, hahazoanareo mitehika ny lanivoako amin'ny tananareo, ary koa mba hahazoanareo mitsapa ny diam-pantsika amin'ny tanako sy amin'ny tongotro mba hahafantaranareo fa Izaho no Andriamanitr'i Isiraely sy Andriamanitry ny tany manontolo, ary efa novonoina noho ny fahotan'izao tontolo izao. . . .

"Ary nony efa nandroso izy rehetra ary efa nijoro ho vavolombelona ho an'ny tenany, dia niantso tamin'ny feo tokana izy ireo, nanao hoe:

"Hosana! Hotahiana anie ny anaran' Andriamanitra Avo indrindra!"[4]

Ary avy eo, dia "lavo teo an-tongotr'i Jesoa . . ." fanindroany ". . . izy ireo." Saingy tamin'ity indray mitoraka ity dia nisy antony satria hitantsika fa "nitsaoka Azy"[5] izy ireo.

**Amin'izao androntsika izao**

Tany am-piandohan'ity taona ity aho dia voatendry hitsidika tsatòka iray tany amin'ny faritra andrefan'i Etazonia. Alahady toy ny fahita mahazatra tamin'izay, fivoriana toy ny fahita mahazatra, nahitana mpikamban'ny Fiangonana toy ny mahazatra. Nodinihiko ireo olona rehefa niditra tao amin'ny efitrano fivavahana ary namonjy tamim-panajana ireo toerana mbola nalalaka. Nanako tao an-dalantsara ireo resadresaka faramparany. Nanandrana nampangiana ireo zaza pelipelika ireo ray aman-dreny. Efa mahazatra.

Saingy avy eo, talohan'ny nanombohan'ny fivoriana, dia teny nentanin'ny Fanahy no tonga tato an-tsaiko.

Tsy ny hanatanteraka adidy na hihaino mpanao lahateny fotsiny no nahatongavan'ireto mpikambana ireto.

Antony lalina kokoa sy manan-danja lavitra kokoa no nahatongavan'izy ireo.

Tonga hitsaoka izy ireo.

Rehefa nandeha ny fivoriana dia nandinika mpikambana maro samihafa teo anivon'ireo mpiangona aho. Nanana endrika saika tahaka ny hoe avy any an-danitra izy ireo, toe-panahy feno fanehoam-panajana sy fiadanana. Nisy zavatra nanohina ny foko teo amin'izy ireo. Ny zavatra niainan'izy ireo tamin'io alahady io dia zavatra tena niavaka.



Nitsaoka izy ireo.

Niaina ny lanitra izy ireo.

Hitako teo amin'ny endrik'izy ireo izany.

Ka dia niara-nifaly sy nitsaoka tamin'izy ireo aho. Ary teo am-panaovako izany dia niteny tamin'ny foko ny Fanahy. Ary tamin'io andro io aho dia nianatra zavatra mikasika ny tenako, sy mikasika an' Andriamanitra ary mikasika ny anjara toeran'ny tena fitsaohana marina eo amin'ny fiainantsika.

#### Fitsaohana eo amin'ny fiainantsika andavanandro

Tena miavaka ireo Olomasin'ny andro farany raha resaka fanompoana eo amin'ny fanaovana antso ao ampiangonana. Saingy indraindray isika dia mety manatanteraka ny asantsika toy ny fahazarana fotsiny, toy ny hoe asa fotsiny no ataontsika. Indraindray ny fanatrehantsika ireo fivoriana sy ny asa fanompoana ataontsika ato amin'ny fanjakana dia mety tsy ampy an'ilay ampahany masina, dia ny fitsaohana. Ary raha tsy misy an'io dia manary fahafahana tsy manam-paharoa hihaonana ara-panahy amin'ilay mandrakizay isika, fahafahana izay tokony ho ananantsika amin'ny maha- ny Ray any An-dranitra iray be fitiavana antsika.

Ny fitsaohana dia tsy zava-mitranga kisendrasendra noho ny vintana, fa tena zava-dehibe sy ivon'ny fiainantsika ara-panahy. Zavatra tokony hirintsika mafy sy hokatsihintsika ary hoezahintsika hiainana izy io.

#### Inona no atao hoe fitsaohana?

Rehefa mitsaoka an' Andriamanitra isika dia manatona Azy amin'ny fitiavana sy fanetrentena ary fiderana feno fanehoam-panajana. Miaiky isika ary manaiky Azy ho Mpanjakantsika mahefa, ilay Mpahary an'izao rehetra izao, Raintsika malala ary feno fitiavana tsy manam-petra.

Hajaintsika sy omentsika voninahitra Izy.

Mampanoa ny tenantsika Aminy isika.

Manandratra ny fontsika isika amin'ny vavaka feno hafanampo, mankamamy ny teniny, mifaly amin'ny fahasoavany, ary manolo-tena hanara-dia Azy omban'ny fahatokiana tanteraka.

Tena ampahany manan-danja tokoa eo amin'ny fiainan'ny hoe mpianatr'i Jesoa Kristy ny fitsaohana an' Andriamanitra ka raha tsy haintsika ny mandray Azy ao am-pontsika, dia zava-poana ny fikatsahantsika Azy any amin'ireo filankevitra ataontsika sy any am-piangonana ary any amin'ny tempoly.

Ireo tena mpianatra marina dia voasarika "[h]idera Azy izay nanao ny lanitra sy ny tany, ary ny ranomasina sy ireo loharanon'ny rano—hiantso andro aman' alina ny anaran'ny Tompo."[6]

Afaka mianatra betsaka mikasika ny tena fitsaohana marina isika amin'ny alalan'ny fandinihana ny fomba fanatonan'ny hafa sy ny fihetsiky ny hafa ary ny fitsaohan'ny hafa eo anatrehan' Andriamanitra, ny hafa izay angamba tsy dia samihafa amintsika loatra.

#### Fitalanjonana sy Fankasitrahana ary Fanantenana

Tamin'ny ampahany voalohany tamin'ny taonjato faha-19 dia efa saika nafoin'ny tontolo Kristianina ilay hevitra hoe mbola miresaka amin'ny olombelona Andriamanitra. Saingy tamin'ny lohataonan'ny taona 1820 dia niova mandrakizay izany rehefa nisy zazalahy tantsaha iray feno fanetrentena niditra tao anaty ala-kely iray ary nandohalika hivavaka. Nanomboka tamin'io andro io dia fahitana niavaka sy fanambarana ary fisehoan'iraka avy any an-danitra maro nifanjohy no nanenika ny tany ka nanafy ny mponina tamin'ny fahalalana sarobidy mahakasika ny toetoetran' Andriamanitra sy ny tanjony ary ny fifandraisany amin'ny olombelona.

Izany vaninandro izany dia nofaritan'i Oliver Cowdery hoe andro "tsy hohadinoina na oviana na oviana. . . . Akory ny fifaliana! Akory ny hagagana! Akory ny fitalanjonana!"[7]

Ireo tenin'i Oliver dia mampita ireo singa voalohany izay miaraka amin'ny tena fitsaohana marina an' Andriamanitra—fahaizana maneho fitalanjonana lehibe sy fanatipisaorana lalina.

Isan'andro, fa indrindra indrindra ny andro Sabata, dia manana fahafahana miavaka isika hiaina ny fahagagana sy ny fitalanjonana avy any an-danitra ary hanolotra ny fiderantsika an' Andriamanitra noho ny fahasoavany masina sy ny famindram-pony mitobaka.

Izany no mitarika antsika hanantena. Ireo no singa voalohany amin'ny fitsaohana.

#### Fahazavana sy Fahalalana ary Finoana

Tamin'ny andro soan'ny Pentekôsta, dia niditra tao am-po sy tao antsain'ireo mpianatr'i Kristy ny Fanahy Masina, ka dia heniky ny fahazavana sy ny fahalalana izy ireo.

Hatramin'io andro io aloha izy ireo dia indraindray mbola tsy nahazo antoka izay tokony hataon'izy ireo. I Jerosalema dia lasa toerana nampididoza ho an'ny mpanaradian'ny Mpamonjy, ary dia tsy maintsy nanontany tena izy ireo mikasika izay hanjo azy ireo.

Saingy rehefa nanenika ny fon'izy ireo ny Fanahy Masina dia nanjavona ny ahiahy sy ny tsy fahavononana. Tamin'ny alalan'ny zavatra miavaka niainana fitsaohana marina no nandraisan'ireo Olomasin' Andriamanitra fahazavana sy fahalalana avy any an-danitra, ary fijoroana ho vavolombelona natanjaka kokoa. Ary izany no nitondra tamin'ny finoana.

Nanomboka tamin'io andro io, ireo Apôstôly sy ireo olomasina dia tapakevitra mafy ny hahatratra ny tanjon'izy ireo. Tamim-pahasahiana no nitorian'izy ireo an'i Kristy Jesoa tamin'ny tany manontolo.

Rehefa mitsaoka ara-panahy isika dia manasa fahazavana sy fahalalana hiditra ao amin'ny fanahintsika, ka hanatanjaka ny finoantsika. Ireo ihany koa dia singa ilaina ao amin'ny tena fitsaohana marina.

#### Ny maha-mpianatra sy ny fiantrana

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika no mianatra fa nanomboka tamin'ny fotoana nanafahana an'i Almà Zanany tsy hijaly intsony tamin'ny fikomiana nataon'ny tenany ihany, dia tsy toy ny

taloha intsony izy. Nanam-pahasahiana izy "nandeha eran' ny tan[y] . . . manontolo, tany anivon' ny vahoaka rehetra . . . , niezaka tamin' ny faharisihana tokoa hanarina ny fanimbana rehetra izay efa nataony tamin' ny fiangonana."[8]

Ny fitsaohany tsy tapaka an' Andriamanitra Tsitoha dia naka endrika fanarahan-dia feno fahavitrihana.

Ny tena fitsaohana marina dia manova antsika ho lasa mpianatra mahitsy fo sy hentitra an'ilay Mpampianatra sy Mpamonjy malalantsika, dia i Jesoa Kristy. Miova isika ka lasa mitovy kokoa Aminy.

Lasa mora mahatakatra kokoa isika ary tia mikarakara kokoa. Mora mamela heloka kokoa. Be fitiavana kokoa.

Takatsika fa tsy azo heverina ny hilazana hoe tia an' Andriamanitra isika nefa etsy ankilany sady mankahala na tsy te hieritreritra na tsy miraharaha ny hafa manodidina antsika.[9]

Ny tena fitsaohana marina dia mitondra mankany amin'ny fahatapahankevitra tsy mihozongozona handeha amin'ny lalan'ny maha-mpianatra. Ary izany no tsy maintsy mitondra mankany amin'ny fiantrana. Izy roa ireo no singa tsy maintsy ilaina ao amin'ny fitsaohana.

#### Miditra eo amin'ny vavahadiny miaraka amin'ny fanati-pisaorana

Rehefa mamerina mieritreritra mikasika ilay niantomboka tamina alahady maraina toy ny fahita mahazatra aho, tao amin'io trano fivavahana toy ny fahita mahazatra io, tao amin'io tsatòka toy ny fahita mahazatra io aho, dia na mandraka ankehitriny aza dia entanin'io zavatra niainana ara-panahy miavaka io aho izay hitahy ny fiainako mandrakizay.

Nianatra aho fa na dia faran'izay mahay mitantana ny fotoanantsika sy ny antsontsika ary ny asa ampandraiketana antsika aza isika, na dia vitantsika avokoa aza ireo zavatra rehetra takina eo amin'ny lisitra ahatongavana ho olona na fianakaviana na mpitarika "tonga lafatra," raha tsy vitantsika ny mitsaoka ilay Mpanafaka antsika feno famindram-po, sy Mpanjakantsika any an-danitra ary Andriamanitsika feno voninahitra, dia tsy azontsika ny ankamaroan'ny fifaliana sy fiadanana entin'ny filazantsara.

Rehefa mitsaoka an' Andriamanitra isika dia manaiky sy mandray Azy miaraka amin'ny fanehoam-panajana mitovy amin'izay nasehon'ireo mponina tany Amerika fahiny. Manatona Azy isika amin'ny fahatsapana fahagagana sy fitalanjonana tsy hay takarina. Mitalanjona amim-pankasitrahana noho ny hatsaram-pon'Andriamanitra isika. Ary dia tahaka izany no ahazoantsika fanantenana.

Mandalina ny tenin' Andriamanitra isika, ary dia fenoin'izany fahazavana sy fahamarinana ny fanahintsika. Mahatakatra fahitana ara-panahy isika, izay tsy mety hita raha tsy tsilovin'ny Fanahy Masina.[10] Ary dia tahaka izany no ahazoantsika finoana.

Rehefa mitsaoka isika dia voadio ny fanahintsika ary manolo-tena isika hanaraka ny ohatr'ilay Mpamonjy malalantsika, dia i Jesoa Kristy. Ary avy amin' io fanapahan-kevitra io no ahazoantsika fiantrana.

Rehefa mitsaoka isika, dia mitodika amim-piderana amin'ilay Andriamanitra malalantsika ny fontsika, na maraina, na antoandro, na hariva.

Manamasina sy manome voninahitra Azy tsy tapaka isika, any amin'ny tranofiangonantsika, ny tokantranontsika, sy ny tempolintsika ary amin'ny asa rehetra ataontsika.

Rehefa mitsaoka isika dia manokatra ny fontsika ho amin'ny hery manasitran'ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy.



Ny fiainantsika no lasa mariky ny fanehoantsika ny fitsaohantsika.

Ry rahalahy sy anabaviko isany, ny zavatra niainana ara-panahy dia tsy dia misy hidirany loatra amin'izay mitranga manodidina antsika fa miankina betsaka kosa amin'ny ny zavatra mitranga ao anatin'ny fontsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny tena fitsaohana marina dia hanova ireo fivoriam-piangonana fahita mahazatra ho lasa hanim-pitoloha ara-panahy tena miavaka. Hanatsara ny fiainantsika izany, sy hampivelatra ny fahatakarantsika ary hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika. Fa raha mampanatona ny fontsika amin' Andriamanitra isika, tahaka ilay mpanao salamo fahiny, dia "midi[tra] eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, ary eo an-kianjany amin'ny fiderana: misao[tra] Azy [isika] ary mankalaz[a] ny anarany.

"Fa tsara Jehovah; mandrakizay ny famindrampony; ary mihatra amin'ny taranaka fara mandimby ny fahamarinanany."[11]

Amin'ny alalan'ny fitsaohana amin-kitsimpo sy avy ao am-po no ivelarantsika sy hahamatotra antsika ao amin'ny fanantenana sy ny finoana ary ny fiantrana. Ary mandritra izany dingana izany isika dia manovo fahazavana avy any an-danitra ho ao amin'ny fanahintsika ka mahatonga ny fiainantsika ho feno fahatsapana masina sy fiadanana maharitra ary fifaliana tsy manam-petra.

Izany no fitahiana entin'ny fitsaohana eo amin'ny fiainantsika. Momba izany no ijoroako ho vavolombelona amim-panetren-tena amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. 3 Nefia 8:17.
2. Jereo ny 3 Nefia 8:23.
3. 3 Nefia 11:10–11.
4. 3 Nefia 11:14, 16–17.
5. 3 Nefia 11:17.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:39–40.
7. Joseph Smith—Tantara 1:71, fanamarihana ery ambanin'ny pejy.
8. Môsià 27:35.
9. Jereo ny 1 Jaona 4:20.
10. Jereo ny 1 Kôrintiana 2:14.
11. Salamo 100:4–5.



**Nataon'ny Loholona Lynn G. Robbins**
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Ilay mpitsara marina

*Iray ihany no fomba ahafahana mitsara araka ny rariny, tahaka ny ataon'i Jesoa Kristy, dia ny miova ho tahaka Azy.*

Nandritra ny fiainany tety antany i Jesoa Kristy dia mpitsara be fitiavana, hendry mihoatra noho ny mahazatra ary maharitra. Ao amin'ny soratra masina Izy dia antsoina hoe ilay "mpitsara marina" (2 Timoty 4:8; Mosesy 6:57), ary ny toroheviny ho antsika dia ny "hitsara ihany koa araka ny fitsarana marina" (jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 7:1–2) ary ny "[hametraka] amin'ilay Fanahy izay mitarika hanao ny tsara ny fitokianao . . . [ary ny] hitsara araka ny rariny" (F&F 11:12).

Ity torohevitra ho an'ireo Roambinifololahy Nefita ity dia hanampy antsika hitsara araka ny fanaon'ny Tompo: "Ianareo no ho mpitsaran' ity vahoaka ity, *araka ny fitsarana izay homeko anareo,* izay ho marina. Koa, tokony ho karazana olona toa inona moa ianareo? Lazaiko aminareo marina tokoa, ho toa Ahy" (3 Nefia 27:27; nampiana fanamafisana). Indraindray isika dia manadino fa tamin'Izy nanome ilay torohevitra hoe ho toa Azy, dia teo ampiresahana mikasika ny fomba hitsarana araka ny rariny.

#### Fitsarana tsy marina

Ny ohatra iray mahamenatra mikasika ny fitsarana tsy marina dia hita ao amin'ilay fanoharana momba ilay ondry very tamin'ireo Fariseo sy mpanora-dalàna nanao fitsarana diso an'i Jesoa sy ireo niara-nisakafo taminy, ka nilaza hoe: "Ilehity mandray ny mpanota ka miara-mihinana aminy" (Lioka 15:2)—tsy nihevitra akory izy ireo fa hoe ny tenan'izy ireo dia mpanota koa. Noho ny fananan'ireo mpanora-dalàna sy Fariseo fo tia manameloka dia tsy fantatr'izy ireo mihitsy izany hoe fifaliana azo amin'izany manavotra ondry very izany.

Mbola "ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo" ihany koa no nitondra



"vehivavy anankiray azo nijangajanga" (Jaona 8:3) teo amin'ny Mpamonjy mba hahitana raha toa ka hitsara azy araka ny lalàn'i Mosesy Izy (jereo ny andininy 5). Fantatrareo ny tohin'ny tantara, ny fomba nampietreny azy ireo noho ny fitsarany tsy marina, ary ny fomba naha-resy tohika azy ireo noho ny feon'ny fieritreretan'ny *tenan'izy ireo ihany* ka dia nivoaka "tsirairay" (fandikana ara-bakiteny ny dikantenin'ny Mpanjaka Jakoba andininy 9; nampiana fanamafisana). Avy teo Izy dia nilaza tamin'ilay vehivavy fa hoe "Izy koa dia tsy manameloka azy ka dia tokony handeha izy ka tsy hanota intsony. Ary dia nanome voninahitra an' Andriamanitra ilay vehivavy nanomboka tamin'io ora io ka nino ny Anarany" (jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Jaona 8:11).

Ilay lehilahy sy vehivavy araka ny nofo ao anatintsika tsirairay dia manana fironana hanameloka ny hafa ary hanao fitsarana tsy marina, na araka izay maha-afa-po ny tena. Nitranga tamin'i Jakoba sy i Jaona koa aza izany, roa tamin'ireo Apôstôlin'ny Mpamonjy. Tezitra mafy izy ireo rehefa naneho fihetsika tsy nisy fanajana tamin'ny Mpamonjy ny mponina tao amin'ny tanàna Samaritana iray (jereo ny Lioka 9:51–54):

"Ary raha hitan'[izy ireo] izany, dia hoy izy: Tompoko, tianao ve raha hiteny izahay mba hisy afo milatsaka avy any an-danitra handevona azy [toy ny nataon'i Elia?]

"Fa Izy nitodika, dia niteny mafy azy, [ka nanao hoe: Tsy fantatrareo ny toetry ny fanahy izay anareo].

"[Fa ny Zanak'olona tsy tonga hahavery ny ain'ny olona, fa hamonjy azy]" (andininy 54–55).

Ireo "mpitsara tsotra" (F&F 107:74) ankehitriny, izay ireo eveka sy filohan'ny sampana misy antsika, dia tokony hiala amin'ny faniriana hanameloka mitovitovy amin'izany, tahaka ny nataon'i Jakoba sy i Jaona tamin'io indray mitoraka io. Fangorahana sy fahaizana mipetraka amin'ny toeran'ny hafa no asetrin'ny mpitsara marina amin'ny fiaikekeloka. Ny zatovo iray izay nanao fahadisoana ohatra, dia tokony handao

ny biraon'ny eveka feno fahatsapana ny fitiavan'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny eveka sy heniky ny fifaliana sy ny hery manasitrana entin'ny Sorompanavotana—fa tsy hahatsiaro velively ho rakotra henatra na ho meloka namoa fady. Fa raha tsy izany ilay eveka dia mety hitarika tsy nahy an'ilay ondry very ho vao mainka hanalavitra any anefitra (jereo ny Lioka 15:4).

#### Fitsipi-pifehezana

Na izany aza anefa, ny fangorahana dia tsy manafoana ny filana fitsipi-pifehezana. Ny teny hoe *fitsipi-pifehezana na discipline* dia avy amin'ny teny latina hoe *discere* izany hoe "mianatra," na hoe *discipulus* izany hoe "mpianatra," ka lasa hoe mpianatra sy mpanara-dia ny hoe "disciple."[1] Ny hoe mampihatra fitsipi-pifehezana amin'ny fomban'ny Tompo dia mampianatra amim-pitiavana sy amim-paharetana. Ao amin'ny soratra masina ny Tompo dia mampiasa matetika ilay teny hoe *faizina,* rehefa miresaka momba ny fitsipi-pifehezana (jereo ohatra ny Môsià 23:21; F&F 95:1). Ny teny hoe *"chasten" na manafay* dia avy amin'ny teny latina hoe *castus,* midika hoe "madio fitondrantena", ary ny hoe *chasten* izany dia midika hoe "mahatonga ho madio."[2]

Eo amin'izao tontolo izao, dia ny mpitsara ara-nofo no manameloka olona iray ary *managadra* azy any am-ponja. Mifanohitra amin'izany kosa, ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra fa rehefa minia manota isika dia lasa mpitsaran'ny tenantsika (Almà 41:7) ary manameloka ny tenantsika ho any amin'ny tranomaizina ara-panahy. Mahavariana fa ny mpitsara tsotra eto dia mihazona ny fanalahidy izay *manokatra* ny varavaran'ny fonja; "fa amin'ny fananarana no hanomanako ny lalana *hanafahana* azy amin'ny karazana fakam-panahy rehetra" (F&F 95:1; nampiana fanamafisana). Ireo zavatra ataon'ny mpitsara marina iray dia feno famindram-po, sy fitiavana ary manavotra fa tsy manameloka.

I Joseph Smith tao amin'ny fahatanorany dia nanarina nandritra ny fizahan-toetra efa-taona talohan'ny nahazoany ireo takela-bolamena,



"satria ianao tsy nitandrina ireo didin'ny Tompo."[3] Taty aoriana, rehefa nanary ireo pejy vita soratanana 116 i Joseph dia nanarina indray. Na dia tena feno nenina marina aza i Joseph, dia mbola nesorin'ny Tompo taminy ihany ireo tombontsoa nananany nandritra ny fotoana fohy, satria "izay tiako koa no faiziko hahazoana mamela ny fahotany" (F&F 95:1).

Hoy i Joseph: "Feno fifaliana ilay anjely raha namerina tamiko indray ny Orima sy ny Tomima ka nilaza fa faly Andriamanitra noho ny fahatokiako sy ny fanetretenako, ary tia ahy noho ny *fibebahako* sy ny fahazotoako amin'ny vavaka."[4] Noho ny Tompo naniry hampianatra lesona manova fo tamin'i Joseph, dia nitaky sorona maharary taminy Izy; fa ny sorona dia ampahany tena manan-danja amin'ny fananarana.

#### Sorona

"Tamin'ny andro fahiny, ny *sorona* dia midika ho fanamasinana ny zavatra iray na olona iray,"[5] ka mampifandray izany amin'ny fomba mifampiankina, amin'ny famaritana ny teny hoe *manafay*—na "mahatonga ho madio." Torak'izany koa, tamin'ny Isiraely fahiny, ny famelan-keloka dia raisina tamin'ny alalan'ny fanaovana fanatitra noho ny fahotana na fandikan-dalàna, na koa hoe sorona.[6] Ilay sorona dia tsy hoe "[n]anondro [fotsiny] izany sorona lehibe sady farany izany" (Almà 34:14) fa nanampy ihany koa hiteraka fahatsapana fankasitrahana lalina kokoa ho an'ny Sorompanavotana nataon'ny Mpamonjy. Ny tsy fetezana hanao sorona ho isan'ny fibebahana dia mandrabiraby sy manao tsinontsinona ilay sorona lehibe kokoa nataon'i Kristy noho iny fahotana iny ihany ary mampihena ny lanjan'ny fijaliany—dia marika tsy misy antra ny tsy fahaizana mankasitraka.

Etsy ankilany kosa, noho ilay asa mahavarian'ny fanaovana sorona, dia raha ny marina *mahazo* zavatra manana lanja mandrakizay isika, dia ny famindram-pony sy ny famelankeloka avy Aminy, ary amin'ny farany dia "izay rehetra ananan'[ny] Ray" (F&F 84:38). Tafiditra ao amin'ny dingan'ny fibebahana, ny sorona dia miasa toy ny balsama manasitrana, manampy hanolo ny "fanenenan'ny fieritreretana" (Almà 42:18) ho lasa "fiadanan-tsaina" (Môsià 4:3). Raha tsy misy sorona dia ho hitan'ny olona anankiray fa sarotra ny mamela ny tenany ihany, noho ny fahatsapana tsy tapaka fa nisy zavatra nohazonina.[7]

#### Ny ray aman-dreny eo amin'ny anjara toeran'ny mpitsara marina

Raha vitsy amintsika ihany no ho antsoina ho mpitsara tsotra, dia mihatra amintsika rehetra kosa ireo fitsipiky ny fitsarana araka ny rariny, indrindra indrindra amin'ireo ray aman-dreny izay manana fahafahana isan'andro hampiasa ireo fitsipika ireo miaraka amin'ny zanak'izy ireo. Ny mampianatra zanaka iray amim-pahombiazana no tena fototry ny hoe fitaizana tsara, ary ny mananatra amim-pitiavana no



tena fototr'izany hoe lasa mpitsara marina izany.

Nampianatra ny Filoha Joseph F. Smith hoe: "Raha mikomy ireo zanaka ka lasa sarotra fehezina, dia aoka ianao haharitra amin'izy ireo mandra-pahafahanao mambabo azy amin'ny alalan'ny fanehoana fitiavana, . . . ary avy eo dia azonao atao ny [mamolavola] ny toetran'izy ireo araka izay tianao."[8]

Mahatonga saina fa rehefa mampianatra fomba enti-mananatra ireo mpaminany, dia toa miresaka hatrany momba ireo toetra tahaka ny an'i Kristy. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia manome antsika ity torohevitra efa diso fantatra ity mikasika ny fananarana:

"Tsy misy hery na fitaomana azo na tokony hotanana amin'ny alalan'ny fisoronana raha tsy amin'ny fandresendahatra, ny fahari-po, ny hatsarampanahy sy ny hamoram-po ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy;

"Amin'ny halemem-panahy sy ny fahalalana madio izay mampivoatra fatratra tokoa ny fanahy, tsy misy fihatsarambelatsihy sy tsy misy fitaka—

"Manitsy eo no ho eo amin' ny fomba henjana rehefa entanin'ny Fanahy Masina; ary rehefa izany dia maneho fitiavana sesehena" (F&F 121:41–43).

Io soratra masina io dia mampianatra antsika hanitsy "rehefa entanin'ny Fanahy Masina," fa *tsy hoe* rehefa entanin'ny hatezerana. Tsy afaka miaraka ny Fanahy Masina sy ny hatezerana, satria "izay manana ny fanahin'ny fifandirana dia tsy Ahy fa an'ny devoly kosa, izay rain'ny fifandirana, ary mamoky ny fon'ny olona izy mba hifanditra amim-pahatezerana izy samy izy" (3 Nefia 11:29). Nampianatra ny Filoha George Albert Smith hoe "ny zavatra mifono haratsiam-panahy mazana dia tsy ambara eo ambany fitaoman'ny Tompo. Ny Fanahin'ny Tompo dia fanahin'ny hatsaram-panahy; fanahin'ny faharetana; fanahin'ny fiantrana sy fitiavana ary fandeferana sy fahari-po.

". . . Fa raha manana toe-panahy tia mitady hadisoana amin'ny hafa isika . . . amin'ny fomba manimba, dia tsy vokatry ny fiarahan'ny Fanahin'ny Raintsika any An-danitra *na oviana na oviana* izany ary manimba *foana*.

". . . Ny hatsaram-panahy no hery izay nomen' Andriamanitra antsika hanalefahana ny fo mafy sy hambaboana ireo fanahy miziriziry."[9]

#### Iza marina moa ireo zanatsika

Raha nitsidika an'ireo Nefita ny Mpamonjy dia nanao zavatra tena miavaka tamin'ireo ankizy:

"Ary ny zava-nitranga dia nampianariny sy notompoiny ny zanaky ny valalabemandry . . . , ary novahany ny lelany, ary izy ireo dia niteny tamin-drainy zavatra lehibe sy mahatalanjona. . . .

". . . Ary sady nahita izy no nandre ireo ankizy ireo; eny, na dia ny zaza aza dia nanokatra ny vavany sy nanambara zavatra mahatalanjona" (3 Nefia 26:14, 16).

Angamba nanao mihoatra noho ny *nanokatra ny vavan'* ireo zaza ny Tompo, fa *nanokatra koa ny maso sy ny sofin'* ireo ray aman-drenin'izy ireo izay talanjona. Ireo ray aman-dreny ireo dia notolorana ilay fanomezam-pahasoavana miavaka ny hahatakatra ny sombin'ny mandrakizay sy ny hahatazana hoe iza marina moa ireo zanak'izy ireo sy ny toetran'izy ireo tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Moa ve izany tsy hanova mandrakizay ny fomba *fijerin'* ireo ray aman-dreny sy ny fomba fandraisany an'ireo zanany? Tiako ity fanovana natao ity tamin'ny zavatra iray izay voalaza fa avy amin'i Goethe: "Ny fomba fijerinao ny [zaza] iray no fomba fandraisanao azy, ary ny fomba fandraisanao azy no hahatongavany rahatrizay."[10] Ny fahatsiarovana hoe iza marina moa ny zaza iray dia fanomezam-pahasoavana ahafahana mahita mialoha izay manentana amin'ny fomba araka an' Andriamanitra ny fahatakaran'ny mpitsara marina iray.

#### Famaranana

Nampianatra antsika ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Aza avela na oviana na oviana hisy olana iray tokony ho vahana ho lasa manan-danja kokoa noho ny olona iray tokony ho tiavina."[11] Tena iankinan'ny aina io fitsipika io eo amin'ny fahatongavana ho mpitsara marina, indrindra amin'ireo zanatsika ihany.

Iray ihany no fomba ahafahana mitsara araka ny rariny, tahaka ny ataon'i Jesoa Kristy, dia ny miova ho tahaka Azy. Ka noho izany, "tokony ho karazana olona toa inona moa ianareo? Lazaiko aminareo marina tokoa, ho toa Ahy" (3 Nefia 27:27). Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny "disciple," etymonline.com.
2. Jereo ny *Merriam-Webster's Collegiate Dictionary,* 11th ed. (2003), "chasten."
3. Karen Lynn Davidson and others, eds., ao amin'ny *Histories, Volume 1: 1832–1844,* boky 1 amin'ireo Histories series of *The Joseph Smith Papers,* (2012), 83.
4. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 71; nampiana fanamafisana.
5. Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Sorona"; scriptures.lds.org.
6. Jereo ny Bible Dictionary, "Sacrifices."
7. Ny sorona atolotsika eo amin'ny alitaran'ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro dia fo torotoro sy fanahy manenina (jereo ny 2 Nefia 2:7; 3 Nefia 9:20; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:8). Ny fo torotoro dia fo nibebaka; ny fanahy manenina dia fanahy mankatò (jereo ny D. Todd Christofferson, "When Thou Art Converted," *Liahona,* mey 2004, 12).
8. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* (1998), 299.
9. *Teachings of Presidents of the Church: George Albert Smith* (2011), 225, 226, 228; nampiana fanamafisana.
10. Voalaza fa avy amin'i Johann Wolfgang von Goethe, brainyquote.com.
11. Thomas S. Monson, "Mahita fifaliana ao amin'ilay dia," *Liahona,* nôv. 2008, 86.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ny fankasitrahana amin'ny andro Sabata

*Ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, ny Sabata dia andro fankasitrahana sy fanehoam-pitiavana.*

Ry rahalahiko sy anabaviko malala izay miparitaka manerana izao tontolo izao ato amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, feno fankasitrahana aho tamin'ny nangatahan'ny Filoha Thomas S. Monson ahy handaha-teny mandritra ny fihaonambe amin'izao andro sabata izao. Mivavaka aho mba hitondra ny teniko ho any am-ponareo ny Fanahy Masina.

Anio aho dia maniry ny hiresaka mikasika ny fahatsapan'ny fo. Ny anankiray ifantohako dia ny fankasitrahana—indrindra amin'ny andro Sabata.

Maro ireo zavatra maha-feno fankasitrahana antsika: ny hatsarampanahin'ny olona tsy fantatra iray, ny sakafo rehefa sendra noana iny, ny tafo eo ambony lohantsika rehefa misy tafiodrivotra, ny fahasitranan'ny taolana tapaka iray, ary ny kiakan'ny zaza menavava vao teraka. Maro amintsika no mahatsiaro ho feno fankasitrahana amin'ny fotoana tahaka izany.

Ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, ny Sabata dia tena fotoana tahaka izany. raha ny marina dia andro fankasitrahana sy fitiavana. Tamin'ny taona 1831 dia nampianatra ny Olomasina tao Jackson County, Missouri ny Tompo fa tokony hiantefa any an-danitra ny vavaka sy ny fisaoran'izy ireo. Ireo Olomasina tany am-piandohana dia nomena fanambarana mikasika ny fomba fitandremana ny andro Sabata sy ny fomba fifadiankanina sy fivavahana.[1]

Izy ireo, sy isika ihany koa, dia nolazain'ny Tompo mikasika ny fomba fitsaohana sy fanehoana fisaorana mandritra ny Sabata. Hitantsika fa ny tena



manan-danja indrindra dia ny fitiavana tsapantsika ho an'ireo mpanolotra ireo fanomezana. Indreto ny tenin'ny Tompo mikasika ny fomba fanehoana fisaorana sy ny fomba itiavana mandritra ny Sabata:

"Koa omeko azy ireo ny didy izay manao hoe: Ho tia ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra, amin'ny herinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny tanjakao rehetra ianao; ary hanompo Azy amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. . . .

"Hisaotra ny Tompo Andriamanitrao ianao amin'ny zavatra rehetra.

"Hanatitra fanatitra amim-pahamarinana ho an'ny Tompo Andriamanitrao ianao, dia ny fo torotoro sy ny fanahy manenina."[2]

Ary avy eo dia nampitandrina ny Tompo mikasika ny loza misy raha toa isika tsy manana fankasitrahana ho an'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy amin'ny maha-mpanolotra fanomezana Azy ireo: "Ary tsy misy na inona na inona ataon'ny olona ka manafintohina an' Andriamanitra na mandrehitra ny fisafoahany afa-tsy ireo izay tsy miaiky ny tànany amin'ny zava-drehetra ary tsy mankatò ny didiny."[3]

Maro aminareo izay mihaino no efa mahita fifaliana ao amin'ny Sabata ho andro fahatsiarovana sy fanolorana fisaorana an' Andriamanitra noho ireo fitahiana izay atolony. Tsaroanareo ilay hira hoe:

*Rehefa entin'ny onjam-piainana,*
*Ka mila ho kivy sy ketraka,*
*Dia isao 'reo fitahiana marobe,*
*'Zay arotsaky ny Tompo ho anao.*

*Isao, isao . . .*
*'reo fitahiana.*
*Isao 'zay . . .*
*. . . nomen'ny Tompo ho anao. . . .*

*Vesaran'ny zioga ve ny fiainanao?*
*Tsy zaka ve ny hazofijalianao?*
*Dia isao 'reo fitahiana marobe,*
*Hadinonao ireo fanahiana re.*[4]

Maharay taratasy sy fitsidihana avy amin'ny Olomasin'ny Andro Farany mahatoky aho, izay mahatsiaro

vesaran'ny fikorontanan-tsaina. Ny sasany dia efa saika mahatsapa, farafaharatsiny ho azy ireo, fa tsy misy intsony ny fanantenana. Manantena sy mivavaka aho fa izay zavatra holazaiko momba ny hoe mankasitraka ny andro sabata dia hanampy mba hampanjavona ireo ahiahiahy ary hahatonga ny fonareo ho velon-kira.

Ny fitahiana iray izay azontsika hanehoana fankasitrahana dia ny fahafahantsika manatrika izany fivoriana fanasan'ny Tompo izany, hivorian'ny mpianatry ny Tompo mihoatra ny iray na roa amin'ny anarany. Misy sasany any an-trano tsy tafatsangana avy eo am-pandriana. Misy sasany izay maniry ny ho eo amin'izay toerana misy anareo saingy miasa any amin'ny hopitaly sy mitandro ny filaminam-bahoaka na koa miaro anareo any amin'ny tany ngazana na ala mikitroka, eny na dia mety hamoizana ny ain'izy ireo aza izany. Ny fahafahanareo mivory miaraka amin'ny Olomasina iray hafa sy mandray ny fanasan'ny Tompo dia hanampy anareo mba hahatsapana fankasitrahana sy fitiavana noho ny hatsaran' Andriamanitra.

Noho ny Mpaminany Joseph Smith sy ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny dia misy fitahiana hafa izay azontsika isaina, dia ny fahafahana mandray ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro—izay nomanina sy nohamasinina ary nozarain'ny mpanompon' Andriamanitra nahazo lalana. Afaka ny ho feno fankasitrahana isika rehefa manamafy amintsika ny Fanahy Masina fa ireo teny ao amin'ny vavaky ny fanasan'ny Tompo, izay ataon'ireo mpihazona fisoronana nahazo lalana, dia ankasitrahan'ny Raintsika any An-danitra.

Amin'ireo fitahiana rehetra azontsika isaina, ny lehibe indrindra dia ny fahatsapana ho voavela heloka izay tonga rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo. Hahatsapa fitiavana sy fankasitrahana lehibe kokoa ho an'ny Mpamonjy isika, izay ny sorompanavotany lehibe no ahafahantsika ho voadio amin'ny fahotana. Rehefa mandray ny mofo sy ny rano isika, dia mahatsiaro fa nijaly ho antsika Izy. Ary rehefa mahatsapa fankasitrahana ho an'ny zavatra nataony ho antsika isika dia hahatsapa ny fitiavany ho antsika sy ny fitiavantsika ho Azy.

Ny fitiavana, izay fitahiana azontsika dia hanamora ny fitandremantsika ny didy mba "hahatsiaro Azy mandrakariva."[5] Mety hahatsapa fitiavana sy fankasitrahana ianareo rehefa manao izany, ho an'ny Fanahy Masina ihany koa, izay nampanantenain'ny Ray any Andanitra fa hiaraka amintsika lalandava raha mitoetra ho mahatoky amin'ireo fanekempihavanana izay nataontsika isika. Afaka manisa ireo fitahiana rehetra ireo isaky ny Alahady isika ka mahatsapa fankasitrahana.

Ny Sabata ihany koa no fotoana tsara indrindra hahatsiarovana ireo fanekempihavanana nataontsika tao amin'ny ranon'ny batisa mba hitia sy hanompo ireo zanaky ny Ray any An-danitra. Ny fanatanterahana izany fampanantenana momba ny Sabata izany dia mety ahitana ny fandraisana anjara amin'ny fo manontolo ao amin'ny kilasy na kôlejy mba hanorenana finoana sy fitiavana eo anivon'ireo rahalahy sy anabavintsika. Mety ho tafiditra ao anatin'izany fampanantenana izany koa ny fanamasinana amim-pifaliana ny antsonareo.

Mankasitraka ireo Alahady maro nampianarako ny kôlejin'ny diakona iray tao Bountiful, Utah, sy ny kilasin'ny Sekoly Alahady iray tany Idaho aho. Ary tsaroako ireo fotoana nanompoako tamin'ny naha-mpanampin'ny vadiko ahy tao amin'ny garderie, ary ny anjara asako tamin'izany dia ny mitsimpona sy mizara kilalao.

Taona maro vao fantatro tamin'ny alalan'ny Fanahy fa ny fanompoana tsotra ho an'ny Tompo izay nataoko dia nisy dikany teo amin'ny fiainan'ireo zanaky ny Ray any An-danitra. Gaga aho fa ny sasany amin'izy ireo dia nahatsiaro sy nisaotra ahy tamin'ny ezaka mibadaba izay nataoko mba hanompoana azy ireo ho an'ilay Mpampianatra nandritra ireo andro Sabata ireo.

Toy ny tsy ahitantsika indraindray ny vokatry ny fanompoana ataontsika isaky ny Sabata, mety tsy ho hitantsika ny fitambaran'ny vokatra entin'ireo mpanompon'ny Tompo hafa. Saingy ny Tompo dia manorina ny Fanjakany amin'ny alalan'ireo mpiandry ondry mahatoky sy manetry tena amimpitoniana sy tsy arahina anjomara mizotra mankany amin'ny hoaviny feno voninahitra. Mila ny Fanahy Masina ny fahitana izany fahalehibeazana mitombo izany.

Nihalehibe sy nanatrika fivoriana fanasan'ny Tompo tany amin'ny sampana kely iray tany New Jersey aho. Mpikambana vitsy ihany no tao, niampy fianakaviana iray dia ny ahy izany. Dimy amby fitopolo taona lasa dia natao batisa tany Philadelphie aho, tao amin'ilay hany trano fiangonana naorina tao Pennsylvanie sy New Jersey. Tany amin'ilay toerana izay tsy nisy afa-tsy sampana kely iray tao Princeton, New Jersey tamin'izany dia misy paroasy roa lehibe any amin'izao. Ary andro vitsivitsy lasa izay dia tanora aman'arivony no nandray anjara tamin'ny fankalazana mialoha ny fanokanana ny Tempolin'i Philadelphie Pennsylvanie.

Fony aho zatovolahy dia voantso ho misiôneran'ny distrika tao amin'ny hany trano fiangonana tany Albuquerque, Nouveau Mexique izay nitsaohanay tamin'ny alahady. Ankehitriny dia misy tempoly iray sy tsatòka efatra ao.



Nandao an'i Albuquerque aho mba handeha hianatra tany Cambridge, Massachusetts. Trano fiangonana sy distrika iray no nanenika ny Massachusetts sy Rhode Island. Nanivatsiva ireo havoanan'izany toerana mahafinaritra izany aho rehefa hanatrika ny fivoriana fanasan'ny Tompo tao amin'ireo sampana madinika. Ny ankamaroan'izy ireo dia tao amin'ny toerana kely nofaina na tao amin'ny trano nasiam-panavaozana. Ankehitriny dia misy tempoly masin' Andriamanitra ao Belmont, Massachussets, ary dia miparitaka manerana ny ambanivohitra ireo tsatòka.

Ny zavatra izay tsy hitako mazava tamin'izany dia ny fandrotsahan'ny Tompo ny Fanahiny tamin'ny olona nandritra ireo fivoriana fanasan'ny Tompo. Tsapako izany saingy tsy nahita ny halehibe sy ny fandaharampotoanan'ny fikasan'ny Tompo mikasika ny fanorenana sy fanomezana voninahitra ny fanjakany aho. Tamin'ny alalan'ny fanambarana, ny mpaminany iray dia nahita sy nandrakitra izay zavatra hitantsika ankehitriny. I Nefia dia nilaza fa ny fitambaran'ny isantsika dia tsy ho lehibe, saingy ny fitambaran'ny fahazavana entintsika dia hampitolagaga:

"Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny fiangonan'ny zanakondrin' Andriamanitra aho, ary ny mpikambana tao dia vitsy. . . .

"Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nahatazana ny herin'ny Zanakondrin' Andriamanitra fa izany dia nidina tamin'ny olomasin' ny fiangonan'ny Zanakondry sy tamin'ny vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo izay naely patrana tamin'ny lafiny rehetra tamin'ny tany; ary nampirongoana azy ho fiadiany ny fahamarinana sy ny herin' Andriamanitra tamimboninahitra lehibe."[6]

Amin'izao fotoampitantanana izao dia misy faminaniana mitovy amin'izany milazalaza ny toe-piainantsika sy ireo fahafahana miandry antsika izay voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana:

"Tsy mbola takatrareo ny halehiben'ireo fitahiana eo an-tanan'ny Ray ary nomaniny ho anareo;



"Ary tsy mahatanty ny zavatra rehetra ianareo ankehitriny; kanefa, matokia fa hitari-dalana anareo Aho. Anareo ny fanjakana, ary anareo ny fitahiany, ary anareo ny haren'ny mandrakizay.

"Ary izay mandray ny zava-drehetra amin'ny *fankasitrahana* dia hatao be voninahitra; ary ny zavatry ny tany dia hanampy ho azy, avo zato heny, eny, mihoatra aza."[7]

Nahatsapa izany fiovana nentin'ny fitomboan'ny fankasitrahana noho ireo fitahiana sy ny fitiavan' Andriamanitra tsy mitsaha-mitombo manerana ny Fiangonana izany aho. Toa mandeha haingana izany eo anivon'ireo mpikamban'ny Fiangonana mandritra ireo fotoana any amin'ireo toerana izay isedrana ny finoan'izy ireo, ka ilan'izy ireo mitalaho fanampiana avy amin' Andriamanitra mba hanohizan'izy ireo ny diany.

Ireo fotoana izay holalovantsika dia hifono fisedrana mafy toy ny nianjady tamin'ny vahoakan'i Almà rehefa teo ambany ziogan'i Amiolona ratsy fanahy, izay nanisy enta-mavesatra tsy hay zakaina teo an-damosin'izy ireo:

"Ary ny zava-nitranga dia tonga taminy tao amin'ny fahoriany ny feon'ny Tompo, nanao hoe: Atrakao ny lohanareo ary manàna fahatokiana, satria fantatro ny fanekempihavanana izay efa nataonareo Tamiko; ary Izaho hanao fanekempihavanana amin'ny oloko sy hanafaka azy hiala amin'ny famatorana.

"Ary hohamaivaniko koa ny enta-mavesatra izay apetraka eo antsorokareo, ka tsy hahatsapa izany ny lamosinareo na dia mbola ao anatin'ny famatorana aza ianareo; ary izany no hataoko dia ny mba hahazoanareo mijoro ho vavolombelona ny Amiko rahatrizay sy mba hahazoanareo mahalala marina tokoa fa Izaho, Tompo Andriamanitra, dia mamangy ny oloko ao amin'ny fahoriany.

"Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nohamaivanina ny enta-mavesatra izay nampitondraina an' i Almà sy ny rahalahiny; eny, nampahatanjaka azy ny Tompo mba hahafahany mitondra mora foana ny enta-mavesany, ary izy dia nanaiky."[8]

Izaho sy ianareo dia vavolombelona isak'izay nitandrina ny fanekempihavanana nataontsikatamin'Andriamanitra isika, indrindra rehefa sarotra izany dia maheno ny vavaka dia efa henony fankasitrahana noho ireo zavatra efa nataony ho antsika ary efa voavaliny ny fangatahantsika hery mba haharetana hatramin'ny farany. Tsy indray mandeha ihany Izy no efa nampifaly sy nampatanjaka antsika.

Mety manontany tena ianareo hoe inona no tokony hataonareo mba hiainana sy hanompoana amin'ity andro Sabata ity sy mba hanehoana ny

fankasitrahanareo ary hankaherezana ny tenanareo sy ny hafa ho an'ireo fisedrana izay miandry anareo.

Afaka manomboka anio amin'ny fanaovana vavaky ataon'ny tena manokana sy miaraka amin'ny fianakaviana ho fanehoana fisaorana noho ireo zavatra rehetra nataon' Andriamanitra ho anareo ianareo. Azonareo atao ny mivavaka mba hahafantatra izay tian'ny Tompo hataonareo mba hanompoana Azy sy ny hafa. Indrindra indrindra, afaka mivavaka ianareo mba hanoroan'ny Fanahy Masina anareo ny olona iray izay manirery ka tian'ny Tompo hotsidihinareo.

Afaka mampanantena anareo aho fa ho voavaly ny vavakareo ary rehefa mandray andraikitra eo anatrehan'ny valin'ny vavaka voarainareo ianareo dia hahita fifaliana mandritra ny Sabata ary ho heniky ny fankasitrahana ny fonareo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa Andriamanitra dia mahafantatra anareo sy tia anareo. Nanao sorompanavotana ho anareo ny Mpamonjy. Fantatr'Izy ireo ny anaranareo toy ny nahafantarany ny anaran'ny Mpaminany Joseph rehefa niseho taminy Izy ireo. Mijoro ho vavolombelona aho fa ity no Fiangonan'i Jesoa Kristy ary hanaja ireo fanekempihavanana hataonareo sy havaozinareo amin' Andriamanitra Izy. Ny toetoetranareo dia hiova ho lasa tahaka an'ny Mpamonjy kokoa. Hankaherezina ianareo manoloana ny fakam-panahy sy ny fahatsapana fiahiahiana momba ny fahamarinana. Hahita fifaliana amin'ny Sabata ianareo. Izany no ampanantenaiko anareo amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:5, 7–8.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:21.
4. "Isao Ireo Fitahiana," *Fihirana sy Hiran'ny ankizy,* lah. 16.
5. Môrônia 4:3; 5:2; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79.
6. 1 Nefia 14:12, 14.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:17–19.
8. Môsia 24:13–15.



Fivoriana Alahady Tolakandro | 2 Ôktôbra 2016

**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# "Raha nahafantatra Ahy hianareo"

*Moa ve isika mahafantatra fotsiny ny mombamomba ny Mpamonjy, sa ve isika lasa mihamahafantatra Azy bebe kokoa? Amin'ny fomba ahoana no mahatonga antsika lasa mahafantatra ny Tompo?*

Rehefa namarana ny Toriteny teo an-tendrombohitra ny Mpamonjy dia nanamafy ilay fahamarinana mandrakizay hoe "amin'ny alalan'ny fanaovana ny sitrapon'ny Ray ihany no hahafahana mahazo ny fahasoavana manavotry ny Zanaka."[1]

Nanambara Izy hoe:

"Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin' ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko Izay any an-danitra.

"Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny anaranao va izahay? ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay?

"Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory



hianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, hianareo mpanao meloka."[2]

Mitombo ny fahatakarantsika io fampianarana io rehefa misaintsaina fanitsiana iray azo avy amin'ny fitaomam-panahy natao tamin'ilay lahatsoratra isika. Ny zavatra iray manan-danja dia ilay tenin'ny Tompo izay notaterina ao amin'ny Baiboly King James hoe "Tsy mba fantatro akory hianareo hatrizay hatrizay," ka novaina hoe "Tsy nahafantatra Ahy ianareo hatrizay hatrizay"[3] ao amin'ny Dikantenin'i Joseph Smith.

Diniho ihany koa ny fanoharana momba ny virijiny folo. Tadidio fa ireo virijiny dimy adala sy tsy niomana dia nandeha nividy solika ho an'ny fanalany rehefa avy nandre ny fiantsoana mba hihaona tamin'ny mpampakatra.

"Fa raha mbola lasa nividy izy, dia tonga ny mpampakatra, ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin'ny fampakaram-bady, ary dia narindrina ny varavarana.

"Ary rehefa afaka izany, dia tonga kosa ireo virijina [dimy adala] teo ka nanao hoe: Tompoko, tompoko, vohay izahay.

"Fa izy namaly hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy fantatro hianareo."[4]

Ny dikan'io fanoharana io ho an'ny tsirairay amintsika dia velabelarin'ny fanitsiana iray hafa azo avy amin'ny fitaomam-panahy. Ny zavatra tena manan-danja dia ilay andian-teny hoe "Tsy fantatro hianareo," araka izay notaterina ao amin'ny Baiboly King James dia nohazavaina ao amin'ny Dikantenin'i Joseph Smith ka lasa hoe "Tsy mahafantatra Ahy ianareo."[5]

Ireo andian-teny hoe "Tsy nahafantatra Ahy ianareo hatrizay hatrizay" sy "Tsy mahafantatra Ahy ianareo" dia tokony ho antony hanaovantsika tsirairay avy fandinihan-tena ara-panahy lalina. Moa ve isika mahafantatra fotsiny ny mombamomba ny Mpamonjy, sa ve isika lasa mihamahafantatra Azy bebe kokoa? Amin'ny fomba ahoana no mahatonga antsika lasa mahafantatra ny Tompo? Ireo fanontaniana avy any anaty ireo no hiompanan'ny hafatro. Manasa amin-kitsimpo ny



fanampian'ny Fanahy Masina aho eo am-piarahantsika mieritreritra io lohahevitra tena manan-danja io.

#### Lasa mahafantatra

Hoy Jesoa:

"Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako.

"Raha nahafantatra Ahy hianareo, dia ho nahafantatra ny Raiko koa."[6]

Lasa mahafantatra ny Ray isika rehefa lasa mahafantatra ny Zanany Malalany.

Iray amin'ireo tanjona manan-danja eo amin'ny fiainana an-tany ny hoe tsy mianatra momba ny Lahitokana avy amin'ny Ray fotsiny fa miezaka ny mahafantatra Azy ihany koa. Dingana efatra manan-danja izay afaka manampy antsika hahafantatra ny Tompo ny fampiharana finoana Azy, ny fanarahana Azy, ny fanompoana Azy ary ny finoana Azy.

#### *Fampiharana finoana Azy*

Ny fampiharana finoana an'i Jesoa Kristy dia ny fianteherana amin'ny fahamendrehany sy ny famindrampony ary ny fahasoavany.[7] Manomboka lasa mahafantatra ny Mpamonjy isika rehefa manomboka mampiasa ny fahafaha-manao ara-panahy ananantsika sy manandrana mampihatra ny fampianarany, eny fa na mandrapahafahantsika manisa toerana ao anatintsika ny ampahany amin'ny teniny aza.[8] Rehefa mitombo ny finoantsika ny Tompo dia matoky Azy isika ary matoky ny heriny mba hanavotra sy hanasitrana ary hampahery antsika.

Ny finoana marina dia miorina sy mifantoka amin'ny Tompo ary mitarika mandrakariva ho amin'ny asa tsara. "Ny finoana [an'i Kristy no] fitsipika voalohany ao amin'ny fivavahana nambara, . . . ny fototry ny fahamarinana rehetra . . . ary ny fitsipiky ny asa atao ao amin'ny olona rehetra manan-tsaina."[9] Koa satria ny fanaovana asa mifanaraka amin'ireo fitsipika marina izay nambaran'ny Mpanavotra no fitsipika fototry ny fahazoana sy ny fampiharana finoana, dia "tsy vanona ny finoana tsy misy asa."[10] Tokony ho "mpankatò ny teny [isika fa tsy] mpihaino fotsiny ihany."[11]

Ny fandrenesana ny tenin' Andriamanitra sy ny fandraisana ny fanomezampahasoavan'ny fanahy izay ny finoana ny Mpamonjy dia mifandray akaiky, satria "ny finoana dia avy amin'ny toriteny, ary ny tori-teny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy."[12] Lasa mahafantatra Azy sy ny feony isika rehefa mandalina sy mivoky amin'ny teniny ao amin'ny soratra masina,[13] mivavaka amin'ny Ray amin'ny Anarany omban'ny tena finiavana,[14] ary mikatsaka ny hanana ny Fanahy Masina ho namana lalandava.[15] Ny fianarana sy ny fampiharana ny fotopampianaran'i Kristy eo amin'ny fiainantsika dia zavatra tsy maintsy ataontsika mialoha ny handraisana ny fanomezampahasoavana dia ny finoana Azy.[16]

Ny fampiharana finoana ny Mpamonjy dia fiomanana ilaina mba hanarahana Azy.

#### *Fanarahana Azy*

"Ary nony nitsangantsangana teny amoron'ny Ranomasin'i Galilia Jesosy, dia nahita olona mirahalahy, dia Simona, izay atao hoe Petera, sy Andrea rahalahiny, nanarato teny amin'ny ranomasina; fa mpanarato izy.

"Dia hoy Jesosy taminy: Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo.

"Dia nandao ny harato niaraka tamin'izay izy ka nanaraka Azy."[17]

Ohatra mafonja amin'ny fihainoana sy ny fanarahana ny Tompo i Petera sy i Andrea.

Mampianatra ahy sy anao koa ny Mpamonjy hoe: "Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazofijaliany ka hanaraka Ahy."[18] Ny hoe mitondra ny hazofijalian'ny tena dia ny mandà ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra sy ny filan-dratsi-n'izao tontolo izao rehetra ary mitandrina ny didin'ny Tompo.[19]

Nampitandrina antsika ihany koa ny Mpamonjy mba ho lasa tahaka Azy.[20] Noho izany dia tafiditra ao anatin'ny fanarahana ny Tompo ny fanarahana ny ohatra nasehony. Mihalasa mahafantatra ny Tompo hatrany isika rehefa mikatsaka ny ho tonga tahaka Azy amin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotany.

Tamin'ny asa fanompoany teto an-tany dia naneho ny fomba tokony hiainantsika i Jesoa, nitari-dalana, ary naneho ny ohatra tonga lafatra. "Ny fahalalana tsara ny toetoetrany, ny fahalavorariany, ary ireo toetrany"[21] dia manome tanjona maharitra sy torolalana mazava eo am-panarahantsika Azy eo amin'ny lalan'ny maha-mpianatra feno fanolorantena.

Ny fanarahana ny Mpamonjy ihany koa dia mamela antsika handray "fahalalana marina fa ny fomba iainantsika ny fiainantsika"[22] dia mifanaraka amin'ny sitrapon' Andriamanitra. Ny fahalalana toy izany dia tsy zava-miafina tsy fantatra ary tsy ny zavatra isasaran'izao tontolo izao na ny olana mahazatra eo amin'ny fiainana an-tany no ifantohany voalohany. Ny fandrosoana tsy miovaova sy tsy tapaka eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana no lalam-piainana izay mahafaly Azy.

Ny nofin'i Lehia ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia milaza ny lalana tokony halehantsika, ireo toe-javatra sarotra hatrehantsika, ary ireo loharano ara-panahy misy mba hanampy antsika amin'ny fanarahana ny Mpamonjy sy ny fankanesana any Aminy. Ny fibosesehana mandroso ao amin'ny lalana ety sy tery no asainy ataontsika. Ny fanandramana ny voan'ilay



hazo sy ny fahatongavana ho "[m]iova fo [tanteraka] ho an'ny Tompo"[23] no fitahiana iriany horaisintsika. Noho izany dia manasa antsika Izy hoe "avia manaraha Ahy."[24]

Ny fampiharana finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fanarahana Azy dia samy fiomanana ilaina amin'ny fanompoana Azy.

***Fanompoana Azy***

"Fa ahoana moa no ahalalan'ny olona iray ny tompo izay tsy notompoiny sy izay vahiny aminy ary lavitry ny eritreriny sy ny fikasan' ny fony?"[25]

Lasa mahafantatra ny Tompo feno kokoa isika rehefa manompo Azy sy miasa ao amin'ny fanjakany. Rehefa manao izany isika dia omeny fanampiana masina amin-kalalahan-tanana, fanomezam-pahasoavan'ny fanahy, ary fahafaha-manao bebe kokoa. Tsy avela irery na oviana na oviana isika rehefa miasa ao amin'ny tanim-boalobony.

Nanambara Izy hoe: "Fa Izaho handeha eo alohanareo. Ho eo ankavananareo sy eo ankavianareo Aho, ary ho ao am-ponareo ny Fanahiko, ary hanodidina anareo ny anjeliko mba hanohana anareo."[26]

Lasa mahafantatra ny Mpamonjy isika rehefa manao izay rehetra azontsika atao mba handeha any amin'izay tiany handehanantsika, rehefa miezaka milaza izay tiany holazaintsika, ary rehefa tonga tahaka izay tiany hahatongavantsika.[27] Rehefa miaiky amim-pankatoavana ny fianteherantsika tanteraka Aminy isika dia mampitombo ny fahafahantsika manompo amim-pahombiazana mihoatra ny teo aloha Izy. Mihamitovy tanteraka tsikelikely amin'ny faniriany ny faniriantsika, ary lasa tanjontsika ny tanjony, ka isika dia "tsy hangataka izay mifanohitra amin'ny sitrapo[ny]."[28]

Ny fanompoana Azy dia mitaky ny fo, ny hery, ny saina, ary ny tanjatsika manontolo.[29] Vokatr'izany, ny fanompoana ny hafa amim-pandavan-tena dia mandresy ny fironana feno fitiavantenan'ny olona araka ny nofo. Lasa mitombo ny fitiavantsika ireo izay tompointsika. Ary satria ny manompo ny hafa dia manompo an' Andriamanitra, dia lasa mihalalina kokoa ny fitiavantsika Azy sy ireo rahalahy sy anabavintsika. Ny fitiavana toy izany dia fanehoana ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy iray izay ny fiantrana ilay fitiavana madion'i Kristy.[30]

"Noho izany ry rahalahiko malala dia mivavaha amin'ny Ray amin'ny herin'ny fo manontolo mba hahazoana mameno anareo amin'izany fitiavana izany, izay efa natolony ireo rehetra izay mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy Zanany; mba hahatonga anareo ho zanak' Andriamanitra; ka rehefa hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy tahaka ny maha-Izy Azy; mba hananantsika izany fanantenana izany; mba hahazoana manadio antsika tahaka Azy izay madio."[31]

Lasa mahafantatra ny Tompo isika rehefa feno ny fitiavany.

***Finoana Azy***

Azo heverina ve ny hoe mampihatra finoana Azy, manaraka Azy, manompo Azy, nefa tsy mino Azy?

Mahafantatra mpikamban'ny Fiangonana aho izay manaiky fa marina ny fotopampianarana sy ny fitsipika voarakitra ao amin'ny soratra masina sy ambara avy eto amin'ity polipitra ity. Kanefa sarotra ho azy ireo ny hino fa ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara ireo dia azo ampiharina manokana eo amin'ny fiainany sy ny toe-javatra iainany. Toa mino ny Mpamonjy izy

ireo, saingy tsy mino fa ireo fitahiana nampanantenainy dia afaka ho azon'izy ireo na afaka miasa eo amin'ny fiainany. Izaho ihany koa dia mihaona amin'ny rahalahy sy rahavavy izay manao ny adidin'izy ireo mba hanatanteraka ny antson'izy ireo kanefa tsy mbola tena lasa zava-misy velona sy mitondra fanovana eo amin'ny fiainan'izy ireo ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Lasa mahafantatra ny Tompo isika rehefa tsy hoe mino fotsiny fa misy Izy fa sady mino izay nolazainy sy ny fanomezantoky nataony ihany koa.

Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia misy raim-pianakaviana mangataka ny Mpamonjy mba hanasitrana ny zanany. Namaly i Jesoa hoe:

"Hainao hoe? Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino.

"Ary niaraka tamin'izay dia niantso ny rain-drazazalahy ka nanao hoe: Mino aho; vonjeo aho ho afaka amin'ny tsi-finoako"[32]

Imbetsaka aho no nisaintsaina io fangatahana nataon'ilay raim-pianakaviana io: "Vonjeo aho ho afaka amin'ny tsi-finoako." Manontany tena aho raha toa ka tsy ny hanampy azy hino fa i Jesoa no Mpanavotra antsika sy hino ny heriny manasitrana aloha voalohany indrindra no fikasan'ilay lehilahy tamin'ny fangatahana nataony. Mety efa nanaiky an'i Kristy ho ny Zanakalahin' Andriamanitra izy. Fa nila fanampiana izy angamba mba hino fa ny hery manasitran'ny Tompo dia tena afaka ny hahakasika ny isambatan'olona toy izany sy afaka ny ho ampiasaina manokana toy izany ka afaka hitahy ny zanany malalany. Mety efa nino ny fisian'i Kristy tamin'ny ankapobeny izy fa tsy nino tamin'ny fomba miavaka sy manokana an'i Kristy.

Matetika isika no mijoro ho vavolombelona momba izay fantatsika fa marina, fa ny fanontaniana mety kokoa ho antsika tsirairay angamba dia hoe mino ny zavatra fantatsika ve isika sa tsia.

Ny ôrdônansy masina tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana mifanaraka amin'izany dia ilaina mba hinoana ny Mpamonjy, hamantarana Azy, ary amin'ny farany mba hinoana ny zavatra fantatsika.

"Ary ity fisoronana [Melkizedeka] ity dia mitantana ny filazantsara sy mihazona ny fanalahidin'ny misterin'ny fanjakana, dia *ny fanalahidin' ny fahalalana an' Andriamanitra.*

"Koa miharihary ao amin'ny ôrdônansiny ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra."[33]

Mino sy lasa mahafantatra ny Tompo isika rehefa mamaha ny varavarana sy manao izay hahafahan'ny tsirairay amintsika mandray ny hery avy amin'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika ny fanalahidin'ny fahalalana an' Andriamanitra izay tantanana amin'ny alalan'ny Fisoronana Melkizedeka. Mino sy lasa mahafantatra ny Mpamonjy isika rehefa manaraka Azy amin'ny alalan'ny fandraisana sy ny fanajana amim-pahatokiana ireo ôrdônansy masina sy maneho bebe kokoa hatrany ireo toetrany.[34] Mino sy lasa mahafantatra an'i Kristy isika rehefa mahatsapa ilay hery manova, manasitrana, mampahery, ary manamasin'ny Sorompanavotany. Mino sy lasa mahafantatra ny Tompo isika rehefa "[miorim-paka ao anatintsika] ny herin'ny teniny,"[35] sy voasoratra ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika,[36] ary "[mahafoy] ny fahota[ntsika] rehetra [isika] hahafantara[ntsika Azy]."[37]

Ny mino Azy dia midika hoe matoky fa misy sy afaka ny ho azo eo amin'ny fiainantsika tsirairay avy sy ny fianakaviantsika ireo fitahiana marobe avy Aminy. Ny finoana Azy amin'ny fanahintsika manontolo[38] dia tonga rehefa miezaka mandroso eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana isika, mampandefitra ny sitrapontsika amin'ny Azy, ary manaiky ny laharam-pahamehana sy ny fandaminam-potoana napetrany ho antsika. Ny finoana Azy—fanekena fa marina ny heriny sy ny fampanantenany—dia manasa ny fahaizana mijery lavitra sy ny fiadanana ary ny fifaliana eo amin'ny fiainantsika.

#### Fampanantenana sy fijoroana ho vavolombelona

Indray andro any "ny lohalika tsirairay dia hitsaoka ary ny lela tsirairay hiaiky"[39] fa i Jesoa no Kristy. Amin'izay andro feno voninahitra izay dia ho fantatsika fa mahafantatra antsika amin'ny anarantsika tsirairay avy Izy. Ary mijoro ho vavolombelona sy mampanantena aho fa tsy ho zara raha hahafantatra ny momba ny Tompo fotsiny ihany isika fa afaka ny ho lasa mahafantatra Azy ihany koa rehefa mampihatra finoana, manaraka, manompo, ary mino Azy. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. James E. Talmage, *Jesus the Christ,* ed. faha-3 (1916), 245–46.
2. Matio 7:21–23.
3. Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 7:33.
4. Matio 25:10–12.
5. Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 25:11.
6. Jaona 14:6–7.
7. Jereo ny 2 Nefia 2:8; 31:19; Môrônia 6:4.
8. Jereo ny Almà 32:27.
9. *Lectures on Faith* (1985), 1.
10. Jakoba 2:20.
11. Jakoba 1:22.
12. Romana 10:17.
13. Jereo ny 2 Nefia 32:3; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:34–36.
14. Jereo ny Môrônia 10:4.
15. Jereo ny Jaona 14:26; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:46.
16. Jereo ny Jaona 7:17. Ny tsirairay amintsika dia manana andraikitra ny hikatsaka sy hanao izay rehetra azontsika atao mba ho mendrika ny fanomezam-pahasoavan'ny finoana. Amin'ny farany anefa dia Andriamanitra izay be fitiavana sy fiahiana antsika no manolotra izany fanomezam-pahasoavana izany ho antsika.
17. Matio 4:18–20.
18. Matio 16:24.
19. Jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 16:26 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny soratra masina).
20. Jereo ny 3 Nefia 27:27.
21. *Lectures on Faith,* 38.
22. *Lectures on Faith,* 38.
23. Almà 23:6.
24. Lioka 18:22.
25. Môsià 5:13.
26. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
27. Jereo ny "Ny lalanao no lalako," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 92.
28. Helamàna 10:5.
29. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:2.
30. Jereo ny Môrônia 7:47.
31. Môrônia 7:48.
32. Marka 9:23–24.
33. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–20; nampiana fanamafisana.
34. Jereo ny Almà 5:14, 19.
35. Almà 26:13.
36. Jereo ny Hebreo 8:10.
37. Almà 10:18.
38. Jereo ny Ômnia 1:26.
39. Môsià 27:31.



**Nataon'i Brian K. Ashton**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Sekoly Alahady Maneran-tany

# Ny Fotopampianaran'i Kristy

*Ny fotopampianaran'i Kristy no mamela antsika hahazo ny hery ara-panahy izay mampisandratra antsika avy amin'ny toetra ara-panahy misy antsika ankehitriny ho amin'ny toetra izay ahafahantsika hatao tanteraka.*

Nasiana fandrindrana tsara ny fitsidihan'i Jesoa ireo Nefita taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty mba hampianarana antsika ireo zavatra manan-danja indrindra. Ny niantombohan'izany dia ny fijoroan'ny Ray ho vavolombelona tamin'ny vahoaka fa i Jesoa no "Zana[ny] Malala[ny] izay ao Aminy no tena ifalia[ny]."[1] Avy eo i Jesoa Kristy mihitsy no nidina sy nijoro ho vavolombelona ny amin'ny Sorompanavotany,[2] ary nanasa ny vahoaka mba "[hahafantarany] marina tokoa" fa Izy no ilay Kristy amin'ny alalan'ny fandrosoana sy ny fitsapana ny dian'ny ratra teo amin'ny lanivoany sy ireo diam-pantsika tamin'ny tanany sy tamin'ny tongony.[3] Ireo fijoroana ho vavolombelona ireo dia nametraka tsy am-pisalasalana fa vita ny Sorompanavotan'i Jesoa ary ny Ray dia nahatanteraka ny fanekempihavanany mba hanome Mpamonjy. Avy eo dia nampianarin'i Jesoa ireo Nefita ny fomba hahazoana ireo fitahiana rehetra entin'ilay drafitry ny fahasambarana an'ny Ray, izay afaka ny ho azontsika noho ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, amin'ny fampianarana azy ireo ny fotopampianaran'i Kristy.[4]



Ny hafatro androany dia mifantoka amin'ny fotopampianaran'i Kristy. Ny famaritan'ny soratra masina ny fotopampianaran'i Kristy dia ny hoe mampihatra finoana an'i Kristy sy ny Sorompanavotany, mibebaka, manao batisa, mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina ary maharitra hatramin'ny farany.[5]

**Mamela antsika hahazo ireo fitahian'ny Sorompanavotan'i Kristy ny Fotopampianaran'i Kristy.**

Ny Sorompanavotan'i Kristy no mampisy ireo fepetra izay ahafahantsika miantehitra amin'ny "fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'ny Mesia Masina,"[6] sy "hatao tanteraka ao [amin'i Kristy],"[7] sy hahazo ny zavatra tsara rehetra[8] ary hahazo ny fiainana mandrakizay.[9]

Ny fotopampianaran'i Kristy kosa etsy an-kilany no lalana—ny hany lalana—ahazoantsika ireo fitahiana rehetra izay afaka ny ho azontsika amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa. Ny fotopampianaran'i Kristy no mamela antsika hahazo ny hery ara-panahy izay mampisandratra antsika avy amin'ny toetra ara-panahy misy antsika ankehitriny ho amin'ny toetra izay ahafahantsika hatao tanteraka tahaka ny Mpamonjy.[10] Izao no nampianarin'ny Loholona D. Todd Christofferson ny amin'io dingan'ny fahaterahana indray io: "Ny hoe ateraka indray dia tsy toy ny fahaterahana ara-batana hoe tranga indray miseho fa dingana maromaro arahina. Ary ny firosoana ao amin'ireo dingana ireo no tanjona fototry ny fiainana an-tany."[11]

Ndeha horesahantsika ny singa tsirairay ao amin'ny fotopampianaran'i Kristy.

**Voalohany, ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany.** Nampianatra ireo mpaminany fa ny finoana dia manomboka amin'ny fandrenesana ny tenin'i Kristy.[12] Ny tenin'i Kristy dia mijoro ho vavolombelona ny amin'ny sorompanavotany ary milaza

amintsika ny fomba ahafahantsika mahazo famelana sy fitahiana ary fisandratana faratampony.[13]

Rehefa nandre ny tenin'i Kristy isika dia mampihatra finoana amin'ny fisafidianana ny hanaraka ny fampianarana sy ny ohatry ny Mpamonjy.[14] Mba hanaovana izany, nampianatra i Nefia fa isika dia tokony hiantehitra "tanteraka amin'ny fahamendrehan' [i Kristy izay] mahery ka mahavonjy."[15] Koa satria i Jesoa dia Andriamanitra tamin'ny fiainana talohan'ny fahaterahany,[16] ary satria ny fiainany dia tsisy fahotana,[17] ary satria koa nanatanteraka ny fitakian'ny fahamarinana rehetra ho ahy sy ho anao Izy nandritra ny Sorompanavotana nataony,[18] dia manana ny hery sy ny fanalahidy Izy mba hahatonga ny fitsanganan'ny olona rehetra amin'ny maty ho azo tanterahina,[19] ary nataony ho azon'ny [famindram-po] tanterahina ireo fitakian'ny fahamarinana raha toa tanteraka ny fibebahana.[20] Rehefa mahatakatra isika fa afaka ny hahazo famindram-po amin'ny alalan'ny fahamendrehan'i Kristy, dia afaka ny "[h]anana finoana ho amin'ny fibebahana" isika.[21] Noho izany ny hoe miantehitra tanteraka amin'ny fahamendrehan'i Kristy dia ny matoky fa efa nataony izay nilaina mba hamonjena antsika sy ny manao araka izay zavatra inoantsika.[22]

Ny finoana ihany koa dia mahatonga antsika hitsahatra tsy hiahiahy fatratra ny amin'izay eritreretin'ny hafa momba antsika ka hanomboka hiraharaha bebe kokoa ny amin'izay eritreretin' Andriamanitra momba antsika.

**Faharoa, ny fibebahana.** Nampianatra i Samoela ilay Lamanita hoe: "Raha mino ny [anaran'i Kristy] ianareo dia hibebaka amin'ny fahotanareo rehetra."[23] Ny fibebahana dia fanomezana sarobidy avy amin'ny Raintsika any An-danitra izay azo tanterahina amin'ny alalan'ny sorona nataon'ny Zanaka Lahitokany. Io no dingana izay nomen'ny Ray antsika izay amin'ny alalany no hanovantsika na hamiliantsika ny eritreritsika sy ny zavatra ataontsika ary ny maha-izy azy antsika mba hahatonga antsika ho lasa tahaka ny Mpamonjy bebe kokoa.[24] Tsy natao ho an'ny fahotana goavana ihany izany fa dingana arahina amin'ny fandinihan-tena sy fivoarana isan'andro[25] izay manampy antsika handresy ireo fahotantsika sy ireo tsy fahatanterahantsika sy ireo fahalementsika ary ireo tsy fahalavorariantsika.[26] Mahatonga antsika ho "mpanara-dia marina" an'i Kristy ny fibebahana, izay mameno antsika amin'ny fitiavana[27] sy mandroaka ny tahotsika.[28] Ny fibebahana dia tsy drafitra atao fiandry fandrao tsy tontosa ny drafitra nataontsika mba hanana fiainana tanteraka.[29] Ny fibebahana tsy tapaka no hany lalana izay afaka hitondra fifaliana maharitra ho antsika sy ahafahantsika hiverina hiaina miaraka amin'ny Raintsika any An-danitra.

Lasa manaiky sy mankatò ny sitrapon' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny fibebahana. Tsy vitan'ny tena samirery izany. Ny manaiky ny hatsaran' Andriamanitra sy ny mahatsinontsinona antsika[30] miaraka amin'ny fiezahana mafy mba hampifanaraka ny fihetsitsika amin'ny sitrapon' Andriamanitra[31] dia mitondra fahasoavana eo amin'ny fiainantsika.[32] Ny fahasoavana "dia fitaovana avy any an-danitra izay manampy na manome hery, izay homena amin'ny alalan'ny famindrampo sy fitiavana mitafotafon'i Jesoa Kristy . . . mba hanaovana asa tsara izay tsy ho vita[ntsika] ny mihazona azy raha toa [isika] avela ho amin'ny herin'ny tena[ntsika] irery ihany."[33] Koa satria ny fibebahana dia tena miompana amin'ny hoe ho lasa tahaka ny Mpamonjy, izay zavatra tsy vitantsika samirery, noho izany dia tena mila ny fahasoavan'ny Mpamonjy isika mba hanaovana ireo fanovana izay ilaina eo amin'ny fiainantsika.

Rehefa mibebaka isika, ireo fihetsitsika taloha izay tsy mety sy ny fahalementsika sy ny tsy fahalavorariantsika ary ny tahotsika dia solointsika amin'ny fihetsika sy finoana vaovao izay mampanakaiky antsika amin'ny Mpamonjy sy manampy antsika ho lasa tahaka Azy bebe kokoa.

**Fahatelo, ny batisa sy ny fanasan'ny Tompo.** Nampianatra i Môrmôna mpaminany hoe: "ny voaloham-bokatry ny fibebahana dia ny batisa."[34] Mba hahatanteraka ny fibebahana dia ilaina ny mampiaraka azy amin'ny ôrdônansin'ny batisa izay tanterahin'ny olona iray mihazona ny fahefan'ny fisoronan' Andriamanitra. Ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana, dia havaozina ireo fanekempihavanana natao tamin'ny batisa sy tamin'ny fotoana hafa rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika.[35]

Ao amin'ny ôrdônansin'ny batisa sy ny fanasan'ny Tompo, dia manao fanekempihavanana isika fa hitandrina ireo didin'ny Ray sy ny Zanaka sy hahatsiaro mandrakariva an'i Kristy ary ho vonona ny hitondra ny anaran'i Kristy (na ny asany sy ny toetrany[36]) eo amintsika.[37] Ny Mpamonjy kosa ho valin'izany, dia manao fanekempihavanana hamela na hanaisotra ireo fahotantsika[38] sy "[h]ampidina bebe kokoa ny Fanahiny [amintsika]."[39] Mampanantena ihany koa i Kristy fa hanomana antsika amin'ny fiainana mandrakizay Izy amin'ny fanampiana antsika ho lasa tahaka Azy bebe kokoa.[40]

Nanoratra i Douglas D. Holmes, mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny zatovolahy maneran-tany hoe: "Ny ôrdônansin'ny batisa sy ny fanasan'ny Tompo dia sady maneho ny vokatra farany no maneho ny dingana arahina amin'ny fahaterahana indray. Amin'ny batisa dia alevintsika ilay olona taloha izay an'ny nofo ary mivoaka isika ho amin'ny fiainana vaovao.[41] Amin'ny fanasan'ny Tompo isika dia mianatra fa io fiovana io dia dingana mandeha isan'ambaratongany, izay hanovana antsika tsikelikely, isaky ny miverina ny herinandro, rehefa mibebaka isika sy manao fanekempihavanana ary [lasa tahaka ny Mpamonjy] amin'ny alalan'ny fanafian'ny Fanahy izay mitombo hatrany."[42]

Manan-danja lehibe ny ôrdônansy sy ny fanekempihavanana ao amin'ny fotopampianaran'i Kristy. Amin'ny alalan'ny fandraisana ampahamendrehana ireo ôrdônansin'ny fisoronana sy ny fitandremana ireo fanekempihavanana mifandray amin'izany no hanehoana ny toe-panahy araka an' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika.[43] Nanazava ny Loholona

D. Todd Christofferson fa "io 'herin'ny toe-panahy araka an' Andriamanitra' io dia tonga ao anatin'ilay olona amin'ny fitaoman'ny Fanahy Masina."[44]

**Fahefatra, ny fanomezana ny Fanahy Masina.** Aorian'ny batisa dia omena ny fanomezana ny Fanahy Masina isika amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny fandraisana ho mpikambana.[45] Io fanomezana io, raha raisintsika, dia mamela antsika ho naman' Andriamanitra lalandava[46] sy hanana tsy tapaka ilay fahasoavana izay ampahany manan-danja ao amin'ny fitaomany.

Ny Fanahy Masina dia manome antsika hery na tanjaka fanampiny mba hitandrina ireo fanekempihavanantsika amin'ny maha-namantsika lalandava Azy.[47] Manamasina antsika ihany koa Izy,[48] izany hoe mahatonga antsika ho "afaka amin'ny fahotana, madio sy tsisy pentina ary masina amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy."[49] Ny fanamasinana dia tsy vitan'ny hoe manadio antsika fotsiny, fa manafy antsika ihany koa izany amin'ireo fanomezana ara-panahy izay ilaina na ireo toetran'ny Mpamonjy[50] ary manova ny tena toetrantsika mihitsy,[51] hany ka "tsy manana fironana hanao ratsy intsony [isika]."[52] Isak'izay mandray ny Fanahy Masina ho eo amin'ny fiainantsika isika amin'ny alalan'ny finoana, ny fibebahana, ny ôrdônansy, ny fanompoana araka an'i Kristy, sy ireo ezaka feno fahamarinana hafa, dia miova isika mandra-pahatonga antsika tsikelikely ho tahaka an'i Kristy.[53]

**Fahadimy, maharitra hatramin'ny farany.** Nampianatra i Nefia mpaminany fa aorian'ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina, dia tokony "[h]aharitra hatramin'ny farany [isika], amin'ny fanarahana ny ohatry ny Zanak'Ilay Andriamanitra velona."[54] Ny Loholona Dale G. Renlund dia nilazalaza ny dingana amin'io faharetana hatramin'ny farany io toy izao: "Afaka ny hatao ho tanteraka isika amin'ny alalan'ny famerimberenana sy ny fampitomboana hatrany . . . [ny fampiharana] finoana [amin'i Kristy], mibebaka, mandray ny fanasan'ny Tompo mba hanavao ireo fanekempihavanan'ny batisa sy ireo fitahiana avy amin'izany, ary ny fandraisana ny Fanahy Masina ho namana mandrakariva bebe kokoa. Rehefa manao izany isika, dia lasa mitovy bebe kokoa amin'i Kristy ka afaka ny haharitra hatramin'ny farany, miaraka amin'ny vokatra rehetra aterak'izay."[55]

Izany hoe ny fandraisana ny Fanahy Masina sy ny fiovana izay entin'ny fandraisana izany eo amintsika dia manamafy orina bebe kokoa ny finoantsika. Ny finoana nihamatanjaka dia mitondra ho amin'ny fibebahana fanampiny. Avy eo rehefa atolotsika amin'ny tandindona ny fontsika sy ny fahotantsika mba hatao sorona eo amin'ny alitaran'ny fanasan'ny Tompo, dia mihamitombo ny fandraisantsika ny Fanahy Masina. Ny fitomboan'ny fandraisana ny Fanahy masina dia mampandroso antsika lavidavitra kokoa eo amin'ny lalana mankany amin'ny fahaterahana indray. Rehefa manohy izany dingana izany isika sy mahazo ireo ôrdônansin'ny famonjena sy ireo fanekempihavanan'ny filazantsara rehetra, dia mandray "fahasoavana anampy fahasoavana" mandra-pandraisantsika ny fahafenoana.[56]

#### Tokony hampihatra ny fotopampianaran'i Kristy eo amin'ny fiainantsika isika.

Ry rahalahy sy anabavy isany, rehefa mampihatra ny fotopampianaran'i Kristy eo amin'ny fiainantsika isika, dia voatahy ara-batana sy ara-panahy, eny na ao anatin'ny fitsapàna aza. Amin'ny farany isika dia afaka ny "[hihazona] ny zavatra tsara rehetra."[57] Mijoro ho vavolombelona aho fa io dingana io dia nitranga ary mbola mitranga amin'ny fiainako manokana, isan'ambaratongany ary tsikelikely.

Kanefa ny mbola manan-danja kokoa, dia isika tokony hampihatra ny fotopampianaran'i Kristy eo amin'ny fiainantsika satria izany dia manolotra ilay hany lalana miverina mankany amin'ny Raintsika any An-danitra. Izany no hany fomba handraisana ny Mpamonjy sy hahatongavana ho zananilahy sy zananivavy.[58] Raha ny marina, ny hany lalana mba ho avotra amin'ny fahotana sy hivoarana ara-panahy dia ny mampihatra ny fotopampianaran'i Kristy eo amin'ny fiainantsika.[59] Etsy an-kilany, ny Apôstôly Jaona dia nampianatra fa "izay rehetra . . . tsy mitoetra ao amin'ny fampianaran'i Kristy, dia tsy manana an' Andriamanitra."[60] Ary i Jesoa mihitsy no nilaza tamin'ireo Nefita Roambinifolo fa raha tsy vitantsika ny mampihatra finoana amin'i Kristy, mibebaka, hatao batisa, ary maharitra hatramin'ny farany, dia "hokapaina sy hatsipy any anaty afo [isika], izay tsy hahafahan[tsika] miverina intsony avy any."[61]

Ka ahoana ary no ahafahantsika mampihatra feno kokoa ny fotopampianaran'i Kristy eo amin'ny fiainantsika? Ny fomba iray dia ny manao ezaka an-tsitrapo isan-kerinandro mba hiomana ho amin'ny fanasan'ny Tompo amin'ny fanokanana fotoana handinihina am-bavaka hoe aiza ho aiza no tokony hatsaraintsika. Avy eo isika dia afaka manolotra ho fanatitra eo amin'ny alitaran'ny fanasan'ny Tompo ny zavatra iray farafahakeliny izay misakana antsika tsy ho tahaka an'i Jesoa Kristy, ary mitalaho am-pinoana hahazo fanampiana ary mangataka izay fanomezana ara-panahy ilaina sy manao fanekempihavanana mba hivoatra mandritra ny herinandro ho avy.[62] Rehefa manao izany isika, dia ho tonga misimisy kokoa eo amin'ny fiainantsika ny Fanahy Masina, ary hanana hery misimisy kokoa isika handresena ireo fahalementsika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy izao tontolo izao ary ny Anarany no hany anarana ahafahantsika ho voavonjy.[63] Ny zavatra rehetra izay tsara dia amin'ny alalany irery ihany no afaka ho azo.[64] Kanefa mba tena "[hihazonana] ny zavatra tsara rehetra,"[65] anisan'izany ny fiainana mandrakizay, dia tokony hampihatra hatrany ny fotopampianaran'i Kristy eo amin'ny fiainantsika isika. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. 3 Nefia 11:7.
2. Jereo ny 3 Nefia 11:10–11.
3. Jereo ny 3 Nefia 11:14–15.
4. Jereo ny 3 Nefia 11:21–39.
5. Jereo ny 2 Nefia 31; 3 Nefia 27:16–20. Hita manerana ny soratra masina ny fotopampianaran'i Kristy kanefa mibahan-toerana kokoa izy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

6. 2 Nefia 2:8.
7. Môrônia 10:32.
8. Jereo ny Môrônia 7:22–24.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:23.
10. Ny Sorompanavotan'i Kristy miaraka amin'ny fotopampianaran'i Kristy no manome ny filazantsaran'i Kristy (jereo ny 3 Nefia 27:13–21).
11. D. Todd Christofferson, "Born Again," *Liahona,* mey 2008, 78.
12. Jereo ny Romana 10:17; 2 Nefia 31:19; Almà 32:27–29; Môrônia 7:25.
13. Jereo ny 2 Nefia 32:3.
14. Jereo ny 2 Nefia 31:10, 13.
15. 2 Nefia 31:19.
16. Jereo ny Jaona 1:1–3; Mosesy 7:47; Abrahama 3:24–27.
17. Jereo ny Hebreo 4:15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:4.
18. Jereo ny Almà 34:16.
19. Jereo ny 2 Nefia 9:21–22; Dallin H. Oaks, "Ny fanalahidy sy ny fahefan'ny Fisoronana," *Liahona,* mey 2014, 49–52.
20. Jereo ny Almà 34:15–16.
21. Almà 34:15.
22. Tafiditra ao amin'ny fianteherana tanteraka amin'ny fahamendrehan'i Kristy ny fanekena fa i Jesoa Kristy no hany loharanon'ny fanavotana (jereo ny Môsià 4:7–8). Izany koa dia mitaky ny hinoantsika fa afaka manavotra ny tenantsika tsirairay i Kristy. Izany no antony iray handidiana antsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:2, hoe rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika, dia tokony tsy hahatsiaro fotsiny fa i Kristy dia nijaly fa tokony hahatsiaro ihany koa isika hoe nanao izany Izy ho an'ny tenantsika manokana.
23. Helamàna 14:13.
24. Jereo ny Russell M. Nelson, "Repentance and Conversion," *Liahona,* mey 2007, 102–5.
25. Jereo ny Neil L. Andersen, "Repent … That I May Heal You," *Liahona,* nôv. 2009, 40–43.
26. Jereo ny Jeffrey R. Holland, "Broken Things to Mend," *Liahona,* mey 2006, 69–71; Anthony D. Perkins, "The Great and Wonderful Love," *Liahona,* nôv. 2006, 76–78.
27. Môrônia 7:48.
28. Jereo ny Môrônia 8:16.Eny tokoa, ny fibebahantsika dia iray amin'ireo porofo lehibe indrindra maneho fa mpianatry ny Mpamonjy isika. Moa ve isika afaka milaza fa manaraka an'i Kristy raha toa isika tsy mibebaka hatrany na miezaka ny mampitodika ny fontsika sy ny asantsika hankany Aminy?
29. Jereo ny *Adjusting to Missionary Life* (kiboky, 2013), 46.
30. Jereo ny Môsià 4:5–7.
31. Jereo ny 2 Nefia 10:24; 25:23.
32. Jereo ny Helamàna 5:11; Etera 12:27; Môrônia 10:32–33.
33. Bible Dictionary ao amin'ny tahadikan'ny Baiboly navoakan'ny OMAF amin'ny fiteny Anglisy, "Grace."
34. Môrônia 8:25.
35. Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo am-pahamendrehana isika, dia manavao ireo fanekempihavanana rehetra nataontsika tamin' Andriamanitra (jereo ny Delbert L. Stapley, ao amin'ny Conference Report, ôkt. 1965, 14; L. Tom Perry, "As Now We Take the Sacrament," *Liahona,* mey 2006, 41).
36. Jereo ny Dallin H. Oaks, "Testimony" (fandraisam-pitenenana tamin'ny seminera ho an'ireo filohan'ny misiôna vao nantsoina, 25 jona 2014), 1–2.
37. Jereo ny Môrônia 4:3; jereo koa ny Môsià 18:8–10; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37 mba hahitana ireo fanekempihavanana hafa izay ataontsika amin'ny batisa.
38. Jereo ny Môrônia 8:25.
39. Môsià 18:10.
40. Jereo ny 2 Korintiana 3:18; Etera 12:27; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:2; Mosesy 1:39.
41. Jereo ny Romana 6:4.
42. Douglas D. Holmes, "Come unto Christ—the Doctrine of Christ," boky nosoratana tanana tsy natonta.
43. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–21.
44. D. Todd Christofferson, "The Power of Covenants," *Liahona,* mey 2009, 22.
45. Atao amin'ny fametrahan-tanana ny fandraisana ho mpikambana (jereo ohatra ny, Asan'ny Apostoly 8:17).
46. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:28; Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fanahy Masina," scriptures.lds.org.
47. Jereo ny 2 Korintiana 3:18; 1 Nefia 14:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:20.
48. Jereo ny 3 Nefia 27:20.
49. Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fanamasinana," scriptures.lds.org.
50. Jereo ny Môrônia 7:48; 8:26; 10:8–18.
51. Jereo ny Môsià 4:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33; Bruce R. McConkie, "The Ten Blessings of the Priesthood," *Ensign,* nôv. 1977, 33–35.
52. Môsià 5:2.
53. Mitarika antsika hiverina any amin'ny Raintsika any An-danitra ihany koa ny Fanahy Masina (jereo ny 2 Nefia 32:5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:57) amin'ny fanampiana antsika hahafantatra ny zavatra tokony hataontsika mba ho lasa tahaka an'i Kristy (jereo ny 2 Korintiana 3:18; Etera 12:27; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:46–48).
54. 2 Nefia 31:16. Ny hoe maharitra hatramin'ny farany dia mahalaza tsara ny tiany ambara satria izy io dia mitaky fotoana sy fikirizana (jereo ny Jakoba 1:2–4). Ny zava-misy dia tsy afaka ny hanana toetra araka an'i Kristy isika raha tsy miatrika fifanoherana sy zavatsarotra. Ohatra, ahoana no hahatonga antsika hahay haharitra raha toa isika tsy nasaina nijaly nandritra ny fotoana maharitra?
55. Dale G. Renlund, "Manohy miezaka ny Olomasin'ny Andro Farany," *Liahona,* mey 2015, 56.
56. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:12, 19.
57. Môrônia 7:25; jereo koa ny Môsià 2:41.
58. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39:4–6.
59. Jereo ny 2 Nefia 9:24.
60. 2 Jaona 1:9.
61. 3 Nefia 27:17.
62. Ny olona iray dia mety hitondra fanatitra mitovy foana mandritra ny herinandro maro amin'ny fotoana iray, ambarapahatongan'izany ho "may kila" araka ny nampianarin'ny Loholona Neal A. Maxwell ("Deny Yourselves of All Ungodliness," *Ensign,* mey 1995, 68).
63. Jereo ny 2 Nefia 25:20.
64. Jereo ny Môrônia 7:24.
65. Môrônia 7:25.





**Nataon'ny Loholona Carl B. Cook**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Manompoa

*Ilaina avokoa ny mpikambana tsirairay, ary samy mila manana fahafahana hanompo avokoa ny mpikambana tsirairay.*

Fony aho mbola zazalahy dia nankafiziko ery ny niara-niasa tamin'i Lyman dadatoako sy i Dorothy nenitoako tao amin'ny toerampiompian'izy ireo. I Dadatoa Lyman matetika no mitarika ny tetikasanay, ary manampy sy mitondra ilay kamiao Dodge efa antitra matetika i Nenitoa Dorothy. Tsaroako ny fientanentanampo rehefa niraikitra tao anaty fotaka izahay na niezaka niakatra havoana mideza iray: Nivazavavaza i Dadatoa Lyman hoe: "Dorothy, ataovy mifandray io!" Tamin'izany fotoana izany aho no nanomboka nivavaka. Niaraka tamin'ny fanampian'ny Tompo sy taorian'ny fikitroha-nifin-kodiarana dia toa tratran'i Nenitoa Dorothy ny fampifandraisana. Rehefa voahidy tsara sy niara-nihodina ny kodiarana rehetra dia nandroso ilay fiara ary nitohy ny asanay.

Ilay hoe "atao mifandray" dia entina ilazana ny fampidirana vitesse manokana iray izay mandahatra kodiarana maromaro misy nifiny mba hiara-hiasa ka hiteraka hery misintona bebe kokoa.[1] Ny vondron-kodiarana misy nifiny mifandray ao amin'ny fiara tsy mataho-dalana dia mamela anao hampidina ny vitesse sy hamokatra angovo bebe kokoa ary hihetsika.

Tiako ny mieritreritra antsika tsirairay ho isan'ny vondron-kodiarana misy nifiny mifandray iray rehefa miara-miasa ato amin'ny Fiangonana —any amin'ireo paroasy sy sampana, any amin'ireo kôlejy sy vondrona fanampiny. Tahaka ireo kodiarana misy nifiny izay mitambatra ka mamokatra angovo bebe kokoa rehefa mifandray, no anánantsika hery bebe kokoa rehefa miara-miasa isika. Rehefa miray hina isika mba hifanompo, dia mahavita betsaka kokoa isika rehefa miaraka noho izay mety ho vitantsika samirery. Mampientam-po ny manolo-tena sy miray hina rehefa manompo sy manampy ao amin'ny asan'ny Tompo.

### Fitahiana ny manompo

Ny fahafahana manompo no iray amin'ireo fitahiana lehibe amin'ny maha-mpikambana ato amin'ny Fiangonana.[2] Hoy ny Tompo: "Raha tia Ahy ianao dia hanompo Ahy,"[3] ary manompo Azy isika rehefa manompo ny hafa.[4]

Rehefa manompo isika dia manakaiky kokoa an' Andriamanitra.[5] Lasa mahafantatra Azy isika amin'ny fomba izay mety tsy ho nisy raha tamin'ny fomba hafa. Mitombo ny finoantsika Azy. Voadinika tsara ireo olantsika. Lasa mahafapo kokoa ny fiainana. Mitombo ny fitiavantsika ny hafa, sy ny faniriantsika hanompo. Amin'ny alalan'io dingana io isika dia ho lasa tahaka an'Andriamanitra bebe kokoa, ary ho vonona tsara kokoa isika ny hiverina any Aminy.[6]

Araka ny nampianarin'ny Filoha Marion G. Romney hoe: "Ny fanompoana dia tsy zavatra iaretantsika eto an-tany mba hahazoana ny zo hiaina ao amin'ny fanjakana selestialy. Ny fanompoana no tena fototry ny mahafiainana voasandratra any amin'ny fanjakana selestialy."[7]



#### Mety ho sarotra ny fanompoana

Ny fanompoana ato am-piangonana anefa dia mety ho sarotra rehefa angatahina hanao zavatra izay mampatahotra antsika isika, na rehefa sasatry ny manompo isika, na rehefa voantso hanao zavara izay tsy hitantsika ho manintona am-boalohany isika.

Vao tsy ela aho no nahazo andraikitra vaovao. Nanompo tany amin'ny Vondrom-paritra Afrika Atsimo Atsinanana aho. Tena nahafaly ahy ny nanompo tany amin'ny toerana izay mbola maha-somary tanora sy eo ampanorenana ny Fiangonana, ary tianay ireo Olomasina. Dia voantso hiverina taty amin'ny Foiben'ny Fiangonana aho avy eo, ary tena tsoriko fa tsy dia feno hafanam-po aho. Nitondra ahy tamin'ny toe-javatra izay tsy mahazatra ahy ny fiovana teo amin'ny andraikitra.

Indray alina rehefa avy nieritreritra ilay fiovana izay ho avy aho dia nanofy an'i Joseph Skeen razambeko. Fantatro avy tao amin'ny diariny fa rehefa nifindra tao Nauvoo izy sy i Maria vadiny dia nanam-paniriana hanompo izy, koa dia nitady ny Mpaminany Joseph Smith izy ary nanontany ny fomba ahafahany manampy. Nandefa azy mba hiasa teny amin'ny saha ny Mpaminany ary nasainy nanao izay tsara azony natao izy, koa dia nataony izany. Niasa tao amin'ny toeram-piompian-dry Smith izy.[8]

Nisaintsaina ilay tombontsoa nananan'i Joseph Skeen aho tamin'ny fahazoany andraikitra tamin'ny fomba toy izany. Tampoka teo dia nahatsapa aho fa nanana tombontsoa mitovy amin'izany, tahaka antsika rehetra. Ny antso rehetra ato am-piangonana dia avy amin' Andriamanitra—amin'ny alalan'ireo mpanompony voatendry.[9]

Nahatsapa tombontsoa miavaka ara-panahy aho fa avy tamin'ny fanentanam-panahy ilay andraikitro vaovao. Tena zava-dehibe ny fahatakarantsika izany fifandraisany izany—dia ny hoe ny antsontsika dia tonga arabakiteny amintsika avy amin' Andriamanitra amin'ny alalan'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana. Taorian'io zavatra niainako io dia niova ny fomba fihetsiko, ary feno faniriana lalina ny hanompo aho. Feno fankasitrahana aho noho ny fahafahana mibebaka sy noho ny foko izay niova. Tiako ny andraikitro vaovao.

Na dia mieritreritra aza isika fa ny antsontsika ato am-piangonana dia hevitry ny mpitarika antsika ao amin'ny fisoronana fotsiny, na hoe tonga tamintsika satria tsy misy olona hanaiky izany, dia ho voatahy isika rehefa manompo. Saingy rehefa manaiky ny tanan' Andriamanitra isika amin'ny antsontsika sy manompo amin'ny fontsika manontolo, dia hisy hery fanampiny ho tonga amin'ny fanompoantsika, ary lasa tena mpanompon'i Jesoa Kristy isika.

#### Mitaky finoana ny fanompoana

Ny fanatanterahana ny antso dia mitaky finoana. Fotoana fohy taorian'ny nanombohan'i Joseph niasa teo amin'ilay toeram-piompiana dia lasa narary mafy izy sy i Maria. Tsy nanambola izy ireo ary teo anivon'olona tsy fantatra. Fotoan-tsarotra ho azy ireo izany. Tao anatin'ilay diariny izy dia nanoratra hoe: "Niasa hatrany izahay [sady] nijanona ho mahatoky tao amin'ny Fiangonana tamin'izay finoana kely izay nananana y, na izany aza dia niezaka nandringana anay sy nampody anay ny devoly."[10]

Tena feno fankasitrahana mandrakizay izaho sy ireo taranaka hafa an-jatony maro fa tsy niverina nody i Joseph sy i Maria. Tonga ny fitahiana rehefa maharitra amin'ireo antso sy ireo andraikitra sahanintsika isika ary mijanona amim-pahatokiana amin'ny finoana rehetra izay ananantsika.

Mahafantatra mpampianatra Fotopampianaran'ny Filazantsara iray aho izay manainga ny fanahin'ireo mpianany rehefa mampianatra, saingy tsy toy izany foana anefa izany hatrizay. Rehefa avy niditra ho mpikamban'ny Fiangonana izy dia nahazo antso mba hampianatra tao amin'ny Kilonga. Nahatsapa izy fa tsy nanana traikefa mba hampianatra, kanefa noho ny fahafantarany ny maha-zava-dehibe ny fanompoana, dia nanaiky izy. Vetivety dia resin-tahotra izy, ary dia nijanona tsy nandeha intsony amin'izay tsy hampianatra. Soa ihany nahatsikaritra



ny tsy fahatongavany ny mpampianatra isan-tokantranony, ka namangy azy, ary nanasa azy mba hiverina. Nanampy azy ny eveka sy ireo mpikambana tao amin'ny paroasy. Farany, rehefa nitombo ny finoany dia nanomboka nampianatra ireo kilonga izy. Rehefa nampihatra fitsipika tao amin'ny *Mampianatra araka ny Fomban'ny Mpamonjy,* izy, dia nitahy ny ezaka nataony ny Tompo, ary lasa mpampianatra manan-talenta izy.[11]

Ilay lehilahy na vehivavy araka ny nofo ao anatintsika rehetra dia toa manome fahafahana antsika hanala tsiny ny tenantsika amin'ny fanompoana noho ny antony toy ny hoe: "Tsy mbola vonona ny hanompo aho; mbola mila mianatra bebe kokoa aho," na hoe "Vizana aho ka mila maka aina," na "Antitra loatra aho—anjaran'ny hafa indray izao," na hoe "Be atao loatra tsotra izao aho."

Rahalahy sy anabavy, ny fanekena sy ny fanatanterahana ny antso iray dia fihetsika maneho finoana. Afaka matoky ny zavatra naverimberin'ny Filoha Thomas S. Monson nampianarina isika, izay manao hoe: "Izay antsoin'ny Tompo, dia hitan'ny Tompo fa mendrika" ary "Rehefa manompo ny Tompo isika,

dia natao hahazo ny fanampian'ny Tompo."[12] Na sahirana loatra isika na tsy miraika, na matahotra loatra isika na leo be, dia tian'ny tompo hampidina ny vitesse sy hamokatra angovo bebe kokoa ary hanompo isika.

Tsy mahita famantarana aho hoe be atao loatra na reraka loatra ny Filoha Monson sy ireo mpiara-miasa aminy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Ohatra velona amin'ny fomba iray manentana ny fanahy izay maneho ny hery tonga amin'ny fiainantsika rehefa mampihatra finoana sy manaiky ireo andraikitra omena ary manatanteraka izany amim-panolorantena izy ireo. "Niasa mafy izy ireo"[13] taona maro lasa izay, ary mbola manohy mandroso miakatra hatrany.

Eny, manompo amina antso manan-danja izy ireo, saingy manan-danja avokoa ny antso na ny andraikitra *tsirairay*. Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley, mpaminany sy Filohan'ny Fiangonana teo aloha: "Samy mandray anjara ao anatin'ity asa makadiry ity isika tsirairay avy. . . . Ny andraikitrao dia tena zava-dehibe ao amin'ny tontolo misy anao tahaka ny maha-zava-dehibe ny andraikitro ao amin'ny tontolo misy ahy. Tsy misy antso kely na vokany kely ato amin'ity fiangonana ity."[14] Manan-danja avokoa ny antso tsirairay.[15]

#### Ndeha hanompo

Ndeha isika hiarina amin'ny finoana, "hiasa mafy" ka hampandroso ity "asa masina ity."[16] Ndeha "hataontsika mifandray izany," miaraka amin'i Nenitoa Dorothy be finoana. Amin'ny maha-mpiray tampo antsika dia ndeha hanompo.

Raha te hahatsara ny andron'ny evekanao na ny filohan'ny sampana misy anao ianao dia anontanio azy izao fanontaniana izao "Inona no azoko anampiana?" "Aiza no tian'ny Tompo hanompoako?" Rehefa mivavaka sy mandinika ireo andraikitrao manokana sy eo amin'ny fianakaviana ary arak'asa izy dia hahazo ny fitaomam-panahy hanome ny antso sahaza ho anao. Rehefa atokana ianao dia handray tsodranon'ny fisoronana mba hanampy anao hahomby. Tena *ho* voatahy ianao! Ilaina avokoa ny mpikambana tsirairay, ary samy mila fahafahana hanompo avokoa ny mpikambana tsirairay.[17]

#### I Jesoa Kristy no Ohatra ho antsika

I Jesoa Kristy, ilay Ohatra ho antsika, dia nanome ny ainy ho an'ny asan'ny Rainy. Tao amin'ilay Filankevitra Lehibe talohan'ny nahariana izao tontolo izao, i Jesoa, ilay voafidy sy vaohosotra hatrany am-boalohany, dia nanolo-tena hoe: "Inty aho, iraho aho."[18] Tamin'ny fanaovany izany Izy dia lasa mpanompontsika rehetra ara-bakiteny. Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy sy ny hery azontsika amin'ny alalan'ny Sorompanavotany dia afaka manompo ihany koa isika. Hanampy antsika Izy.[19]

Manolotra ny fitiavana avy ato am-poko aho ho anareo izay mety tsy ho afaka manompo amin'ny fomba mahazatra amin'izao fotoana izao noho ny toe-javatra manokana kanefa miaina ny fiainanareo miaraka amin'ny toe-tsaina amam-panahy tia manompo. Mivavaka aho ny mba hitahiana anareo amin'ny ezaka ataonareo. Maneho fankasitrahana an'ireo izay milofo amin'ny antsony isan-kerinandro koa aho, sy ireo izay hanaiky tsy ho ela ireo antso mba hanompo. Omen-danja avokoa ny fandraisana anjara sy ny fanolorantena rehetra, avy Aminy izay tompointsika indrindra indrindra. Handray ny fahasoavan' Andriamanitra avokoa izay rehetra manompo.[20]

Na manao ahoana na manao ahoana ny taonantsika sy ny toe-piainantsika, ndeha hataontsika ho "filamatra" ny fanompoana.[21] Manompoa ao amin'ny antsonao. Manaova asa fitoriana. Tompoy ny reninao. Manompoa olon-kafa. Tompoy ny namanao. Manompoa fotsiny.

Ny Tompo anie hitahy antsika tsirairay amin'ny ezaka ataontsika mba hanompo sy ho tonga tena mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy.[22] Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy ary mitarika ity asa ity. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny "Compound Gears," technologystudent.com/gears1/gears3.htm; "Compound Gear Reduction," curriculum.vexrobotics.com.
2. Jereo ny *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* (2004), 87.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:29; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:5.
4. Jereo ny Matio 25:40; Môsià 2:17.
5. Jereo ny Jaona 12:26.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:4–6.
7. Marion G. Romney, "The Celestial Nature of Self-Reliance," *Ensign,* nôv. 1982, 93.
8. Jereo ny Joseph Skeen, reminiscences and diary, 7, Tranombokin'ny Tantarampiangonana, Salt Lake City; jereo koa ny *Journal and History of Joseph Skeen* ed. Greg S. Montgomery and Mark R. Montgomery (1996), 23.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38; Fanekem-pinoana 1:5.
10. Skeen, reminiscences and diary, 8, ny tsipelina sy ny mari-tsoratra dia nampanarahana ny fenitra; jereo koa ny *Journal and History of Joseph Skeen,* 23; Lioka 22:31; 2 Nefia 28:19–24; Almà 30:60; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:22–27.
11. Jereo ny *Mampianatra araka ny Fomban'ny Mpamonjy* (2016), 37–38; *Manuel 2: Administration de l'Eglise* (2010), 5.3, 5.5.4.
12. Thomas S. Monson, "Duty Calls," *Ensign,* mey 1996, 44.
13. "Le monde a besoin d'ouvrier," *Cantiques,* no. 162
14. Gordon B. Hinckley, "This Is the Work of the Master," *Ensign,* mey 1995, 71.
    Hoy ihany koa ny Filoha Hinckley hoe: "Manana fahafahana lehibe ny ho afa-po amin'ny fanatanterahana ny andraikitrao ianao tahaka ny ataoko amin'ny ahy. Ny fandrosoan'ity asa ity dia voafaritry ny ezaka ataontsika mitambatra. Na inona na inona antsonao, dia feno ilay fahafahana manatanteraka zavatra tsara mitovy amin'ny ananako izany. Ny tena manan-danja dia ny hoe asan'ilay Mpampianatra ity. Ny anjara asantsika dia ny mandeha manao ny tsara tahaka ny nataony" ("This Is the Work of the Master," 71).
    Hoy ny Filoha Thomas S. Monson said, "Ahoana no hilofosan'ny olona iray amin'ny antso iray? Dia ny manao fanompoana mifanaraka aminy fotsiny" ("Duty Calls," 43).
15. Jereo ny Almà 37:6.
16. "Le monde a besoin d'ouvrier," *Cantiques,* no. 162
17. Jereo ny *Manuel 2,* 3.3.1, 3.3.3, 19.1.1, 19.4; "Amin'ny alalan'ny fanompoan'ny lehilahy sy vehivavy . . . ny zatovolahy sy ny zatovovavy, dia vita ny asan' Andriamanitra." *Ny Fitsipiky ny Filazantsara* [2009], 188.
18. Abrahama 3:27
19. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:5.
20. Jereo ny Môsià 18:26.
21. "They, the Builders of the Nation," *Hymns,* no. 36.
22. Jereo ny Mirônia 7:48.



**Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fandrao hadinoinao

*Tsarovy indrindra amin'ny fotoana isian'ny olana, ny fotoana nahatsapanareo ny Fanahy sy nananareo fijoroana ho vavolombelona matanjaka. Tsarovy ireo fototra ara-panahy naorinareo.*

Miarahaba anareo ry rahalahy sy rahavavy amin'izao tolakandro izao. Tena nahazo fitahiana isika nandritra ity fihaonambe ity. Tena nampanetry tena tokoa ity taonako voalohany naha-mpikambana ahy tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity. Taonan'ny fanaovana ezaka mafy, sy taonan'ny fivoarana ary taonan'ny fangatahana tamimpahamatorana sy tsy tapaka tamin'ny Raiko any An-danitra izany. Nahatsapa ireo vavaka feno fanohanana avy amin'ny fianakaviana sy namana ary mpikamban'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao aho. Misaotra tamin'ny fieritreretanareo ahy sy ny vavaka nataonareo.

Nanana tombontsoa nihaonana tamin'ireo namana tiana koa aho. Ny sasany namana efa aman-taonany ary ny maro dia namana vao haingana. Taorian'ny fihaonako tamin'ny namana malala iray izay fantatro sy tiako nandritra ny taona maro no nahazoako fahatsapana hanomana ny lahateniko androany.

Rehefa nihaona izahay dia nambaran'ilay namako manokana tamiko fa mandalo fahasahiranana izy. Tsapany ho niaina "fikororosin'ny finoana" izy raha ampiasaina ny teniny ary nitady torohevitra avy amiko. Naneho fankasitrahana aho noho ilay fizarany amiko ny zavatra tsapany sy ny olany.

Naneho faniriana lehibe hanana indray ilay fahatsapana ara-panahy izay tsapany taloha izy sy hanana indray ireo zavatra izay eritreretiny fa mihavotsotra eo am-pelatanany amin'izao fotoana izao. Rehefa niresaka izy dia nihaino tsara aho ary nivavaka mafy mba hahafantatra izay tian'ny Tompo holazaiko.

Napetrak'ilay namako, tahaka ny sasany amintsika angamba, ilay fanontaniana nambara tamin'ny fomba mahavaky fo ao amin'ny hiran'ny Ankizy anankiray izay manao hoe: "Ry Ray any An-danitra! Ao tokoa ve ianao?"[1] Ho anareo izay mety mametraka io fanontaniana io dia te hizara aminareo ny torohevitra natolotro an'ilay namako aho ary manantena fa lasa hatanjaka ny finoanareo ary ho vonona indray ianareo ho mpianatr'i Jesoa Kristy mahafoy tena.

Atomboko izany amin'ny fampahatsiahivana anao fa zanakalahy sy zanakavavin'ny Ray any An-danitra be fitiavana ianao ary tsy miova ny fitiavany. Fantatro fa sarotra ny mahatsiaro fahatsapana fitiavana mampitony toy izany rehefa ao anatin'ny olana na fitsapana manokana na tratran'ny fahadisoam-panantenana na faniriana tsy tanteraka ianao.

Fantatr'i Jesoa Kristy izany hoe olana sy fitsapana mahery vaika izany. Nanolotra ny ainy ho antsika Izy. Tena nangirifiry ireo ora farany niainany, mihoatra lavitra noho izay azontsika takarina aza, saingy fanehoana faratampony ny fitiavany madio ny sorona nataony ho antsika tsirairay.

Tsy hisy fahadisoana na fahotana na safidy ka hanova ny fitiavan' Andriamanitra antsika. Tsy midika akory izany fa azo ekena ny fitondrantena tsy mendrika na hanaisotra ny andraikitsika mba hibebaka izany rehefa manota. Saingy *aza hadinoina* fa mahafantatra sy tia antsika tsirairay ny Ray any An-danitra ary vonona ny hanampy antsika foana Izy.

Rehefa nisaintsaina ny toe-javatra niainan'ilay namako aho dia nieritreritra ilay fahendrena lehibe hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna: "Ary ankehitriny, ry zanako tsarovy, tsarovy fa eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo; ka rehefa handefa ny rivo-maheriny ny devoly, eny, ny zanatsìpikany ao amin'ny tadio, eny, rehefa hamely anareo ny havandrany rehetra sy ny tafiotra maheriny, dia tsy hanan-kery aminareo izany mba hisintona anareo hidina any amin'ny hantsan'ny fahoriana sy ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy



ahafahan'ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy."[2]

Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy misy te ho ao amin'ny "hantsan'ny fahoriana sy ny loza tsisy farany." Ary tsapan'ilay namako fa teo amoron'izany izy.

Rehefa nanoro hevitra olona toa an'io namako io aho dia namantatra ireo fanapahan-kevitra noraisin'izy ireo tao anatin'ny taona maro izay nitarika azy ireo hanadino ireo zavatra masina niainana sy hihamalemy ary hiahiahy. Namporisika azy ireo aho toy ny amporisihako anareo amin'izao fotoana izao mba hahatsiaro, indrindra amin'ny fotoana isian'ny olana, ny fotoana nahatsapanareo ny Fanahy sy nananareo fijoroana ho vavolombelona matanjaka. Tsarovy ireo fototra ara-panahy naorinareo. Mampanantena aho fa raha manao izany ianareo, izany hoe misoroka ireo zavatra izay tsy mampivoatra sy tsy mampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananareo na manao tsinontsinona ny finoanareo, dia hiverina ho tsaroanareo indray ireo fotoana sarobidy nahamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona nanananareo amin'ny alalan'ny vavaka sy fifadian-kanina atao amimpanetrentena. Manome toky anareo aho fa hahatsapa indray ny fiarovana sy ireo zavatra mahafinaritra avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianareo.

Tsy maintsy mampatanjaka ny tenantsika ara-panahy aloha isika tsirairay dia avy eo mampatanjaka ireo manodidina antsika. Halalino tsy tapaka ny soratra masina, ary tsarovy ireo zavatra tao an-tsainareo sy tsapanareo rehefa namaky izany ianareo. Mitadiava koa loharano hafa ahitana ny fahamarinana saingy araho ity fampitandremana avy amin'ny soratra masina ity: "Nefa tsara ny mahay *raha* henoiny ny torohevitr' Andriamanitra."[3] Atreho ireo fivoriam-piangonana, indrindra fa ny fivoriana Fanasan'ny Tompo, dia mandraisa fanasan'ny Tompo ary havaozy ny fanekempihavanana, ka tafiditra ao anatin'izany ny fampanantenana ny hahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy mba hananana mandrakariva ny Fanahiny miaraka aminareo.

Na inona na inona fahadisoana nataontsika na mahatsapa ho tsy mendrika toy ny inona aza isika, dia afaka mitahy sy mampitraka ny hafa foana isika. Afaka manampy antsika hahatsapa lalina ao am-pontsika ny fitiavan' Andriamanitra ny fanoloran-tanana azy ireo amin'ny alalan'ny fanaovana asa fanompoana tahaka ny an'i Kristy.

Zava-dehibe ny mahatsiaro ilay torohevitra mafonja hita ao amin'ny Deoteronomia: "Tandremo tsara ny fanahinao, *fandrao hadinoinao* ny zavatra izay efa hitan'ny masonao, ary andrao miala amin'ny fonao izany, amin'ny andro rehetra hiainanao, fa ampahafantaro ny zanakao sy ny zafinao izany."[4]

Misy fiantraikany amin'ireo taranaka ny safidy ataontsika. Zarao amin'ny fianakavianao ny fijoroana ho vavolombelona ananananao. Amporisiho izy ireo hahatsiaro ny zavatra tsapany rehefa nahatsapa ny Fanahy teo amin'ny fiainan'izy ireo ary hirakitra an-tsoratra ireo zavatra tsapa ireo ao anatin'ny diary sy ny tantaran'ny tena manokana mba hahafahan'ny tenin'izy ireo manokana mampahatsiaro azy ireo ny hatsaram-panahin'ny Tompo tamin'izy ireo amin'ny fotoana ilana izany.

Tsarovy fa amin'ny ampahany dia niverina tany Jerosalema i Nefia sy ireo rahalahiny haka ny takela-barahina ahitana ny raki-tantaran'ny vahoakany mba tsy hanadinoan'izy ireo ny lasany.

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna koa dia nomen'i Helamàna ny anaran'ny "ray aman-dreni[ny] voalohany" ireo zanakalahiny mba tsy hanadinoan'izy ireo ny hatsaram-panahin'ny Tompo:

"Indro, ry zanako, maniry aho ny hahatsiarovanareo ny hitandrina ny didin' Andriamanitra. . . . Indro, efa nomeko anareo ny anaran'ny ray aman-drenintsika voalohany izay nivoaka tao an-tanin'i Jerosalema; ary izany no efa nataoko dia ny hahazoanareo mahatsiaro azy rehefa mahatsiaro ny anaranareo ianareo; ary rehefa mahatsiaro azy ianareo, dia ny hahazoanareo mahatsiaro ny asany; ary rehefa mahatsiaro ny asany ianareo dia ny hahazoanareo mahafantatra fa voalaza ary koa voasoratra fa tsara ireny."

"Noho izany ry zanako dia mba tiako ny hanaovanareo izay tsara mba hahazoana milaza ary koa manoratra ny momba anareo, tahaka izay efa nolazaina sy nosoratana momba azy ireo."[5]

Maro ny olona amin'izao fotoana izao no manao io fomba io ka manome an-janany anarana olona be herimpo ao amin'ny soratra masina na anarana razambe mahatoky ho toy ny fomba iray hamporisihana azy ireo tsy hanadino ny lovany.

Rehefa teraka aho dia nomena ny anarana hoe Ronald A. Rasband. Manome voninahitra ny rohim-pirazanan'ny raiko ny anarako. Ny voalohantarehintsoratra *A* izay fanampin'anarana faharoa dia nomena ahy mba hampahatsiahy ahy ny tokony hanomezako voninahitra ny razamben'ny reniko Danois izay nantsoina hoe Anderson.

Avy any Danemark i Jens Anderson dadaben'ny dadabeko. Ary notarihin'ny Tompo ho any an-tokantranon'i Jens sy Ane Cathrine Anderson mivady ny misiônera Môrmôna anankiroa tamin'ny 1861 ka tao no nampahafantarin'ireo misiônera azy ireo sy an'i Andrew zanany lahy 16 taona ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Nanomboka teo ilay lovam-pinoana ka nahazo tombontsoa tamin'izany ny fianakaviako sy ny tenako. Namaky ny Bokin'i Môrmôna ry Anderson mianakavy ary natao batisa fotoana fohy taorian'izany. Herintaona taorian'izay dia nanaraka ilay antso nataon'ny mpaminany ny fianakaviana Anderson mba hamakivaky ny faritra Atilantika ary hamonjy ireo Olomasina any Amerika Avaratra.

Indrisy fa maty nandritra ilay dia teny amin'ny ranomasimbe i Jens, saingy nanohy hatrany Salt Lake Valley ny vadiny sy ny zanany lahy ary tonga ny 3 Septambra 1862. Na dia teo aza ireo fitsapana sy fahoriana nianjady tamin'izy ireo dia tsy nihozongozona velively ny finoan'izy ireo ary toy izany koa ny an'ireo taranany maro.

Misy sary hosodoko iray mihantona ao amin'ny biraoko[6] izay nahavita namoaka tamin'ny fomba tena kanto ilay fampahatsiahivana manan-danja ny fihaonana voalohany teo amin'ireo razambeko sy ireo misiônera

tany am-piandohana ireo izay feno fanoloran-tena. Vonona ny tsy hanadino ny lovako aho ary noho ny anarako dia hotsaroako mandrakizay ny lovan'ny fahatokiana sy fahafoizan-tena napetrak'izy ireo.

Aza hadinoina na ahiahiana na odiana tsy fantatra velively ireo zavatra masina ara-panahy niainana. Ny drafitry ny fahavalo dia ny handrebireby antsika tsy hahita ireo vavolombelona ara-panahy ary ny fanirian'ny Tompo kosa dia ny hanazava antsika sy ny hampirotsaka antsika ao amin'ny asany.

Mamelà ahy hizara ohatra manokana iray momba io fahamarinana io. Tsaroako mazava tsara ilay fotoana nandraisako bitsika ho valin'ny vavaka nahery vaika iray. Nazava sy nafonja ilay valiny. Kanefa tsy tonga dia nandray andraikitra aho teo anatrehan'ilay bitsika ary taty aoriana dia nanomboka nanontany tena aho raha toa ka tena marina ny zavatra tsapako. Mety efa tafalatsaka tao anatin'izany fitaky ny fahavalo izany koa ny sasany aminareo.

Andro maro taty aoriana dia nifoha niaraka tamin'ireto andinin-tsoratra masina ireto tao an-tsaiko aho:

"Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, raha maniry vavolombelona fanampiny ianao, dia avereno ao an-tsainao ilay alina izay nitalahoanao Tamiko tao am-ponao. . . .

"Tsy nilaza fiadanana tamin'ny sainao va Aho momba izany? Inona no vavolombelona bebe kokoa mety ho azonao noho izay avy amin' Andriamanitra?"[7]



*Antsoin'ny Loholona Rasband hoe "fampahatsiahivana manan-danja" ny fihaonana voalohany teo amin'ireo razambeny sy ireo misiônera tany am-piandohana ity sary hosodoko ity.*

Toy ireny niteny tamiko ireny ny Tompo hoe: "Izao ry Ronald! Efa nolazaiko taminao ny zavatra tokony hataonao. Dia ataovy izany!" Tena feno fankasitrahana aho noho izany fanitsiana sy torolalana feno fitiavana izany! Tonga dia nahazo fampaherezana avy tamin'ilay bitsika aho ary afaka nandroso niaraka tamin'ny fahafantarana tao anatiko fa voavaly ny vavaka nataoko.

Zaraiko izany zavatra niainana izany ry rahalalahy sy rahavavy malala mba hampisehoana fa mora manadino ny saintsika ary mba hampisehoana ny fomba itarihan'ireo zavatra niainana ara-panahy antsika. Nianatra nanome lanja fotoana tahaka ireny aho "fandrao hadinoiko."

Ho an'ilay namako sy ho an'ireo rehetra izay maniry ny hampitombo ny finoany dia omeko anareo ity fampanantenana ity: "Rehefa miaina amim-pahatokiana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy manaraka ny fampianarany ianareo dia ho voaro ny fijoroana ho vavolombelona ananananareo ary hitombo." Hajao ny fanekempihavanana nataonareo na inona na inona zavatra ataon'ireo olona manodidina anareo. Aoka ianareo ho ray amandreny, rahalahy sy anabavy, raibe sy renibe, dadatoa sy nenitoa ary namana mavitrika izay mampatanjaka ny havan-tiany amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny tena manokana sy mizara zavatra niainana ara-panahy. Mijanòna ho mahatoky sy tsy ho voahozongozona na dia tafihan'ny ahiahy mahery vaika aza ny fiainanareo amin'ny alalan'ireo zavatra ataon'ny hafa. Tadiavo izay zavatra hanazava ny saina amam-panahinareo sy hampatanjaka anareo ara-panahy. Sorohy ireo fanolorana mifono fitaka ny mody hoe "fahamarinana" izay mora miely tokoa ary aza hadino ny mirakitra an-tsoratra ny fahatsapanareo "fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahelemem-panahy, [ary] fahononam-po."[8]

Ao anatin'ny oram-baratra lehiben'ny fiainana, *aza hadinoina* ilay lova masinareo amin'ny maha-zanakalahy na zanakavavin' Andriamanitra anareo, na ny anjara mandrakizainareo dia ny hiverina hiaraka hiaina Aminy, izay mihoatra noho ny zavatra azon'izao tontolo izao atolotra. Tsarovy ny teny feno fitiavana sy mamy nolazain'i Almà: "Ary ankehitriny, indro lazaiko aminareo ry rahalahiko, fa raha efa nandalo fiovam-po ianareo ary raha efa nahatsiaro ny hikalo ny hiran'ny fitiavana manavotra ianareo, dia hanontany aho, tsapanareo ve izany ankehitriny?"[9]

Ho an'ny rehetra izay mahatsapa fa tokony hampatanjahana ny finoany dia mitalaho aminareo aho hoe *aza hadinoina!* Aoka tsy hohadinoinareo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa mpaminanin' Andriamanitra i Joseph Smith. Fantatro fa niseho sy niresaka tamin' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany izy, araka ny teny izay noraketiny mihitsy. Feno fankasitrahana aho fa *tsy hadinony* ny nanoratra izany zavatra niainana izany mba hahafahantsika rehetra mahafantatra ny fijoroany ho vavolombelona.

Mijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy Tompo aho. Velona Izy. Fantatro fa velona Izy ary mijoro eo amin'ny lohan'ity Fiangonana ity. Fantatro manokana ireo zavatra ireo ary tsy miankina amina feo na vavolombelona hafa. Ary mivavaka aho mba *tsy hanadino velively* ireo fahamarinana masina mandrakizay izaho sy ianao—ny voalohany ary tena manan-danja indrindra dia zanakalahy sy zanakavavin'ny Ray aman-dreny velona sy be fitiavana isika izay tsy maniry afa-tsy ny fahasambarantsika mandrakizay. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "La prière d'un enfant," *Chants pour les enfants,* 6.
2. Helamàna 5:12.
3. 2 Nefia 9:29; nampiana fanamafisana.
4. Deoteronomia 4:9; nampiana fanamafisana.
5. Helamàna 5:6–7.
6. Ilay sary hosodoko avy any ifotony dia nataon'i Christen Dalsgaard tamin'ny 1856. Tahadika ilay sary hosodoko ao amin'ny biraoko izay nataon'i Arnold Friberg tamin'ny 1964.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:22–23.
8. Galatiana 5:22–23.
9. Almà 5:26.



**Nataon'ny Loholona Evan A. Schmutz**
Ao amin'ny Fitopololahy


# Andriamanitra hamafa ny ranomaso amin'ny tava rehetra

*Rehefa mampihatra ny finoantsika Azy isika, dia hampahery antsika sy hanohana antsika izy ao anatin'ny fitsapana antsika rehetra ary amin'ny farany dia hamonjy antsika ao amin'ny fanjakana selestialy.*

Tafiditra ao amin'ny drafitry ny Raintsika any An-danitra ny famelany ny alahelo mba ho voarary ao amin'ny fiainantsika eto an-tany.[1] Na dia tsy mitovy aza ny fisedrana azontsika, dia afaka mahazo antoka isika fa na lehibe izany na kely dia mijaly sy sahirana avokoa isika rehetra. Mivavaka aho ny mba hitarihan'ny Fanahy Masina antsika hahatakatra bebe kokoa hoe nahoana izany no tsy maintsy mitranga.

Rehefa mijery ireo zava-tsarotra iainantsika amin'ny alalan'ny masompinoana an'i Kristy isika dia afaka mahita fa mety misy tanjon' Andriamanitra ao anatin'ny fijaliantsika. Ny mahatoky dia afaka maka traikefa amin'ilay fahamarinana ao amin'ny torohevitr'i Petera izay toa mifanipaka. Hoy ny nosoratany: "Fa raha tàhiny *mitondra fahoriana* noho ny fahamarinana hianareo, dia sambatra."[2] Rehefa ampiharintsika amin'ny "fahalalana ny [fontsika],"[3] dia afaka mitombo isika amin'ny fahafahantsika miaritra tsara ireo fisedrana antsika sy mianatra avy aminy ary hodiovin'izany. Ny fahatakarana toy izany dia manome valiny an'ilay fanontaniana hatry ny ela manao hoe "Nahoana no mitranga amin'ny olona tsara ny zavatra ratsy?"

Ny tsirairay izay mihaino androany dia samy efa mahalala ny fahatsapana ho manirery, na ny fahakiviana, na ny



fanaintainana, na ny fahoriana, na ny alahelo. Raha tsy manana "masompinoana"[4] sy fahatakarana ny fahamarinana mandrakizay, dia matetika isika mahita fa ny fahoriana sy ny fijaliana iainantsika amin'ny fiainana an-tany dia mety hanamaizina na hanakona ilay fifaliana mandrakizay avy amin'ny fahafantarana fa ilay drafitra lehiben'ny Raintsika any An-danitra *dia tena* ilay drafitra mandrakizan'ny fahasambarana tokoa. Tsy misy fomba hafa ankoatra izany ahafahantsika mahazo ny fahafenoan'ny fifaliana.[5]

Andriamanitra dia manasa antsika mba hiatrika amim-pinoana ireo fahoriana natokana manokana ho antsika mba hahafahantsika mijinja fitahiana sy mahazo fahalalana izay tsy azontsika ianarana amin'ny fomba hafa. Ampianarina isika mba hitandrina ireo didy isaky ny toe-java-misy sy ny zavamitranga satria "izay mahatoky amin'ny fahoriana, dia lehibe kokoa ny valisoany ao amin'ny fanjakan'ny lanitra."[6] Ary araka ny hitantsika ao amin'ny soratra masina, "Raha feno alahelo ianao dia miantsoa ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fitalahoana, mba ho feno hafaliana ny fanahinao."[7]

I Paoly Apôstôly, izay efa niaritra fahoriana tokoa, dia naka zavatra avy tamin'ny zavatra niainany manokana mba hampianatra amin'ny halaliny sy amin'ny hatsarany ilay fomba fijery mandrakizay rehefa maharitra tsara sy amim-paharetana. Hoy izy hoe: "Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakariva ho anay."[8] Raha lazaina amin'ny teny hafa dia hoe, afaka mahafantatra isika eo anivon'ireo fahoriantsika fa Andriamanitra dia efa nanome valisoam-panonerana mandrakizay.

Ny fahaizan'i Paoly miresaka ny fitsapana sy ny fanenjehana, ary ny fahoriana ho toy ny fahoriana "maivana" dia mandiso ny fiheverana ny hamafin'ny fijaliany, izay ho azy dia takon'ilay fomba fijery mandrakizan'ny filazantsara. Nahatonga ny zavatra rehetra ho azony zakaina ny finoan'i Paoly an'i Jesoa Kristy. Indimy izy

no nokapohina niaraka tamin'ny diankapoka; intelo tamin'ny hazo; indray mandeha izy notoraham-bato; intelo izy vaky sambo; matetika izy saika matin'ny rano sy jiolahy, ary namana sandoka mihitsy aza; niaritra harerahana sy fanaintainana, hanoanana sy hetaheta, ary nogadraina tao amin'ny hatsiaka sy ny fitanjahana izy.[9]

Maro amintsika no efa nitalaho tamin' Andriamanitra mba hanala ny antony nampahory antsika, ary rehefa tsy tonga ilay fanampiana nokatsahintsika dia alaim-panahy isika hieritreritra fa tsy mihaino Izy. Mijoro ho vavolombelona aho fa na dia amin'ireny fotoana ireny aza dia mihaino ny vavaka ataontsika Izy, sady manana ny antony hamelany ireo fahoriantsika hitohy,[10] ary hanampy antsika hizaka izany.[11]

Ao anatina andalana iray lalina sy mampisaina i Paoly dia milaza amintsika momba ny "tsilo" iray tamin'ny nofony izay tsy fantatra anarana, izay niteraka fanaintainana lehibe taminy ka nitarika azy handohalika intelo, nangataka tamin'ny Tompo mba hanala izany teo aminy. Ho valin'ny vavaka nataon'i Paoly, ny Tompo dia tsy nanala ilay tsilo fa nilaza fiadanana sy nanome fahatakarana tamin'ny fony nanao hoe: "Ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena." Rehefa nanana fahatakarana vaovao i Paoly dia afaka nanaiky ilay tsilo nomena azy sy afaka nisaotra noho izany. Hoy izy: "Koa . . . sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko."[12]

Rehefa manana io fomba fijery mandrakizay io isika amin'ny fiainantsika, dia mitombo ny fahafahantsika hiaritra, mianatra ny fomba hanampiana izay mila fanampiana isika,[13] ary lasa mankasitraka sy maneho fisaorana mihitsy aza isika noho ireo traikefa nomen' Andriamanitra antsika ho mpampianatra antsika ao anatin'ilay lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay.

Rehefa hitantsika fa mandalo fahoriana isika, dia mety ho sarotra ny mijery ny fizahan-toetrantsika ho toy ny takelaby amin'ny lalantsika manokana amin'ny maha-mpianatra. Kanefa, na eo amin'ny lohasaha maloky ny fahakiviana isika indraindray na eo amin'ny havoan'ny fahasambarana, dia afaka ny ho fitahiana ny mianatra avy amin'izany sy ny mahatsapa fangorahana noho ny fahorian'ny hafa.



Nandritra ny iraka iray hanatrika fihaonamben'ny tsatòka tany Philippines vao tsy ela, dia nalahelo mafy rehefa nahare ny loza niainan'ny Rahalahy Daniel Apilado aho. Ny rahalahy Apilado sy ny vadiny dia vita batisa tamin'ny 1974. Nanaiky tamin-kafanampo ny filazantsara izy ireo ary nofehezina tany amin'ny tempoly. Taorian'izay izy ireo dia nahazo zanaka dimy tsara tarehy. Tamin'ny 7 jolay 1997, raha filohan'ny tsatòka ny rahalahy Apilado dia nirehitra ny trano kelin'izy ireo. Nanavotra ny rainy i Michael, lahimatoan'ny rahalahy Apilado, nisintona azy niala avy tao amin'ilay trano nirehitra, ary avy eo dia nihazakazaka niverina tao amin'ilay trano mba hanavotra ny hafa. Izay no fotoana farany nahitan-drahalahy Apilado ilay zanany lahy. Maty tao amin'ilay afo i Dominga vadin-drahalahy Apilado niaraka tamin'ny zanak'izy ireo dimy.

Ny fananan-drahalahy Apilado fiainana izay nahafaly an' Andriamanitra tamin'ny fotoana namelezan'ny loza dia tsy nisakana ilay loza na nahatonga azy ho vita fanefitr'ireo alahelo taorian'izany. Saingy ny *fahatokiany* tamin'ny fanajany ireo fanekempihavanany sy ny fampiharany finoana an'i Kristy dia nanome toky azy fa mbola ho tafaray indray amin'ny vadiny sy ny fianakaviany izy. Lasa vatofantsiky ny fanahiny izany fanantenana izany.[14]

Patriariky ny tsatòka ny rahalahy Apilado tamin'ny fotoana nitsidihako sy nampahafantarany ahy an'i Simonette vadiny vaovao sy ireo zanany lahy anankiroa, i Raphael sy i Daniel. Tena marina tokoa fa i Jesoa Kristy dia afaka "hahasitrana ny torotoro fo"[15] ary hataony izany.

Raha mizara ny tantaran-drahalahy Apilado aho dia manahy sao mahatonga ny maro hieritreritra hoe ny alahelo sy ny fijalian'izy ireo manokana dia tsy maninona loatra raha oharina amin'ny haben'ny zavatra nafoin'ny rahalahy Apilado. Aza mampitaha, fa mikatsaha ny hianatra sy hampihatra ireo fitsipika mandrakizay rehefa mamakivaky ny memin'ny fahorianao ianao.

Raha hiresaka aminareo manokana aho—"hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana,"[16]—dia te hilaza aminareo aho fa ny olanareo manokana, ny alahelonareo, ny fanaintainanareo, ny fahorianareo ary ny rofinareo tsirairay dia fantatry ny



Raintsika any An-danitra sy ny Zanany daholo. Manàna herimpo! Manàna finoana! Ary inoy ireo fampanantenan' Andriamanitra!

Anisan'ny tanjona sy ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy ny hoe Izy dia "hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin'ny olony," "haka ny rofiny ho eo Aminy" ary "[hanampy] ny vahoakany arakaraka ny rofiny."[17]

Mba hahazoana ireo fanomezana izay nomen'ny Mpamonjy antsika maimaimpoana tokoa ireo, dia tsy maintsy mianatra isika fa raha ny fahoriana—ilay fahoriana mihitsy—dia tsy mampianatra na manome na inona na inona antsika zavatra maharitra raha tsy hoe *minia* mandalo amin'ilay dingan'ny fianarana avy amin'ny fahoriantsika isika amin'ny alalan'ny fampiharana finoana.

Nizara ny zavatra nianarany momba ny fahoriana misy tanjona indray mandeha ny Loholona Neal A. Maxwell manao hoe:

"Ny karazana fahoriana sasany, raha iaretana tsara, dia mety hampisondrotra tokoa. . . .

". . . Anisan'ny maharitra tsara ny hoe malemy fanahy tsara, ao anatin'ny fahoriantsika, mba hianatra avy amin'ireo zavatra manan-danja iainantsika. Tsy maintsy mandalo amintsika ireo zavatra ireo . . . amin'ny fomba izay manamasina [antsika] fa tsy hoe handalovantsika fotsiny."[18]

Nahatsikaritra aho tamin'ny fiainana sy ny ohatra nasehon'ny hafa, fa ny fampiharana finoana mafy sy maharitra an'i Jesoa Kristy sy ny fampanantenany dia manome fanantenana azo antoka zavatra tsara izay ho avy. Izany fanantenana azo antoka izany dia manamafy orina antsika, amin'ny fitondrana ny tanjaka sy ny hery ilaintsika mba hahafahantsika miaritra.[19] Raha haintsika ny ifandraisan'ny fahoriantsika amin'ny toky avy amin'ny fanana tanjona amin'ny fiainana an-tany ary *indrindra indrindra* amin'ny valisoa miandry antsika ao amin'ireo fitoerana any andanitra, dia hitombo ny finoantsika an'i Kristy ary hahazo fampiononana ho an'ny fanahintsika isika.

Dia ho hitantsika avy eo ilay hazavana ao aorian'ny haizina. Nampianatra ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe: "Tena *misy* hazavana tokoa ao aorian'ny haizina. Io ilay Fahazavan'izao tontolo izao, ilay Kintana mamirapiratra fitarika andro, ilay 'fahazavana tsisy fiafarany izay tsy azo hamaizinina' [Môsià 16:19]. Io ilay Zanak' Andriamanitra izy tenany."[20]

Afaka mahazo hery isika rehefa mahafantatra fa ny zavatra sarotra rehetra amin'ity fiainana ity dia mandalo avokoa; na ny alina maizina indrindra aza dia hivadika ho mangiran-dratsy ho an'ny mahatoky.

Rehefa vita ny zavatra rehetra sy rehefa niaretantsika tamim-pinoana an'i Jesoa Kristy avokoa ny zavatra rehetra, dia ananantsika ilay fanantenana fa "[Andriamanitra] hamafa ny ranomaso amin'ny [tavantsika] rehetra."[21]

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra ilay Raintsika sy i Jesoa Kristy Zanany, ary tsy mivadika amin'ny fampanantenany izy. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Mpamonjy dia manasa antsika rehetra mba hanatona sy handray ny Sorompanavotany. Rehefa mampihatra ny finoantsika Azy isika, dia hampahery antsika sy hanohana antsika izy ao anatin'ny fitsapana antsika rehetra ary, amin'ny farany dia hamonjy antsika ao amin'ny fanjakana selestialy. Manasa anareo aho hanatona an'i Kristy, sy haharitra tsara amimpinoana, ho lasa tanteraka amin'ny alalany, ary hanana fifaliana tonga lafatra ao Aminy. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Genesisy 3:16–19.
2. 1 Petera 3:14; nampiana fanamafisana.
3. Môsià 12:27.
4. Etera 12:19
5. Jereo ny 3 Nefia 28:10; jereo koa ny 2 Nefia 31:19–21
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:2.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:29.
8. 2 Korintiana 4:17.
9. Jereo ny 2 Korintiana 11:23–27.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7–8; 122.
11. Jereo ny Môsià 24:12–15.
12. Jereo ny 2 Korintiana 12:7–9.
13. Jereo ny Môsià 4:16.
14. Jereo ny Etera 12:4.
15. Isaia 61:1–3; jereo koa ny andininy 2–3.
16. Matio 11:28.
17. Almà 7:11–12.
18. Neal A. Maxwell, "Enduring Well," *Liahona,* apr. 1999, 12.
19. Jereo ny Etera 12:4.
20. Jeffrey R. Holland, "An High Priest of Good Things to Come," *Liahona,* jan. 2000, 42.
21. Apokalypsy 7:17; jereo koa ny 21:4.



**Loholona K. Brett Nattress**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Tsy misy fifaliana lehibe noho ny mahalala fa mahafantatra izy ireo

*Tsy fantatro raha misy zavatra eto amin'izao tontolo izao afaka mitondra fahasambarana sy fifaliana bebe kokoa mihoatra ny fahafantarana fa mahafantatra ny Mpamonjy ny zanatsika.*

Ry rahalahy sy anabavy, vao haingana aho no nisaintsaina ity fanontaniana ity: "Raha toa ka avy aminareo avokoa ny zavatra rehetra fantatry ny zanakareo momba ny filazantsara—ka ianareo irery no loharano nahazoany izany—dia mety ho toy ny ahoana ny habetsahan'ny zavatra ho fantany?" Mipetraka amin'ireo rehetra izay tia sy mampianatra ary mitaona ny ankizy io fanontaniana io.

Moa ve misy fanomezana lehibe kokoa azontsika zaraina amin'ny zanatsika mihoatra ny fahatsiarovana lalina ao am-pon'izy ireo fa fantatsika fa velona ny Mpanavotra antsika? Fantatr'izy ireo ve fa mahafantatra isika? Ary manan-danja kokoa noho izay, moa ve izy ireo lasa nahafantatra fa velona Izy?

Fony aho zazalahy dia izaho no zanaky ny reniko izay sarotra notezaina indrindra. Diso nahery fihetsika aho. Nilaza tamiko ny reniko fa ny tena nampatahotra azy indrindra dia ny hoe ho faty dieny mbola kely aho. Diso nipelipelika loatra aho.

Tadidiko fony aho zazalahikely ny nanatrika fivoriana fanasan'ny Tompo iray niaraka tamin'ny fianakaviako. Vao nahazo bokin-tsoratra masina vaovao ny reniko. Io boky vaovao io dia nanambatra ny bokin-tsoratra masina rehetra ankatoavin'ny Fiangonana ho edisiôna iray mitambatra ary nisy taratasy nisy tsipitsipika fandraisana fanamarihana tao afovoany indrindra tamin'izany.

Nandritra ilay fivoriana dia nanontany aho raha toa ka afaka mitazona ny soratra masiny. Noho izy nanantena fa hamporisika ahy hanaja amimpahanginana izany dia natolony ahy ilay boky. Rehefa namadibadika ny soratra masiny aho dia tsikaritro fa nanoratra tanjona azy manokana tao amin'ilay fizarana fanoratana fanamarihana izy. Mba hanazavana ny sahankevitry ny tanjony dia tokony holazaiko anareo fa izaho no faharoa amin'ny zaza enina ary Brett no anarako. Nanoratra tanjona iray monja tamin'ny penina mena ny reniko: "Faharetana miaraka amin'i Brett!"

Ho porofo bebe kokoa hanampiana anareo hahatakatra ny fahasarotana natrehin'ireo ray aman-dreniko tamin'ny fanabeazana ny fianakavianay dia mamelà ahy hitantara aminareo momba ny famakian'ny fianakaviako ny soratra masina. Isa-maraina dia namaky ny Bokin'i Môrmôna taminay nandritra ny sakafo maraina ny reniko. Nandritra io fotoana io dia nipetraka tamim-pahanginana tsara izaho sy i Dave zokilahiko, saingy tsy tamimpanajana. Raha ny tena marina dia tsy nihaino izahay. Namaky ny soratra teo amin'ireo boaty nisy serealy izahay.

Nony farany, indray maraina, dia nanapa-kevitra ny hanohitra ny reniko aho. Nihiaka mafy aho hoe: "Neny a! Fa maninona ianao no manao an'izao aminay? Nahoana ianao no mamaky



ny Bokin'i Môrmôna isa-maraina?" Dia nilaza zavatra iray aho izay tena mahasadaikatra ahy ny milaza fa nanao izany aho. Raha ny marina dia tsy mino aho hoe niteny an'izany marina. Hoy aho taminy: "Neny a! *tsy* mihaino aho!"

Fotoana tena nanan-danja teo amin'ny fiainako ny valinteny feno fitiavana nomeny. Hoy izy: "Zanako a! Nanatrika fivoriana iray aho izay nampianaran'ny Filoha Marion G. Romney mikasika ny fitahiana azo avy amin'ny famakiana soratra masina. Nandritra io fivoriana io dia nahazo fampanantenana aho fa raha mamaky ny Bokin'i Môrmôna amin'ny zanako isan'andro aho dia tsy ho tafasaraka amiko ara-panahy izy ireo." Dia nibanjina ny masoko izy avy eo ka nilaza tamim-pahavononana tanteraka hoe: *"Dia tsy ho tafasaraka amiko ara-panahy ianao!"*

Nanindrona ny foko ny teniny. Na dia teo aza ny tsy fahalavorariako dia mendrika ny hovonjena aho! Nampianariny ahy ilay fahamarinana mandrakizay hoe zanakalahin'ny Ray any An-danitra be fitiavana aho. Nianatra aho fa na toy ny ahoana na toy ahoana ny toe-javatra niainana dia mendrika ny hovonjena aho. Fotoana tena lafatra ho an'ny zazalahy kely tsy mbola lavorary izany.

Mankasitraka mandrakizay ny reniko izay toy ny anjely sy ireo anjely rehetra izay tia tanteraka ny ankizy aho, na dia eo aza ny tsy fahalavorarian'ny ankizy. Mino mafy tokoa aho fa ny rahavavy rehetra—izay ho antsoiko hoe "anjely" —dia reny ao Ziona, na manambady izy ireo na tsia, na manan-janaka na tsia mandritra ity fiainana an-tany ity.

Taona maro lasa izay dia nanambara izao ny Fiadidiana Voalohany: "Manakaiky ny maha-andriamanitra ny maha-reny. Izany no asa fanompoana ambony indrindra sy masina indrindra izay azon'ny olombelona tanterahina. Izany dia mametraka ireo vehivavy izay manaja io antso sy asa fanompoana masina io hitovy amin'ny anjely."[1]

Feno fankasitrahana aho noho ireo anjely manerana ny Fiangonana izay manambara amim-pahasahiana sy amim-pitiavana ny fahamarinana mandrakizay amin'ireo zanaky ny Ray any An-danitra.

Feno fankasitrahana aho noho ilay fanomezana dia ny Bokin'i Môrmôna. Fantatro fa marina izy io! Mirakitra ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izany. Tsy mahafantatra olona aho, izay mamaky amim-pahazotoana ny Bokin'i Môrmôna isan'andro omban'ny tena finiavana sy ny finoana an'i Kristy ka hoe very ny fijoroana ho vavolombelona ananany ary lavo izy. Ny fampanantenana ara-paminaniana nataon'i Môrônia dia mitondra miaraka amin'izany ny fomba hahalalana ny fahamarinan'ny zavatra rehetra—anisan'izany ny fahafahana manavaka sy misoroka ny famitahan'ny fahavalo. (Jereo ny Môrônia 10:4–5.)

Feno fankasitrahana noho ny Ray any An-danitra be fitiavana sy i Jesoa Kristy Zanany ihany koa aho. Nanolotra ny ohatra tonga lafatra maneho ny fomba hiainana ao anatin'ny tontolo tsy tonga lafatra sy hanjakan'ny tsy rariny ny Mpamonjy. "Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha" (jereo ny 1 Jaona 4:19). Tsy hay refesina ny fitiavany antsika. Izy no namantsika mahatoky indrindra. Tsemboka Izy ka "toy ny ra nipotrapotraka tamin'ny tany" ho anao sy ho ahy ihany koa izany (jereo ny Lioka 2:44). Namela izay toy ny hoe tsy hay navela Izy. Nitia izay tsy hay notiavina Izy. Nanao zavatra tsy vitan'olom-belona Izy: Nanao Sorompanavotana Izy mba handresena ny fandikan-dalàna, ny fanaintainana, ary ny aretin'ny olona rehetra.

Noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia afaka miaina miaraka amin'ny fampanantenana isika fa na inona na inona mety ho ady atrehantsika dia afaka manana fanantenana ao Aminy mandrakariva isika, dia "Ilay Mahery ka mahavonjy" (2 Nefia 31:19). Noho ny Sorompanavotany dia afaka manana fifaliana, fiadanana, fahasambarana ary fiainana mandrakizay isika.

Hoy ny Filoha Boyd K. Packer: "Ankoatra ireo olona vitsy dia vitsy izay nisafidy ny fahaverezana dia tsy misy fahazarana, fiankinan-doha, fikomiana, fandikan-dalàna, apôstazia, heloka bevava afaka hanakana ny olona iray tsy hahazo ny fampanantenana ny famelan-keloka feno. Izany no fampanantenana azo tanterahina noho ny sorompanavotan'i Kristy."[2]

Iray amin'ireo trangan-javatra mahatalanjona indrindra teo amin'ny tantaran'ny olombelona ny fitsidihana miaro asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy tany amin'ireo mponina fahiny tao Amerika. Alaivo sary an-tsaina hoe mety ho toy ny ahoana ny nanatrika izany. Rehefa nisaintsaina ny fikarakarany tamim-pitiavana sy tamin-katsaram-panahy izany vondron'Olomasina nivory teo amin'ny tempoly izany aho dia nieritreritra ny ankizy tsirairay izay tiako mihoatra ny fiainana mihitsy. Efa niezaka aho naka sary an-tsaina izay mety ho tsapako raha nahita ireo zanakay mbola kely, nahita mivantana ny Mpamonjy nanasa ny ankizy tsirairay ho eny Aminy, nahita ny sandrin'ny Mpamonjy nitsotra, nijery teo rehefa nitsapa moramora, tsirairay, ireo marika teo amin'ny tanany sy ny tongony ny ankizy tsirairay, ary avy eo dia nahita ny tsirairay tamin'izy ireo nitsangana sy nijoro ho vavolombelona fa velona Izy! (Jereo ny 3 Nefia 11:14–17; jereo koa ny 17:21; 18:25.) Nahita ny zanakay nitodika dia nilaza hoe: "Neny a, Dada a, ny Mpamonjy io!"

Tsy fantatro raha misy zavatra eto amin'izao tontolo izao afaka mitondra fahasambarana sy fifaliana bebe kokoa mihoatra ny fahafantarana fa mahafantatra ny Mpamonjy ny zanatsika, ny fahafantarana fa izy ireo dia mahafantatra "ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany." Izay no antony "[hitoriantsika] an'i Kristy," amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika, sy hijoroantsika ho vavolombelona ny amin'i Kristy (2 Nefia 25:26).

- Izay no antony hivavahantsika miaraka amin'ny zanatsika isan'andro.
- Izay no antony hamakiantsika ny soratra masina miaraka amin'izy ireo isan'andro.
- Izay no antony hampianarantsika azy ireo hanompo ny hafa, mba hahafahan'izy ireo mandray ny fitahiana dia ny famonjena azy ireo rehefa manadino ny tenany amin'ny fanompoana ny hafa izy ireo (jereo ny Marka 8:35; Môsià 2:17).

Rehefa mahafoy tena manatanteraka ireo lamina tsotra azo alaintahaka amin'ny maha-mpianatra ireo isika dia manome hery ny zanatsika amin'ny alalan'ny fitiavan'ny Mpamonjy azy ireo sy ny fitarihana sy fiarovana avy amin' Andriamanitra rehefa miatrika fakam-panahy mampidi-doza avy amin'ny fahavalo izy ireo.

Tena mahakasika ny olona tsirairay tokoa ny filazantsara. Mahakasika ny ondry very iray izany (jereo ny Lioka 15:3–7); mahakasika ny vehivavy Samaritana iray teo am-patsakana izany (jereo ny Jaona 4:5–30); mahakasika ny zanakalahy adala iray izany (jereo ny Lioka 15:11–32).

Ary mahakasika ny zazalahikely iray izany, izay mety milaza fa tsy mihaino izy.

Mahakasika ny tsirairay avy amintsika izany—na dia mety ho tsy lavorary aza isika—lasa iray amin'ny Mpamonjy tahaka Azy izay iray amin'ny Rainy (jereo ny Jaona 17:21).

Mijoro ho vavolombelona aho fa manana Ray any An-danitra be fitiavana isika, izay mahafantatra antsika amin'ny anarantsika! Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no Zanaka velon'ny Andriamanitra Velona. Izy no Zanaka Lahitokana ary mpisolovava antsika eo anatrehan'ny Ray. Mijoro ho vavolombelona bebe kokoa aho fa ny famonjena dia tonga amin'ny anarany sy amin'ny alalan'ny anarany—fa tsy amin'ny fomba hafa.

Mivavaka aho mba hanolorantsika ny fontsika sy ny tanantsika hanampiana ireo zanaky ny Ray any An-danitra mba hahafantatra Azy sy hahatsapa ny fitiavany. Rehefa manao izany isika dia mampanantena antsika Izy fa hahazo fifaliana sy fahasambarana mandrakizay eto amin'ity fiainana ity sy any amin'ny fiainana ho avy isika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany," ao amin'ny Conference Report, ôkt. 1942, 12–13; novakin'ny Filoha J. Reuben Clark Jr.
2. Boyd K. Packer, "The Brilliant Morning of Forgiveness," *Ensign*, nôv. 1995, 20.



**Nataon'ny Loholona Dale G. Renlund**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny fibebahana: Safidy mahafaly

*Tsy hoe azo atao fotsiny ny fibebahana fa mahafaly ihany koa noho ny Mpamonjy antsika.*

Ry rahalahy sy rahavavy malala, fony aho 12 taona dia nonina tany Göteborg, tanàna tany amin'ny morontsiraka tany atsimon'i Suède ny fianakaviako. Ho fanondroana dia izany no tanàna niavian'ny mpiara-manompo amintsika malala, ny Loholona Per G. Malm,[1] izay nodimandry tamin'ny fahavaratra lasa teo. Malahelo azy isika. Mankasitraka ny fahamendrehany sy ny fanompoany mendri-kaja ary ny ohatry ny fianakaviany izay tena mahafinaritra isika. Ary tena mivavaka tokoa isika ny mba hahazoan'izy ireo ny fitahiana tsara indrindra avy amin'Andriamanitra.

Dimampolo taona lasa izay dia niangona tao amina trano lehibe nasiam-panavaozana iray izahay. Indray alahady, ny namako Steffan,[2] ilay hany diakona iray hafa tao amin'ny sampana, dia nientanentana ery niarahaba ahy. Nankao amin'ilay faritra faritra fivoahan-drano mifanila amin'ny trano fiangonana izahay, ary navoakany avy tao am-paosiny ny tsipoapoaka be iray sy ny afokasoka maromaro. Mba hampisehoana fahasahiana dia nalaiko ilay tsipoapoaka ary narehitro ilay rambony lava sy miloko volon-davenona. Nikasa hamono ilay rambony alohan'ny hipoahan'izany aho. Saingy teo am-pamonoana azy dia may ny rantsantsanako ka nalatsako ilay tsipoapoaka. Nihorohoro izaho sy i Steffan raha nahita fa mbola nitohy ny firehetan'ilay rambony.



Nipoaka ilay tsipoapoaka, ary rakotra setroka maimbo vanja ilay faritra fivoahan-drano sy ilay trano fiangonana. Maika ery izahay nanangona ny sisa tavela tamin'ilay tsipoapoaka izay niparitadritaka ary nanokatra ireo varavarankely mba hivoahan'ny fofona, ka nanantena ihany fa tsisy hahatsikaritra. Soa ihany fa tsy nisy naratra ary tsy nisy zavatra simba.

Rehefa tonga hanatrika fivoriana ny mpikambana dia nahatsikaritra ny fofona mahery. Sarotra ny tsy nahenoana izany. Nanelingelina ny fahamasinan'ilay fivoriana ilay fofona. Koa satria vitsy dia vitsy ny mpihazona Fisoronana Aharôna—ary tamin'ny fiezahana ny tsy fieritreretana ny zava-nitranga—dia nizara ny fanasan'ny Tompo aho, nefa tsy nahatsapa ho mendrika nandray izany. Rehefa natolotra tamiko ny fanasan'ny Tompo dia tsy noraisiko na ny mofo na ny rano. Tena ratsy ny fahatsapana nananako. Afa-baraka aho ary nahafantatra fa ny zavatra nataoko dia tsy nahafaly an' Andriamanitra.

Taorian'ny fotoam-piangonana dia nangataka ahy mba ho avy ao amin'ny biraony ny filohan'ny sampana, i Frank Lindberg, lehilahy zokiolona fotsy volo izay nanana ny maha-izy azy. Rehefa tafapetraka aho dia nijery ahy tamin-katsaram-panahy izy ary nilaza fa nahatsikaritra ny tsy nandraisako ny fanasan'ny Tompo. Nanontany izy hoe nahoana. Nieritreritra aho fa fantany ny antony. Azoko antoka fa ny olondrehetra dia nahafantatra ny zavatra nataoko. Rehefa avy notantaraiko taminy dia nanontaniany ahy ny zavatra tsapako. Teo am-pitomaniana no nanehoako taminy tamim-piakanakanana ny fialantsiniko sy ny fahafantarako fa nandiso fanantenana an'Andriamanitra aho.

Nanokatra boky anankirain'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izay efa tonta ny Filoha Lindbergh ary nangataka ahy mba hamaky andininy vitsivitsy voatsipika. Novakiako mafy izao manaraka izao:

"Indro, izay efa nibebaka tamin'ny fahotany, dia izy no voavela, ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony.

"Izao no ahafantaranareo raha mibebaka amin'ny fahotany ny olona—indro hibaboka izany izy ary hahafoy izany."[3]

Tsy ho hadinoiko na oviana na oviana ny tsiky feno fangorahana nasehon'ny Filoha Lindberg rehefa nitraka aho avy namaky. Tao anatin'ny fihetsehampo no nilazany tamiko fa afaka manohy ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo aho. Rehefa nandao ny biraony aho dia nahatsapa fifaliana tsy hay lazaina.

Fifaliana toy izany no vokatra iray miraikitra anaty avy amin'ny fibebahana. fibebahana. Ny teny hoe *mibebaka* dia midika hoe "mahita avy eo" ary mifono "fiovana."[4] Amin'ny fiteny Soedoa dia *omvänd,* ilay teny, izay midika tsotra fotsiny hoe "mitodika."[5] I C. S. Lewis, ilay mpanoratra Kristianina, dia nanoratra momba ny ilana ny fiovana sy ny fomba hiovana. Nanoratra izy fa tafiditra ao amin'ny fibebahana ny hoe "tafaverina indray amin'ny lalana tokony ho izy. Ny zavatra tsy mety iray dia azo ahitsy," hoy izy, "saingy tsy maintsy miverina ianao mandrapahitanao ilay hadisoana dia manao fanovana manomboka eo indray fa tsy hoe manohy fotsiny velively.[6] Ny fanovana ny toe-tsaintsika sy ny miverina amin'ny "lalana tokony ho izy" dia ampahany ao amin'ny fibebahana, kanefa ampahany fotsiny ihany. Tafiditra ao amin'ny fibebahana marina



ny mampitodika ny fontsika sy ny sitrapontsika amin' Andriamanitra ary ny famoizana ny fahotana.[7] Araka ny fanazavana ao amin'ny Ezekiela, ny fibebahana dia ny "miala amin'ny . . . fahotan[a], . . . sady manao izay marina sy mahitsy; . . . mamerina ny natao tsatòka, . . . [ary] mandeha araka ny didy mahavelona ka tsy manao meloka."[8]

Na dia izany aza dia mbola famaritana tsy feno ihany izany. Tsy mamantatra araka ny tokony ho izy ilay hery izay mahatonga ny fahafahana mibebaka izany, dia ny sorompanavotan'ny Mpamonjy antsika. Ny fibebahana marina dia tsy maintsy ahitana ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, finoana fa afaka manova antsika Izy, finoana fa afaka mamela ny fahotantsika Izy, ary finoana fa hanampy antsika amin'ny tsy fanaovana fahadisoana hafa Izy. Izany karazana finoana izany no mampahomby ny fiasan'ny Sorompanavotana eo amin'ny fiainantsika. Rehefa "mahita [isika] avy eo" ary rehefa "mitodika" miaraka amin'ny fanampian'ny Mpamonjy, dia afaka mahatsapa fanantenana amin'ny fampanantenana nomeny ary ny fifalian'ny famelan-keloka. Raha tsy eo ny Mpanavotra dia manjavona ny fanantenana sy fifaliana miaraka Aminy, ary ho fadiranovana fotsiny ny fibebahana. Fa rehefa mampihatra finoana Aminy kosa isika dia lasa miova fo amin'ny fahafahany sy ny fahavononany hamela heloka.

Ny Filoha Boyd K. Packer dia nanamafy ny fampanantenana mahavelon'aina entin'ny fibebahana tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana manerantany tamin'ny aprily 2015 lasa teo. Nofariparitany ny hery manasitran'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy tamin'ny alalan'ny teny izay azo lazaiko hoe famintinana ny fahendrena azo tamin'ny fanompoana tamin'ny naha-apôstôly nandritra ny dimampolo taona. Hoy ny Filoha Packer: "Tsy mamela takaitra ny Sorompanavotana, tsy mamela marika. Izay amboariny dia voamboatra. . . . Manasitrana fotsiny izany, ary izay sitraniny dia mijanona ho sitrany."[9]

Notohizany avy eo hoe:

"Tsy mitondra holatra ilay Sorompanavotana izay afaka mamonjy antsika indray. Midika izany hoe na inona na

inona zavatra nataontsika, na taiza na taiza nisy antsika ary na nanao ahoana ny fitrangan'ny zavatra iray, rehefa tena mibebaka isika dia nampanantena [ny Mpamonjy] fa hanonitra. Ary rehefa nanonitra Izy dia voalamina ny momba izany. . . .

". . . Ny Sorompanavotana . . . [dia] afaka manadio ny pentina rehetra na sarotra manao ahoana aza izany ary na naharitra manao ahoana ary na impiry na impiry niverimberenan'izany."[10]

Tsy manam-petra ny sakany sy ny halalin'ny fiantefan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, ho anao sy ho ahy. Kanefa tsy ho terena amintsika na oviana na oviana izany. Araka ny nohazavain'ny Mpaminany Lehia, rehefa "ampy tokoa ny fahalalan'ny olona" mba "[hahalala] ny tsara amin'ny ratsy,"[11] dia "afaka [isika] na hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan' Ilay Mpanalalana lehiben'ny olon-drehetra na hifidy ny fahababoana sy ny fahafatesana."[12] Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia safidy ny fibebahana.

Mety hanao—ary indraindray dia tena manao tokoa—safidy hafa isika. Ny safidy toy izany dia mety tsy ho hita hoe ratsy foana, saingy manakana antsika mba hanana fo torotoro tokoa izy ireny ary noho izany, manakana ny fikatsahantsika fibebahana marina. Mety hisafidy ny hametraka ny tsiny eo amin'ny hafa ohatra isika. Fony aho 12 taona tany Göteborg, dia afaka napetrako teo amin'i Steffan ny tsiny. Izy mihitsy mantsy no nitondra ilay tsipoapoaka be sy ireo afokasoka tany am-piangonana. Fa ny fametrahana ny tsiny eo amin'ny hafa, na dia voamarina aza, dia mahatonga antsika hahita fialan-tsiny amin'ny fitondrantenantsika. Rehefa manao izany isika dia mandray ny hafa ho tompon'andraikitra amin'ny zavatra ataontsika. Rehefa mandray ny hafa ho tompon'andraikitra amin'ny zavatra ataontsika isika dia mampihena ny filantsika sy ny fahafahantsika manao zavatra. Lasa ataontsika indray hoe isika no voa sy mampalahelo, noho ny hoe olona afaka manao zavatra amim-pahaleovan-tena isika.[13]

Ny safidy anankiray hafa izay misakana ny fibebahana dia ny fanamaivanana ny fahadisoantsika. Tamin'ilay zava-nitranga momba ilay tsipoapoaka tany Göteborg dia tsy nisy naratra, tsy nisy fahapotehana naharitra, ary natao hatrany ny fivoriana. Mety ho mora ny nilaza fa tsy nisy antony tokony nibebahana. Fa ny fanamaivanana ny fahadisoantsika, na dia tsy misy fiantraikany mivantana avy hatrany aza dia manaisotra ny fahazotoana hiova. Izany fomba fisainana izany dia manakana antsika amin'ny fahitana fa misy fiantraikany mandrakizay ny fahadisoantsika sy ny fahotantsika.

Fomba hafa koa ny mieritreritra fa ny fahotantsika dia tsy misy dikany satria tia antsika Andriamanitra, na inona na inona ataontsika. Fakam-panahy ny mino ny zavatra nampianarin'i Nehôra ilay mpamitaka an'ireo olona tany Zarahemla: "[H]ovonjena ny olombelona rehetra amin'ny andro farany, ary tsy ilaina matahotra na mangovitra izy ireo . . . ary amin'ny farany, ny olon-drehetra dia hahazo ny fiainana mandrakizay."[14] Diso anefa izany fihevitra mamitaka izany. Tena tia antsika Andriamanitra. Kanefa misy dikany Aminy sy amintsika ny zavatra ataontsika. Efa nanome torolalana mazava Izy momba ny tokony ho fitondrantenantsika. Antsointsika hoe didy izany. Ny fankasitrahany antsika sy ny fiainantsika mandrakizay dia miankina amin'ny fitondrantenantsika, anisan'izany ny fahavononantsika hikatsaka fibebahana tena izy amim-panetren-tena.[15]

Ankoatra izany dia tsy mahavita fibebahana tena izy isika rehefa misafidy ny mampisaraka an' Andriamanitra amin'ireo didiny. Rehefa dinihana, raha tsy masina ny fanasan'ny Tompo dia tsy nanan-danja ny hoe nanelingelina ny fivoriana fanasan'ny Tompo tany Göteborg ny fofona tsipoapoaka. Mila mitandrina isika amin'ny tsy firaharahiana ny fitondrantena feno fahotana amin'ny alalan'ny tsy fanomezana lanja ny maha-avy amin' Andriamanitra ireo didiny. Ny fibebahana tena izy dia mitaky ny fanekena ny maha-Andriamanitra ny Mpamonjy sy ny fahamarinan'ny asany amin'ny andro farany.

Ndao isika hisafidy ny fibebahana fa tsy hanome fialan-tsiny. Amin'ny alalan'ny fibebahana dia afaka mahita izay tsy mety amin'ny fiainantsika, tahaka ilay zanaka adala ao amin'ilay fanoharana isika,[16] ary misaintsaina ny lanja mandrakizain'ny zavatra ataontsika. Rehefa mahatakatra isika fa ny fahotantsika dia mety hisy fiantraikany amin'ny fahasambarantsika mandrakizay dia lasa tsy hoe mibebaka marina fotsiny isika fa miezaka ihany koa ny ho lasa tsaratsara kokoa. Rehefa miatrika fakam-panahy isika, dia hanontany tena kokoa araka ny voalazan'i William Shakespeare hoe:

*Inona no tombontsoako raha azoko*
*izay katsahiko?*
*Dia ny manofinofy, miaina, mahatsapa fifaliana indray miserana.*
*Hatakalo fahafinaretana indray mipimaso ve ny fijaliana fito andro.*
*Na hatakalo kilalao ve ny fiainana*
*mandrakizay?*[17]

Raha efa tsy nibanjina ny fiainana mandrakizay intsony noho ny kilalao isika dia afaka misafidy ny hibebaka. Noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia mbola manana fahafahana hanao izany isika. Raha atao sariohatra dia afaka manakalo ilay kilalao izay novidiantsika tsy tamim-piheverana tany am-boalohany isika ary mandray indray ilay fanantenana ny mandrakizay. Nanazava ny Mpamonjy hoe: "Fa indro, ny Tompo Mpanavotra anao dia niaritra fahafatesana tamin'ny nofo; koa niaretany ny fangirifirian'ny olon-drehetra, mba hahazoan'ny olon-drehetra mibebaka sy manatona Azy."[18]

Afaka mamela heloka i Jesoa Kristy satria nanefa ny vidin'ny fahotantsika Izy.[19]

Misafidy ny hamela heloka Ilay Mpanavotra antsika noho ny fangorahany sy ny famindram-pony ary ny fitiavany tsy manan-tsahala.

Te hamela heloka ny Mpamonjintsika satria anisan'ny toetra amin'ny maha-Andriamanitra Azy izany.

Ary, amin'ny maha-Mpiandry ondry tsara Azy, dia feno fifaliana Izy rehefa misafidy ny hibebaka isika.[20]

Na dia mahatsapa alahelo araka an' Andriamanitra noho ny zavatra nataontsika aza isika,[21] rehefa misafidy ny hibebaka isika dia manasa eo no ho eo ny Mpamonjy ho ao amin'ny fiainantsika. Nampianatra i Amioleka hoe: "Mandrosoa ary aza manamafy ny fonareo intsony; fa indro, izao no fotoana sy andron'ny famonjena anareo; ary noho izany, raha mibebaka ianareo ary tsy manamafy ny fonareo, dia *eo [no ho] eo* no hahatanteraka aminareo ny drafitra lehiben'ny famonjena."[22] Afaka mahatsapa alahelo araka an' Andriamanitra noho ny zavatra nataontsika isika no sady mahatsapa fifaliana amin'ny fananana ny fanampian'ny Mpamonjy.

Ilay hoe afaka mibebaka isika no vaovao mahafalin'ny filazantsara![23] Azo "[fafana]" ny hadisoana.[24] Afaka ny ho feno fifaliana, mandray ny famelana ny fahotantsika ary mahazo "fiadanantsaina" isika.[25] Afaka miala ny fahatsapana hakiviana sy ny fanandevozan'ny fahitana isika. Afaka manana ilay fahazavan' Andriamanitra mahagaga isika ary "tsy [h]anaintaina intsony ny fanahi[ntsika]."[26] Tsy hoe azo atao fotsiny ny fibebahana fa mahafaly ihany koa noho ny Mpamonjy antsika. Mbola tsaroako hatrany ny zavatra tsapako tao amin'ilay biraon'ny filohan'ny sampana, taorian'ny zava-nitranga momba ilay tsipoapoaka. Fantatro fa navela ny heloko. Ny fahatsapana hadisoana dia nanjavona, ny toe-poko feno haizina dia nihanazava, ary nahatsapa ho maivamaivana ny foko.

Ry rahalahy sy rahavavy, eto ampamaranana izao fihaonambe izao dia manasa anareo aho hahatsapa fifaliana bebe kokoa eo amin'ny fiainanareo: fifaliana noho ny fahafantarana fa tena misy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy; fifaliana noho ny fahafahana sy fahavononana ary fanirian'ny Mpamonjy hamela heloka; ary fifaliana amin'ny safidy mba hibebaka. Ndao isika hanaraka ilay torolalana mba ho "amin'ny fifaliana no hantsaka[ntsika] rano amin'ny loharanom-pamonjena."[27] Enga anie isika hisafidy ny hibebaka, hiala amin'ny fahotantsika, ary hampitodika ny fontsika sy ny sitrapontsika ary hanaraka ny Mpamonjy antsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy. Vavolombelona sy nandray imbetsaka ny fangorahany, ny famindram-pony ary ny fitiavany tsy manan-tsahala aho. Mivavaka aho ny mba hahazoanareo anio ireo fitahiana manavotry ny Sorompanavotana—ary ny hahazoanareo izany hatrany hatrany mandritra ny fiainanareo,[28] tahaka ny nahazoako izany tamin'ny fiainako. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Ny Loholona Per Gösta Malm (1948–2016) dia Fitopololahy Manampahefana Ambony nanomboka tamin'ny taona 2010 ka hatramin'ny nahafatesany. Na dia teraka tany Jönköping, Suède aza izy dia nipetraka tany Göteborg, Suède izy sy i Agneta vadiny. Nandritra ny lahateny mahafinaritra tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny ôktôbra 2010 dia niresaka momba ny zavatra iray neritreretiny tany Göteborg ny Loholona Malm (jereo ny "Rest unto Your Souls," *Liahona,* nôv. 2010, 101–2).
2. Na dia tsy i Steffan aza no tena anaran'ilay namako dia nahazoana lalana ny fitantarana ilay tantara.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42–43.
4. Ny teny Grika hoe *metanoeo* dia midika ara-bakiteny hoe "'mahita avy eo' (*meta,* 'avy eo, ' dia milaza 'fiovana'; *noeo,* 'mahita'; *nous,* 'ny fisaina, hitoeran'ny fandinihana ara-pitondrantena')" (jereo ny James Strong, *The New Strong's Expanded Exhaustive Concordance of the Bible* [2010], Greek dictionary section, 162).
5. Ny handikako ny hoe *omvänd. Om* dia azo hadika hoe "any aoriana." *Vänd* dia azo hadika hoe "mitodika."
6. C. S. Lewis, *The Great Divorce* (1946), 6. Ao amin'ny sasintenin'ny boky dia nanoratra i Lewis fa ny olona sasany dia niezaka nanambatra ny lanitra sy ny helo fa tsy nisafidy ny iray amin'ireo. Nilaza izy fa ny sasany amintsika dia mihevitra fa "ny fivoarana na ny fanitsiana na ny fanatsarana dia hampivadika ihany na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana ny ratsy ho tsara. . . . Izany finoana izany izay raisiko ho fahadisoana goavam-be. . . . Tsy miaina ao amin'ny tontolo isika izay ahitana fa ny lalana rehetra dia mahitsy avokoa ao anaty faribolana iray, ary raha manohy mahitsy hatrany isika dia hanakaiky ary hahatratra ny ivon'ilay faribolana amin'ny farany. . . .
   "Tsy mieritreritra aho fa ireo rehetra izay misafidy lalan-diso dia ho faty; fa ny fanavotana azy ireo dia ny fametrahana azy ireo indray amin'ny lalana tokony ho izy. . . . Azo atao ny tsy fanaovana ny ratsy, fa tsy afaka 'mivoatra' mba ho tsara anefa izany. Ny fotoana dia tsy hanasitrana izany. Tsy maintsy atao tsikelikely ny tsy fanaovana ny ratsy . . . tsy misy fomba hafa" (5–6).
7. Jereo ny Bible Dictionary, "Repentance."
8. Ezekiela 33:14–15.
9. Ny fijoroana ho vavolombelon'ny Filoha Boyd K. Packer nandritra ny fivoriana natokana ho an'ny mpitarika izay nifandray tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny aprily 2015 dia tsy navoaka tanteraka. Ireo teny ireo dia avy tamin'ny naoty noraisiko tamin'io fotoana io.
10. Boyd K. Packer, "Ny drafitry ny fahasambarana," *Liahona,* mey 2015, 28.
11. 2 Nefia 2:5.
12. 2 Nefia 2:27.
13. Jereo ny 2 Nefia 2:26.
14. Almà 1:4. Tsy nino ny fibebahana i Nehôra sy ireo mpanaraka azy (jereo ny Almà 15:15).
15. Jereo ny Russell M. Nelson, "Divine Love," *Liahona,* feb. 2003, 12–17.
16. Jereo ny Lioka 15:17; jereo koa ireo andininy 11–24.
17. William Shakespeare, *Le viol de Lucrèce,* andalana 211–14.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:11.
19. Jereo ny Isaia 53:5.
20. Jereo ny Lioka 15:4–7; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10–13.
21. Tafiditra ao amin'ny fibebahana tena izy ny "alahelo araka an' Andriamanitra" (2 Korintiana 7:10). Nampianatra ny Loholona M. Russell Ballard hoe: "Nanomana lalana hiverenana ho an'ireo izay nania ny Mpamonjy. Feno fanaintainana anefa izany. Tsy mora ny fibebahana; mitaky fotoana izany—fotoana feno fanaintainana!" ("Keeping Covenants," *Ensign,* mey 1993, 7). Ny Loholona Richard G. Scott dia nampianatra ihany koa fa, "Indraindray ireo dingan'ny fibebahana dia sarotra sy feno fanaintainana amin'ny voalohany" ("Finding Forgiveness," *Ensign,* mey 1995, 77). Raha toa ka tafiditra ao amin'ny dingan'ny fibebahana ny alahelo araka an' Andriamanitra sy ny fanaintainana, ny vokatra hoentin'izany kosa dia fifaliana, rehefa tsapa ny namelana ny heloka.
22. Almà 34:31; nampiana fanamafisana.
23. Jereo ny Bible Dictionary, "Gospels."
24. Enôsa 1:6.
25. Môsià 4:3.
26. Môsià 27:29.
27. Isaia 12:3.
28. Jereo ny Môsià 26:29–30. Na dia mampanantena ny hamela heloka maimaim-poana aza Andriamanitra, ny minia manota sy ny fiandrandrana ny famindram-pon'ny Mpamonjy mba hahafahana manao fibebahana mora atao dia maharikoriko an' Andriamanitra (jereo ny Hebreo 6:4–6; 10:26–27). Nilaza ny Loholona Richard G. Scott hoe: "Ny vaovao mahafaly ho an'izay rehetra maniry ny hiala amin'ny vokatry ny safidy ratsy natao taloha dia ny hoe tsy mitovy ny fijerin'ny Tompo ny fahalemena sy ny fikomiana. Raha toa ny Tompo ka mampitandrina fa hitondra fanasaziana ny fikomiana tsy nibebahana, dia feno famindram-po mandrakariva kosa Izy rehefa miresaka mikasika ny fahalemena" ("Herin'ny tena manokana avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy," *Liahona,* nôv. 2013, 83).

## Fanoroam-pejin'ireo tantara nandritra ny fihaonambe

*Ity lisitra manaraka ity izay ahitana ireo zavatra niainana nofantenina avy tao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana dia azo ampiasaina amin'ny fandalinan'ny tena manokana sy ny takarivan'ny mpianakavy ary amin'ny fampianarana hafa. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.*

| Mpandahateny | Tantara |
|---|---|
| **Neil L. Andersen** | (35) Tonga amin'ny olona maro ny fiovam-po rehefa manolo-tanana azy ireo amin'ny "maha-vavolombelon' Andriamanitra" azy ireo ny mpikamban'ny Fiangonana. |
| **M. Russell Ballard** | (90) Raha namaky ny Jaona 17 tamin'ny fianakaviany tany amin'ny Tany Masina i M. Russell Ballard dia nivavaka izy mba ho iray amin'izy ireo sy amin'ny Ray ary amin'ny Zanaka. |
| **W. Mark Bassett** | (52) Fony zazalahy, i W. Mark Bassett sy ny rahalahiny dia niezaka nanery hanokatra ireo fehy vy teo amin'ny ampahany voafehy tamin'ny maodelin'ny takela-bolamena anankiray. |
| **Jean B Bingham** | (6) Rehefa avy namoy lakana nanohitra ny rivotra i Jean B. Bingham sy ny andian-jatovovavy iray dia namorona lain-tsambo izy ireo rehefa niova fitsòka ny rivotra. Hitan'ny zazavavy iray izay nitaingina bisikileta nankeny amin'ny trano iray izay nanana "varavarankely volamena" fa volamena ihany koa ireo varavarankelin'ny tranony. Nandà tsy hanaiky ny fivoaran'ny tovolahy iray nahita fahombiazana ny olona. |
| **D. Todd Christofferson** | (48) Nahatsapa fifaliana lehibe i Helen Keller rehefa nanampy azy hahatakatra ny hevitry ny teny ilay mpampianatra azy. |
| **Carl B. Cook** | (110) Rehefa nisaintsaina ilay asa nampiandraiketan'ny Mpaminany Joseph Smith ny rain'ny rain'ny dadabeny i Carl B. Cook dia nahazo fanamafisana izy fa avy tamin' Andriamanitra ny andraikitra vaovao azony tato amin'ny Fiangonana. Nampitombo ny finoany sy nandresy ny tahony hampianatra ao amin'ny Kilonga ny mpikambana vaovao iray. |
| **Quentin L. Cook** | (40) Takatr'i Quentin L. Cook ny antony nahitan'ny rainy ny andrin-jiro iray ho fitahiana fa tsy vato misakana ny fahatazanana zavatra. |
| **J. Devn Cornish** | (32) Nanova ny fiainan'i J. Devn Cornish ilay mpiofana efa manan-traikefa tao amin'ny hôpitaly izay niteny taminy fa ho lasa dokotera matihanina izy. |
| **LeGrand R. Curtis Jr.** | (68) Nahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna i Parley P. Pratt sy ny lehilahy efatra hafa. Nahazo fijoroana ho vavolombelona momba izany i LeGrand R. Curtis Jr fony izy zatovo. |
| **Dean M. Davies** | (93) Nahafantatra tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina i Dean M. Davies fa tonga hanatrika ny fivoriana fanasan'ny Tompo mba hitsaoka marina ireo mpikambana tao amin'ny paroasiny izay novangiany. |
| **Henry B. Eyring** | (75) Nanandratra ny fijerin'ny zatovolahy Henry B. Eyring sy nanome fahatokiana azy ny rainy sy ireo mpitarika azy ao amin'ny fisoronana.<br>(99) Tsy afaka nahita ny fotoana hikasan'ny Tompo hananganana ny fanjakany i Henry B. Eyring fony izy zatovolahy. |
| **Robert D. Hales** | (22) Raha teo an-dalam-pahasitranana tamin'ny fandidiana fo natao taminy i Elie Wiesel dia nanontany azy ny zafikeliny lahy hoe, tsy dia haharary loatra ve izy raha toa ka mitia azy bebe kokoa ny zafikeliny. Manampy ny vadiny marary hiankanjo sy hiomana hiangona ny lehilahy be fitiavana iray isaky ny alahady. |
| **Jeffrey R. Holland** | (61) Tsy nahavita nanampy ny rahavavy iray izay tondraky ny rano ny lakaviny ireo mpampianatra isan-tokantrano. Nanompo ny raim-pianakaviana iray izay maty tao anatin'ny loza ny zanany lahy ny mpampianatra isan-tokantrano iray. |
| **Peter F. Meurs** | (85) Fony izy dimy taona, i Peter F. Meurs dia nahatsapa ny fitaomana tony nentin'ny Fanahy Masina rehefa nanamasina ny fanasan'ny Tompo ny rainy. |
| **Thomas S. Monson** | (78) Ny mpikamban'ny Fiangonana iray izay nitandrina ny Tenin'ny Fahendrena dia nivavaka mba hahazo tanjaka ary dia nahazo izany mba hihanihana eo amin'ny tady teo ambonin'ny sambo iray.<br>(80) Nahafantatra ny fahamarinan'ny drafitry ny famonjena ny lehilahy iray izay namonjy ny Tsenabe Fampirantiana Iraisam-pirenena tamin'ny 1964 rehefa avy nijery ilay horonantsarin'ny Fiangonana hoe Man's Search for Happiness. |
| **K. Brett Nattress** | (119) Nianatra avy tamin'ny reniny i K. Brett Nattress fa na dia teo aza ireo tsy fahalavorariany tamin'ny fahazazany dia tia azy ny Rainy any An-danitra. |
| **Russell M. Nelson** | (81) Rehefa avy niaina "alina tena feno fifaliana" tao anatin'ny hatsiaka ny andian'Olomasina voaroaka hiala ny toeram-ponenany dia nilaza i Eliza R. Snow fa "afaka ny ho faly ao anatin'ny toe-javatra rehetra ny Olomasina." Mandresy ireo fitsapana sy fakam-panahy ary "ny olona araka ny nofo" ny mpikamban'ny Fiangonana rehefa mifantoka amin'ny fifaliana izay tonga avy amin'ny fiainana ny filazantsara. |
| **Bonnie L. Oscarson** | (12) Nampitombo ny mpanatrika ny kilasin'ny Sekoly Alahadiny ny rahavavy iray tany Mexique. Miaro ny zanany amin'ireo fitaoman-dratsy any ivelan'ny tokantrano ny reny iray. |
| **Ronald A. Rasband** | (113) Nanome torohevitra ny namana iray izay niaina "fikororosin'ny finoana" i Ronald A. Rasband. Nijanona ho matanjaka ny finoan'ny razamben'i Ronald A. Rasband na dia teo aza ny fahasarotana sy ny alahelo. Nalaina ny handray andraikitra teo anatrehan'ny vavaka iray nahazoany valiny i Ronald A. Rasband mandra-pahazoany fampahatsiahivana ara-panahy. |
| **Linda S. Reeves** | (88) Nijoro ho vavolombelona i Boyd K. Packer fa foana ny fahotany tamin'ny alalan'ny fibebahana sy ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Nahita fifaliana sy fiadanana tamin'ny alalan'ny fibebahana marina ny mpikambana iray sy ny misiônera iray ary ny mpikambana vaovao iray. |
| **Dale G. Renlund** | (121) Nahatsapa fifaliana i Dale G. Renlund fony zatovolahy rehefa avy nibaboka tamin'ny filohan'ny sampana nisy azy fa nanapoaka tsipoapoaka tao am-piangonana izy. |
| **Evan A. Schmultz** | (116) Nitandrina ireo fanekempihavanana nataony ny mpikamban'ny Fiangonana iray izay maty tao anatin'ny afo ny fianakaviany ary nampihatra finoana izy fa ho tafaray amin'izy ireo indray. |
| **Carole M. Stephens** | (9) Nahazo hery ny zatovovavy iray voan'ny désordre bipôlaire mba hijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotany. |
| **Gary E. Stevenson** | (44) Namaky ny Bokin'i Môrmôna sy nahazo fijoroana ho vavolombelona momba izany i Mary Elizabeth Rollins izay roa ambin'ny folo taona. Nahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna i Gary E. Stevenson rehefa nijoro ho vavolombelona momba izany fony izy misiônera. |
| **Juan A. Uceda** | (30) Namaly ny vavaka feno fitalahoana mafy nataon'i Juan A. Uceda ny Ray any An-danitra ka nanavotra azy rehefa tafavoaka tampoka tany ivelan'ny lalan-kelin'ny tendrombohitra iray izy nandritra ny asa fitoriany. |
| **Dieter F. Uchtdorf** | (15) Namporisika ny renibeny mba "hihaino tsara kokoa!" ny zatovovavy iray. Nivavaka ny reny iray mba hiverenan'ny zanany vavy maditra iray amin'ny Tompo. Nahita fahombiazana ny misiônera roa rehefa avy nandondona ny varavarana rehetra tao amin'ny tranobe misy ambaratonga efatra.<br>(19) Nahay nampiasa ny solosainy i Dieter F. Uchtdorf rehefa nandany fotoana betsaka, sy nanana faharetana, fanantenana, finoana, sy nahazo fampitoniana avy tamin'ny vadiny, ary nandany soda malefaka betsaka.<br>(71) Niverina tamin'ny finoana ny mpikamban'ny Fiangonana teo aloha anankiray noho ireo namany sy ny Fanahy Masina ary ny tosika nataon'ilay Mpiandry Ondry Tsara. |
| **Kazuhiko Yamashita** | (55) Sambatra i Kazuhiko Yamashita fa nahafantatra misiônera iray izay "nanana zotom-po hiasa ho an'i Kristy" fony izy filohan'ny misiôna. |








*Etsy ambony, manomboka eo ambony: Niarahaba ireo Olomasin'ny Andro Farany ny Filoha Dieter F. Uchtdorf sy i Harriet vadiny nandritra ny fanokanana indray ny tempolin'i Fribourg, Allemagne; nihaona tamin'ireo mpitondra fanjakana tany Vietnam ny Loholona Gary E. Stevenson sy ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana hafa; nanolotra fankaherezana an'ireo tra-boina vokatry ny tondra-drano sy ireo mpilatsaka an-tsitrapo tany Lousiane ny Filoha Russell M. Nelson sy ny Loholona M. Russell Ballard.*

# Manao asa fanompoana ireo mpaminany sy apôstôly

Manohy ny fanaovana asa fanompoana manerana izao tontolo izao ireo mpaminany sy apôstôly (jereo ny F&F107:23). Izao manaraka izao no famintinana fohy ny sasany amin'ireo zavatra nataon'izy ireo taorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany teo:

Nandritra ny famangiana natao-ny tamin'ny mey 2016 dia nitondra fanantenana ho an'ireo mpikambana any amin'ireo tanàna izay niharan'ny fampihorohoroana tany **Angleterre sy France,** ary **Belgique** ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany. Namangy mpitsoa-ponenana izy, dia nankao amin'ilay toerana misy ny tempolin'i Paris ao France (izay efa akaiky ho vita amin'izao fotoana izao), ary nandray anjara tamin'ny fananganana ny tsatòka voalohany ao **République Tchèque.** Nandeha tany **Italie** izy tamin'ny volana jolay, nanolotra taratasim-bola mitentina 3 tapitrisa dôlara avy amin'ny volan'ny Fiangonana mba hanampiana ireo mpitsoa-ponenana, ary namangy ireo toby misy mpitsoa-ponenana tany **Grèce.** Tamin'ny volana septambra dia namangy ireo mpikambana any **Roumanie, Moldavie, Slovaquie, Norvège,** ary **Allemagne,** izay nanokanany indray ny tempolin'i Fribourg, Allemagne, izy. Nilaza izy fa ny filazantsara dia mitondra fanantenana ho an'ny olona na aiza na aiza misy azy ireo ary "misy fahatsapana marina ho mpiray tampo ao amin'ny Fiangonana" eo anivon'ireo mpikambana.

Ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia niahy ny fihaonamben'ny tsatòkan'i Moscou, Russie tamin'ny volana jona, raha niangona tany Saratov sy St. Pétersbourg, **Russie** ireo tsatòka hafa. Nihaona tamin'ireo mpikambana any **Lettonie, Estonie** sy **Ukraine** ihany koa izy.

Tany **Angleterre,** tamin'ny volana jona dia nilaza tamin'ireo mpikamban'ny Parlemanta Britanika ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa ny fahalalahana ara-pivavahana dia mamela ireo fiangonana mba hanao zavatra tsara manerana izao tontolo izao. Hoy izy hoe: "Tianay ny hitakin'ny vahoaka rehetra maneran-tany ireo fitahian'ny fahalalahana ara-pivavahana, ankehitriny anefa dia mbola betsaka no azo atao momba izany."

Nandritra ny fihaonambe iray miompana amin'ny fanagejana ara-pivavahana sy ny fanerena fifindra-monina natao tao amin'ny Chateau de Windsor any **Angleterre** tamin'ny volana septambra, dia nilaza ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa betsaka no azo ianarana avy amin'ny zavatra niainan'ireo mpamaky lay Olomasin'ny Andro Farany tany ampiandohana izay afaka manampy ireo mpitsoa-ponenana amin'ny vanimpotoana maoderina hanatsara ny toe-javatra misy azy ireo. Hoy izy hoe: "Isaky ny azo atao dia tokony hamporisika sy hampaharitra ny maha-izy azy miavaka an'ireo mpitsoa-ponenana ary mampivoitra ny tantara amin'ny lasan'izy ireo isika."

Tany **Espagne,** tafiditra ao anatin'izany ireo **Nosy Canaries,** ary tany **Portugal,** dia nanasa ireo mpikambana, sy misiônera, ary mpitarika mba hamporisika ireo izay malaindaina hiverina handray anjara feno amin'ny Fiangonana ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.

Rehefa nomen'i **Vietnam** fankatoavana feno sy ôfisialy ny Fiangonana tamin'ny volana jona, dia nihaona tamin'ireo manam-pahefan'ny fitondram-panjakana

ny Loholona Quentin L. Cook sy ny Loholona Gary E. Stevenson, izay samy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mba hiresadresaka momba ny tantara sy ny fitomboan'ny Fiangonana. Niresadresaka ihany koa izy ireo momba ny fomba hanampian'ny Fiangonana amin'ireo tetikasa ara-tsôsialy sy fanaovana asa soa ary ny fanampiana ny mahantra sy ny sahirana. Niahy fivoriana tany **Guam, Micronésie,** sy **Japon** ihany koa izy ireo.

Tamin'ny volana jona ihany koa, ny tao Brisbane, **Australie,** sy ny tao amin'ireo **Nosy Cook** dia voatahy noho ny nitsidihan'ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo azy ireo. Nitsidika ny nosy **Rarotonga** ihany koa ny Loholona Andersen ary izy no lasa ilay apôstôly voalohany nanitsaka ny nosy **Mangaia.**

Ny Loholona Ronald A. Rasband ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanamboatra ny fandaharampotoany tamin'ny volana jona, mba hamangiana ireo izay avy niharan'ny horohoron-tany goavana iray tany **Colombie,** sy **Pérou,** ary **Equateur.** Nizara hafatra feno fitiavana iray avy amin'ny Filoha Thomas S. Monson izy ary nanome toky ireo niharam-boina fa tsy nohadinoina izy ireo.

Tany **Guatemala** tamin'ny volana aogositra, dia nahatsikaritra fitomboana tsy tapaka teo amin'ny fikarohana atao amin'ny tantaram-pianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly ny Loholona Quentin L. Cook, ary nilaza izy fa izany dia manondro ny finoan'ireo mpikambana.

Rehefa noraisina tao amin'ny ivontoerana ara-kolontsaina an'ny Fiangonana tany Polynésie tao **Hawaii, États-Unis** ny mpanjaka sy ny mpanjakavavin'i Tonga tamin'ny volana jona, dia nanolotra teny fampidirana momba ny maha-zava-dehibe ny fifandraisana eo amin'ny fianakaviana ny Loholona Dale G. Renlund ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.

Tany **Louisiane, États-Unis,** ny Filoha Russell M. Nelson, filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy ny Loholona M. Russell Ballard dia namangy ireo tra-boina vokatry ny tondra-drano, ary ireo mpilatsaka an-tsitrapo an'ny Môrmôna Manome Tanana kosa nanampy tamin'ny fanadiovana ireo trano rava nandritra ny volana aogositra sy septambra. Nanamarika ny Loholona Ballard fa mpilatsaka an-tsitrapo miisa 11.000 avy amin'ny faritra miisa 13 no tonga.

Ary tamin'ny volana septambra, nandritra ny fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny tanora mpitovo sy mpivady vao herotrerony izay natao tany **Washington, D.C., États-Unis,** dia nilaza ny Loholona Cook hoe, "Tsy tokony hatahotra isika na dia ao anaty tontolo mampidi-doza sy mikorontana aza." Nanome torohevitra an'ireo tanora mpitovo sy mpivady vao herotrerony izy mba hametraka tanjona tsara ary hanana drafitra hahatratrarana izany ary mba tsy hanamaivan-danja ny talenta sy ny fahaiza-manaon'izy ireo. Namporisika azy ireo mba hanombantombana ny fampiasan'izy ireo ny tambazotra ifaneraserana ihany koa izy. "Maheno imbetsaka isika hoe tokony ho tsy misy fitaka isika ao anatin'ny tambazotra ifaneraserana," hoy izy, nefa "ny hoe tena tahaka an'i Kristy dia mbola tanjona manan-danja kokoa noho ny hoe tsy misy fitaka."

Ireo fampahalalana faramparany momba ny asa fanompoana ataon'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana ireo dia hita ao amin'ny pejy Facebook ananan'izy ireo tsirairay avy ary ao amin'ny **prophets.lds.org.** ■



# Tempoly am-perinasa miisa 152

Ankehitriny ny Fiangonana dia manana tempoly am-perinasa miisa 152 maneran-tany. Anisan'ireo tempoly notokanana na naverina notokanana ny **Tempolin'i Philadelphie Pennsylvanie** [États-Unis], izay notokanana tamin'ny 18 septambra 2016; ny **Tempolin'i Fribourg Allemagne,** izay naverina notokanana tamin'ny 4 septambra 2016; ary ny **Tempolin'i Sapporo Japon,** izay notokanana tamin'ny 21 aogositra 2016.

Miisa sivy amby roapolo ireo tempoly hafa fanampiny izay eo an-dalam-panorenana na eo an-dalam-panavaozana na efa nambara. Tafiditra amin'ny fanokanana kasaina hatao ato ho ato ny an'ny **Tempolin'i Fort Collins Colorado** (16 ôktôbra 2016), ny an'ny **Tempolin'i Star Valley Wyoming** (30 ôktôbra 2016), ary ny an'ny **Tempolin'i Hartford Connecticut** (20 nôvambra 2016), izay samy ao États-Unis avokoa. ■


## Fiarovana ny fahalalahana ara-pivavahana

Ireo Olomasin'ny Andro Farany dia tokony handray anjara "amin'ny fahalalahana ara-pivavahana izay fanamby manan-danja, amin'ny fomba mahasoa," hoy ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo nandritra ny fihaonambe iray miompana amin'ny fahalalahana ara-pivavahana natao tao Texas, États-Unis, tamin'ny septambra 2016. "Ny olona tsirairay avy ara-bakiteny, manomboka any amin'ireo zaza madinika ka hatrany amin'ireo matihanina, reny, ray, namana, ary mpifanolobodirindrina dia afaka ary tokony hahatakatra ny atao hoe fahalalahana ara-pivavahana ary ny antony maha-manan-danja izany."

Ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia niresaka ihany koa nandritra ny fotoam-pivoriana ho an'ny fitiavan-tanindrazana iray natao tao Utah, Etazonia tamin'ny volana jona, mba hiarovana ny fahalalahana ara-pivavahana. "Tato ho ato," hoy izy, "dia malaza ny miady hevitra fa ny fahalalahana ara-pivavahana dia tena zo hitsaoka malalaka fotsiny fa tsy zo hampihatra malalaka ny finoanao amin'ny fiainana andavanandro." Namporisika ireo mpino izy mba hijoro amin'ny fiarovana ny fahalalahana ara-pivavahana amin'ny alalan'ny hoe lasa mahafantatra, maneho hevitra, ary mandray anjara amin'ireo rafitra sy hetsika ara-kolontsaina, arapôlitika ary ireo izay miompana amin'ny fiainam-pirenena.

Ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia efa niresaka imbetsaka momba ny lohahevitry ny fahalalahana ara-pivavahana, nanome lahateny sy nandray anjara tamina fihaonambe natao tany Australie, Brésil, Meksika, Royaume Uni, ary toerana maro tao États-Unis. Fantaro ireo lahatenin'izy ireo ary ianaro ny momba ny fahalalahana ara-pivavahana sy ny azonao atao mba hiarovana izany amin'ny alalan'ny fankanesana ao amin'ny **religiousfreedom.lds.org.** Ny sasantsasany amin'ny zavatra hita ao dia mihatra manokana amin'i États-Unis, fa ny fitsipika dia azo ampifanarahana amin'ny zava-misy any amin'ny firenena hafa. ■





## Fifehezana fotopampianarana

Ao anatin'izao tontolo ankehitriny izao izay ahazoana fampahalalana eo no ho eo ihany amin'ny alalan'ny Internet dia tsy voaro amin'ireo olona izay manafika ny Fiangonana intsony ny tanora. Ny tetikasa vaovao antsoina hoe Fifehezana Fotopampianarana anefa dia manampy ireo mpianatra seminera hampitombo fahatakarana lalindalina kokoa momba ny fotopampianaran'ny filazantsara ary hampitombo ny finoany an'i Jesoa Kristy.

Mianatra ihany koa ireo mpianatra ny fomba famaliana ireo fanontaniana sarotra ary ny fiatrehana ireo olana amin'ny fanaovana zavatra amim-pinoana, sy famakafakana ireo hevidehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary ny fikatsahana fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

Nandritra ny lahateny natokana ho an'ireo mpiandraikitra ao amin'ny Seminera sy Institiota dia nilaza izao manaraka izao mikasika ny Fifehezana Fotopampianarana ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Tena tsara ary mifanojo amin'ny fotoana ilàna azy ity tetikasa ity. Hisy fiantraikany tena tsara eo amin'ny tanorantsika izany."

Ireo tanjona lehibe indrindra an'ny Fifehezana Fotopampianarana dia mba hanampiana ireo mpianatra:

1. Hahazo fahalalana ara-panahy.
2. Hifehy ny fotopampianaran'ny filazantsara sy ireo andinintsoratra masina izay nampianarana izany fotopampianarana izany.

Mba hanamafisana izay efa notanterahina tamin'ny alalan'ny Soratra masina Fehezina, ity ezaka mba hanao zavatra lalindalina kokoa ity dia hahatonga ny fankaherezana ny fiovam-po sy ny fanolorantenan'ireo mpianatra amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy azy ireo, hahita fiarovana manoloana ny fitaoman'ny fahavalo, ary hitahy ny fiainan'ny hafa.

Ireo loharanom-pitaovana momba ny Fifehezana Fotopampianarana dia hita ao amin'ny **lds.org/si/seminary/manuals.** ■



© BEN HAMMOND, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY ILLUME GALLERY, TSY AZO ADIKA

*"Tena manan-danja ao amin'ilay drafitra i Jesoa Kristy, Mpamonjintsika. Raha tsy nisy ny sorona fanavotana nataony dia ho very avokoa ny rehetra. Tsy ampy anefa ny mino fotsiny Azy sy ny asa nanirahana Azy. Mila miezaka sy mianatra isika, mikatsaka sy mivavaka, ary mibebaka sy mihatsara. Mila mahafantatra ireo lalàn' Andriamanitra isika ary miaina izany. Mila mandray ireo ôrdônansin'ny famonjeny isika."*

Filoha Thomas S. Monson, "Ilay lalana tonga lafatra mankany amin'ny fahasambarana," *Liahona,* nôv. 2016, 80–81.

*Mijere dia ho velona,* nataon'i Ben Hammond

Jereo ny Nomery 21:4–9; Almà 33:18–22. Ireo izay nijery an'i Mosesy sy ilay menarana varahina, izay tandindon'ny Zanakalahin'Andriamanitra dia sitrana.



"Sambatra isika *manana* ny fahamarinana. Manana andraikitra *hizara* ny fahamarinana isika," hoy ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-186. "Aoka isika *hiaina* ny fahamarinana mba hahafahantsika mahazo ny zavatra rehetra natokan'ny Ray ho antsika. Tsy manao na inona na inona izy raha tsy ho soa ho antsika. Hoy Izy tamintsika hoe, 'Izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona.' "

MALAGASY
4 02132 91654 7

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY